

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE LITTERAIRE
CENTRE D'ETUDES ET DE RECHERCHES LANGUES ET LETTRES MALGACHES
MEMOIRE DE FIN D'ETUDES POUR L'OBTENTION DU CERTIFICAT D'APTITUDE
PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE (C.A.P.E.N.)

NY FOMBA FITSIMBINANA NY AINA TARAFINA AMIN'IREO OHABOLANA MERINA

Présenté par:

RANDRIANASOLONIAINA Radonirina

Directeur de Recherches : Me. Alphonse RAHARIJAONA, (Maître de Conférences)

Date de soutenance : 30 Octobre 2006

Table des matières

TENY FISAORANA .	1
FAMINTINANA AMIN' NY TENY « FIRANTSAY » . .	3
FAMINTINANA AMIN' NY TENY « ANGILISY » . .	5
FAMINTINANA . .	7
FIZARANA VOALOHANY : NY OHABOLANA MERINA .	9
TOKO 1 - IMERINA SY NY OHABOLANY .	9
1.1 - NY TANTARAN ' NY FANJAKANA MERINA : .	9
1.2 - NY FIFORONAN ' NY OHABOLANA MERINA : .	11
TOKO 2 - FAMPAHALALANA NY OHABOLANA AMIN'NY ANKAPOBENY .	14
2.1 - NY OHABOLANA DIA LITERATIORA : . .	14
2.2 - NY OHABOLANA DIA LITERATIORA AM –BAVA : .	19
2.3 - NY OHABOLANA DIA KARAZAN – DAHABOLANA : . .	22
TOKO 3 - FAMPAHAFANTARANA NY OHABOLANA AMIN ' NY ANTSIPIRIANY .	26
3.1 - FAMARITANA NY OHABOLANA : .	26
3.2 – NY FISEHON' NY OHABOLANA SY NY ZAVA - KENDRENY .	30
3.3 – NY LAFINY KANTO AO AMIN'NY OHABOLANA . .	38
FIZARANA FAHAROA : NY NTAOLO SY NY FANKAFIZANY MIAINA .	45
Tokon 1 : NY FIHEVERANA NY AINA ARAKA NY HITAO AO AMIN ' NY OHABOLANA MERINA .	46
1.1. - SAROBIDY NY AINA : .	46
1.2. - MORA AFOY NY AINA : . .	52
1.3. - MANAM - PETRA NY AINA : .	59
Tokon 2 – NY TOETRA NANANAN ' NY NTAOLO VOKATR ' IZANY FIHEVERANA IZANY . .	65
2.1 - NAHASAROTINY NY NTAOLO NY AINY : . .	66
2.2 - MALINA HATRANY IZAY AMIN' IZAY ATAONY : . .	70
2.3 - MITSINJO HATRANY NY HO AVY NY NTAOLO : .	75

TOKO 3 : NY FOMBA NATAON ' NY NTAOLO MBA HAMPATEZA NY AINY .	80
3.1 - FITSIMBINANA NY TENA : . .	80
3.2 - FITSIMBINANA NY Hafa : . .	84
3.3 - FANOHIZANA NY AINA : .	88
FIZARANA FAHATELO : NY AKON'IZANY FOMBA FITSIMBINANA NY AINA IZANY EO AMIN'NY FIAIANAM-PIARAHAMONINA .	95
Toko 1 – NY FIFANOMEZAN - KASINA EO AMIN ' NY SAMY MPIARA- MONINA .	96
1.1 – MIFANOME HASINA NY MPIARA – MONINA : . .	96
1.2 - MAHAY MIFANAJA NY MPIARA –MONINA : . .	99
1.3 - MAHAY MIFANOME VONINAHITRA NY MPIARA - MONINA : .	103
Toko 2 – VELONA NY FIRAISAN- KINA EO AMIN ' NY SAMY MPIARA - MONINA . .	107
2.1 - MIHENA NY ELANELANA MISY : . .	108
2.2 – ZARAINY HATRANY NY ANDRAIKITRA : . .	111
2.3 - MIFANAMPY NY MPIARA - MONINA : . .	114
Toko 3 : NY LANJAN ' NY ASA FIKAROHANA EO AMIN ' NY FAMPINANARANA NY RIBA . .	117
3.1 - NY ILANA ITY ASA FIKAROHANA ITY AO AMIN ' NY KILASY FAHAROA : .	117
3.2 - NY ILANA ITY ASA FIKAROHANA ITY AO AMIN ' NY KILASY VOALOHANY : .	120
3.3 - NY ILANA ITY ASA FIKAROHANA ITY AO AMIN ' NY KILASY FAMARANANA : .	123
FEHIN - KEVITRA ANKAPOBENY . .	127
BOKY NANOVOZAN- KEVITRA . .	129
TAHIRIN - KEVITRA NIFANTENANA NY OHABOLANA MERINA .	130
FAMINTINANA AMIN' NY TENY « FIRANTSAY » .	131
FAMINTINANA AMIN' NY TENY « ANGILISY » .	131
FAMINTINANA .	132

TENY FISAORANA

“Ny vary hono , tompoko tsy fotsy tsy an- daona ; ny hanina tsy masaka tsy nohandroina” , ary izao asa fikarohana izao , tompoko , no efa sy tontosa dia tsy noho ny herin’ ny tenanay samy irery akory , fa tao dia tao tokoa ireo izay nanampy anay tamin’ izany , na mivantana io na an- kolaka .

Toloranay fisaorana etoana **Andriamatoa ANDRIMANANTSILAVO Seth** , mpampianatra ato amin’ ny **Sampana Teny Malagasy** izay nanaiky ho Filoha mpitsara ity asanay ity . Mankasitraka indrindra , tompoko , amin’ izany fandavan- tenanao izany .

Eo ihany koa **Andriamatoa RAJAONARISON J. Edouard** , izay nanaiky nitsara tamim- panetren-tena ka nanitsy ny meloka sy nanovona izay tsy ampy tamin’ ity asa nataonay ity . Be dia be ny vitanao taminay , tompoko , koa dia mankasitraka sy mankatelina betska indrindra . Fantatray tokoa ireo adidy aman’ andraikitra maro sahaninareo , kanefa dia nahafoy fotoana sy nisahirana tokoa ianareo na tamin’ ny famakiana ny asa , na tamin’ ny fitsarana izany .

Ny fanirianay dia ny hoe : tsy ho fola- tana- manondro anie ianareo , tsy ho solafaka toloran- tehina ary tsy ho potraka am- pandehanana amin’ izay tsinjara toerana misy anareo sy amin’ izay tsinjara asa sahaninareo . Andriamanitry ny fiadanana anie homba anareo mandrakariva .

Ankasitrahanay manokana eto ihany koa , **Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse** nanaiky nitarika anay an- tsitrapo tamin’ izao asa fikarohana izao . Fantatray tokoa ny toerana misy anao eo amin’ ny sehatry ny **Fampianarana Ambaratonga Ambony** , kanefa dia tsy nitandro hasasarana ianao na tsy nikely aina tamin’ ny fanoroana hevitra , na tamin’ ny fitarihan- dalana na tamin’ ny fanarenana ny lesoka , eny hatramin’ ny fampirisihana sy fankaherezana ny hahatafitanay sy ny hitozoanay hatramin’ ny farany . Sitraka sy telina tokoa , tompoko , ireny vitanao taminay ireny ka ny andon’ ny lanitra sy ny tsiron’ ny tany anie no hirotsaka aminao hatrany , ary Ilay Avo indrindra anie no hijery sy hitantana ary hiaro anao amin’ izay alehanao sy ataonao rehetra .

Tsy hainay hadinoina ihany koa ny tsy hisaotra ireo mpampianatra tsy an- kanavaka eto amin’ ny **Sampana Teny Malagasy** , **E.N.S Ampefiloha** , izay namolavola sy nanofana anay nandritra ny taona rehetra nolalovana tato amin’ ny Sekoly . Ny hazo , hono , tompoko , no vanon- ko lakana dia ny tany naniriany no tsara ; ary raha izahay no tonga amin’ izao dingana izao , dia noho ny fanofanana sy ny fanabeazana avy taminareo . Mankasitraka indrindra , tompoko .

Manaraka izany , tsy odianay tsy hita toa vatan’ orona , na todihan- tsy tazana toa ravin- tsofina ihany koa ny zava- bitan’ ireo **Andiany SANDRATRA** niara- nihira taminay , sy ny nataon’ ireo mpiara- miofana rehetra nandalo tato amin’ ny **Fikambanana FIMMTEMA** . Hery lehibe ho anay ireny rehetra vitanareo ireny ka sady nandrisika anay ho tonga hatramin’ ny farany no nanentana anay ihany koa tsy ho latsaka teny an- dalan- kombana . Misaotra anareo indrindra ry zoky sy zandry , ry rahalahy sy anabavy mpiara- miofana .

Ary farany , tsy ny kely indrindra natao tsy ho tsaroana , na ny madinika indrindra natao tsy ho tadidy ; fa ny lehibe indrindra natao hotsiahivina , dia ny fanohanana sy fanampiana ary ny fankaherezana avy amin’ **ny vady aman- janaka** sy **ny fianakaviana manontolo** . Ianareo rehetra ireo tokoa mantsy no niara- niaritra taminay ny mafy , sy niara- nisotro ny mangidy ary niara- niafy tamin’ ny sarotra rehetra nandritry ny fotoam- piofananay .Tsy ho diso ny sambatra

sy ny mananjara anie ianareo tsirairay avy , ary hampian' Andriamanitra amin' izay atao sy kasaina ary tadiavina rehetra .

R . RADONIRINA .

FAMINTINANA AMIN' NY TENY « FIRANTSAY »

Le présent travail de recherche met en exergue que la région de l'Imerina, à l'instar des autres régions, dispose d'une spécificité, surtout dans les rapports relationnels, communicatifs et éducatifs. Les anciens (ou les sages) ont en effet une pratique langagière intéressante tel que le proverbe qui témoigne à la fois de leur capacité d'observation du milieu environnemental et renferme intrinsèquement un mode de pensée et de réflexion de l'individu ou du groupe utilisateur.

L'étude de la pratique langagière d'une région, en l'occurrence le proverbe, détermine la place qu'il occupe et exprime son caractère indissociable de sa société d'origine. De ces proverbes, les anciens ont puisé les idées orientant leur conduite et préservant leur personne car ils ont pris conscience de l'importance de la vie chez l'homme.

Les anciens (ou les sages) ont leur propre philosophie de la vie, considérée comme sacrée, éphémère et limitée. L'attention est portée sur les activités ou les comportements afin de ne gêner personne, ni se blesser, ni s'autodétruire. Cet effort de préservation, chez les anciens (ou les sages), découle de leur connaissance de la douceur de la vie, de leur désir de longévité, de leur prise de conscience de la dignité de tout être humain ainsi que de leur volonté à faire régner l'ordre et à harmoniser la vie en société.

FAMINTINANA AMIN' NY TENY « ANGILISY »

This research shows that the Imerina Region has its own specificity like the other regions, especially in the way of interacting, communicating and educating themselves.

It is amazing how the old people (the wise men) use their speeches like proverbs which contain parables from observing their surrounding and also englobe ways of thinking that people or group of people use them.

By meditating the proverbs on that region, we can see that they can not only put them in their proper places but also we can see that they can not be separated from the society where they were born..

It is from the proverbs that old people could get ideas on how to conduct their lives and to protect themselves because they know that life is very precious to human beings.

Old people had their way of defining “life” which they think is sacred, easy to lose and has a limit, so that they ha always tried not to do any harm to others or injure themselves or destroying their lives.

The effort preserved by old people is due to the fact that it is the sweetest thing to have life and to live longer, the value that everyone has and their effort to harmonize life in the society.

ANARANA : RANDRIANASOLONIAINA

FANAMPINY : Radonirina

ADIRESY : Lot II AB 5 Ter Andrononobe – Ankadikely.

Antananarivo 103.(Tel. 032 42 110 25)



LOHATENY: “Ny fomba fitsimbinana ny aina tarafina amin’ireo ohabolana merina”

FAMINTINANA

Ity asa fikarohanana ity dia maneho fa manana ny mampiavaka azy tahaka ny faritra hafa rehetra ny faritr'Imerina , indrindra eo amin'ny fomba enti-mifandray sy mifanerasera ary mifanabe. Mahaliana tokoa mantsy ny fampiasan'ny Ntaolo ireo fombam-pitenenany, toy ny ohabolana, izay sady mirakitra fanoharana avy amin'ny fahaizany mandinika ny tontolo manodidina azy, no mifono ihany koa ny fomba fisainana amam-piheverana ananan'ireo olona na vondrona olona mpampiasa azy.

Ny fandinihana ny lahabolan'ny faritra iray izany, toy ny ohabolana, dia sady fametrahana azy amin'izay toerana sahaza azy no fanehoana ihany koa ny tsy fahafahany misaraka amin'ny fiarahamonina nipoirany. Avy amin'ireny ohabolana ireny tokoa mantsy no nahazoan'ny Ntaolo nisinton-kevitra mba hitondrany ny fiainany sy hitsimbinany ny tenany, satria tsapany fa zava-tsarobidy amintsika olombelona ny aina .

Nanana ny fiheverany ny amin'ity aina ity izany ny Ntaolo , izay noraisiny toy ny zava-tsaropady , mora afoy ary manam-petra ; ka

ISAN'NY SARY: Tsy misy

ISAN'NY TAKILA:220

TENY MANAN- DANJA: Aina, ohabolana, lahabolana, fombam-pitenenana, fomba fisainana amam- piheverana, fomba amam- panao, rafi- pisainana, andavanandrom- piainana, fiainanm-piarahamonina, fitsimbinana.

FIZARANA VOALOHANY : NY OHABOLANA MERINA

TOKO 1 - IMERINA SY NY OHABOLANY

Manana ny mampiavaka azy tahaka ny faritra rehetra misy manerana ny Nosy , ny **faritr' Imerina** . Tsy vitan' ny amin' ny maha faritra azy ihany anefa , fa eo ihany koa ny fombafomba amam- panaony sy ny ribany ary ny fomba entiny mifandray amin' ny tontolo manodidina azy. Koa raha ny fomba enti- mifandray sy mifanerasera ary mifanabe no asian- teny etoana dia manana ny maha izy azy ny fombam- pitenenana merina . Tsy izy rehetra anefa no hodinihina amin' ity fizarana ity , fa ny iray amin' izy ireo ihany , dia ny **OHABOLANA** izany.

Mialoha ny hampahalalana sy hampahafantarana ny mikasika azy io anefa , dia hasiantsika teny fohifohy eto ambany ny tantara ambangovangony nahatonga ny *FANJAKANA MERINA*, ka ny fitaran' ny Fanjakan' Andriana izay nahatonga an' Imerina ho tokana no tena havohitra amin' izany.

1.1 - NY TANTARAN ' NY FANJAKANA MERINA :

Raha ny **raki- tsoratra ara- tantara** ¹ no jerena dia izany mpanjaka nantsoina hoe **ANDRIANAMPONGA** izany no nanjaka voalohany tao amin' ny faritr' **Ifanongoavana** , tokony ho tamin' ny taona 1315 ka hatramin' ny taona 1340 teo ho eo . Rehefa niamboho izy dia nifanesy nandimby azy **ANDRIANAMBONIRAVINA** sy **ANDRANOLAVA** , izay samy tao **Ambatondrakorika** . Nanaraka azy ireo kosa **RAFANDRANDAVA** sy **RAFANDRAMPOHY** izay samy tao **Ampandrana** . Nodimbiasan- d **RAFANDRAMANENITRA** izy ireo avy eo,tao **Ambohimasimbola** .

Nandimby azy avy eo **RANGITAMANJAKA** izay tao Merimanjaka sy **RAFOHY** tao Alasora , tokony ho tamin' ny taona 1500 ka hatramin' ny taona 1540 izany .

Nanomboka taorian' io taona io dia nipoitra ireo mpanjaka nikasa ny hampivondrona an' Imerina ho tokana ², ka nisantatra izany **ANDRIAMANELO** Ony taona 1540 ka hatramin' ny taona 1575 . Ny tena nampiasana ity mpanjaka ity dia ny nampiasany voalohany ny lefomby teo amin' ny sehatry ny fanoherana ny fahavalo sy ny fanitarany ny Fanjakany, ka nahatonga ireo Vazimba ho vaky bao nandositra niankandrefana , ary tsy nitampody intsony ambaraka ankehitriny³.

Dia tonga indray **RALAMBO** ny taona 1575 ka hatramin' ny taona 1610 rehefa niamboho **ANDRIAMANELO** . Zavatra telo loha no tena nampiasana an' ity mpanjaka ity : ny fanitarany ny Fanjakany tamin' ny alalan' ny fampiasana basy , ny fananany sampy mahery sy mahomby izay nampitondrainy ny anarana hoe : “*Ikelimalaza*” ary ny nampisalarany ho “*omby*” ny anaran' ny biby izay nanampy betsaka ny vahoaka teo amin' ny lafiny fambolena , raha jamoka no niantsoana azy tany aloha . Ny niantsoana ny Fanjankany tamin' izany dia “*Imerin' Ambaniandro*” izay Ambohitrabiby no renivohiny. Ny namaritra azy tamin' izany dia : Angavo avy ao atsinanana , Ambohimanoa avy ao andrefana ary Ambohijoky kosa ny avy ao atsimo .

Nandimby azy indray avy eo **ANDRIANJAKA** Any taona 1610ka hatramin' ny taona 1630 , izay niezaka nanitatra ny Fanjakany hatrany Ambohimanga ny lafiny avaratra , tonga hatrany Vonizongo ny lafiny avaratra andrefana , ary ny tapany atsimo dia hatraty Merinatsimo izay nisy an' Analamanga . Ny nataony renivohitry ny Fanjakany tamin' izany dia Analamanga , izay niova anarana ho Antananarivo ankehitriny.

Nony niamboho ny masina ka tafakatra teo amin' ny fitondrana ny mpandimby azy , izay tsy iza fa **ANDRIAMASINAVALLONA** (1675 – 1710) , dia nozarainy ho efa- toko Imerina : *Vakinifanongoavana* sy *Vakinirangaina* , ary *Vakiniombifotsy* sy *Vakinisahasaroitra* .

Raha vao tonga teo amin' ny fitondrana kosa **ANDRIANAMPOINIMERINA**(1787-1810) dia nanambara mazava fa “*mbola be no tsy efa : ka tsy avelako tsy ho vory Imerina*” . Voavoriny tokoa àry Imerina tamin' ny taona 1806 ⁴ ary nozarainy ho enin-toko : *Avaradrano*, *Vakinisisaony*, *Marovatana*, *Ambodirano*, *Vonizongo* ary *Vakinankaratra* .

¹ *Tantara nalaina tao amin' ny Teto anivon' ny riaka* . RAMAROSON(L), 1971, tak.40 □ 42

² [R.P.] CALLET, *Tantara ny Andriana* . Imprimerie Nationale, Antananarivo, Nov. 1981, tak.8-12

³ *Araka ny Lovan- tsofina*

Niniana ho ireo mpanjaka ireo ihany no nasian- teny, satria izy ireo indrindra no nanao ezaka goavana tamin' ny fanitarana sy fampiraisana ny FANJAKANA MERINA.

Tsy izany lafiny izany ihany anefa no mampiavaka ny faritr ' Imerina fa eo ihany koa ny amin' ny lahabolany . Tsy ny lahabolana merina rehetra akory no hoezahina hampahafantarina etsy ambany ny antom- piforonany, fa hosinganina amin' izany ny amin' ny OHABOLANA MERINA .

1.2 - NY FIFORONAN ' NY OHABOLANA MERINA :

Raha ny amin' ny ohabolana merina manokana no asian- teny dia toe-javatra telo no azo ambara fa antom- piforonan' izy ireny : **ny lafiny tantara aloha , ny fifanahafany amin' ireo ohabolana vahiny** no manaraka ary **ny fiaingana amin' ireo zavatra hita sy iainana** no farany . Inona indrindra no azo ambara mikasika azy ireo ?

1.2.1 - Ara- tantara :

Anisan' ny singa iray maha firenena ny firenena , ankoatra ny fananany teny sy fomba ary riba manokana , ny fisian' ny tantarany . Koa , raha ny mikasika ny fiforonan' ny ohabolana no jerena dia arakaraka ny vanim- potoana nolalovan' ilay firenena na ilay faritra no nipoiran' ireny karazam- pitenenana na karazam- panoharana ireny.

Oh.1: “ Miova Andriana , miova sata ”, izany hoe rehefa misolo ny mpitondra sy mpitantana ary mpifehy eo amin' ny faritra iray dia miova miaraka amin' izay ihany koa ny fomba fifampitondrana sy fitantanana ary ny fifampifehezana .

Oh.2: “ Ny fanambadiana tsy nafehy fa nahandrotra ”, izany hoe talohan' ny nidiran' ny fivavahana “ kirisitianina ” teto amintsika dia izany no fomba fisainana malagasy ny amin' ny fanambadiana . Azo atao tsara izany amin' ny Malagasy ny misara-panambadiana sy mifampitso- drano rehefa tsy hita intsony izay ahazoana iraisana . Ny tady tsy natao fato- maty toy ny nahandrotra tokoa mantsy dia mora vahana , rehefa tonga ny fotoana ilana izany .

Oh.3:“ Ny fanambadiana toy ny lamban' akoho , ka faty no isarahana”: efa fomba fiheverana ny amin' ny fanambadiana taty amin' ny fidiran' ny fivavahana “kirisitianina” izany . Nanomboka teo izany dia tsy afa- misaraka amin' ny olona izay efa nekeny ho vady ny olona iray raha tsy hoe rafahafatesana ihany angaha no mampisaraka azy ireo .

Oh.4: “ Tapia : tsy miakatra Imerina ; Amberivatry : tsy midina Imamo ”: ny nipoiran' izany fombam- pitenenana izany dia vokatra ny fifanekena nataon' Andriamasinavalona sy Andriambahoaka mba ho samy masina an- taniny .

Oh.6: “ Manao vazaha mody miady ” : io fombam- pitenenana io dia tenin- dRainilaiarivony izay tohina sy gina nahita ny fihetsika nataon' ny “Angilisy”, izay tsy nety

⁴ RAJAONA ANDRIAMAHARO « *Antsahadinta : Essai sur l'histoire d'une région d'imerina à l'époque d'andrianampoinimerina* , Mémoire CAPEN, filière H.G. , p.7 : « Le prince d' ambohimanga arrivera à refaire l'unité de l' imerina en 1806 et à installer un pouvoir centralisé ».

niaro sy nanampy antsika tamin' ny fanafihana nataon' ny "Firantsay" teto amintsika .

Ireo ohabolana ireo dia samy nipoitra avy amin' ny alalan' ny tantara nolalaovan' ny firenena avokoa , satria sady manamarika ny vanim- potoana nisehoany no manasongadina ny fizotry ny tantara tamin' izany fotoana izany.

Tsy ny lafiny tantara ihany anefa no azo lazaina fa nipoiran' ireny ohabolana merina ireny, fa teo ihany koa ny fanahafany an' ireny karazam- pitenenana avy any ivelany ireny.

1.2.2 - Fanahafana ireo ohabolana vahiny :

Nanomboka tany amin' ny taon- jato faha –XII tany ho any no fantatra , ara- tantara fa nanorim- ponenana tao amin' ny sisin- tany andrefan' ny Nosy ny Arabo, ary tamin' izany fotoana izany dia efa nisy " *Afirikanina* " sy " *Indonezianina* " nonina tao . Rehefa tonga kosa ny taon- jato faha - XIV dia nisy ireo "Afirikanina " izay nantsoina hoe "Bantou" no tonga nonina tao amin' ny sisiny andrefan' ny Nosy , ary tany ho any amin' ny taon- jato faha -XVI tany ho any vao tonga tao amin' ny ilany atsinanan' ny Nosy ny " *Firantsay* ".

Azo heverina , araka izany , fa misy amin' ireo fombam- pitenenana malagasy izay fantatra ankehitriny , no misy ifanahafany amin' ireo ohabolana sy

fombam- pitenenana vahiny . Ireny fitenenana ireny dia toa mitory fa misy fomba fisainana amam- piheverana iombonan' ny olombelona na ny fiarahamonina eran- tany miara- miaina eto ambany masoandro , eny fa na dia mifanalavitra tsy mifankahita sy tsy mifanerasena akory aza izy ireo .

Misy amin' izy ireny no *tsy dia mifanalavitra firy ny hevitra tiany hambara :*

Oh.1: " *Veleso ny vy dieny mbola mafana* " □ " **Frappe le fer pendant qu' il est chaud** ".

Oh.2 : « *Aleo maty toy izay menatra olona* » □ " **Plutôt la mort que la honte** ».

Oh. 3 : « *Aleo diso aoriana toy izay tsy misy* » □ " **Mieux vaut tard que jamais** ".

Oh.4 : « *Izay mamafy rivotra , mijinja tadio* » □ " **Celui qui sème le vent , récolte la tempête** ».

Oh.5 : « *Ny alina mitondra fisainana* » □ " **La nuit porte conseil** ».

Misy kosa anefa ireo izay mifanahaka araka hevitra :

Oh.1 : « **Il faut réfléchir avant d' agir** » izay nambaran' ny Ntaolo hoe : « *Avadibadiho impito ny lela vao miteny* ».

Oh.2 : « **Deux avis valent mieux qu'un** »,izay nambarany amin' ny hoe : « *Ny hevitra ny maro mahataka- davitra* ».

Oh.3 : « **Si une chose ne produit pas, on ne risque pas de la connaître** », izay nambarany hoe : « *Eo am- pandrasana no ahitana ny atiny* ».

Oh.4 : « **Ventre affamé n' a point d ' oreilles** », izay nambarany hoe : « *raha noana ny kibo, mivezivezy ny fanahy* ».

Oh.5 : « **Toute peine mérite salaire** », izay nambarany amin' ny hoe : « *Ny hatsembohan' ny tavanao no ihinananao* ».

Oh.6 « **A cœur vaillant rien d'impossible** », izay nambarany amin' ny hoe : « *Tsy misy mafy tsy lairy ny zoto* ».

Tsy ny lafiny tantara sy ny fitovitoviam- pijery amin' ny vahiny ihany anefa no antom-piforonan' ireny ohabolana ireny , fa teo dia teo ihany koa ny fiaingana avy amin' ireo zavatra hitan' ny Ntaolo maso sy iainany .

1.2.3 - Fiaingana amin' ny zavatra hita sy iainana :

Ny tena tsara indrindra , raha mamolavola hevitra dia ny fiaingana amin' ny zava- misy , araka ny nanambaran- d **RAMAROLAHY** azy hoe : “ *Ny hevitra rehetra teo amin' ny Ntaolo dia niandoha tamin' ireo zavatra hita maso* ” .⁵ Ny fiaingan' ny Ntaolo tamin' ireo zavatra sy toe- javatra hitany sy manodidina azy izany no nahaizany nandamina sy nandrindra ny fiainany . Nataony tahaka ny dian- tana tokoa mantsy izany fiatehana ny fiainana izany ka todihina ny lasa , atrehina ny fiainan- kodiavina ary banjinina ny ho avy .

Jereo anie itony fahaizany maneho hevitra itony e !

Oh.1: “ **Lohataon- diabolana, ka ny miherika aza hitany** ”, izay nentiny naneho ny hasarobidin' ny fotoana , ka tokony hohararaotina ny fotoana ahazoana miasa .

Oh.2: “ **Andry ombin' ilaimora : ny sasany voasafosafo, ny hafa voatehatehak a** ”, izany hoe rehefa tsotra ny olona nampandraiketana lahasa iray dia ho fihetsika voatandrina sy voadinika tsara hatrany no asehony sy ifandraisany amin' ny manodidina azy .

Oh.3: “ **Toto-vary diabolana , ka maka fanahy ny akoho** ”, izay enti- milaza fa samy manana ny fotoana mahamety ny anatontonsana azy ny karazan- dahasa misy sy ataon' ny olona ao anaty fiarahamonina ao . Ny tsy fanatontosana azy ireny amin' ny fotoana efa voatokana ho amin' izany dia tsy maintsy miteraka fanelingelenana ny fiainan' ny hafa .

Ireo andram- panazavana ireo dia ahazoa- misinton- kevitra fa ny famoronan' ny Ntaolo ny ohabolany dia mety ho niainga avy amin' ny :

- Fandinihana ny zava- boary sy ny tontolo manodidina azy (Oh.:“**Lasan- ko vavany toa haron- tabebaka** ” sy “**Malaza tsy ihinanana toa vilian- tsahona**”) . Nomarihin- d **RAMAROLAHY** tsara izany manao hoe : “ *Voadiniky ny Ntaolo avokoa ny zavatra rehetra manodidina azy . Ka fantany tsara ny endrika amam – bikan' ny tenan- javatra iray , ny toetra sy ny fomba amam- panaony avy. Ny fomba fitenenana , ny angano, ny ankifidy, ny ankamantatra sy ny ohabolana no maneho izany* ”.⁶

- Fiaingana amin' ny andavanandrom- piainany (oh.:“ **Aza mitomany randrana manendrika ny hafa** ” sy “**Mateti- piavy toa sotrokely**”). Nahazoan' ny Ntaolo hevitra ihany koa izany ny fombafombam- piainany sy ny fahazarany . Nahatsikaritra izany i **G. NAVONE** ka nilaza fa “ *ny traikefam- piainana isanandro no fototry ny fitenenana , ny fahitana ny fitsipika mifehy ny tontolo sy ny fomba fiainan' ny olona* ”.⁷

⁵ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit. , tak. 81

⁶ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit.,tak. 78

- *Fandinihina ny toetran' ireo olona miara- miaina aminy* . (Oh: “ **Be nangy miray fandriana, ka ny any an- doha indray no mihizina**” sy “**Sima misiaka , ka manitatra ny efa rovitra**” ary “**Mihena an- toerana toa fen' antitra**”).

Ny ohabolana izany dia tsy nipoipoitra ho azy tamin' izao , fa na izy mifamatotra amin' ny tantara , na misy ifanahafany amin' ny fomba fijery sy fihevitry ny avy any ivelany, na ihany koa vokatry ny fandinihana ny zava- misy . Koa , ny famelabelarana ny amin' ny ohabolana ao amin' ny toko faharoa no ahazoa- manavaka azy amina lahabolana hafa .

TOKO 2 - FAMPAHALALANA NY OHABOLANA AMIN'NY ANKAPOBENY

Ampahatsiahivina ihany fa ny **OHABOLANA** no akora fototra iaingana amin' ity asa fandinihana ity. Noho izany, tsara aloha raha hohazavaina amin' ny ankapobeny ny mombamomba azy io alohan' ny hitarafana ny lafin- kevitra sy ny rafi- pisainana malagasy ao anatiny .

Maro be ny hasin- javatra izay maneho **ny maha izy azy ny ohabolana** : eo aloha ny **toetra maha literatiora** azy, manaraka izay ny **maha literatiora am- bava azy** ary ny **maha karazan- dahabolana azy** . Ireo hasin- javatra telo ireo indrindra no hoezahina hovelabelarina eto mifanesy .

2.1 - NY OHABOLANA DIA LITERATIORA :

Manana ny fepetra manavaka azy ny literatiora , dia ny **hakantony** . Tsy azo lazaina ho **kanto** anefa ny asa famoronana iray raha tsy nasiana ary **nampiasana fantina sy rindra** .

Manamafy izany **RANJATOHERY Harilala** ao amin' ny *Rary , Ranto* , 1995, *takila faha-3*, manao hoe : “[Ny literatiora dia] famoronana mifototra amin' ny fahaizan' ny mpanoratra / mpandahateny , manomme aina sy hevitra ary sary ny teny ampiasainy mihoatra noho ny fahatsapana sy fahatakarana azy andavanandro”.

Azo aseho fa mahatanteraka izany fepetra izany ny ohabolana , satria :

- *Miavaka amin' ireo fampiasa andavanandro ny fomba fanehoana azy* , izany hoe tsy ilay fomba fanehoan- kevitra mivantana sy mahazatra , fa somary miaingitra sy mihataka amin' ny mahazatra .

Oh. : “ Ny roa no tsara noho ny iray: raha lavo misy mpanarina ”. Ny mahazatra ny olona raha hanambara izany hevitra izany dia ny hoe : “Tsy misy tsara ohatra ny roa noho ny iray, satria raha sanatria an' izany ka lavo ny iray dia arenin' ilay iray hafa”.

⁷ G. NAVONE , *Ny atao no miverina* , op.cit.,p.49 : « l' expérience en est la source principale : l' observation des règles qui régissent l'univers et la vie des hommes ».

- Manaitra sy manintona ny vontoa- kevitra ambarany , izany hoe ny ohabolana dia miavaka eo amin' ny fomba filazan- javatra .

Oh.: “*Tondro tokana tsy mahazo hao* ” : ny tena tiany hambara anefa eto dia ny tsy mahatsara ny fitokantokana- monina sy ny fiolonolona .

Ny fahaizan' ny Ntaolo nifantina ny hevitra tian- kavohitra sy nandrindra izany tamin' ny fomba nenti- nanaho azy no antoka naharafetany ireny ohabolana ireny , izay nanana ny hakantony amin' ny maha literatiora azy.

Fa inona marina moa no azo amaritana ity literatiora ity ? Inona sy inona avy no anjara asa sy anjara toerany ? Ary , misokajy ho firy ny literatiora ? Ny firosoana hatrany amin' ny asa famelabelarana no ahafantarana sy ahalalana misimisy kokoa ny amin' izany.

2.1.1 - Famaritana ny literatiora :

2.1.1.1 - Famaritana nomen' ireo mpandinika vahiny :

Araka ny famaritana nomen' ny **Nouveau Petit Larousse Illustré** , 60 ème édition, ny literatiora dia tsy inona fa “ireo fahalalana ny asa famoronana sy ireo fitsipika mamehy azy amin' ny maha lahatsoratra azy” na “ **Connaissances des ouvrages et des règles littéraires** ”.

Ny **Dictionnaire Petit Robert** , 9ème édition , ihany koa dia namaritra fa ny literatiora dia « fitambaran' ireo asa famoronana mahakasika ny soratra sy ny lahatsoratra , fitambaran' ireo fahalalana izay mahasahana indrindra ireo asa noforonina tamin' ny alalan' ny soratra sy ny mpanoratra azy » na “**Ensemble des œuvres littéraires , ensemble des connaissances concernant les œuvres littéraires et leurs auteurs** ”.

Ny **Petit Larousse Illustré** , édition mise à jour, 2003, koa dia mbola mamaritra ny literatiora tahaka izao : « fitambaran' ireo asa famoronana voarakitra an- tsoratra na notontosaina am- bava , ka avy amin' ny alalan' izy ireny no ahazoa- maneho ny lanjan' izany atao hoe kanto izany » , na « **Ensemble des œuvres écrites ou orales auxquelles on reconnaît une valeur esthétique** ».

Mbola nohamafisin' ity rakibolana ity ihany izany amin' ny hoe : “fitambaran' ireo asa novokarin' ny mpanoratra izay vokatry ny fivoizany ny mampiavaka ilay firenena niaviany sy ny fomba amam- panao ao aminy ary ny lafin- kevitra ioroany . Izany asa izany dia azo avy amin' ny fihetsehan- tsaina sy fihetsem- pon' ilay mpanoratra , sady entiny maneho ihany koa ny fisian' ireo endri- piarahamonina hitany sy tsapany » na « **Ensemble des productions des écrivains, cette littérature est influencée par le caractère national , par les idées et les mœurs , par le tempérament particulier de l' auteur , de sorte qu' il existe autant de littératures diverses qu' il y a de sociétés différentes** ».

Raha aravona ireo famaritana nomen' ireo rakibolana vahiny ireo, ny literatiora dia tsy inona fa **asam- pamoronana izay mety ho am- bava na an- tsoratra ka samy marika ahalalana ny mombamomba ilay tany niaviany sy ny vanim- potoana nipoirany ary ny lafiny kanto izay ananany** (na eo amin' ny fomba fanehoana io , na eo amin' ny hevitra fonosiny).

Manamafy izany ravom- pamaritana izany i **Charles BOS** ao amin' ny

Qu' est-ce que la littérature ? manao hoe « *Ny literatiora dia ireo lafin- kevitra ahazoa- mitaratra ny fomba fanehoan- kevitra tena tsara sy kanto indrindra* », na « *la littérature , ce sont des idées accédant à la BEAUTE , dans la lumière de l' expression* ».

2.1.1.2 Famaritana nomen' ireo mpandinika tera- tany :

Tsy ny mpandinika vahiny ihany anefa no niezaka nanome famaritana mikasika ity literatiora ity , fa eo ihany koa ireo mpandinika tera- tany. Singanina

manokana amin' izany ny voalazan' i **Charles RAVOAJANAHARY** , sy ny notenenin-dRADOary ny nambaran' i **Esther RANDRIAMAMONJY** .

I Charles RAVOAJANAHARY àry dia nilaza mazava tao amin' ny “ **Fanasina**” , **1969** , fa “*Ny literatiora dia tsy inona akory fa famoahan' ny olona amin' ny alalan' ny teny , voasoratra na tsia , ny fihetseham- pony , ny fiheviny ny maha olona , ny fifandraisany amin' ny manodidina*” .

I RADO ihany koa dia niteny tamin' ny famelabelarana nataony tao amin' ny Lycée Moderne Ampefiloha , tamin' ny taona 1998 , fa “*Ny literatiora dia teny sy soratra voaangona tao amin' ny faritra na firenena iray , ary mijanona ho lovasoa sy haren- tsaina ho an' izany faritra na firenena izany , sady maneho ny maha izy azy manokana eo amin' izao tontolo izao*” .

I Esther RANDRIAMAMONJY ihany koa dia nanambara ao amin' ny **Rary. Ranto** **1995** , takila faha- 7 fa “*Ny maha kanto ny asa soratra / lahateny iray dia izy mampita hevitra sy fihetseham- pon' ny mpanoratra / mpandahateny amin' ny fomba kanto , mahaliana sy mahasarika ny saina avy hatrany*” .

Raha ireo famaritana rehetra ireo àry no akapoka ho iray , ny atao hoe **LITERATORA** dia ***fitambaran' ny asa famoronan- tsaina , am- bava na an- tsoratra hita ao amin' ny tany iray , ka entina maneho hevitra na fihetseham- po na fiontanam- panahy, izay anisan' ny haren- tsaina maha firenena ilay firenena , sady aseho amin' ny fomba kanto*** .

Azo atao tsara ny manaporofa miainga avy amin' io ravom- pamaritana io, fa ny ohabolana dia literatiora .

Oh. : -“ ***Izay akaiky vilany feno arina*** ” : miavaka eto ity ohabolana ity amin' ny fomba fanehoan- kevitra .

-“ ***Ny olona toy ny omby : ny indray mandry tsy indray mifoha***” : misy ny fanoharana izay enti- maneho hevitra .

-“ ***Izay mahay : fianarana ; fa izay tsy mahay : feno arina*** ” : mirindra tsara eto ny hevitra ambara sy ny fomba fanehoana azy.

-“ ***Ny handrina no tsy naniry volo : henatra*** ” : mifandray tsara ny fomba fanehoana sy ny fomba filazana ny hevitra .

-“ ***Manararaotra ohatra ny banga mihomehy alina*** ” : misongadina eto ny sary sy

ny sarin- teny enti- milaza hevitra .

Azo ambara fa **literatiora izany ny ohabolana** eto satria :

- ***Tsy vokatra izy raha tsy teo aloha ny asa fandinihana sy famoronana nataon' ny saina ;***

- ***Am- bava no nentin' ny mpamorona nanatontosa azy ;***

- ***Ny fomba fahitan' ny mpamorona ny zava- misy manodidina azy no nahaforonany azy ireny ;***

- ***Niangaliany ny fomba nenti- naneho sy nanambara azy mba hanaitra sy hanintona ny mpihaino azy ;***

- ***Ny filazan- javatra nampiasaina dia ireo izay tsy mahazatra firy ny rehetra .***

Avy amin' ny fiarahamonina izany ny literatiora ary natao hiverina ho an' io fiarahamonina io ihany . Koa , inona sy inona indrindra ireo anjara asa sy anjara toeran' ny literatiora eo amin' ny fiainam-piarahamonina ?

2.1.2 – Ny anjara asa sy ny anjara toeran' ny literatiora :

Manana ny anjara asany sy ny anjara toerany lehibe tokoa ny literatiora eo anivon' ny fiainam- piarahamonina . Amin' ny ankapobeny , ny zavatra na toe-javatra asehon' ny literatiora dia mifono :

- ***Vetsovetso sy fihetseham – po ;***

- ***Alahelo na fitiavana ;***

- ***Firehan- kevitra na fomba fisainana ;***

- ***Ireo zava- misy teo anivon' ny fiarahamonina .***

Maneho izany i **Lila RATSIFANDRIHAMANANA** ao amin' ny ***Rary,Ranto*** , 1995, takila faha- 10 , fa “*ny literatiora no mpivoy ny eritreritry ny olombelona , ny fihetseham-pony , ny firehany , ny tantarany*” .

Mahafeno izany tsinjara toerana izany ny ohabolana amin' ny maha literatiora azy.

Oh.: -“ ***Boka mangala- pihinana , ka alina andro eo am- pisangiana takotra*** ”, izay mifono fihetseham- po sy alahelo.

-“ ***Mangahazo mangidy malemy , ka hanina amin' ny lemim- panahiny*** ”, izay mitory fomba fisainana .

-“ ***Vazaha matim- basy , ka matin' ny zavatra nataony*** ”, izay mifono trangan- java- misy sy vetsovetso .

Ny ohabolana izany dia sady enti- maneho ny trangan- javatra misy ao anaty fiarahamonina ao no mitory ny fomba amam- piaina ' ireo olona na vondrona olona tian- kotondroina . Tsy izany ihany anefa fa mbola mifono anatra ihany koa izy, no mitory ihany koa ny fihetseham-pon' ny olona mpamorona azy .

Ireny anatra tian- kolazaina sy hafatra tian- kampitaina amin' ny alalan' ny ohabolana ireny dia samy nentina nanabe sy nitaiza ny mpiara- monina . **Ny ohabolana izany dia**

natao mba :

- *h ampitodika ny olona amin' ny zava- misy iainany sy ny manodidina azy* (oh. : " **Tsy mena- mivadika toa andro ririnina**","**Lanonam- pahavaratra ka ny maraina ihany**" ; "**Tandraka an- tanimena, ka volon- tany no arahina**" ...);

- *hampahafantatra ny rivotra iainan' ny olona sy ny hetsiky ny fiarahamonina misy azy* (Oh. : " **Izay mitambatra : vato, fa izay misaraka : fasika**" ; " **Asa vadi- drano, ka tsy vita raha tsy ifanakonana**" ; "**Taon- trano tsy efan' ny irery**" ...);

- *hanolokolo ny olona iray ho tena olon' ny fiarahamonina* (Oh. : " **Aza manao fitiavam- bato ka raha tapaka tsy azo atohy**"; "**Aza tsy mitsapa ny farany ohatra andRafotsibe mamosavy zafikely**" ...);

- *hampizatra ny olona eo ampihatrehana ny fiainana* (Oh. : " **Veleso ny vy dieny mbola mafana**" ; " **Mandehana dieny mbola malaina , fa rehefa mazoto tsy afaka intsony**");

- *hitsilo sy hitsinjo ny taranaka fara aman- dimby* (Oh. : " **Aleo joko mihasolonga , toy izay solanga mihajoko**" ; "**Ny nenina tsy aloha hananatra fa aoriana handatsa**" ...).

Azo ambara izany fa ny ohabolana izay tafiditra ao amin' ny atao hoe literatiora , dia manana ny anjara asany sy ny anjara toerany lehibe tokoa eo amin' ny fanabeazana sy ny fikolokoloana ny lafiny maro maha olon' ny fiarahamonina ny olona iray . Tsy vitan' ny hoe mitondra ho any amin' ny fahaiza- mitondra tena sy fahaiza- miara- monina fotsiny izy, fa sady mamolavola ny isam- batan' olona hahay hatrika ny fiainan- ko aviny , no mampahalala ny trangan- javatra misy ao anaty fiarahamonina ao .

Manamarina izany ireto tenina mpandinika roa ireto :

- **Charles RAVOAJANAHARY** : " *Mitaiza ny sain' ny mpiara- belona ny literatiora , fa angamba raha tsy misy ireny literatiora ireny , dia samy hanana ny fiheviny , ny fisainany , ny fiteniny avy ny mpiara- belona* ".⁸

- **RAHAJA** : " *Mpiambina ny fiarahamonina ny mpanoratra ary ny asa sorany no aro ampinga hoentina miaro* ".⁹

Taratry ny fiainam- piarahamonina sy ny fiainam- pirenena izany ny literatiora . Koa , amin' ny maha literatiora ny ohabolana dia manefy ny fivelaran' ny maha olona izy, mitaiza ny mpiara- belona ho afaka handalina sy hamakafaka misimisy kokoa ny zava- misy manodidina azy izy , ary mamolavola ny tsirairay mba hahay miara- miaina amin' ireo mpiara- belona aminy .

Noho izany anjara asa sy anjara toeran' ny literatiora mankadiry be izany no tena mahalasa ny saina hiezaka hamahavaha misimisy kokoa azy ity . Firy karazana àry ity lazaina hoe literatiora ity ?

⁸ Nalaina tao amin' ilay lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe « *Literatiora ho fitaizan- tsaina* » tao amin' ny « *Fanasina* », 1969.

⁹ RAHAJA , « *Ambioka* », Desambra 2000.

2.1.3 – Ny karazana literatiora :

Azo sokajiana ho roa miavaka tsara ny literatiora , dia ny **an- tsoratra** sy ny **am- bava** . Ny fomba hoenti- manatontosa azy no tena ahazoa- manavaka azy roa ireo .

Ny literatiora an- tsoratra :

- *Notontosaina sy raketina an- tsoratra ;*
- *Mipetraka eo foana ;*
- *Miandry mpamaky .*

Tafiditra ho anisan' ny literatiora an- tsoratra ny tononkalo , sombin–tantara , tantara foronina , tantara filalao an- tsehatra , lahatsoratra fanadihadihana na famotopotoran-kevitra ,.....

Ny literatiora am- bavakosa indray dia ilay literatiora :

- *Notontosaina am- bava fotsiny ihany ;*
- *Miandry mpihaino ;*
- *Mitaky fepetra ny fanatanterahana azy (habaka sy fotoana);*
- *Miditra lalina ao amin' ny fiainam- piarahamonina ;*
- *Zary lasa fomba raikitra ny hevitra fonosiny sy ny fampiharana azy ireny .*

Arakaraka ny faritra nipoiran' ireny literatiora am- bava ireny no anarana nampisalaran' ny mpamorona azy . Ao ohatra ny **Sôva** (Tsimihety) , **Tôkatôka** (Betsimisaraka) , **Beko** (Antandroy) , **Takahôtsy** (Bara) , **Antsa** (Sakalava), **Isa** (Betsileo) ; fa ny fahita sy fandre na faritra aiza na aiza dia ny **OHABOLANA** .

Literatiora izany ny ohabolana amin' ny maha asa noforonin' ny saina azy ary natao tamin' ny alalan' ny teny . Mirakitra ny kolon– tsain' ilay faritra niaviany izy sady maneho ny rafi– pisainan' ireo mponina ao aminy. Teraka avy amin' ny zava- misy andavanandro izy , saingy tsy novantanina ny fomba enti- maneho azy fa tsy maintsy arindra tsara ny vontootin- kafatra sy ny fomba filazan- javatra mifanaraka amin' izany . Ny tanjona amin' izany rehetra izany dia ny hananany endrika kanto mba hanaitra ny mpihaino sy handresy lahatra azy ireo amin' izay tian– kambara .

Mila fitandremana tsara izany ny famoronana ohabolana amin' ny maha literatiora am- bava azy .

2.2 - NY OHABOLANA DIA LITERATIORA AM –BAVA :

Manana ny lanjany sy ny dikany ara- piarahamonina hatrany ny literatiora am- bava teo amin' ny Malagasy . Tsy latsa- danja amin' izany koa ny misy azy teo amin' ny sehatry ny fanabeazana . Koa inona àry moa no atao hoe : “ **Literatiora am- bava** ” na “ **lahabolana** ” . Ny firosoana hatrany amin' ny asa famelabelarana no hahafantarantsika misimisy kokoa mikasika izany .

2.2.1 – Famaritana ny literatiora am – bava :

RABENILAINA R.B. dia namaritra fa ny literatiora am- bava dia “fomba raikitra enti-maneho hevitra sy fihetseham- po amin’ ny alalan’ ny fitenenana ka sady mifototra amin’ ny lovantsofina sy fiarahamonina , no taratry ny fomban- drazana sy ny fiarahaamonina ihany koa “. ¹⁰

Izany famaritana izany dia maneho fa tsy azo ambara ho **literatiora am- bava** ny asa famoronan- tsaina iray raha tsy :

- *Atao am- bava ny fomba fanehoan – kevitra ;*
- *Manamarika ny maha izy azy ny faritra nipoirany ;*
- *Aseho amin’ ny fomba kanto ;*
- *Zary lasa fomba raikitra ny filalaovana azy ireny .*

Mbola nohamafisin’ **ANDRIANARAHINJAKA (L.X.M)** izany famaritana izany amin’ ny hoe : “ *ny literatiora am- bava dia hita indrindra eo amin’ ny fomba fanehoan- kevitra am- bava , ary mivelatra hatrany amin’ ireo tranga manontolon’ ny fombam- pitenenana* ”. ¹¹ Izany famaritana izany ihany koa dia mbola manizingizina hatrany ny fanatontosana am- bava ny hevitra tian- kaseho , ary tafiditra ao anatin’ izany literatiora am- bava izany avokoa ireo fombam- pitenenana mampiavaka ny faritra izay nipoirany .

Ny **literatiora am- bava** izany dia tsy inona fa **ny teny na resaka atao amina mpihaino , ka tsy idiran’ ny soratra na dia kely fotsiny aza , na eo amin’ ny fomba namoronana sy nandrafetana azy, na eo amin’ ny fomba fampitana sy fanatontosana azy**. Ataon’ ny mpamorona azy hatrany izay ananany endrika kanto mba hanaitra ny sofin’ ny mpihaino sy hanintona ny sain’ ny mpanakatra ny vontootin- kafatra fonosiny .

Mahafeno izany fepetra izany ny ohabolana , satria rehefa namorona ohabolana ny Ntaolo dia tsy nisy nidiran’ ny soratra mihitsy izany . Dia toraka izany koa ny nentiny nanatontosa azy sy nampitana azy tamin’ ireo taranaka aty aoriana . Noho izany , manana ny dikany eo amin’ ny fiainam- piarahamonina izy amin’ ny maha literatiora am- bava azy .

2.2.2 – Ny dikan’ ny ohabolana eo amin’ ny fiainam- piarahamonina :

Ny literatiora dia saika mitodika amin’ ny fiarahamonina foana . Asehony amin’ izany ny hetsika ataon’ io fiarahamonina io , ka hita amin’ izany na ny lafy tsarany na ny lafy ratsiny . Maneho izany rehetra izany ny ohabolana , saingy ataony miendrika fanoharana ny zavatra tiany hambara .

Oh.: “ *Tapi– dalan- kaleha toy ny sokina nanani- bato* ”;

“ *Voalavo sasatry ny miaina , ka saka matory no alam– bolom- bava* ”.

¹⁰ **RABENILAINA R.B.** : “ Ny Takahôtsy eo amin’ ny karazan- dahateny Bara”, in *Tahiry sy Remby* , lah. 30, tak. 135

¹¹ **ANDRIANARAHINJAKA (L.X.M)** , *Le système littéraire Betsileo* , Edition Ambozontany, Fianarantsoa , p.29 : « le littéraire oral se manifeste toujours au niveau de l’ expression orale , il relative donc de la phénoménologie générale de langage oral ».

Ireny teny an' ohatra ampiasain' ny ohabolana ireny dia manasongadina indrindra sy vontootin- kafatra tiany ho tonga any amin' ny mpihaino .

Ny literatiora am- bava tahaka ny ohabolana izany, dia natao :

- *Hanoritsoritra toe-javatra iray izay vokatry ny fomba fisainan' ilay mpamorona azy sy ny fomba fahitany ny tontolo (oh.: “Toko telo mahamasa- nahandro”; “Ny vady no ray aman- dreny ”).*

- *Hifehezana ny fiarahamonina sy ny tontolo manodidina ny tena (oh.: “Tanimbarin’ Ilaikamo: rano fotsy mangeniheny, harefo mandifotra olona “; “ Taon- jezika adala , ka aina no fetra ”);*

- *Hisintonana foto- kevitra mba hahazoana mitaiza ny taranaka izy (oh.: “ Mpitari- bato vilam- bava ka samy hafa ny tondroin’ ny tanany sy ny lazain’ ny vavany ”; “ Mafanafana ohatra ny ratsy atao an- kavana);*

- *Hampitana anatra sy torohevitra mba hoenti- manitsy ny fiainana sy ho vatsy amin’ ny fiainan- ko avy (oh.: “ Mandehana dieny malaina fa rehefa mazoto tsy afaka intsony ”; “Ny teny toy ny salaka ka ny tompony ihany no afatony ”).*

Ny lahabolana izany dia nentina nampahafantatra ny zava- misy ao anaty fiarahamonina sady natao hamolavolana ny olona iray ho tena olon’ ny fiarahamonina iainany sy iriariavany . Fa mba inona kosa no lanjan’ ny ohabolana eo amin’ ny fiarahamonina ?

2.2.3 – Ny lanjan’ ny ohabolana eo amin’ ny fiainam – piarahamonina :

Tahaka ny literatiora rehetra dia mba manana ny anjara toerany ihany koa ny lahabolana eo anivon’ ny fiainam- piarahamonina . Koa , amin’ ny maha lahabolana ny ohabolana , dia nentina indrindra izy ho :

- *Fikajiana ireo tantara nisy* , ka sady mirakitra ny zava- nisy niainan’ ny fiarahamonina tany aloha tany , no manamarika fa nisy loharano nipoirana isika taranaka aty aoriana (oh.: “Izay no takatra hoy ilay nahandro takatra” ; “Ny antitra : hazo amoron- tevana , ny tanora : vato mandondona ; tsy fantatra izay ho lasa aloha”).

- *Fitsipi- piaina* , ka nenti- nisoroka sy nitandrina izay mety ho fahavoazana , na nenti- nitsabo ny fototra aretina tsy mampirindra ny fiainana (oh.: “Mitsako tsy re , ka kenda vao dony aho Ranaotra”; “Aza mandrora mitsilany ”).

- *Fambaboana ny fo amam– panahin’ ny mpihaino* , ka avohitra tsara amin’ izany ny ambaratongan- kevitra tian- kasongadiana (oh.: “ Ny nenina tsy aloha hananatra , fa aoriana handatsa”; “Ny marina toy ny afo raha kobonina mandoro”).

Ny ohabolana , amin’ ny maha lahabolana sy amin’ ny maha literatiora azy, dia noforonina indrindra mba hahazoana mitahiry ireo rafi- pisainana sy fomba amim- piheverana nampiavaka ny razana arakaraka ny toerana niaviany sy niainany , izany hoe : ny fomba fiheverana sy ny fomba fijery izao tontolo misy antsika izao no ventesina ao anatin’ny ao .

Manefy ny fivelaran’ ny maha olona ny olona izany ny ohabolana , sady mitaiza ny mpiara- belona mba hahafehy ny tontolo manodidina azy ary ny fitsipika momba ny fisiany

. Noho izany , miavaka amin' ny samy lahabolana ny ohabolana , fa tsy hoe ambinambin-javatra fotsiny . Inona indrindra no azo ambara mikasika izany ?

2.3 - NY OHABOLANA DIA KARAZAN – DAHABOLANA :

Ny fombam- pitenenana iray no ahafantarana voalohany indrindra ny faritra niaviany , sy ahatarafana ny fomba amam- panao sy ny fomba fiheverana mampiavaka azy.

Arakaraka ny faritra nipoirany sy ny hafatra tian- kampitaina izany no anomezana anarana azy ireny ; anisan' ny manasongadina sy mampiavaka ny ohabolana anefa ny fahitana azy na aiza faritra aleha na aiza ; ary raha ny ohabolana merina dia miavaka izy amin' ny fahafahany miditra sy miasa any anatina karazan- dahabolana hafa toy ny hainteny sy ny kabary . Inona avy àry ireo karazan- dahabolana be mpampiasa ka mampalaza ireo faritra niaviany ?

2.3.1. – Ireo karazan- dahabolana be mpampiasa :

Araka ny famahavahana efa hita teo aloha dia misokajy ho roa ny literatiora : ao ny antsoratra ary ao ny am- bava . Ity farany kosa indray dia mbola azo zaraina roa : eo ny lahateny, ary ao ny lahabolana . Ny mampiavaka ny literatiora am- bava moa dia izy tsy misy na dia kely aza idiran' ny soratra , na eo amin' ny lafiny famoronana io , na fandrafetana na fanatontosana , eny hatramin' ny fampitana koa aza .

Maro karazana ity lahabolana ity raha ny eto amin' ny Nosy no asian- teny. Ny ahazoana manasokajy azy ireny dia arakaraka ny fisehony isaky ny faritra sy ny antony ilana azy ary ny fombafombany aman- java– kinendry . Araka izany dia azo sokajiana telo miavaka tsara ireny lahabolana ireny :

*- ny tsy ahitana afa- tsy feon – java – maneno ranofotsiny , toy ny JIJY (**fanaon' ny Sakalava**) , BEKO (**fanaon' ny Tandroy**) ;*

*- ny tsy ahitana afa- tsy lahateny ranofotsiny , miampy fihetsika ,toy ny VAVAKA , OHABOLANA sy FITENENANA , ANGANO , LOVANTSOFINA , TAKAHOTSY (**fanaon' ny Bara**) , TOKATOKA (**fanaon' ny Betsimisarak**) , KABARY,...*

*- ny tanisaina na hiraina , miampy zava- maneno na tsia ary laroina fihetsika ,toy ny SOVA (**fanaon' ny Tsimihety**) , ISA (**fanaon' ny Betsileo**) , HAITENY (**fanaon' ny Merina**) , ANTSA sy RARY ,...*

Samy manana ny mampiavaka azy izany ny faritra tsirairay eo amin' ny lafiny lahabolana , saingy eo ihany kosa ny itoviany ny fananana azy , dia ny **ohabolana** izany . Na aiza na aiza tokoa mantsy faritra aleha eto amin' ity Nosy iainantsika ity dia fandre sy fahita hatrany ny ohabolana . Ny hevitra tian- kambara amin' izany dia iraisana , fa ny fomba enti- maneho azy no tsy mitovy. Jereo kely anie itony fahaizan' ny Malagasy maneho ny fankasitrahana an' ilay Nahary sy amin' izay nomeny antsika na dia atao hoe kely aza :

*- faritra merina: “ **Sotro ranon' akoho , ka ny kely azo andrandraina** ”;*

*- faritra androy :” **Akoho ninon- drano, ke de azo ento- miandra** ”;*

- *faritra antaisaka* : « **Akoho minon- drano, miandrindra ne Zanahary namboatry** » ;

- *faritra tsimihety* : « **akôho misôtro rano , kely azo rô andrandraina** ».

Matoa samy ahitana ohabalana izay faritra rehetra aleha , dia noho izy karazan-dahabolana manana ny maha izy azy tokoa na eo amin' ny fiainam- piarahamonina izany, na eo amin' ny lafiny fanabeazana amam- pitaizana , ary hatramin' ny fomba amam-panao sy fomba fisainana amam- piheverana mihitsy aza . Noho izany, azo lazaina fa miavaka amin' ireo lahabolana mitovitovy aminy ny ohabolana .

2.3.2 - Miavaka amin' ireo lahabolana hafa mitovitovy aminy ny ohabolana :

Raha ny famelabelarana teo aloha no anaovana topi- maso fohy, dia azo lazaina fa manan- karena ohabolana tokoa isika Malagasy . Anisan' ireo mpikaroka niezaka nanavaka ireo lahabolana izay fahita any amin' ny faritra Betsileo, ohatra, **L.X M. ANDRANARAHINJAKA** , toy ny amin' ny ohabolana sy ny amin' ny fitaronana ary ny amin' ny kalita .¹²

Raha ny teto an- kibon' Imerina kosa dia heverinay fa mety ny manavaka misimisy kokoa ny *ohabolana* amin' ireo lahabolana hafa , toy ny *fitenenana* sy ny *ankifidy* ary ny *ankamantatra*, noho ny fifanahafana sy fitovitoviana misy eo amin' izy ireo .

Ny OHABOLANAàry dia tsy mitovy amin' ny FITENENANA araka ny nanehoan' ANDRIAMIFIDY azy hoe : « *Ny ohabolana dia teny natao an' ohatra hilazana hevitra toy ny hoe « vivy nanitrika ka bongomason' ny nahiny », fa ny fitenenana kosa dia ilay teny efa ampiasain' ny be sy ny maro mandrakariva ka tonga voatokana ho teny miavaka sy manjary ohatra ny ohabolana ny fihaino azy toy ny hoe « varivarian' ny lavitra ka tsy mahita ny ambany maso ».* »¹³ Tsy dia mifanalavitra amin' ny ohabolana izany ny fitenenana ka mety hisy ihany ny olona no hanafangaro azy roa ireo .

Ny OHABOLANA dia tsy ANKIFIDY , satria ny ankifidy dia lalao fampiasan- tsaina amin' ny alalan' ny fanakaran- kevitra fotsiny , eny fa na dia natao nitaizana ny taranaka tahaka ny ohabolana aza .

Ny famaritana nomen- dRAJEMISA–RAOLISON ao amin' ny *Rakibolana malagasy* dia manamafy izany amin' ny filazany fa « [*Ny ankifidy dia*] kilalaon' ny Ntaolo ara- tsaina nitsapana ny fahaiza- maminany sy mitsara zavatra amin' ny alalan' ny fampisafidianana amin- javatra anankiroa izay lazaina somary an- kifonofono ». (oh ; « *Alao izay ho anao : Be maso anaty vero , sa kely maso anaty vato ?* » ; valiny : *omby sy kary*).

Ny ifanahafan' ny ankifidy amin' ny ohabolana izany dia izy miainga ihany koa amina fanoharana , izany hoe azo ato tsara ny mamorona ohabolana miainga amin' ny ankifidy . (oh. : « *Be maso anaty vero toy ny omby* » ; « *Kely maso anaty vato toy ny Kary* »).

Ny OHABOLANA ihany koa dia tsy mitovy amin' ny ANKAMANTATRA , satria araka ny anaran' ity farany, dia lalaon- tsaina izy io natao hamantarana ny tian- kambara amin'

¹² L.X M.ANDRANARAHINJAKA , *Le système littéraire Betsileo* , op.cit.,p. 318 -320

¹³ ANDRIAMIFIDY , « *Ny sain' ny Ntaolo hita amin' ny fiteniny* », in *Fary mamy T12* , Edisiona Salohy , Antananarivo, Tak. 13

ny fanoharana iray . Manamafy izany *LALA-RAKOTOSON RAOLISON* raha namaritra azy io amin' ny hoe : “ *ny ankamantatra dia filazana amin' ny fomba an- kifonofono , fa tsy mivantana ny toetran' ny zavatra iray izay natao hofantarina* ”.¹⁴ Natao hanazarana ny saina hiasa sy hiaroka izany izy io, eny fa na dia mifono fanoharana tahaka ny ohabolana aza .

Oh.: Inona àry izany : “ manam- bava hihinana , fa tsy manan- kibo asiana ”; (valiny : hety na antsy).

Inona àry izany : “ Aleveno aho haka ny taolako taloha ”; (valiny: katsaka) .

Azo atao tsara indray eto ny miainga amin' ny ohabolana raha te hahazo ankamantatra na ny mifamadika amin' izany .

Oh.1 : “ Ny fanahy no olona” (Ohabolana) □ “Inona ary izany : izy no manamarika ny maha olona?” (Ankamantatra).

“Ny firaisana no hery” (Ohabolana) “Inona ary izany : izy no ahazoan- kery?” (Ankamantatra) .

Oh.2: “Inona àry izany : Hano aho hihinanako anao?” (Ankamantatra) “ Aza manao toy ny sakay , hanina vao mainka mihinana” (Ohabolana);

“ Inona àry izany : anaty rano tsy lena , an- tanety tsy malazo?” (Ankamantatra) “Hafahafa toa tandindona: anaty rano tsy lena, an- tanety tsy malazo”(Ohabolana) .

Na ny ankifidy izany na ny ankamantatra dia miavaka hatrany amin' ny ohabolana eo amin' ny endrika isehoany ; fa misy ifanahafana kosa eo amin' ny teny an' ohatra ampiasain' izy ireo . Eo amin' ny lafiny hevitra kosa dia miavaka izy ireo, indrindra eo amin' ny firosony , eny fa na dia samy nateraky ny fahalalana tanteraka ny zava- boary sy ny tontolo manodidina antsika olombelona aza .

Nisy ihany anefa ny mampiavaka ity karazan- dahabolana izay iaingan' ny asa fikarohanay ity , dia ny fahafahany miditra sy miasa any anaty lahabolana hafa .

2.3.3 – Ny ohabolana sy ny lahabolana hafa :

Amin' ny maha literatiora am- bava ny ohabolana dia maro amin' ireo mpandahabolana na mpandahateny no mampiasa azy io ho haingon' ny asany . Anisan' izany , ohatra , ny angano , sy ny hainteny ary ny kabary .

Saika nahitana ohabolana avokoa ny resaka nifanaovana teo amin' ny Ntaolo na sehatra aiza io na aiza , ary na lafin- javatra manao ahoana na ahoana . Ny tena ahitana izany fidiran' ny ohabolana izany dia :

- Eo amin' ny fanatontosana ny resadresaka ao amin' ny angano :

*Oh.: “ **Loharanon' andriana , olombelona** ”, nalaina tao amin' ny **Anganon' ny Ntaolo** , Takila faha 171-172 “ Hoy ny ohabolan' ny Ntaolo : “Ny andriana tsy nitsororoka avy tany an- danitra , ary tsy nitrebona avy tamin' ny tany , fa loharanon' andriana , olombelona ” . Tany aloha , hono , dia olona iray monja no nohasoavina ho andriana . Ary*

¹⁴ *LALA- RAKOTOSON RAOLISON (JA), Lovako T10 , Edition Ambozontany , Analamahitsy , Antananarivo, 2000 , tak. 35*

rehefa izany , dia nampamory ny vahoaka izy ka nanao hoe

Nony efa teraka Ikala , dia tsy hita izay hanaovana ny zanany fa **“salasala toa ankotralahy : arahabain- tsy andriana ,avela ihany miakanjo jaky”** -----

- Eo amin' ny Angolan- teny ataon' ny mpiangaly hainteny :

Oh ;“ **Fitiavan – kavana** ”, nalaina tao amin' ny **Anganon' ny Ntaolo** , Takila faha 222.

“ Ny hazo voaroy ihany no hazo voangaly. Angaliko ianao raha tia ahy : fa raha tsy tia ianao , mba tofoka aho ; ary raha manova ianao , mba afoiko , fa **“ ny fitia mifamaly no mahatsara fihavanana ”** . Aza borahina ny fihavanana , fa **“ny fihavanana tahaka ny voara, ka raha vakina , misy vitsika ”** . Aza tia havan' olona ka mankahala ny havan' ny tena , fa ny olon- kafa anie toy ny **“varialoha : mahatra- po , fa tsy mahavita taona ”** ; koa raha manetriketrika ny an' olona ianao , nony masaka , entanin' ny tompony . Fa ny havan' olona jerena toa **“rano am- batolampy : raha tazanina , mangiaka ; fa raha tovozina tsy ahazoana ”**, Fa-----“.

- Eo amin' ny safarin- teny ao amin' ny kabary

Oh:” **Fanorohan- javatra** ” , nosoratan' **ANDRIAMAMPIHATONA** , **Kabary Betsileo** , tak.11

Ny tena antony nampidiran' ny Ntaolo ny **ohabolana** amin' izay resaka ataony izany dia mba **hoenti- mandravaka ny hevitra izay aroso** , satria ny ankabeazan' izy ireny dia na mampahafantatra , na mampita hafatra . Tsy mijanona ho haingon' ny resaka fotsiny anefa ny ohabolana fa manampy betsaka eo amin' ny **fanomezan- toky sy fandresen-dahatra ny mpihaino** .

Amin' ny fitenenana izay atao tokoa mantsy dia olona mahafehy ny zavatra holazainy sy maharesy lahatra izay itenenany no nataon' ny Ntaolo hoe : **“mahay miteny”**. Nohamafisin' i **G. NAVONE** izany amin' ny filazany fa **“ Eo amin' ny resaka izay ifanaovana , ny fitenenana izay atao aman' olona dia mahasahana andraikitra roa : fahazoana sy ny fifehezana ny zava- mitranga eo amin' ny fiainana andavanandro amin' ny alalan' ny fampahatsiahivana ireo fahendren' ny razana aloha ary ny fanomezan- toky mba tsy hisian' ny ahiahy eo amin' ny olona izay itenenana avy eo”**.¹⁵

Ny **ohabolana** izany amin' ny maha fitaovam- panabeazana sy fampitan- kafatra ary fitaizana azy , dia zary nampiasain' ny Ntaolo ho ravaky ny fitenenana sy ho paika aman-tetika hoenti- mandresy lahatra ary ho antoky ny fanomezan- toky ireo izay itenenana . Noho izany , azo ambara fa anisan' ireo karazan- dahabolana sady be mpampiasa no miavaka amin' ireo mitovitovy firafitra aminy ny ohabolana .

FEHINY

Araka ny famelabelarana rehetra izay natao tato amin' ity toky faharoa ity dia

¹⁵ [R.P] NAVONE (G.) *Ny atao no miverina* , op.cit., p.46 : “Ainsi, dans le langage courant, le “fitenenana” joue un double rôle : celui d’interprétation et de domination, des situations qui se présentent dans la vie quotidienne , par le rapport de la sagesse des ancêtres , et le rôle d’assurance , de mise à l’aise vis-à-vis de l’interlocuteur ».

tsapa fa ny ohabolana dia karazan- dahabolana izay fahita foana na faritra aiza no aleha na aiza , no sady manana ny maha izy azy manokana noho izy afa- mitsofoka any amin' ny lahabolana hafa toy ny angano na hainteny na kabary .

Tsy mba mifidy sehatra ampiasana azy izany izy , na an- kasoavana io na an – karatsiana , ary mety ho voateny tampoka arakaraka ny toe – java- misy hita sy iainana ary atrehana . Ny ohabolana izany dia sady mamolavola ny maha olona ny olona iray , no manefy azy ihany koa ho tena olon' ilay fiarahamonina iainany .

Noho izany , azo atao tsara ny mitaratra ny rafi- pisainana sy ny fomba fiheverana Malagasy miainga amina karazan- dahabolana izay iaingan' ity asa famahavahana ity , koa tsara raha hofantarina misimisy kokoa ny mombamomba azy.

TOKO 3 - FAMPAHAFANTARANA NY OHABOLANA AMIN ' NY ANTSIPIRIANY

Ny famavahana sy fanadihadiana ary fandalinana ny fitenin' ny faritra iray, indrindra ny fombam- pitenenany , dia ahazoa- maneho ny maha izy azy io fiarahamonina io sy ny mikasika ny mponina ao aminy . Koa , raha ny mikasika ny ohabolana manokana no asian– teny , amin' ny maha fototra iaingan' ny asa famavahana izay ataonay , dia ireo toetra iavahany amin' ireo karazan- dahabolana hafa no tena havohitra sy hasongadina amin' ity zana- pizarana ity .

Hoezahinay voalohany indrindra amin' izany izay hoenti- mamaritra azy .

3.1 - FAMARITANA NY OHABOLANA :

Raha ara – piforonan- teny , ny **OHABOLANA** dia azo amin' ny fanakambanana ny teny hoe OHATRA sy ny VOLANA, izany hoe :

OHABOLANA > OHATRA + VOLANA.

Ny hoe VOLANA dia azo adika ho *tenyna resaka* , ary ny hoe OHATRA dia fakan- tahaka na filazana an- tsary na fanoharana . Araka izany, ny ohabolana dia tsy inona fa teny na resaka mifono fanoharana na sarisary. Manamarina izany indrindra ny voalazand **RAJEMISA–RAOLISON** ao amin' ny ***Rakibolana Malagasy*** manao hoe : “[ny ohabolana dia] teny atao amin' ohatra hilazana hevitra“ na “Teny fampiasa matetika izay efa misy heviny iray andraisan' ny olona azy”. (jr. “fitenenana”).

Oh.: “*Manalokaloka ohatra ny razana tsy hitahy* ” , izany hoe : izay rehetra misehoseho sy manelingelina ary manakantsakana ny olona iray izany dia oharin' ny Ntaolo amin' ireo razana tsy mahavita ny adidiny amin' ny velona , dia ny mitahy izany .

“ *Izay adala no toa an- drainy* ” , izany hoe sahala ny olona adala tsy mba nampiasa saina ny olona iray mitovy laharana amin' ny rainy eo amin' ny fiatrehana ny fiainana .

Raha ara- kevitra kosa , araka ny nanehoan' ny **Dictionnaire Petit Robert** ; 9ème edition azy , ny **OHABOLANA** dia “*ilay fombam- pitenenana ahitana taratra ny fahendren' ny Ntaolo , sady fananan' ny faritra nipoirany izy io , no azon' ny olona rehetra ampiasaina . Ilana fahaiza- mandinika sy fahaiza- maneho hevitra ary fahaiza- mandrafitra tsara izy io mba hananany endri- panoharana mifono sarisary sy toro hevitra* ” na « [Le proverbe , c ' est] la vérité d ' expressions ou conseils de sagesse pratique et populaire commun à tout un groupe social , exprimé(s) en une formule elliptique généralement imagé et figuré . Il est populaire et appartient à la sagesse des Nations ».

Raha ara-anjara asa indray , i **NAVONE (G)** dia nanambara fa ny **OHABOLANA** izay adikan' ny rakibolana hoe « **PROVERBE** » , dia « *fanehoan- kevitra fampiasa matetika , izay misy amin' izy irery no efa be mpahalala sady fampiasan' ny rehetra . Azo raisina ho anisan' ny kolon- tsain' Imerina izy* »¹⁶ . Izany famaritana izany dia azo adika na ambara amin' ny hoe : tsy inona akory ny ohabolana fa **ireo fombam- pitenenana efa zary fampiasain' ny olona matetika , ary izy ireny raha vao misy miteny dia efa be mpahafantatra sady efa misy hevitra mipetraka avy hatrany ny aminy ao an – tsain' ny olona mihaino azy ao .**

Mbola manamafy izany **RAHAJARIZAFY** raha namaritra ity karazan- dahabolana ity nanao hoe ; « *Izay mameno ny fo aman- tsaina moa no famoaky ny vava ; koa inona ny ohabolana raha tsy ny ohatrohatra fampiasan' ny vahoaka* ».¹⁷

Azo ambara avy amin' ireo famaritana maro voatanisa teo ambony ireo àry fa ny **OHABOLANA** dia :

- **Sarisary sy ohatrohatra atao amin' ny alalan' ny teny;**
- **Entina anoharana ny zava- misy hita na tsapa na iainana;**
- **Maneho ny fomba fisainana amam- piheveran' ilay faritra nipoirany;**
- **Fitaovana fampiasan' ny olon- drehetra;**
- **Ahitana taratra ny fahendren' ny Ntaolo izay niainga tamin' ny fahaizany mandini- javatra .**

Tsy afa- misaraka amin' ny fandrafetana sy fampitana ary fanatontosana ohabolana izany ny **teny** sy ny **hevitra** ary ny **zava- misy manodidina** ny mpiteny na ny mpihaino . Koa ireo lafin- javatra telo ireo indray no hifotoran' ny famahavahana manaraka mba hahazoa- mamantatra misimisy kokoa amin' ity ohabolana ity .

3.1.1 – Ny ohabolana sy ny teny :

Ny ankabeazan' ny rakibolana “firantsay” toy ny **Dictionnaire Petit Robert** 9ème edition , 1972 sy ny **Dictionnaire Petit Larou sse** , Edition mise à jour, 2003 , dia samy mandika ny **OHABOLANA** amin' ny hoe “ **PROVERBE** ” . Misy ihany anefa ny fahasamihafan' ny

¹⁶ NAVONE (G.) , *Ny atao no miverina* , op. cit. , p.17 :” [Proverbe] : expressions qu' on emploie habituellement . Il s' agit en effet d' expressions connues et employées par tout le monde. Elles font parties du bagage culturel normal de tout Merina ».

¹⁷ [R.P.] RAHAJARIZAFY (A.P) , *Ny Ohabolana malagasy* , op.cit. , tak.5

famahavahana izay ataony , tahaka ny nataon' ity farany . Vahavahany tsara amin' izany ny hoe : **“proverbe”, “adage”,**

“dicton”, “maxime”, “sentences”, “locution”.

Koa tsara aloha raha fantarina ny dikan' ireo teny ireo mba hahazoa- milaza ny amin' ny OHABOLANA .

Ny hoe “MAXIME” dia fambam- pitenenana manara- pitsipika izay mitory fitsipi- piaina , na nadikany hoe : “ formule énonçant une règle de morale”.

Ny hoe “SENTENCE ” kosa dia fomba fiheverana na fomba fisainana ankapobeny ny amina zavatra na toe- javatra iray , na nadikany hoe : “ pensée générale , précepte morale”.

Ny hoe “ADAGE” indray dia fombam- pisainana miendrika fiheverana sy fahaiza- miaina , na “ formule sentencieuse constituant une maxime ”.

Ny hoe « LOCUTION » dia fomba fanehoan- kevitra izay nomena endrika manokana ny fandrafetana sy fanambarana azy , na nataony hoe : « expression, formule particulière du langage ».

Ny hoe « PROVERBE » kosa dia karazana « maxime » nohafohezina , ary lasa be mpampiasa sy fanta- bahoaka , na nadikany hoe : « maxime brève , devenue populaire ».

Ary, ny hoe “DICTON ” dia ireo fombam- pitenenana lasa ohabolana , na « maxime, sentence passée en proverbe » .

Tsy misy izany literatiora afa- misaraka amin' ny teny sy ny fiteny . Koa , amin' ny maha literatiora ny ohabolana , dia nasongadin' ANDRIANARAHINJAKA fa “Raha faritana ara- bakiteny , ny literatiora dia tsy inona fa ny fiteny ary afa- maneho hevitra izy amin' ny alalan' ny teny ampiasainy ”¹⁸ ary “tsy manana sy mirakitra ary mifono hevitra izy izany raha tsy entina hanondroana sy hanambarana zavatra na toe-javatra ”¹⁹ . Faranany izany fanambarany izany amin' ny hoe : “ lo fiteny ampiasaina ao anaty literatiora io dia efa trangan- javatra voajanahary izay mampiasa feo ”²⁰ .

Raha fehezina izany fifandraisana misy eo amin' ny ohabolana sy ny teny ary ny fiteny izany, ny OHABOLANA dia tsy inona fa ilay fombam- pitenenana fohy sy be mpampiasa , ary be mpahalala sy miseho amin' ny endrika tsy dia mahazatra andavanandro izay misalotra ny fahaiza- maneho sy mampita hevitra tsy mivantana (famaritana ara- drafitra).

Oh.: -“ Andro ihaonana , toa andro zato ; fotoana ihaonana , toa fotoana arivo ” (Lafin- javatra , an- kafaliana no aseho eto).

-“Ny hitsikitsika tsy mandihy foana fa ao raha ” (Lafy ratsin' ilay toe – java- misy kosa

¹⁸ - ANDRIANARAHINJAKA (LXM) , *Le système littéraire Betsileo* , op. cit., p18 : “La littérature est un langage” au sens plus large du terme , elle s' exprime par le moyen d'une “langue”.

¹⁹ - ANDRIANARAHINJAKA (LXM) , *Idem* , op. cit., p18 : “Elle n' a de sens qu' en raison d'une centaine « signification”.

²⁰ : - ANDRIANARAHINJAKA (LXM) , *Idem* , op . cit., p.22 : « Le langage , au sens strict , est un phénomène de nature vocale ».

no aseho amin' izany) .

Noho izany , ilaina dia ilaina tokoa ny fahafantarana ny hevitra tian- kambaran' ireny ohabolana ireny eny fa na dia efa tsara rafitra amin' ny alalan' ny teny aza izy .

3.1.2. - Ny ohabolana sy ny hevitra :

Tsy ny lafiny teny ihany no mifanigotra amin' ny ohabolana , fa eo ihany koa ny lafiny hevitra .

Oh.: " *Ny omby indray mandry tsy indray mifofo* ", izay ahitana filazan- javatra tsy dia mivantana loatra ;

"*Aza antoandro faka ronono sao hilaozan' ny omby mihakaka* ", eto indray dia somary mahitsy ihany ny fomba filazan- javatra .

Ireo ohabolana roa ireo izao dia samy maneho zavatra hita maso , fa ny hevitra fonosiny kosa na ny tena tiany hambara dia tsy voatery ho hita miharihary, izany hoe mety ho an- kolaka na tsy mivantana . Nahatsapa izany **RAMAROLAHY** ka nilaza fa " *Ny hevitra rehetra teo amin' ny Ntaolo dia niandoha tamin' ireo zavatra hita maso* ",²¹ izany hoe zavatra iainany sy tsapany no anatsoahany hevitra ho amin' ny fiainan- ko aviny .

Mbola nohamafisin' i **DOMENICHINI (R.B)** izany amin' ny hoe : " *ny ohabolana no azo lazaina fa sekolin' ny Ntaolo tany am- piadohana . Izany dia noho ireo hevitra fonosiny sy ny fitsipika arahiny* " .²²

Ireo tenenina mpandinika roa ireo dia samy manasongadina fa tsy moramora ny mamorona ohabolana , satria ilana fahaiza- mandrindra izy sady mirakitra fahendrena sy fahaiza- miaina ary enti- manabe sy mitaiza .

Ny ohabolana izany dia fanehoan- kevitra am- bava izay natao sarisary nefa mirakitra hevitra mafonja , ka nentin' ny Ntaolo nitaiza sy nanabe ny taranany mba hahazany matrika ny fiainany (famaritana araka anjara asa) .

Tsy nataon' ny Ntaolo ambanin- javatra izany ny fandinihana sy famantarana ny zava- misy manodidina azy mba hahazoana manatsoaka hevitra ho amin' ny fiainan- ko avy .

3.1.3. Ny ohabolana sy ny zava- misy manodidina :

Tsy misy olona na dia iray aza afa- misaraka amin' ny tontolo manodidina azy . Tsapan' ny Ntaolo izany ka nataony hita soritra any anatin' ireny fombam- pitenenana noforoniny ireny .

²¹ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo malagasy* , op. ci.t, tak. 81

²² DOMENICHINI (RB), *Du Ohabolana au hainteny* , op. cit., pXXI : « Est-ce que nous avons fait chaque fois que le sens , les règles de la vérification propre au genre et à la confrontation des leçons de divers recueils consultés nous ont permis de restaurer la leçon PRIMITIVE , qui est la véritable OHABOLANA avant son emploi dans les conservations , les discours , les contes,, les poèmes.... ».

* Veleso nŷ vy dlenymafana ". mitorbiraleo .

Tsy noforomporonin' ny Ntaolo fotsiny amin' izao izany ireny ohabolana ireny fa eo aloha ny amin' ny maha fanehoan-kevitra azy, ary eo ihany koa ny maha fampitankafatra azy .

²⁴ RAMAROLAHY, *idem.*, tak. 98

hovahavahana aloha ny amin' ny fisehony .

3.2.1 - Ny fisehon'ny ohabolana

Araka ny famelabelarana efa hita hatramin' izay , ny OHABOLANA dia sarisary sy ohatrohatra amin' ny alalan' ny teny , ary entina manohatra ny zava- misy hita na tsapan' ny olona na niainany momba ny fiheverany ny tontolo manodidina azy . Jereo anie itony fahaizan' ny Ntaolo maneho sy mampita hafatra amin' ny mpihaino itony e !

Oh.1: “ *Izay be no basy* ”;

Oh.2: “ *Izay vitsy lanin' ny vitsika* ”;

Oh.3: “ *Ny volana imaso tsy mba kilema* ”;

Oh.4: “ *Teny tsy azo mampihazohazo* ”.

Oh.5: “ *Ny havan- dratsy tsy mahaleo sakaiza tiana* ”.

Ireo ohatra ireo dia samy mifono fanoharana avokoa . Misy toe-javatra roa ampifamaliana ao , ary tsy lava ny fomba entiny maneho hevitra fa fohy sy mifintina . Nahatsapa izany i **NAVONE (G)** ka nanamarika mazava fa “ *Ao amin' ny ohabolana no ahitana fanehoan- kevitra fohy , nangonina avy amin' ireo karazam- pitenenana maro ary nasiana fanamboarana ny fandrafetana sy fanehoana azy mba hananany endri-panoharana* ”.²⁵

Tsy asa moramora izany ny mamorona sy mandrafitra ohabolana fa ilaina dia ilaina tokoa ny fahaiza- maneho sy mandrindra ny hevitra tian- kambara amin' ny teny an' ohatra ampiasaina izay miendrika sary .

Raha ny lafiny fandrafetana ny ohabolana kosa dia tahaka izao no mety hitranga ao anatin'ny ao :

²⁵ NAVONE (G) , *Ny atao no miverina* , op. cit., p.20 : « il s' agit d' expression assez courte , ramassée dans une langue concise , avec des tournures antithétiques , des balancements symétriques et le recours fréquent à la métaphore ».

Oh 1 : "Ity marina ity mba maty ;"

"Ny maty ara va ho maro ;"

Sary tokana avy eo ny ventin-kevitra
fanafoanana ny haintana
Ny ohabolana misy ny ity irany no
antsoina hoe : "tany maro".

Oh.2: "Raha nana ny rany ny rafanana

na tsingala- mandaka ;"

" Ny fany no nana ny nana, fa ny zaka

na voalapa- dromba ;"

"Raha nana ny loka, mivavany ny fahany".

Ireo ohabolana ireo
koa dia samy
mivavany, ventin-
kevitra, rany, fany,
loka, irany no
antsoina hoe :
"tany maro".

Oh 3: "Ity ranom : rano mandanana, ny asitra : haza

amara- tsena ; fa ity fantatra ity handaka olaka";

" Taka rano : tapaka, telo haza : le ;

fa toka' olakelaka ity maty tapaka sy le";

"Raha olaka ity no ity rano, hitata haka

aka hany ; fa raha ny ba sy ny maro no ity rano ,

hacitra tsingala aka ho fany"

Ireo fahany no kosa
d'atelo mivavany
no ventin-kevitra,
fany, ranom, fity
ohabolana, olaka,
izany no antsoina hoe
"tany maro".

Arakaraka ny isan' ny hevitra ambaran' ilay ohabolana izany no ahazoana manasokajy azy : **ohabolana fohy** no iantsoana azy raha **fehezankevitra tokana** no mandrafitra azy ; **ohabolana antonony** raha **roa no fehezankevitra hita** ao anatin'ny ; ary **ohabolana lava** raha **telo na mihoatra ny fehezankevitra ao anatin'ny ao** .

Tsy ny fomba fandrafetana ihany anefa no ahazoa- manasongadina ny endrika isehoan' ny ohabolana , fa eo ihany koa ny ventin-kevitra izay tiany hampiatana :

Oh.1 : "*My marika tsy avy avy*."

"*My marika aza fa ka mara*."

Samy toa no avy ka ny ventin-kevitra
fana n'ireo ohabolana ireo.
Ny ohabo avy n'isika ny irany no
antsoina hoe "tsoa- tokana".

Oh.2 : "*Raha nana ny rany, ny rafazana*

na fanjais- mandaka."

"*My hary na nana ny nataony, fa ny zaka*

na vatapa- dravaka."

"*Raha nana ny loka, mivavany ny fahany*".

ny ohabolana reo
asa dia samy
ny fahitry jantir-
kavitan'ny rany tsy
tchaka irany no
antsoina hoe
"mivany roa".

Oh.3 : "*My faharo : vata mandandana, ny antitra : haza*

amarona- havana ; fa tsy fantatra izay hantoka aloha";

"*Taka vata : tapaka, taha haza : ka* ;

fa talia' alambelana tsy avy tapaka sy fa";

"*Raha aloha izay na tsy tia , hitata haka*

aka hahany ; fa raha ny ka sy ny mara na tsy tia .

haharo tsangala aka ka fahy."

Ireo faharo- reo kosa
dia telo no haharo
ny ventin-kevitra
haz- karbony. Ny
ohabolana tchaka
izany antsoina hoe
"mivany telo".

Arakaraka ny **ventin- kevitra fonosin' ilay ohabolana** izany no ahazoa- milaza sy manasokajy azy na **tsoa- tokana** , na **mivany roa** na **mivany telo** izy.

Miankina indrindra amin' ny safidin' ny mpamorona azy izany no ahazoa- manavaka sy manasokajy ny ohabolana raha ny fomba fisehony no tian- kasongadina . Na izy izany hisafidy amin' ny lafiny firafitra dia ny isan' ny fehezankevitra izay ampiasainy no ahazoa- milaza hoe : **fohy** na **antonony** na **lava** ilay ohabolana ; na izy hirona any amin' ny vontoin- kafatra tian- kampilaina dia ny isan' ny ventin- kevitra fonosiny kosa indray no ahafahana milaza na **tsoa- tokana** na **mivany roa** na **mivany telo** ilay izy .

Tsy ny fomba fisehony ihany anefa no nampisongadina ny ohabolana amin' ireo karazan- dahabolana hafa , fa eo ihany koa ny zava- kinendry . Inona indrindra àry no azo ambara mikasika izany ?

3.2.2 - Ny zava – kendren' ny ohabolana :

Arakaraka ny anjara asa sy anjara toeran' ireny karazan- dahabolana ireny eo amin' ny

isam– baton' olona sy ny fiainam- piarahamonina no ahazoa- mamaritra mazava ny zava–kendreny . Koa , raha ny amin' ny ohabolana manokana no asian- teny etoana , sy amin' ny maha literatiora azy , dia azo atao tsara ny mitaratra izany tanjony izany, satria izy dia vita amin' ny alalan' ny teny, mirakitra hafatra ihany koa ary miseho amin' ny alalan' ny sarisary .

3.2.2.1 – Fitaovam- panehoan – kevitra ny ohabolana :

Hoy indrindra ny Ntaolo raha naneho ny heviny mikasika ny fahaizana mitsinjo ny fiainan-ko avin- janany izy :

“ Ny zaza tiana tsy itsitsiana rotsa- kazo”;

“Aleo misoroka toy izay mitsabo”;

“Zaro amin' ny lalana tokony halehany ny zaza , fa rehefa lehibe izy tsy afaka amin' iny intsony ”.

Ireo ohatra telo ireo dia samy maneho fa betsaka ny foto- pahendrena tsy maintsy omena ny olona iray alohan' ny tena iatrehany fiainana . Noho izany, tsy nisorona sy tsy nijery arina an- tava ny Ntaolo raha nananatra sy nanabe ny zanany niainga tamin' ny ohabolana tahaka ireny .

Rehefa misy izany ny hevitra tian- kambara na anatra tian- kolazaina na hafatra tian-kampitaina , teo amin' ny Ntaolo , dia ny fombam- pitenenana no nampiasainy ; ary mba hanairana sy hanintonana ny mpihaino azy dia nomen' ny Ntaolo endrika manokana sy mihataka amin' ny fitenenana andavanandro izy ireny . Ny fomba fanehoan- kevitra tsy mivantana toy izany no nahatonga azy nampiasa matetika ny ohabolana .

3.2.2.2 - Fitaovam – panamafisana hevitra ny ohabolana :

Oh.1: “ Asa vadi- drano, tsy vita tsy ifanakonana ”;

Oh.2 “ Tao trano tsy efan' ny irery ”;

Oh.3: “Ny firaisankina no hery ”.

Sady maneho ny heviny eto ny Ntaolo no manentana sy mitaona ny mpiara- belona aminy mba hahay hiray hina sy hifanome tanana .

Rehefa misy zavatra iray tiana ho hay sy ho azon' ny olona izany, dia ny famerimberenana azy ireny ao anaty fombam- pitenenana no haingana indrindra . Amin' izay mantsy dia ho mora amin' ilay mpihaino ny hisintona lesona avy amin' izy ireny sy ny hampihatra izany eo amin' ny fiainany .

Azo ambara izany eto fa ny OHABOLANA dia natao ho fandraketana ireo soatoavina sy foto – pahendren' ny faritra nipoirany .

3.2.2.3- Fitaovam – pandresen- dahatra ny ohabolana :

Oh.1: “ Ny nenina tsy aloha hananatra , fa aoriana handatsa ”;

Oh.2: “Ny ana- dray aman- dreny toy ny tsipak ' ombalahy : mahavoa , mahafaty ; tsy

mahavao , mahafanina ”;

Oh.3: “*Ny soa atao levenam- bola , ny ratsy atao loza mihantona .*”

Iza tokoa no mpihaino tsy ho resy lahatra amin’ ny fahamarinan’ ny hevitra ambaran’ ny ohabolana , tahaka ireo ohatra ireo ? Sady izay indray naiditra anaty fombam-pitenenana tsara rafitra sy mihataka amin’ ny mahazatra ? Ny fombam- pitenenana tahaka ireny tokoa no afaka mambabo sy mandresy lahatra ny mpihaino azy . Ny fo amam-panahy aloha no singorina amin’ ny endrika isehoany , izay vao ny saina . Manamarina izany *RAJEMISA–RAOLISON (R)* manao hoe : “ *Ny zava- kanto dia zavatra anehoan’ ny olombelona ny filamatra ao am- po aman- tsainy momba ny tsara ”*.²⁶

Ny tena nezahin’ ny mpamorona ohabolana izany dia ny haningotra ny fo amam-panahy sy ny sain’ ny mpihaino az y . Tsy tontosany anefa izany raha tsy efa nataony tsara fantina na ny hevitra tian– kambara , na ny fomba enti- maneho azy .

Azon’ ny Ntaolo atao izany ny *maneho ny fomba fisainana amam- piheverany ny tontolo misy azy sy niaviany amin’ ny alalan’ ny OHABOLANA*.

3.2.2.4 - Haingon – teny ny ohabolana :

“Ny tendrombohitra no fandrian’ ny zavona, ny lohasaha no fandrian’ ny moka, ny sakelidrano no fandrian’ ny voay ; fa ny olombelona tsirairay avy andrian’ ny adidy aman’ andraikitra ”.

Ny tena tian- kambara eto dia ny fanoharana fa ny olona tsirairay dia samy manana ny tsinjara toerany eo amin’ ny fiarahamonina , ary izany tsinjara toerany izany no mamaritra ny tsinjara asany .

Tsy izany avy hatrany eto no nambaran’ ny mpandahateny , fa mbola notarihin’ y lavitra be ny resaka . Ny tanjony amin’ izany dia ho fisavana ny lalana tian- kizorana sy ho fandravahana ny fitenenana tian- katao .

Azo itarafana sy ilazana ny olona iray hoe “*mahay mandahateny*” izany ny fahaizany mampiditra sy mampiasa ohabolana maro hoentiny manaingo ny lahateniny . Tsy hoe mahaliana ny sofina fotsiny ny mihaino azy amin’ izay, fa manjary toa manaraka ngadona ilay fitenenana ataony ary misy mihitsy ny sary mipetraka ao an- tsaina ao raha toa ka tsy very ny fifantohan’ ny mpihaino azy .

Ny *OHABOLANA* izany tsy mikendry ny *hanabe sy hananatra* fotsiny, fa mbola *mitahiry ny maha izy azy ilay faritra nipoirany* sy ny *mponina ao aminy* koa . Sady *hoenti- maneho sy manantitrantitra* hevitra izy izany , no *mbola hoenti- mandresy lahatra ny mpihaino sy hoenti- mandravaka ny fitenenana* ihany koa .

Fa mba inona kosa matetika ireo lohahevitra hita taratra any anatin’ ireny ohabolana ireny ?

3.2.3 - Ny lohahevitra raketin’ ny ohabolana :

Fitaovam– panehoan- kevitra ny literatiora ; noho izany, amin’ ny maha literatiora ny

²⁶ *RAJEMISA –RAOLISON (R), Rakibolana malagasy , op.cit. , tak. 1056*

ohabolana dia tsy voatery ho lafin- kevitra tokana no asehon' izy ireny . Lafin- javatra maro eo amin' ny fiainana izany no sahaniny : mety hitodika amin' ny fiarahamonina izy amin' izany , na miresaka mikasika ny tontolo manodidina , na manambara momba ny hery tsy hita .

3.2.3.1 - Mitodika amin' ny fiainam- piarahamonina ny ohabolana :

Oh. ¹ : “Manaova fihavana- molotra sy tanana , ka raha marary ny tanana : mitsoka ny vava , raha marary ny vava : manafosafo ny tanana ”, izany hoe : tsy misy tsara ohatra ny mihavana sy mifanatona ary mifandray .

Oh. ² : “*Manan- joky afaka olan- teny , manan- jandry afaka olana entana* ”, izany hoe : mirindra ny fiainam- piarahamonina rehefa eo ny fahaizana mifanaja sy mifanome voninahitra .

Oh. ³ : “*Na amboako na amboan' olona , rehefa vandana dia kary* ”, izany hoe : ao anaty fiarahamonina ao dia ilaina foana ny fitsipi- pifehezana sy ny fifampitondrana .

Oh. ⁴ : “*Miova Andriana , miova sata* ”; “ Tsy ny ray aman- dreny no mahafoy zanaka , fa ny zanaka no mahafoy ray aman- dreny”, izany hoe : efa misy foana ny lamina sy rindra ao anaty fiarahamonina ao .

Oh. ⁵ : “*Ny mita be tsy lanin' ny mamba* ”; “Ny akanga maro tsy vakin' amboa”, izany hoe : ny fahaizana mivondrona sy mitambatra ary miray hina no ahatafitana eo amin' ny fiainana .

Oh. ⁶ : “*Fanafodin' ny mahery : mivalo ; fanafodin' ny osa : mifona* ”; “*Ny hendry, mody voky; fa ny adala, manesika ihany* ”, izany hoe : tsy misy tsara ohatra ny fahaizana mitondra tena eo anivon' ny mpiara- belona .

Raha ambara amin' ny teny tokana izany, dia ireo hetsika rehetra ataon' ny fiarahamonina matetika , no asehon' ireny fombam- pitenenana ireny .

3.2.3.2 - Miresaka ny tontolo manodidina ny ohabolana :

Oh. ¹ : “ *Vato natora- pody : raha tsy hitan' ny angady rahalohataona alain' ny antsy raha-fararano* ”;

Oh. ² : “ *Kitapo tama- misy vola , ka raha mikorintsam- poana mahamenatra* ”;

Oh. ³ : “ *Adala nomen- tanan' ondry , ka na soloana hofany aza tsy tia* ”.

Samy zavatra tsy manana aina eo amin' ny tontolo manodidina antsika no ambaran' izy ireo .

Oh. ⁴ : “ *Ny olombelona tsy main- tsy lena* ”; “ *Sokina nanani- bato, ka tapi – dalan- kaleha* ”, “ *Ny kary no manao ny ataony , ka ny saka no voatapa- drambo* ”.

Ireo ohatra ireo kosa indray dia samy miresaka mikasika zavatra manana aina avy .

Oh. ⁵ : “ *Rano be tsy tetezin- doha* ”; “ *Ny aina tsy afaky ny tompony* ”, “ *Mandia tany, ka mety ho solafaka ; miloloha lanitra , ka tsy maintsy ho lena* ”.

Samy milaza mikasika ny lafin- javatra mamelona antsika ireo ohabolana ireo .

Ny tontolo manodidina ny olombelona manontolo izany dia anisan' ireo lafin- kevitra ambaran' ny ohabolana ihany koa (na manana aina io na tsia). Noho izany , ilaina dia ilaina tokoa ny fahaiza- mandini- javatra sy ny fahaiza- mamantatra izay manodidina ny tena .

3.2.3.3 - Maneho fiheverana mikasika ireo hery tsy hita ny ohabolana :

Manana ny fomba fisainana amam- piheverany ny Ntaolo ny amin' izay fijeriny ny tontolo misy azy, sy izay mety ho fiforonan' izao tontolo izao . Koa , raha ny mikasika ny hery tsy hita no asian- teny dia azo sokajiana ho telo ireo ohabolana manambara izany .

- ny hery mitantana ny fiainan- dRaolombelona

Oh.1:” Andriamanitra tsy omen- tsiny , Zanahary tsy omem –pondro , fa ny olombelona no be siasia “.

Oh.2: “ Aza ny lohasaha mangina no jerena , fa Andriamanitra ao an – tampon' ny loha”.

Oh.3: “Aza maneloelo tahaka ny razana tsy hitahy”.

Karazan- kery roa izany no noheverin' ny Ntaolo fa mitantana ny fiainany, dia **Andriamanitra na Zanahary** izay ambonin' ny zavatra rehetra sy nahary tongotra aman-tanana azy , ary ny **Razana** izay loharano nipoirany .

- ny hery manjohy ny tena hatrany :

Oh.1:“ *Ny aina toy ny tavim- bilany , tsy fantatra izay hahavakisany*”,

“ Ny aina angady tokana , raha tapaka tsy misy solony ”.

Oh.2: “*Ny fanahy no olona*”,

“ Zaza fito tsy mahafehy trano fa fanahy fito no mahafehy trano ”.

Karazan- kery roa indray izany no manjohy ny olona raha mbola velona izy, dia ny **aina** izay mariky ny fahavelomana , sy ny **fanahy** izay iavahany amin' ny voary manana aina hafa ;

- ny hery heveriny fa manova ny zotram- piainany

Oh.1 : “ *Ny anjara tsy azo andosirana ,teny jadona tsy azo valiana ,*”

Oh.2 : “ *Aza manantena hery , fa ny lahatra tsy azo rombahina ,*”

Oh.3: “ *Ny te hanana tsy mahaleo ny ambinina ,*”

Oh.4: “ *Ny zanakao no soa tia ratsy , ka ny zanak' olona no tendren- kanana ody ”.*

Karazan- kery efatra indray izany eto no noheverin' ny Ntaolo fa manova ny zotram- piainany , dia ny **anjara** sy **lahatra** , ary ny **vintana** sy **tendry** . Izy rehetra ireo dia miainga tamin' ny rindran- damina nataon' Ilay Nahary mikasika ny niforon' izao voary rehetra izao .

Hita , araka izany , fa ny **OHABOLANA** dia fombam- pitenenana izay nampiasana sarisary sy ohatrohatra ary sarin- teny mba hoenti- mampita hevitra sy hafatra ary anatra , na hoenti- manentana sy mitaona ary mandresy lahatra teo amin' ny andavanandrom-

piainan' ny Ntaolo . Ny hitsinjo sy hitandrina ary hiaro izay lamina sy rafitra efa misy sy mijoro eo anivon' ny fiarahamonina no tena tanjony .

Avy amin' ny alalan' ny ohabolana izany no ahazoa- mitaratra sy mamantatra ny rafi-pisainana sy ny rafi- pitondrana ary ny rafi- pitantanana ananan' ilay faritra nipoirany .

Tsy izany ihany anefa no manavaka ity karazan- dahabolana ity , fa eo ihany koa ny maha- fitaovam- panabeazana sy fitaizana azy izay ahafaha- mikolokolo ny taranaka fara aman- dimby ary manatsara sy mampivoatra hatrany ny fiainam- piarahamonina .

Matoa anefa nahasarika ny Ntaolo sy fampiasana ity karazan- dahabolana ity teo amin' ny andavanandrom- piainany ; dia teo ny fananany endrika kanto sy tsara amin' ny maha literatiora azy . Koa , ny fanehoana ny lafiny kanto izay hita fa mampisongadina sy mampiavaka ny ohabolana amin' ireo karazan- dahabolana hafa , no hifotoran' ny asa famelabelarana sy famahavahana manaraka .

3.3 – NY LAFINY KANTO AO AMIN'NY OHABOLANA

Tsy mandeha ho azy ny famoronana sy fandrafetana ohabolana fa mila fanamboarana sy fiangaliana manokana , ary mila fandrindrana ihany koa . Amin' ny ohabolana , tsy ny hevitra na ny fihetseham- po lazaina akory no tena zavatra , fa ny fomba entina milaza azy mihitsy no tena ifotorany .

Oh.: ” *Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra* ” , izay maneho hevitra amin' ny fomba feno fanajana .

“ *Ao anatin' ny mangidy no misy ny mamy* ” , izay maneho hevitra misy teny miaingitra .

“*Faly malahelo toy ny manantena handova*” , izay maneho hevitra mihataka amin' ny fampiasan' ny olon- drehetra andavanandro .

Rehefa mamorona sy mandrafitra ohabolana izany ny Ntaolo, dia an' ankina amin' izay zavatra ataony sy tanterahany izany , na amin' izay toe- java- mitranga . Izany no mahatonga azy hanan- tsafidy eo amin' ny lafiny fandrafetana sy fanehoana azy .

3.3.1 - Ny sarin – teny fahita ao amin' ny ohabolana :

Ireto sarin- teny ireto no tena fahita sy mibahan- toerana ao amin' ny ohabolana : ny **fampitahana** sy ny **fanovana endri- javatra** ary ny **fanovana anarana**.

3.3.1.1 – Ny sarin- teny ahitana fampitahana (comparaison):

Oh. 1 :

Ny marina
Oharina

(toy)

ny trondro vaventy
anoharana

Tsy hita raha tsy any amin' ny rano
laina
Vokatry ny fampitahana

Oh. 2

Ny aina
Oharina

(uy)

ny aboka aman-javona
anoharana

Mihelina dia lasa
Vokatry ny fampitahana

Oh3

Ny aina
Oharina

(tahaka)

ny tavin-bilany
anoharana

Tsy hita tsy hatavaksany
Vokatry ny fampitahana

Misy teny roa izany mifanindra an- dalana , ka ny iray **OHARINA** ary ny iray **ANOHARANA** . Arahina teny kely hoenti- mampitaha izy ireo , ary manaraka azy ireo avy eo ny vokatry ny fampitahana .

3.3.1.2 – Ny sarin – teny mifono fanovana endri – javatra (Métaphore) :


Oh. 1



Oh. 2



Oh. 3



Fahita aty amin' ny ohabolana ihany koa izany ny sarin- teny **fanovana endri – javatra** , ka tsy ny fifamaritan' ny oharina sy ny anoharana no ampiasainy, na ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana fa ny **fanafiana toetry ny anoharana ny oharina** . Sarotra ho an' ny mpamorona sy mpandrafitra ohabolana ihany koa ny mampiasa ny sarin- teny fanovana endri- javatra azo avy amin' ny fanafoanana ny oharina , satria tsy ho voatondro mazava sy tsy hotakatra ny mpihaino na oviana na oviana amin' izay ilay oharina .

3.3.1.3 – Ny sarin- teny mirakitra fanovana anarana (Métonymie) :

Oh.1: “Nantenaina ho hitsikitsika ivavahana , kinanjo papango nipoaka ny zanak ’ akoho ”.

Ny teny hoe “*hitsikitsika* ” sy ny hoe “*papango* ” eto dia azo soloana mpisolotra tena toy ny hoe : “*ianao* ” na “*izy* ”.

Oh.2: “Nantenain- kanirina vao nampivandravandra ”.

Eo aorian' ireo teny roa voatsipika ireo dia azo tohizana tsara hoe : “ *ianao* ”.

Oh.3: “Soa lavo , hahay hamindra ; soa kenda , hahay hitsako”.

Hevitra roa mifanjohy no hita eto, ka amin' ny faran' ny fehezankevitra isanisany dia azo tohizana tsara hoe “*ianao*”.

Ny amin' ny ohabolana izany , dia fampiasany matetika ny sarin–teny **fanovana**

anarana . Ny asongadiny amin' izany dia ny fomba fanehoana hevitra an- kolaka , ka na izy **milaza ny antony/ vokany** , na **maneho ny toetra maningana / ilay tena izy** . Ny fanovana anarana izany dia mampiasa teny hoenti- mamondrona zavatra iray mba ho enti- manondro zavatra na toe-javatra iray hafa .

3.3.2 – Ny firafitry ny ohabolana ara - hevitra :

Tsy ny fomba hoenti- maneho sy hoenti- mandrafitra hevitra ihany no ahazoana maneho ny lafiny kanto ao amin' ny ohabolana , fa eo ihany koa ny amin' ny lafiny hevitra izay fonosin' izy ireny . Naneho izany i **[R.P.] RAHAJARIZAFY (A. P)**amin' ny hoe : “ *Samy hafa ny fandrafetan' ny Razana ny ohatrohatra fanaony ka samy hafa araka izany koa ny fipaipakan' ny ohabolana amin' ny eritreritr' izay itenenana* ”.²⁷

Nezahin' ny Ntaolo nosokajiana ho roa ny firafitr' ireny ohabolana ireny araka ny hevitra nakana fanoharana sy ny hevitra ao anatin' :

- **Natokany ireo hevitra fanoharana toy ny an- tany sy ny an- danitra ary ny hafa koa ;**

- **Navahany ihany koa ny fahitany ny firafitry ny ohabolana , izay mety ho ny ohatra fotsiny no ambara , na hoe hevitra iray na roa no aroso vao borahina ny hevitra , na koa tonga dia oharina amin- javatra hafa izay tian- kambara , na indray mampitaha zavatra na mifanankina na mifanipaka .**

Mazava ho azy izany fa ilaina ny fahaizana manakatra hevitra manoloana ireny ohabolana ireny . Misy amin' izy ireny mantsy no miseho mivantana ny hevitra ambarany , fa misy kosa ny takona tsy hita .

3.3.2.1. – Ahitana hevitra takona ny ohabolana :

Araka ny voalaza teo aloha , misy ireo ohabolana manana hevitra takona , ka izany dia mety handeha irery , na mety ihany koa harahim- panazavana .

Hevitra takona mandeha irery

Oh.: “ Ilay be no basy , ”

“ Aza manao be kibo mahihitra . ”

Samy takona daholo ny hevitra ambaran' ireo ohatra ireo , izany hoe: hosahirankirana ihany ny mpihaino hanakatra ny hevitra fonosiny ary mety samy hanana ny fandraisany azy mihitsy aza .

Hevitra takona arahim- panazavana

Oh: “ Aza mijery vay masaka, fa vain – kava- mahatratra ”

“ Aza homa- maizina raha misy fanilo ”

Tahaka ny teo aloha ihany ny firafitr' ireo ohabolana ireo , fa ny mampiavaka azy fotsiny dia izy arahim- panazavana (ilay andian- teny voatsipika), hany ka manjary hita soritra kokoa noho irony teo aloha ny lohahevitra tiana hiseho.

²⁷ [R.P.] RAHAJARIZAFY (A.P) , *Ny ohabolana malagasy* , op. cit., tak.7

3.3.2.2 - Ahitana hevitra miseho ny ohabolana :

Hevitra miseho mandeha irery

Oh.: “Ranomaso tsy mahatana aina ,”

“Aza manirina olona tsy afaka aina ,”

“Ny aina tsy ananam- piry”.

Hita miseho miharihary eto ny hevitra ambaran' ny ohabolana , fa ny ventin- kevitra tena fonosiny kosa mbola anjaran' ny tsirairay ny manakatra azy .

Hevitra miseho arahim- panazavana

Oh.: “Aza manao tovolahy be daka : ny andro iainana mbola ho lava, fa ny tovon-karena ho lany ”;

“Aza fatra- mpandefitra toy ny mpivaro - tantely , ka nytompony indray no milela – tanana ”;

“Lahiantitra manin – kavana : hitsinjo , tsy mahita ; handeha, tsy afaka”.

Mitombo kokoa eto ny fahalalana ny tian- kambara sy ny lohahevitra resahina , satria ny fehezankevitra voalohany dia efa maneho ny hevitra tian- kazavaina ao amin' ny fehezankevitra manaraka . Ho moramora kokoa izany eto ny hamantatra ny hevitra fonosin' ny ohabolana tahaka itony .

3.3.3 – Ny Fombafomban'ny ohabolana :

Manana ny mampiavaka azy koa ny ohabolana , indrindra amin' ny fahaizan' ny mpiangaly azy manintona ny sain' ny mpihaino ny mambabo ny fo amam– panahin' izy ireny .

3.3.3.1 - Mampiasa rindra sy ngadona ny ohabolana :

Oh.1 : « *Ny hitsikitsika tsy mandihy foana fa ao raha* » ; izany hoe misy hetsika sy bikabika ambara ao .

Oh.2 : « *Ny tsinay tsy mba vatsy , ny kibo tsy mba lamosina* » , izany hoe misy fahitana sy fomba fiheverana ao .

Oh.3 : « *Ny aina Ramangatahiana , ny vola Ramangakatsahina* » ; izany hoe : misy fametrapetrahana sy fanasokajiana zavatra ao .

Nezahin' ny mpiangaly ohabolana izany eto ny nananan' ny sanganasany rindra miavaka , sy ny nisalorany feo sy ngadona ohatra ny tononkira .

3.3.3.2 - Mampiasa fanoharana hatrany ny ohabolana :

Oh. : « *Ny te hanana tsy mahaleo ny ambinina* ».

“*Ny havan- dratsy tsy mahaleo ny sakaiza tiana*”.

“*Vava diso tsy mba kabary, teny diso tsy mba kilema*”.

Fomban' ny mpiangaly ohabolana hatrany ny mampiasa fanoharana , ka ny oharina ao dia ny olon' ny fiarahamonina , ary ny anoharana kosa dia mety ho olona , na biby, na zavatra hafa .

3.3.3.3 - Mampiasa fantina sy tsilalaon –teny ny ohabolana :

Oh.: “Izay no takatra hoy ilay nahandro takatra ”.

“Horakoraka foana ny an' ny sahona , fa ny tsiboboka no tompon' ny rano”.

“Ny havana ihany no manavangavana”.

Eto dia nampifanarahin' ny mpiangaly azy amin' izay tian- kambarany eto ireo voambolana nampiasainy ary mbola nohaingoiny tamin' ny fahaizany milalao voantenany mifanahatahaka .

Azo lazaina ho mahafeno ny fepetra maha kanto ny literatiora ity karazan-dahabolana antsoina hoe “OHABOLANA” ity, satria hain' ny mpamorona azy ny mampiditra sarin- teny ao anatin' ny asany ao . Tsy vitan' izany ihany fa mbola miavaka izy ity amin' ny fahaizan' ny mpiangaly azy maneho sy mandrindra ary mampifamaly hevitra . Ary mbola ampiany amin' ny fanairana ireo mpihaino amin' ny paikam-pandrafetana izany .

FEHINY

Ampahatsiahivina ihany fa ny lohahevitra nofinidinay amin' ity asa fikarohana ity dia “NY FOMBA FITSIMBINANA NY AINA TARAFINA AMIN' IREO OHABOLANA MERINA”. Noho izany, nezahinay ny nanompana ity fizarana voalohany ity tamin' ny fampahafantarana ny faritr ' Imerina sy ny ohabolany . Sarotra tokoa mantsy ny hiditra amin' ny tena vontoin' ny asa raha tsy efa fantatra sy hay ary voafehy mazava tsara ny mikasika ny akora iaingana sy ampiasaina .

Taorian' ny famariparitana ny faritr' Imerina izay niavian' ireo ohabolana hanaovana ny fanadihadiana àry, dia nezahinay ny nanasongadina ny ohabolana manoloana ireo karazan- dahabolana hafa, sy ny naneho mazava ny anjara asa sy ny anjara toerany amin' ny maha literatiora azy .

Ny fanehoana izany dia sady tari- dalana ha an' ny mpamaky , no sava ranonando mba hahafaha- miroso amin' ny tena asa, dia ny fiheverana ny amin' ny aina sy ny azo atao mba hampateza azy io ;izay mitory ny fankamamian' ny Ntaolo ny miaina .

Nialoha izany anefa dia nezahina navohitra ihany koa ny famaritana ity karazan-dahabolana ity sy ny fombafomba fisehony ary ny ilana azy eo amin' ny andavanandrom-piainan' ny olona .Tsy nohadinoina ihany koa anefa ny nampahalala fa matoa ny ohabolana no be mpampiasa dia izy mahafeno ny fepetra maha literatiora azy , ka tsy ny endrika ivelany no novahavahana tamin' izany fa teo ihany koa ireo lafin- kevitra raketiny . Izany rehetra izany no natao dia mba tsy hahatompon- trano mihono ny mpamaky ny asa , sy fampifandraisana ihany koa ity fizarana voalohany ity amin' ny fizarana manaraka izay hibanjina manontolo ny amin' “ Ny Ntaolo sy ny fankafizany miaina ”, ka ireo ohabolana merina no hitarafana izany.

FIZARANA FAHAROA : NY NTAOLO SY NY FANKAFIZANY MIAINA

Araka ny efa voalaza tao amin' ny fizarana voalohany, ny fombam- pitenenana iray dia tsy afa- misaraka amin' ny fiarahamonina niaviany sy ny mikasika ireo olona na vondrona olona izay mampiasa azy. Koa, raha hitrandraka ny maha izy azy ny fomba fisainana sy ny fomba fiheverana marina isika manoloana ny fiainana eto an- tany, dia tsy azo sarahina aminy na oviana na oviana ny lahabolany. Avy amin' ireny karazan- dahabolana ireny tokoa mantsy no nahazoan' ny Ntaolo nisinton- kevitra mba hitondroany ny fiainany sy hanitsiany ny tenany. Niezaka naneho izany **RAMAROLAHY** amin' ny hoe : « *Ny fitenenana, ny ankamantatra ary ny ankifidy sy ny ohabolana dia vokatry ny fahalalan' ny Ntaolo tanteraka ny zava- boary, ka nahazoan- kevitra ho amin' ny fiainan- janak' olombelona koa* ».²⁸

Ato amin' ity fizarana ity, araka izany, no natokana hanasongadinana ny fiheveran' ny Ntaolo ny amin' ny aina, sy ny fihetsika ataony manoloana izany fiheverana izany ary ny tokony hataon' ny mpiara- monina mba hampateza sy hampaharitra kokoa io aina io .

Amin' ny maha-« **ETHNOLINGUISTIQUE** » ny haitsikera nosafidianay hampiasaina amin' ity asa fanadihadiana ity moa, dia hoezahina hodinihina sy havohitra ato amin' ity fizarana faharoa manaraka ity ny tsy fahafahan' ny fiarahamonina sy ny teniny ary ny kolon- tsainy misaraka .²⁹

²⁸ RAMAROLAHY, *Rakitry ny elan' ny Ntaolo malagasy*, op. cit., tak.98

Toko 1 : NY FIHEVERANA NY AINA ARAKA NY HITAO AMIN' NY OHABOLANA MERINA

Ity zana- pizarana ity no hanehoana *fa sarobidy ny AINA teo amin' ny Ntaolo*, saingy toa *mora afoy sy manam- petra* izy io. Manamafy izany drafy- pizarana izany i **SOLOFO José**, tao amin' ny gazety *“Ambioka lah. 36”*, nivoaka ny *volana mey 2001* manao hoe: *“Heverina fa misitery sarobidy ny aina”*. Hizara telo mihankasina tsara izany ity zana- pizarana ity, ka haseho aloha **ny maha zava- dehibe ny AINA**, avy eo **ny toetrany** ary farany **ny mikasika ny faharetany**.

1.1. - SAROBIDY NY AINA :

Tsy azo antsoina hoe *velona* na *miaina* ny zava- boary iray raha toa ka tsy eo aminy ny AINA. Mbola notohizan' i **SOLOFO José** ny fanambarany teo ambony, ka hoy indrindra izy amin' izany: *“Toa mipetraka ho misitery ny amin' ny fiandohana sy ny famaritana ny aina hatramin' izao”*, izay maneho amintsika fa zava- mahagaga sy mahatalanjona ity AINA ity.

Hoy indrindra ny Ntaolo: *“Mamy ny miaina”*, izany hoe: tsy misy fy mihoatra azy;

“Lahy tokana ny aina”, izany hoe tsy misy fanampiny na solony;

“Ny aina tsy ananam- piry”, izany hoe tsy ny voary rehetra akory dia manana azy avokoa.

Azo lazaina izany fa *zava- dehibe* eo amin' ireo zava- boary manana azy ny AINA ary *tsy misy ohatra azy*. Manamafy izany ny nolazain' ny *Dictionnaire Petit Larousse* manao hoe: Ny AINA izay nadikany hoe *“VIE”* dia *fitambarana toe- javatra iombonan' ny voary rehetra velona, ka mivoatra hatrany mandrapahafaty*, na ihany koa *ilay manamarika ny fisian' ny olombelona*; na hamafisiny amin' ny hoe: *ilay manamarika ny fisian' ny olombelona mandritra ny fe- potoana ananany azy (ilay mifanohitra amin' ny fahafatesana)*.³⁰

Tena manan- danja tokoa eo amin' ny voary izay manana azy, indrindra ny olombelona, izany ity AINA ity; koa tsy mahagaga raha ankafiziny ny miaina sy ny ho ela velona maharitra kokoa ety amin' ity fiainana eto an- tany ity. **RAMAROLAHY** moa dia niezaka naneho izany tamin' ny filazany mazava fa: *“Tsy ny miaina fotsiny eto an- tany anefa no zava- kendren' ny Ntaolo (...) fa ny ho ela velona metimety sy finaritra”*.³¹

²⁹ GRIAULEE(G.C), « Pourquoi l' ethnolinguistique », in *Langage et Cultures Africaines*, op. cit.,p.16 : « L'éthnolinguistique serait alors concernée par la relation de la société à la parole, au sens d' actualisation de la langue dans la communication ».

³⁰ *Dictionnaire Petit Larousse, Edition mise à jour, 2003,p.857* : « VIE :Ensemble des phénomènes biologiques communs aux êtres organisés,qui évoluent de la naissance à la mort ; existence humaine (par opposition à la mort) ; existence humaine considérée dans sa durée ».

Fa inona marina àry no nahatonga ny Ntaolo hametraka ity karazan- kery ity ho zava-dehibe sy manan- danja eo amin' ny maha olombelona azy? Ny firosoana hatrany amin' ny famahavahana no hahazoa- maneho fa **tokana izy io** sady **fototry ny fahavelomana** no mbola **fanomezan' Andriamanitra** ihany koa .

1.1.1 - Tokana ny aina :

Maro ireo ohabolana nentin' ny Ntaolo naneho izany fiheverana ny amin' ny AINA izany fa ireto telo ireto no hovahavahana mba hisintonan- kevitra ny mikasika io aina io. Nambaran' ny Ntaolo àry fa : **“Ny aina tsy ananam- piry”**, sy **“Angady tokana ny aina, raha tapaka tsy misy hasolo azy”** ary **“Ny aina tsy mba bozaka, ka raha maina ny lohany, maniry ny fakany”**. Inona sy inona avy no vontoatin- kevitra fonosin' izany?

1.1.1.1 - “ Ny aina tsy ananam- piry” :

Tahaka ny zavatra iray vitsy mpanana izany eto ny aina, ka tsy izay voary rehetra noharian' Andriamanitra akory dia manana azy avokoa. Anisan' ny nosinganiny amin' izany isika olombelona. Koa, tsy azo atao mahagaga raha raisin' ny olombelona ho toy ny zava- toa sy manan- danja eo amin' ny fiainany izy io. Tsy toy ny singa rehetra maha olona ny olona izany ity aina ity, ka lazaina fa misy maromaro, fa fidiana ihany ny manana azy. Vokatr' izany dia irin' ny olona ny mba tsy ho azon- tsampona amin' izay rehetra ataony.

Ny ohabolana tahaka itony izany dia maneho amintsika fa ny AINA dia singa iray mamaritra ny maha olo- miaina ny olombelona, ary sokajin' ny Ntaolo ho **tsy misy toa azy** raha mbola miaina koa. Mbola hamafisin' ny Ntaolo izany amin' ny hoe: **“Angady tokana ny aina, raha tapaka tsy misy hasolo azy.”**

1.1.1.2. - “Angady tokana ny aina, raha tapaka tsy misy hasolo azy” :

Voalazan' ny antontana isa nomen' ny sampan- draharaha mikasika izany fa ny roa ampahatelon' ny vahoaka Malagasy, mahery, dia tantsaha mpamboly avokoa. Koa, raha ny rehetra mahakasika ny fambolena no asian- teny dia tsy hisy fambolena ho vanona raha tsy asaina sy avadika ny tany; ary tsy hisy asa tany hanjary sy ho tontosana raha tsy eo ny fitaovana amadibadihana azy, dia ny **angady** izany. Eto amin' ity ohabolana ity àry dia oharin' ny Ntaolo amin' ny **angady tokana** ny AINA. Fahita amin' ny ohabolana tokoa mantsy ny fanoharana izay ifantohan' ny resaka amina zavatra na toe- javatra na zava-manana aina hafa. Avy amin' izany no isintonan' ny mpihaino lesom- piainana sy anatra ary toro hevitra maro. Maneho izany indrindra ity tenin- d **RAMAROLAHY** ity: **“Ny ohabolana kosa dia tsy mba ny hevitra no mandeha mialoha, fa ilay tenan- javatra, ny toetrany ary ny fomba amam- panaony no aloha ka ahitan- kevitra avy amin' izany.”**³²

Izany angady tokana izany, amin' ny mpamboly, dia tena manana ny maha izy azy tokoa, satria:

³¹ RAMAROLAHY, *Rakitra ny elan' ny Ntaolo malagasy*, op.cit., tak.120

³² RAMAROLAHY, *Rakitra ny elan' ny Ntaolo malagasy*, op. cit., tak.92

-izy ihany no ahazoa- manao ny asa tsy maintsy efaina,

-izy ihany koa no antoka iray mety hampahomby na tsia ny fihatsaran' ny fiainana .

Noho izany, rehefa lazaina fa *tokana ny zavatra iray* dia tsy maintsy hananosarotra na ny fitadiavana na ny fananana na ny fampiasana azy. Dia, tahaka izany koa na ny fikoloana na ny fikajiana azy. Ny fahatsapan' ny Ntaolo izany no mbola nahatonga azy niteny toy ny hoe: “*Aza mandevin- jaza marary*”, sy ny hoe : “*Tandrema fandrao maty alohan' ny marary*”.

Asongadin' ny ohabolana tahaka itony izany eto, fa tsy misy afa- tsy **iray ihany ny ain' olombelona iray** ka tsy azo atontontontona fotsiny etsy sy eroa amina toe- javatra tsy dia misy fotony firy, ary raisin' ny Ntaolo ho toy ny zavatra ambony sy tsara indrindra eo amin' ny fiainany izy io .

Tsy vitan' izany ihany anefa ny filazan' ny Ntaolo ny amin' ny AINA, fa mbola nampiany hoe: “*Ny aina tsy mba bozaka, ka raha maina ny lohany, maniry ny fakany*.”Koa, inona indrindra indray no azo ambara avy amin' izany ?

1.1.1.3 .- “ Ny aina tsy mba bozaka , ka raha maina ny lohany, maniry ny fakany” :

Anisan' ny karazana ahitra fatra- mpitombo sy miparitaka haingana tokoa ny bozaka, indrindra amin' ny fotoanan' ny latsaka orana. Raha sanatria an' izany ka maina ny lohan' izy ireny amin' ny fotoanan' ny main- tany na rinirina, dia mbola azo antoka ny hanirian' ny fakany izay tavela ao anaty tany ao, raha vantany vao mahazo rano na hamandoana kely fotsiny.

Tsy mba toy izany kosa anefa ny AINA, tsy mitovy amin' ny bozaka izy; izany hoe raha sanatria an' izany ka “*maina*” izy, na hoe “*maty*”, dia izay no vita ny aminy, tsy misy fanafana intsony ary tsy antenaina velively ny mbola hiverenany.

Ny fahatsapan' ny Ntaolo izany no mbola nilazany fa “*Ny aina tsy mba landihazo, ka raha antoandro ny andro mibohoka*”, sy ny hoe: “*Ny aina raha lasa tsy mba miverina*”.

Noho izany, rehefa fantatry ny Ntaolo fa tsy hisy fanindroany intsony ny **AINA** eo amin' ny olona iray, dia napetrany ho toy ny zava- tsoa sy zava- tsarobidy izy, ka tsy azo atao ambanin- javatra na oviana na oviana. **Tokana dia tokana** izany ny AINA, ka raha misy ny fotoana ialany amin' ny vatan' olona iray dia izay no vita ny aminy, tapitra hatreo ny fetran' ny andro iainany ary tsy misy intsony ny fiverenany any aoriana any.

Hita araka ireo famahavahana natao ireo, fa tsy misy mihitsy ny mitovy laharana amin' ny AINA eo amin' ny fiainan' olombelona, satria : tokana izy, tsy misy toa azy, tsy azo atakalo na soloina zavatra hafa. Ary tamin' ny fahaizan' ny Ntaolo nandinika ny tontolo misy sy manodidina azy izany no nahazoany nanakatra hevitra ho amin' ny fitondram- piainana, ka noraketiny anaty ohabolana izany mba tsy ho very fa ifandovan' ny taranaka mifandimby.

Na ireo mpandinika taty aoriana ihany koa aza dia nahatsapa izany, tahaka an- d **RAHAJARIZAFY** , izay nanambara nanao hoe: “*Ny aina tsy ananam- piry, ka nataon' ny razana fa mety ny mahafoy ny sisa rehetra hiarovana azy*”.³³ Fa dia inona loatra moa no

antony nahatonga ny Ntaolo hifikitra mafy amin' ity karazan- kery antsoina hoe AINA ity?

1.1.2 - Fototry ny fahavelomana ny aina :

Amin' ny maha tokana ny AINA, sy amin' ny maha laharam- pahamehana azy eo amin' ireo voary izay manana azy, indrindra isika olombelona, dia izy ihany koa no **marika sy fambara** fa mbola **velona izy ireo** . Anisan' ny maneho sy manasongadina izany ireto ohabolana ireto .

1.1.2.1 - “Aza manirina olon- tsy afaka aina” :

Anisan' ny hetsika iray tsy maintsy ataon' ny olona iray manatrika ny fialan' ny olona iray aina ny fanirinana ny mason' ilay maty. “*Mamy anefa ny miaina*”, amin' ny Malagasy, ka tandremany fatratra ny fihetsika izay ataony amin' izany sao dia tsy mbola tena maty ilay olona .

Izany indrindra no nahatonga ny Ntaolo nilohabolana toy ny hoe: “*Ny anongotsongoana ny maty, ny tahotra ny handevim- belona*”, sy ny hoe: “*Ala nenina amin' ny ho faty ny fanafody, ala nenina amin' ny ho very ny lositra*”.

Teo amin' ny Ntaolo izany, dia mila fantarina tsara ny tranga mahazo ny olona iray mba tsy hanaotaovana foana. Tsy azo lazaina hoe: “MATY” mantsy ny olona iray raha mbola mitempo ny fony, na mbola mamoka fofon' aina ny orony, na tsy mbola mangatsiaka ny tenany manontolo, na tsy mbola mangana ny endriny.

Ny ohabolana tahaka itony izany dia manamarika fa **fambaram- pahavelomana** ny fisian' ny aina ao amin' ny olona iray. Tandremana fatratra ny fepetra raisina manoloana ny trangan- javatra mahazo ny olona iray sao dia manafaingana ny fahafatesany na mahafofy ny andro iainany.

Ny literatiora am- bava toy ny ohabolana moa dia sady teny an' ohatra no nentina nampita hevitra sy anatra ho an' izay mpihaino azy. Manamafy izany ny voalazan- d **RAMAROLAHY** manao hoe: “*Ny ohabolana sy fitenenana rehetra moa dia mipetraka hampiasain' ny taranaka mifandimby rehetra*”.³⁴

1.1.2.2. - “ Marary be tsy mahatelin- kanina, ka manafaingana ny ainy” :

Anisan' ny irin' ny olona fatratra ny ho salama sy tsy harofy eo amin' ny andavanandrom- piainany. Nohamafisin- d **RAMAROLAHY** izany tamin' ny hoe: “*Ny olon- drehetra dia samy maniry ny ho soa sy ny ho tsara avokoa mandritra izay fotoana iainany, ary tsy hoe: “maniry” fotsiny fa “mikasa” sy “miezaka”*”.³⁵

Raha marary tokoa mantsy ny olona iray dia mila hery avy amin' ny sakafo izay haniny izy mba hoentiny hanoherana ny aretina (ankoatra ireo fanafody efa natoron' ny

³³ [R.P.]RAHAJARIZAFY (A.P), *Filôzôfia malagasy*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa, 1970,tak.44

³⁴ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.128

³⁵ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit. , tak. 5

mpitsabo azy). Raha sanatria an' izany àry ka mihombo ny aretina, izany hoe: mihamarary sy mihareraka hatrany izy; dia ilainy dia ilainy tokoa ny sakafo mba hampody haingana ny ainy sy hampatanjaka azy. Amin' izay, raha minia tsy manendry izany sakafo izany izy, na dia kely fotsiny aza, dia efa karazan' ireny olona manao izay hahafaty azy haingana ireny. Mbola nohamafisin' ny Ntaolo izany amin' ny hoe: "Voalavo sasatry ny miaina, ka saka matory no alam- bolombava", sy amin' ny hoe: "Indrindra ho faty ihany ka tsy handrivi-tsihy?"

Eto izany, raha mbola tian' ilay olona ny ho velona sy hiaina finaritra dia ilaina ny manohana sy mitahy ny aina amin' ny alalan' ny sakafo ohatra. **Marika ahalalana ny fahaveloman' ny voary iray**, indrindra ny olombelona, izany ny mbola maha ao aminy ny ainy. Amin' izay izy dia mbola afaka mivelona sy miaina ara- dalàna toy ny zava- manana aina rehetra ihany.

1.1.2.3 -. "Aleo maty rahampitso toy izay maty anio" :

Fanirian- dRaolombelona tokoa, hoy isika tamin' ny famelabelarana teo aloha, ny ho ela velona. Noho izany, raha mbola misy ihany ny hevitra azo atao, sy raha mbola azony atao ny misafidy; dia aleony foana miala nenina sy mangataka fanalavam- potoana manoloana ny toe- java- mitranga ao anatin' izany fotoana izany. Ny hany mba fantatsika dia ny hoe: *ny rehetra izay nateraka dia tsy maintsy ho faty na ho ela na ho haingana* ³⁶.

Nezahin' ny Ntaolo hatrany izany ny mba hampateza sy hampaharitra misimisy kokoa ny fahavelomany, ka raha mbola azony atao ny misafidy manoloana ireo toe- javatra tsy maintsy holalovany, dia aleony any aoriana any vao mandao an- dRafahavelomana toa izay amin' iny fotoana ampisafidianana azy iny. Ny fahatsapany izany no mbola nahatonga azy ireo niloabava hoe: " *Raha ho faty aho, matesa rahavana; raha ho faty rahavana, matesa ny omby ao am- bala* ", sy ny hoe: "Ny faty mpanazakazaka, ny aretina vadin- koditry ny velona".

Ny **AINA** tokoa izany no **manamarika ny fahaveloman' ny zava- boary iray** , indrindra indrindra ny olona. Raha tsy eo aminy ny aina dia tsy ho afa- miaina sy mivelona izy, ary tsy ho afa- mihetsika sy miasa akory aza. Noho izany, raha mbola tiany ny hiaina ka hisalotra izany anarana hoe "olombelona" izany, dia tsy azony atao mihitsy ny manao azy io ho tsinontsinona, tsy azo atao ambanin- javatra izy io fa mila tohatohanana amin' ny alalan' ny sakafo. Mbola nohamafisin' ny Ntaolo izany fiheverana izany amin' ny hoe: "Adala izay tsy mahalala izao: novelomina olona isika, ka tsy maintsy mamelona olona"sy "Alike masiaka tsy azo lalovana, areti- mahazo: tsy azo sangina " ary "Be vidy ny indray mandingana rehefa sendra ny manavotra aina ". Tsy tongatonga ho azy teo amin' ny olona anefa io **AINA** io, fa **nisy ny mpanome azy** , dia llay Nahary izany.

1.1.3. - Fanomezan' Andriamanitra ny aina :

Ny zava- drehetra mitranga eo amin' ny fiainan- janak' olombelona dia tsy mba misy tongatonga ho azy izany, fa ao foana ny niaviany na loharano nipoirany. Nahatsapa ny

³⁶ Io toe- javatra io dia tafiditra ao anatin' ireo lamina nataon' ilay Nahary,ka tsy maintsy lalovan' ny manana aina rehetra na tiany na tsy tiany.

fisian' izany **RAMAROLAHY** ka naneho mazava fa: *"Tsy mba nanantena zavatra kisendrasendra fotsiny teo amin' ny fiainany kosa akory ny Ntaolo"*.³⁷

Fantatry ny Ntaolo izany, ka nandinika ny zava- misy manodidina azy izy ary namorona ny ohabolany izay nentiny nandrakitra hevitra araka ny toe- javatra hitany. Anisan' ny ohabolana notsongaina tamin' izany ny hoe: **"Dokotera tsy omen- tsiny, ny tompo marary tsy omem- pondro; fa Andriamanitra no tompon' ny aina"**, sy ny hoe : **"Ny olombelona tsy maina fa lena, ary akondro avara- tanàna: raha avaha manan- tompo"** ary ny hoe : **"Ny aina tsy afaky ny tompony."** Inona marina no tena tian' ny Ntaolo hambara ny mikasika izany ?

1.1.3.1. - **" Dokotera tsy omen- tsiny, ny tompo- marary tsy omem- pondro; fa Andriamanitra no tompon' ny aina."** :

Raha misy tokoa, ohatra, marary nindaosin- dRafahafatesana; amin' ny Ntaolo, efa fandaharan' Andriamanitra izany toe- javatra izany. Tsy ny mpitsabo na ny fomba fitsaboany mihitsy izany no tsikeraina hoe: *"tsy mahay"* na *"tsy mety"*, na ihany koa ny mpikarakara sy ny tompo- marary no lazaina fa *"manao antsirambina"* na *"mitavozavoza"* na koa *"tsy miraharaha"*, fa an' Andriamanitra ny aina ka rehefa tiany halaina dia alainy, ary rehefa tiany hajanona dia ajanony. Efa samy niala nenina avokoa ireo sokajin' olona ireo ary efa samy nanao izay ho afany ihany koa; fa matoa lasa ny ain' ilay marary, matoa tapitra ny andro ahavelomany dia nalain' Ilay Tompony ilay hery nanamarikany fahavelomany. Izany no mahatonga ny Ntaolo nampionon- tena raha sendra nidonam-pahoriana, ka nitenenany hoe: *"Atao ahoana fa izao no lahatra, Izy no manome ary mbola lzy ihany no maka..."*

Tsy hain' ny Ntaolo mihitsy izany ny mitana sy mihazona io ainy io rehefa tapitra ny fetrany, satria **tsy azy izy io fa manan- tompo, dia Ilay Nahary** . Andriamanitra izany no tompon' ny aina fa isika olombelona dia azo raisina ho toy ny mpindrana fotsiny ihany.

1.1.3.2 .- **" Ny olombelona tsy maina fa lena, ary akondro avara- tanàna: raha avaha- manan- tompo"** :

Ny hoe *"olombelona lena"* eto dia ilay olona izay mbola ao aminy ny ainy, ka manao hetsika sy manatontosa asa ary mahatsapa ireo hetsika ataon' ny voary manodidina azy. Ny zavatra lena tokoa mantsy, izany hoe: velona, no mbola afaka mivoatra sy mitombo ary miova; fa ny efa maina kosa, na maty dia efa vita hatreo ny aminy, izany hoe: tsy azo atao na inona na inona intsony. Tsy vitan' izany ihany anefa ity fanoharana nataon' ny Ntaolo ity, fa nohariny amin' ny *" akondro avara- tanàna"* ny olombelona. Amin' ny Malagasy, ny voankazo maniry akaiky tanàna, ohatra ny paiso na voasary, indrindra ny akondro, dia nisy namboly sy nikarakara ary nikolokolo, izany hoe: manan- tompo hatrany fa tsy hoe naniry ho azy tamin' izao. Tsy azon' ny hafa atao mihitsy amin' izay ny mioty eo afa- tsy ilay tompony ihany.

Dia tahaka izany ny olombelona: manan- tompo izy sy ny mombamomba azy rehetra, saingy kosa notendren' Ilay tompony hitoetra ary hiaina ety amin' ity tontolo hita maso ity.

³⁷ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan' ny Ntaolo malagasy* , op.cit. , tak. 122

Manamarina izany ny tenin- d **RANDRIAMIADANARIVO** manao hoe: “Amin’ ny zava-boary rehetra eto an- tany dia ny velona na miaina no voatendry ho mpanjakany.”³⁸ Ny tondroiny amin’ ny “*velona*” na “*miaina*” eto dia isika olombelona .

Andriamanitra izany **no nahary ny olona** ary mbola lzy ihany koa **no nanome aina azy** mba ho velona sy hiaina finaritra izy ary hanjaka ety amin’ ity tany fandalovana ity.

1.1.3.3 .- “ Ny aina tsy afaky ny tompony” :

Rehefa mipetraka ao amin’ ny olona iray ny zavatra na fitaovana iray, ka ananany fahefana ny fampiasana azy dia heverin’ ny hafa fa izy no topony. Amin’ izay dia azony atao tsara ny mampiasa azy io na amin’ inona na amin’ inona, na amin’ ny fomba ahoana na ahoana, satria efa ananany fahefana. Tsy mba tahaka izany kosa anefa ny **AINA**, tsy tena antsika izy na dia zontsika aza ny mampiasa azy. Na dia natolotra sy nomena ampiasaintsika andavanandro aza izy io, dia naman’ ny nampindramina fotsiny ihany ka rehefa tonga ny fotoana hakan’ Ilay Tompony azy dia naman’ ny tsy maintsy averina izy io. Tsy manana fahefana hamotika azy mialoha ihany koa isika na dia mihoatra tahaka ny inona aza ny ngidin’ ny fiainana, aryna dia leon’ ny miaina manao ahoana aza isika. Izany ihany koa no mbola nahatonga ny Ntaolo nanao ny fombam- pitenenana toy ny hoe: “*Tsy misy maty tsy amin’ ny androny*” sy ny hoe: “*Ny fahafatesana, tsy heloka; ny havelomana, tsy hitsiny*” ary ny hoe: “*Ny fahafatesana tsy mba heloka fa zara hetra*”.

Efa voalahatra avokoa izany ny fiainan’ ny olona tsirairay, ka raha tsy Ilay Nahary ihany no maka ny aina ao amin’ ny olona iray dia tsy hisy mihitsy izany fandozana ny fiainana an- tany izany.

Fantatra araka ny famahavahana natao teo fa **tsy tongatonga ha azy** eo amin’ ny olona iray **ny AINA fa tao dia tao ny mpanome azy**, dia **Andriamanitra** izany. **Fanomezan’ Andriamanitra** izany ny aina, ka amin’ ny maha- tolotra avy amin’ Ilay tsara indrindra azy ho antsika dia noraisin’ ny Ntaolo ho **toy ny zava- tsara sy sarobidy** izany izy io. Indray mandeha ihany **Andriamanitra** no manome azy ny isam- batan’ olona fa tsy hoe misy fiverenany na misy fanindroany. **Tokana izy izany ka sady fototry ny fahavelomana no tsy azo soloina na atakalo** .

Tsy vitan’ ny hoe **sarobidy** fotsiny anefa ity aina ity, fa mbola **mora afoy** ihany koa . Izany toetra mampiavaka azy izany no hovahavahana ao amin’ ny fizarana madinika manaraka .

1.2. - MORA AFOY NY AINA :

Voalaza tamin’ ny famelabelarana teo aloha fa sarobidy ny aina, fanomezan’ **Andriamanitra** izy ary mariky ny fahaveloman’ ny olona iray ihany koa. Tsy manana fahefana ny hihazona azy io hitoetra ao anatiny mandrakizay ny olona. Naman’ ny mpindrana fotsiny izany isika olombelona, ka tsy fantatra mazava izay fotoana hakan’ ny tompony azy ao amin’ ilay olona na ho ela na ho haingana .

³⁸ **RANDRIAMIADANARIVO**, *Sekolin’ ny Ntaolo* , Imprimerie Volamahitsy, Antananarivo, 1955, tak.5

1.2.1 .- Mihelina ny aina :

Ny fahafantaran' ny Ntaolo ny tsy maha azy ny ainy no toa nahalasa eritreritra azy ka nahatonga azy ireo niloa- bava toy ny hoe: “ **Ny aina aloka aman- javona: mihelina dia lasa**” sy ny hoe :”**Ny aina fofon- nahandro, ka tsy hita izay hahalevonany** ” ary koa ny hoe: “**Baolina voadaka ny aina, ka tsy hita izay iantefany** ”. Inona tokoa moa no mampiavaka ity hery nomen' Andriamanitra ny olombelona ity ?

1.2.1.1 .- " Ny aina aloka aman- javona: mihelina dia lasa" :

Na ny aloka, na ny zavona dia samy tsy mitoetra ela na maharitra amin' izay toerana na fotoana ahitana azy. Ny aloka moa dia tsy hita sy tsy tazana mihitsy raha tsy efa miposaka tsara ny masoandro ; ny zavona kosa indray dia ny fotoana vao maraina be amin' ny fizaran- taona lohataona na ririnina no tena ahitana azy.

Ampitahain' ny Ntaolo amin' ny aloka aman- javona àry eto ny aina, izany hoe : ny toetran' izy ireo no atafinyity karazan- kery izay manavaka ny olombelona ity ; toetra izay tsy dia hita soritra mazava, tsy azo tsapain- tanana, ary tsy hoe ho tazana foana eo mandritry ny tontolo andro na mandritry ny taona .

Ny **AINA** izany dia tsy antenaina hitoetra maharitra, tsy azo tanana ela fa **mandalo dia miserana ihany**. Raha ambara amin' ny fomba hafa izany dia **fohy ihany ny fotoana ananana ny AINA** . Manamafy izany ity fanambaran' i **VEYRIERES (P.)** mikasika ny « AINA » na ilay antsoina hie : « VIE » ity : « *Rahoviana no hahalasany , tsy misy mahafantatra izany fa mety ho tonga tampoka izany , na mety efa ho akaiky. Ny tsara dia ny mitandrin- tena , satria ny fotoana iainana dia fohy* » .³⁹

Tsy ny mpandinika vahiny ihany anefa no nahatsapa izany fa eo ihany koa ireo mpandinika tera- tany toa an- d **RAMAROLAHY** , izay nilaza fa “*Fantany tsara ny endrika amam- bikan' ny tenan- javatra tsirairay ny toetra sy ny fomba amam- panaony avy* ” .⁴⁰ Avy amin' ireny zavatra na toe- javatra hitany sy tsapany ireny no nentina namorona ny fombam- pitenenany. “ *Ny fombam- pitenenana dia azo avy amin' ny anton- javatra samihafa hitan' ny maso* ” .⁴¹ Tsy mitsahatra fotsiny amin' izay fampitahana ny aina amin' ny aloka aman- javona izay ny Ntaolo fa mbola nikaroka zavatra hafa hanambaran' azy indray. Inona indray àry izany ?

1.2.1.2 - " Ny aina fofon- nahandro, ka tsy hita izay hahalevonany" :

Oharin' ny Ntaolo amin' ny fofon- javatra handroinaindray eto ny AINA . Ny fofon- tsakafo tokoa moa dia eo am- pikarakarana sy eo am- piketrehana azy eo no tena andrenesana azy. Izany fofony izany anefa dia tsy ho heno eo foana fa dia mihelina sy miserana fotsiny

³⁹ VEYRIERES (P.) , *Le livre de la sagesse malgache* , Edition maritimes et d' outres Mer ,Paris VIè, p.283 : « Quand finira -t-elle ? On en sait rien, souvent à l' improviste , toujours trop tôt. Il faut en prendre soin : elle est courte » .

⁴⁰ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit., tak.78

⁴¹ Idem.

ihany eo amin' ny taovam- panamboloantsika olombelona. Tsy hitahita akory izany fofona izany dia lasa, dify ary manindao. (*Ohatra: fofon- daoka mangotraka na ritra, fofon- tsakafo atono,...*).

Dia tahaka izay fofon- nahandro izay no fiheverany ny aina. Toa manodoka eo ampiandohana tokoa mantsy ny fananana azy io, fa tsy antenaina mihitsy ny ho faharetany mandrakizay. Misy izany ny fotoana izay tena ahatsapan' ny vatan' olombelona ny ilana azy saingy tsy maharitra kosa izany. Io toetran' ny aina io no nahatonga ny Ntaolo nampitovy azy amina zavatra tsy dia mitoetra ela firy. Ny fomba fisainana sy fomba fiheverana tahaka itony no nahatonga ny Ntaolo namorona ny fombam- pitenenana toy ny ohabolana, izay nitahirizany izay rehetra mendrika ho fantatry ny zanaka amam- para .

Nohamafisin' **ANDRIAMALALA sy ILAY** izany, ka nasongadiny fa “Teo amin' ny fiteny sy ny teny no tena nitahirizany izay rehetra noheveriny ho sarobidy ka tokony holovain' ny taranaka mifandimby.”⁴²

Mahasondriana sy mahavariana eo am- pananana azy izany ny **AINA**, kanefa **tsy azo fihinina ho an' ny tena** maharitra ela izy, izany hoe tsy misy mahafantatra izay fotoana ialan' izy io ao amin' ny vatan' ny olona iray. Dia, mbola izany ihany no nahavaky vava ny Ntaolo ka nampitovy ny aina amin' ny baolina voadaka .

1.2.1.3. - ” Baolina voadaka ny aina, ka tsy hita izay iantefany” :

Ny baolina nodakana eto no anoharan' ny Ntaolo ny AINA. Rehefa dakana tokoa mantsy ny baolina iray dia mikodiadia eny izy, ary tsy fantatra mazava izay toerana izorany sy izay ijanonany. Noheverin' ny Ntaolo hotahaka izany koa ny aina rehefa nomen' Andriamanitra antsika .

Ny aina dia mitoetra ao anatintsika ao izy, ary manjohy antsika eny foana mandrapahatapitry ny andro iainantsika ety an- tany.

Io fotoana io ilay tsy misy mahafantatra, tahaka ilay lalan- kizoran' ilay baolina nodakana sy izay ijanonany.

Mila fahavonona hatrany eo amin' ny isam- batan' olona izany ireo toetra ananan' ny aina ireo: tsy fahavononana ara- batana ihany, fa fahavononana ara- tsaina indrindra indrindra koa. Mila apetraka ao an- tsaina izany fa io aina io dia mety handao tampotampoka ny vatan- tenan' ny olona iray.

Manamarina izany i **VEYRIERES(P.)** amin' ny hoe: “ *Ny Malagasy izay manaiky ny lamina misy dia efa nivonona hatrany ny amin' izay mety hitranga eo amin' ny fiainany. Tsy mba mandà izay mihatra aminy izy amin' izany, eny fa na dia rafahafatesana aza*”.⁴³

Ny **AINA** izany eto dia tsy fantatra mazava sy marina na mitondra antsika mankaiza, na hitondra antsika hatraiza sy ho aiza. Ny hany tsapa fotsiny dia **entitsika eny foana izy**

⁴² ANDRIAMALALA(E.A)&RALAISAHOLIMANANA(L.deG.) , *Ny harem- pirenena* , Imprimerie d' ouvrages Educatifs, Antananarivo , tak. 5

⁴³ VEYRIERES , *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit., p.290 : « Les Malgaches, pour une sorte fatalisme, semblaient d' avance prêts à tout. Ils ne se revoltèrent pas contre la mort , mais courbaient la tête ».

na mankaiza na ho aiza ny zotram- piainantsika. Mbola nohamafisin' ny Ntaolo izany fomba fiheverana izany amin' ny hoe: *“Entim- poana ny aina”*, ary rehefa misy idonam-pahoriana dia tahaka izao no fitenin' ny olona: *“Ny fahafatesana: mandeha isika, mitady azy; mipetraka isika, miandry azy; mihazakazaka isika, manenjika azy.”*

Araka izany, tsy maharitra ela ny fananantsika ity AINA ity fa zava- mandalo sy miserana ary mihelina fotsiny ihany. Raha oharina amin' ny halavan' ny andro iray izany ny fotoana ahafahan' ny olombelona miaina ety an- tany, amin' ny ankapobeny; ny hany anjaran' ny olona iray, izany hoe: ny fahafahany miaina na mivelona ety dia mety ho ampaham- potoana kely dia kely fotsiny amin' izay . (ohatra: Mety ho tapa- potoana kely fotsiny amin' ny maraina, na tsy mitatao vovonana akory, na vao mihilana ny andro dia lasa. Misy aza moa vao miposaka ny masoandrony dia milentika indray) .

Azo oharina amin' ny vahiny ihany koa izany ny aina: mandalo dia mitsidika fotsiny izy fa tsy ho azo tanana na hazonina ho eo anilan' ny tena foana .

1.2.2. - Tsy azo fihinina ny aina :

Marina tokoa fa *“Mamy ny miaina”* amin' ny Malagasy, saingy rehefa tonga ny fotoana hakan' Andriamanitra io hery mariky ny fahavelomantsika io, dia tsy misy afaka manao na inona na inona. Ny fahafantaran' ny Ntaolo izany no ninoany ny fisian' Ilay Andriamanitra, izay mpandahatra ny fiainan' izao rehetra izao. Nanamarika izany i **VEYRIERES** raha nilaza fa *“Ny Malagasy dia mino ny fisian' Andriamanitra, Ilay mahita ny rehetra, Ilay mahalala ny zava- drehetra ary Ilay mandahatra sy mitantana izao rehetra izao”*.⁴⁴

Koa na inona na inona izany hetsika ataontsika, rehefa handao antsika io AINA io dia tsy ho azo tanana mihitsy . Tsy misy afa tsy Ilay Tompony ihany anefa no afa– maka azy io, ka rehefa tonga izay fotoanany izay dia tsy hiera amintsika mihitsy izy, ary tsy mba azo itarainana sy mba ifonana velively.

1.2.2.1 .- ” Ny ho faty tsy mba miera” :

Araka ny fandaharan' Ilay Nahary, isika rehetra izao dia tsy maintsy ho faty daholo na ho ela na ho haingana. Ny fotoana hahatongavan' izany eo amin' ny tsirairay fotsiny no tsy voafaritra mazava . Tsy mbola misy tokoa mantsy olona nilaza fa mahafantatra ny fotoana hahafatesany; na hoe, talohan' ny nahafatesany ny olona iray dia niera sy nangata-dalana tamin' ny havany na ny namany fa ho faty izy ka nanao hoe: *“ Handeha ve aho sa hijanona kely aloha?”* Ny fahatakaran' ny Ntaolo ny toe- javatra tahaka izany no namoronany ohabolana sahala amin' ity novahavahana ity. Mbola nampiany izany fomba fiheverany izany amin' ny hoe: *“ Tsy mino maty raha tsy avy mandevina”*, sy ny hoe: *“Aza mamoifo am- pandosirana, fa ny manezaka ihany no ody aina”*.

Avy amin' ny fahaizan' ny Ntaolo mandinika ny tontolo manodidina azy daholo no niaingany namoronana ireny ohabolana ireny, izay nentiny naneho sy nilaza hevitra ary nampita hafatra . Manamarina izany **RAMAROLAH Y** amin' ny hoe: *“Fatra- mpandinika ny*

⁴⁴ VEYRIERES(P.), *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit.,p.9 : « Les Malgaches croyaient à l' existence de Dieu : Dieu voit tout, Dieu connaît tout ; il gouverne le monde en toute indépendance et de façon irrésistible ».

zava- boary ny Ntaolo Malagasy, ka tsy mba vahiny tamin' izay zavatra hitany izy fa mahalala ny zavatra manodidina azy".⁴⁵

Amin' ny Ntaolo izany, rehefa hiala ao amin' ny vatan- tenan' ny olona iray ny **AINY** dia tsy mba mampilaza mialoha na mampandre, fa **avy hatrany dia mandao tampoka** . Amin' izay dia tsy misy mihitsy ala nenina azontsika atao, izany hoe: **tsy azo tazonina na fihinina ny aina** fa rehefa lasa izy dia tsy tana.

1.2.2.2.. - " Ranomaso tsy mahatana aina" :

Amin' ny ankapobeny, ny ranomaso latsaka dia mariky ny alahelo noho ny zavatra izay nihatra na nidona . Eo amin' ny fiainana, raha vao latsaka ny ranomaso manoloana tranangan- javatra iray dia midika ho tsy fahafoizana azy izany, tsy fahatantesana ilay fisarahana ary fahalalohovana ny fifandaozana tampoka. Na inona na inona anefa hetsika na fihetsika ataontsika manoloana ny fahalasan' ny aina, eny fa na dia hanao ranomaso havoazona aza ; dia tsy hampijanona na tsy hampandeha ilay aina efa vonon- kiala mihitsy izany.

Avy amin' ny ohabolana tahaka itony tokoa mantsy no ahafantarana ny olona mahay mitondra tena manoloana toe- javatra iray. I **VEYRIERES (P.)** dia nahatsapa izany ary nilaza fa *"ireny ohabolana ireny dia manoro hevitra ny olona hahay haneho fomba fitondran- tena am- pisainana sy am- piheverana tsara "*.⁴⁶

Tsy misy mihitsy izany hevitra azon- dRaolombelona atao ihazonany ny ainy rehefa tapitra ny fotoana nampindraman' Ilay Nahary azy antsika. Tsy ambaka tamin' ny fahafatakarana izany ny Ntaolo ka mbola nanamafy fa: *Aza tabaina ny hery, aza avarina ny aina: sao finganin' i Tsianolondroa* ; *"Aina ity, hoy i Rainimanonja* ; *" Ranomaso tsy mahafehy faty*". Izany fomba fiheverany izany dia mbola hamafisiny rehefa misy maty ao an- tanana, ka ampiononany amin' ny hoe: *"atao ahoana e! Ny fikasana no an- dRaolombelona, fa ny didy an- Janahary*".

Samy mikasa ny ho ela velona izany ny isam- batan' olona, saingy **rehefa tapitra ny andro voatondro iainana** ety an- tany, dia **tsy maintsy mandao ny vatana io aina io**. Amin' izay dia tsy misy mihitsy ny fomba azo itazonana azy.

1.2.2.3 - ." Ny aina raha lasa tsy mba miverina" :

Ny hoe: *" lasa "* dia mandao na misintaka. Koa, raha mandao ny vatana izany ny aina dia abaribarin' ny ohabolana eto fa tsy afa- miverina izy io. Tsy mba tahaka ny hafaliana na haravoana, na hafinaretana, na harena, na hatanjahana, ... izany izy io ka hoe antenaina mbola hiverina indray andro any; fa any izy dia tsy miverina intsony.

Rehefa miala amin' ny vatan' olombelona iray izany ny ainy dia tsy atao ao an- tsaina intsony ny mbola itampodiany; izany hoe: na hifona sy hitalaho, na hivalo manao ahoana

⁴⁵ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit. , tak.24

⁴⁶ VEYRIERES(P.), *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit. , p.6 : « Ils [les proverbes], conseillent une conduite sérieuse et raisonnable ».

amin' Ilay Nahary aza isika, rehefa nalainy nody any aminy ny fananany (*ilay aina nampindramina io*) dia izay no vita ny amin' ny fiainantsika .

Ny fahalalan' ny Ntaolo izany no nitarihany ireo zanaka amam- parany hahay hanakatra hevitra anatina ohabolana mba hahafahan' izy ireo matrika ny fiainana. Nomarihin' i **VEYRIERES (P.)** izany ka nambarany fa “ *ny ohabolana dia mampianatra ny olona ny fahendrena izay azo ampiarina avy hatrany eo amin' ny andavanandrom-piainana*”.⁴⁷

Tsy nionona fotsiny tamin' izany filazana izany ny Ntaolo, fa mbola niteny hoe: “*Tsy mbola hita ny maty, ka andramana ny torana*”, sy ny hoe: “*Ny maty voalohany leo ihany, fa ny maty fanindroany no tena tsy tany*” ary ny hoe: “*Eritreritry ny marary ka ny ho faty ihany*.”

“ *Entim- poana tokoa izany ny aina* ”, satria zavatra tsy maharitra izy io fa mandalo sy miserana ary mihelina fotsiny ihany. Tsy misy amintsika olombelona izany, na dia iray aza, afaka manalava na manafohy ny fotoana iainany, fa rehefa tonga ny fotoana hakan' Ilay Nahary izay azy dia alainy tsy asiany fierana na fihenoana fitarainana na fandraisana fifonana izany. Ary, rehefa miala amin' ny vatantsika io aina io dia tsy misy intsony ny fiverenany fanindroany .

Fa mba fantatra mazava ve ny fotoana hakan' Andriamanitra io hery nampindraminy antsika io na ho maneno akoho, na ho misandratra andro, na ho mitatao vovonana, eny fa na ho takariva mena masoandro aza ?

1.2.3. - Tsy fantatra izay hahalasanany :

Ny mpandinika Malagasy sahala an- **dRAMAROLAHY** dia naneho fa “Ny fahalalana ny zavatra anankiray dia nahaforonana fomba fitenenana sy ankamantatra, sy maneho hevitra marina tsy azo iadian- kevitra na lavina intsony”.⁴⁸ Izany voka- pandinihana naseho teo izany dia toa misarika ny saina hanjohy hevitra maromaro mikasika ity karazan- kery manamarika ny fahaveloman' ny olona ity. Rehefa tokana ny AINA, sady nindramina, no tsy maharitra ny fananana azy; dia azo vinavinaina fa Ilay nanome azy ihany no mahafantatra ny fe- potoana nampindramany azy ny olona tsirairay avy.

Tsy misy izany na dia iray aza amin' ny olona miaina, sahy hitompo teny fantatra fa amin' izao andro izao sy volana izao ary taona izao no fotoana hahafatesany. Ny fahatsapan' ny Ntaolo izany toe- javatra izany no nitenenany tanaty ohabolana toy ny hoe:

1.2.3.1 - " Tavim- bilany ny aina, ka tsy hita izay hahavakisany " :

Ampitovian' ny Ntaolo amin' ny tavim- bilany eto ny aina. Ny vilany tokoa mantsy taloha, ny ankabeazany dia vita tamin' ny tanimanga . Izany vilany izany dia natao handroina hanina, ka tsy maintsy batabatana sy afindrafindra toerana. Ary ny iafarany dia mety ho

⁴⁷ VYRIERES(P.), *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit. , p.6 : « Ils [les proverbes], enseignent une sagesse immédiatement pratique et intéressée ».

⁴⁸ RAMAROLAHY, *Rakitry ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit. , tak.105

vaky eny am- pampiasana azy eny izy, na mba maharitra elaela kokoa. Efa iharam-pahavoazana izay vao hoe: *“Fa naninona ity? Taiza no nahavaky an’ ity?...”*. Dia tahaka izany koa ny aina: enti- mivezivezy eny, ampiasaina etsy sy eroa, enti- mitotototo manatontosa adidy hatraiza hatraiza, atontona amin’ izao zavatra rehetra izao; hany ka efa reraka na efa miala amin’ ilay tompony vao samy manontany tena avokoa ny rehetra .

Raha mba fantatry ny olona iray tokoa mantsy hoe: ity hetsika ataony ity, na ity asa ataony ity, na ity dia alehany ity no hahafaka ny ainy; dia tsy hisy ho sahy hanatontosa izany mihitsy na dia iray aza . Tsy misy mihitsy izany na dia iray aza amintsika olombelona ka mahafantatra ny fotoana ahafatesany. Ny hany azo atao fotsiny dia ny mitandrana sy mailo hatrany amin’ ny zavatra atao.

Ny ohabolana tahaka itony dia nentin’ ny Ntaolo nampitandrana ny olona manodidina azy mba hahafahany miaina am- pifaliana sy am- pilaminana. Izany no nahatonga azy niteny fa: *“Ny mahay rano ihany no maty an- drano”* sy *“Izay lalim- panihika no mihatra amin’ ny fotaka”*.

Mila fitandremana izany ity aina ity, satria **mora afoy**; ka izany indrindra no nitenenan’ i **VEYRIERES (P.)** hoe: *“Manavotra izay mitady ho diso lalana sy hania ny fampitandremana azy, ary raha te ho mpanolo- kevitra dia mila mahafantatra sy mahafehy ny zava- drehetra”*.⁴⁹

1.2.3.2 .- “ Tanora be sondrotr’ aina ho faty alohan’ ny marary” :

Ny fotoanan’ ny fahatanorana matetika no tena ahitana ny hafanam- pon’ ny olona iray rehefa ampanaovina zavatra. Arakaraka ny toe- javatra hitany sy iainany amin’ izay no mampitombo hatrany na tsia ny faharisihany mandray andraikitra. Koa, raha tojo zavatra na toe- javatra manaitra sy manintona azy izy dia ho taitaitra sy hientanentana foana eo, ka hiova ho haingana hatramin’ ny fitempon’ ny fony sy ny fomba fiainany.

Tsy voatery ho toe- javatra tsara foana anefa no mety hanaitra azy tahaka izany, fa eo ihany koa ny lafiny an- karatsiana. Koa, raha sanatria an’ izany ka maheno filazana na fitenenana izy fa marary be ny olona iray tena akaikin’ ny fony; dia mety hatahorana ny amin’ ny toe- pahasalamany eo am- pihainoana izany.

Marina tokoa ilay fombam- pitenenana manao hoe: *“Tsy fantatra izay handeha aloha na ny vato mandondona, na ny hazo boboka amoron- tevana ”*. Ny Ntaolo izany dia nanana izao fomba fijery izao: tsy izay efa marary mafy am- bavahaona akory no ho faty haingana, na izay salama sy tomady no ho ela velona; fa samy tsy mahalala izay fotoana ialan’ ny aina ao aminy ny isam- batan’ olona. Ny hany mba fantatry ny olona dia ny hoe: *“ manomboka ny fisiany raha vao teraka izy, ary mifarana izany rehefa tonga ny fotoana hahafatesany”*.⁵⁰

⁴⁹ VEYRIERES(P.), *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit., p.634 : « Les avertissements sauvent ceux qui allaient se perdre ; mais pour donner des avis , il faut un être capable ».

⁵⁰ MOLET(L.), *La conception malgache du monde , du surnaturel et de l’homme en Imerina* , Tome 2, Librairie Edition l’Harmattan , Paris , p.12 :« Bien que l’ existence de l’ individu ne commence effectivement qu’à sa naissance(...)et se terminera à sa mort ».

1.2.3.3 - “ Ny aina malia mora vaky; tsy hay izay hahavakisany ” :

Oharin' ny Ntaolo amin' ny toeran' ny zavatra iray malemy, marefo ary mora potika eto ny aina. Raha tenenina amin' ny teny “Firantsay” dia ilay tondroin' ny rakibolana amin' ny hoe: “*FRAGILE: qui se brise facilement*”; izany hoe: samy atahorana na ny fitondrana azy na ny fampiasana azy. Ny tena atahorany dia izy voadona na izy miantraika amina zavatra hafa .

Dia tahaka izany eto ny AINA: ilay hery marefo, ilay hery malemy, ilay hery mora potika sy simba; ka mila fitandremana fatratra na ny fandraisana azy avy amin' ilay Nahary, na ny fitondranana azy, indrindra indrindra ny fampiasana azy. Ny tena atahorana aminy izany dia sao latsaka am- pandehanana, na folaka am- piasana, na tapaka am- panatanterahana asa, na ritra sy lany any am- panaovana adidy. Ny tsy ampoizina ihany koa aza dia izy mety ho voadona tampoka na voasingotra zavatra mety hanimba azy.

Tsy fantatra mihitsy izany na eo am- pialan- tsasatra isika dia tonga amintsika rafahafatesana, na vao eo an- dalana hivoaka ny trano, na eny an- dalana hamonjy lahasa, na eo am- panatanterahana ny asa, na eo an- dalana hody. Izany no nahatonga an' i **VEYRIERES** niteny fa “*tsy maintsy mahay mitondra ny tenany ny olona mba tsy hampihena ny voninahitra ananany*”.⁵¹

Tsy velona ary tsy afa- miaina isika olombelona raha toa ka tsy ao anatintsika ny aina. Io ilay hery ahafahana mivelona sy miaina ary matrika ny fiainana. Fototry ny fahavelomantsika izany izy io, fa ny tena mahasarobidy azy dia izy tokana sy fanomezan' ilay Nahary. Tsy azo ivalamparana anefa ny fananana azy satria mandalo sy miserana fotsiny ihany izy. Noho izany, tsy misy mahalala sy mahafantatra izay fotoana ialany ao aminy ny olona tsirairay avy. Manam- petra izany ny fotoana itoerany sy ijanonany ao amin' ny olona iray. Ny mikasika izany fetrany indrindra no hovahavahana amin' ity zana-pizarana manaraka eto ambany ity.

1.3. - MANAM - PETRA NY AINA :

Ety amin' ity fiainana an- tany ity dia tsy misy natao haharitra sy hateza fa manam- petra ny zava- drehetra. Ny fetrany moa, raha ho an' ny manana aina, dia ny fahafatesana. Samy ho faty daholo izany isika rehetra velona izao fa ny fotoana hahalasanana no tsy fantatra sy tsy mitovy. Ny fahatakarana' ny Ntaolo izany no nahatonga azy nilaza fa “*Danika andro mandratra aina, taninim- pahoriana manimba aina*”; “*Taon- jezika adala, ka aina no fetra*”; “*Ny anambadian- ko namana, ny iterahan- ko dimby*”. Ahoana sy ahoana avy àry ny mikasika ny fetran' ity aina ity teo amin' ny Ntaolo ?

1.3.1 - Mety hihena ny aina :

Araka ny nambaran- d **RANDRIAMIADANARIVO** azy dia hery efatra no fototry ny **AINA**

⁵¹ VEYRIERES(P.), *Le livre de la sagesse malgache*, op.cit. , p.299 : « On doit se bien coduire , sinon on sera déshonoré ».

⁵² RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.20 sy 21

dia:

- **ny rivotra madio** izay mamelombelona ny aina;
- **n y rano** izay mariky ny fanadiovana sy ny famelomana;
- **n y tany** izay manome sakafo mahavelona;
- **n y masoandro** izay mitahiry ny aina sy manome hafanana.

Mazava tsara izany fa raha tsy ampy ireo hery ireo dia mety hisy fiantraikany amin' io aina io, ary ny fahatsapan' ny Ntaolo izany no nanehoany ny fomba fiheverany ny amin' ny aina tany anatin' ireny fombam- pitenenany ireny. Hoy indrindra mantsy ny ohabolan-drazana mikasika izany:

“Danika andro mandratra aina, taninim- pahoriana manimba saina”;

“Aleo maka mora ho vita, toy izay mahery setra ho sampona”;

“Aza atao tsirambina ny aina, fa sarotra ny manarina ny efa mivena”.

Amin' ny maha-fampitan- kafatra ny ohabolana dia manana ny tiany hambara amintsikany ohabolana tahaka ireo ambony ireo. Inona àry no tian- kampitainy amin' ireo ohatra ireo ?

1.3.1.1 - “ Danika andro mandratra aina, taninim- pahoriana manimba saina” :

Ny zavatra na toe- javatra mitranga eo amin' ny fiainan' ny olona iray dia tsy maintsy misy vokany eo aminy izany.

Ny danika andro, ohatra, dia mety hamparary an- doha, na mety hampandeha tevi-doha, na ihany koa mety hahasavilaina ny vatana, ary mety handreraka ny tenan' ilay olona iray manontolo mihitsy aza .

Dia toy izany koa ny fahoriana: rehefa zohiny, ka tsy mahay mampionon- tena sy manamboatra saina dia miteraka fahavoazana hatrany amin' ny aina izany.

Zava- marina sy tsy azo lavina toy izany eto no asongadin' ny Ntaolo amin' ity ohabolana ity, ka anehoany fa io **AINA** io dia **mety hihena sy halemy** arakaraka ny zava-midona aminy sy ny nampiasana azy.

1.3.1.2 - “Aleo maka mora ho vita, toy izay mahery setra ho sampona” :

Eo amin' ny fomba fiatrehana ny fiainana, rehefa atao milamina sy mora ny asa iray dia sady tsy mandreraka no tsy mandany hery firy; fa raha ohatra kosa enjikenjehana sy atao an' aina izany asa izany dia tsy ho tontosa hatramin' ny farany na tsy hanjary araka izay naminavinana azy. Ny tena atahorana aza dia izy miteraka faharerahana sy fahavizanana teo amin' ilay olona nanao ny asa .

Koa, raha tsy tiana hitera- pahavoazana eo amin' ny tena manontolo ny fanatanterahana asa iray dia tsy misy ohatra ny manao asa tsara lamina sy tsara rindra ary voakaly tsara. Mbola hamafisin' ny Ntaolo izany fombam- pitenenana izany amin' ny hoe: *“Aleo miadan- ko reniny, toy izay mitsatsaingoka ho vantony”*, sy ny hoe: *“Aleo mitozo mahefa, toy izay mitratreva tsy afaka ”*. Ny zavatra rehetra atao eo amin' ny

fiainana izany dia mila sainina sy lanjalanjaina tsara mba tsy handreraka ny vatana sy hampihena ny hery hoenti- miaina. Manamarika ny foto- pahendrena nananan' ny Ntaolo izany ary noraketiny tanaty ohabolana mba tsy ho very.

Tsy aritr' i VEYRIERES ny fahitany izany ka nahatonga azy nanambara fa “ny ohabolana dia teny mirakitra fahendrena, ka alohan' ny hanao zavatra dia mila mieritreritra tsara; mila tandremana sy arovana izany ary jerena izay marimaritra iraisana; ary entina arakaraka ny toe- java- misy sy mitranga ary izay mifanaraka aminy ny isam- batan' olona” .⁵³

1.3.1.3 - “Aza atao tsirambina ny aina, fa sarotra ny manarina ny efa mivena”

:

Matoa ny zavatra iray “mivena” dia efa tsy mahazo fototra tsara izy izay, na efa hiala amin' ny fakany mihitsy aza. Atahorana amin' izay ny hampiala azy hatramin' ny fotony. Dia tahaka izay ny aina: rehefa reraky ny lahasa, na sasatry ny mivezivezy sy mitotototo tetsy sy teroa, na mitaraina fa torovana tanteraka; dia mety ho ritra sy ho lany mihitsy aza .

Ity ohabolana ity izany dia nentin' ny Ntaolo naneho fa rehefa atao tsinontsinona sy tsy tsimbinina mihitsy ny aminy dia tsy maintsy hihena ny tanjany ary raha mihombo izany dia ho fongana mihitsy . Tsy misy tsara ohatra ny mitambatra sy mivondrona ary mifanome tanana izany mba tsy handreraka vetivety ny olona iray arakaraka ny andraikitra sahaniny. Nomarihin' i **VEYRIERES** izany amin' ny hoe: “ *Ny ohabolana dia mitodika foana any amin' ny fahaiza- mivondrona izay tsy maintsy hita taratra na sehatra inona na sehatra inona. Io fivondronana sy fitambarana io mantsy no miteraka hery*” .⁵⁴

Izany rehetra izany dia maneho fa io **AINA** io dia **tsy hoe zavatra iray mafy be sy matanjaka be** ka tsy mety marary sy tsy mety osa mihitsy. **Manam- petra** izany izy io ka tokony ho **ferana ihany ny fampiasana azy**.

Ity hery antsoina hoe: “AINA” ity izany dia tsy azo lazaina ho tsy manam-pahataperana fa karazan- kery mety hihena sy ho reraka ary mety ho torovana kosa. Mila ferana sy lanjalanjaina izany ny asa ampanaovina azy.

Ny fanaovana azy ho ambinambin- javatra sy ny tsy fitandremana ny aminy no mety hampihena azy, ka raha mitohy izany dia hitarika any amin' ny faharitany sy fahalaniany tanteraka mihitsy aza .

1.3.2 - Mety ho ritra sy ho lany ny aina :

Araka ny famelabelarana hita teo aloha⁵⁵, dia ny fahaterahana no fototra iaingan' ny fisian'

⁵³ VEYRIERES (P), *Livre de la sagesse malgache*, op. cit., p.593 : « les proverbes insistent sur l'union qui doit exister dans les familles, dans les royaumes : c'ets une force ».

⁵⁴ VEYRIERES (P), Idem. , p.506 : « [Proverbes] Eloge de sagesse : avant d' agir , il faut bien réfléchir, garder en tout, le juste milieu ; traiter les gens et les choses , chacun comme il convient ».

⁵⁵ RAJEMISA –RAOLISON (R), *Rakibolana malagasy*, op. cit. , tak. 20

ny olona iray, ary ny fahafatesana no fetra tsy maintsy andaozany ity fiainana an- tany ity. Ity farany ity izany no marika ahalalana fa tapitra hatreo ny fotoana iainan' ilay olona . Izany dia midika fa ritra sy lany tanteraka ilay hery fototry ny fahavelomany.

Hay ity aina ity izany mba manam- piafarana ihany fa tsy haharitra manadrakizay akory. Ny fahatsapan' ny Ntaolo izany no nahatonga azy nandrakitra ny heviny mikasika ity fetran' ny aina ity tany anaty ohabolana .

1.3.2.1 - “ Taon- jezika adala, ka aina no fetra” :

Raha misy asa ampanaovina azy izany (*toy ny lahasa mikasika ny fambolena*), dia tsy mba mahalala sasatra izany izy ireny, fa dia tonga amin' ilay fitenenana hoe: “*baiko azon' adala*”. (oh: Taomy ireo zezika ireo). Ny adala dia sady tsy mampiasa saina firy amin' izay ampanaovina azy, no tsy miraharaha na mora na sarotra ilay lahasa atao; fa ny azy rehefa izay dia izay (*na eny na tsia*). Koa raha manaikyhanao ilay fitaomana zezika izy, ohatra, dia sady tsy an- kijanona io no tsy maintsy vita ny anarany; ka na hanaraka hatramin' ny ainy aza dia tsy miraharaha izy.

Ny toe- javatra tahaka izany, izay noraketin' ny Ntaolo tanaty ohabolana, no manasongadina amintsika fa **mety ho ritra sy ho lany io AINA io** noho ny tsy fandininana kely fotsiny. Ary mbola nohamafisiny izany amin' ny hoe: “*Ny hena- maso mahafaty, fa ny hena masaka mahavelona*”, sy ny hoe: “*Sangy mihoatra ny loha, tsy sangy intsony fa vonoan' olona*” ary ny hoe: “*Antitra natonton' olona, zara raha mahatana aina*”.

1.3.2.2 - “Ain- kiala : tsy menatra anadahy” :

Ny olona tsirairay avy dia samy manana ilay antsoina hoe: “*olom- padiny*” (oh: ny mpianadahy dia olona mpifady). Misy izany hetsika na fihetsika tsy azon' ny iray atao eo anoloan' ny iray. Eto kosa anefa, mamy ny miaina ka raha misy zavatra na toe- javatra tena manery ilay zanaka vavy (*ohatra: te hivalan- drano mafy dia mafy*) dia tsy tsininy ny manao izany eo imason' ny anadahiny, eny fa na dia tsy an- katakonana aza .

Fahaizan' ny Ntaolo mitsimbina ny aina daholo izany, ka aleo menatra olona toa izay hiharam- pahavoazana eo am- piaretana ny mafy sy ny manjo eo (*Mety hiteraka aretina na fahavoazana mihitsy aza*) . Ho an' izay mahay mitandrin- tena izany dia ny aina aloha no laharam- pahamehana sy ambony indrindra, izay vao ny zavatra hafa .

Mbola manamafy izany ny Ntaolo amin' ny hoe: “*Aleo mibaby fery toy izay miloloha tsiny*”, sy ny hoe: “*Aza manafina aretina amim- bahiny fa ny olombelona soa mifanampy*”.

Manam- petra sy manam- piafarana izany io **AINA io**, ka izay hitsimbinana sy hitandrovana azy no tsara atao masaka an- doha toy izay izao laza sy voninahitra rehetra izao. Notsindrin' i **VEYRIERES** ihany koa izany fahaizan' ny Ntaolo mandray fanapahan-kevitra izany ka nilazany fa “*ny fahaiza- mihevitra dia hita eny foana, ka sady tafiditra ao anatin' ny fomba fisainana raikitra izy, no foto- pahendren' ilay firenena niaviany*” .⁵⁶

⁵⁶ VEYRIERES , *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit. , p.5 : « La pensée est de tout les temps ,et fait partie du trésor universel de la sagesse des nations ».

Ny hetsika rehetra tahaka izany, izay ataon' ny olona, na amin' ny tenany na amin' ny manodidina azy; dia mitory fahaiza- mitandro ny aina daholo noho izy io manam- petra .

1.3.2.3 - “ Dokotera miaka- bohitra: tsy hitondra loza fa hamonjy aina” :

Ny fombam- pitenenana malagasy dia mametraka fa “ *Ny aretina tsy sitran- tsy miody* ”, izany hoe: ilaina foana ny mpitsabo raha vao misy marary ao an- tanàna .

Eto amin' ity ohabolana ity àry dia maneho ny Ntaolo fa raha misy mpitsabo (*dokotera*) tazana miakatra ny vohitra dia tsy fahavalo velively akory izy (*araka ilay voambolana hoe: "mpanani- bohitra ≈ fahavalo"*), na ihany koa hoe mpandroba ,fa olona tonga hitsabo sy hanasitrana marary mba tsy ho lasan- dRafahafatesana .

Mila atao am- pisainana daholo izany ny zava- drehetra teo amin' ny Ntaolo, fa tsy raisina an- tendrony na hamaizana fotsiny. Izany no nataony dia noho ny fahatsapany fa misy farany ny zava- drehetra ary mety maty sy tsy miverina intsony izy io. Mbola maneho izany ny ohabolan' ny Ntaolo manao hoe: “*Tsy mitsinja ny farany ohatra an- dRafotsibe mamosavy zafikely*”.

Tsy azo lanilanianana fotsiny amin' izao izany ity aina ity noho izy malia sy marefo, ary mety hihena sy ho fongana mihitsy aza. Raha toa ka mbola mitohy ny tsy fahaizana mitandrana sy mitandro azy io dia tsy maintsy mifara amin' ny fialany ao amin' ny vatan' ny olona izany. Ny fialan' io aina io amin' ny vatana moa no manamarika ny fahafatesan' ilay olona, ary amin' izay dia tsy afaka hanao na inona na inona intsony ny vatantsika.

Tsinjon' ny Ntaolo dieny mbola lavitra izany toe- javatra tsy maintsy hitranga eo amin' ny fiainany izany ka nikaroka hevitra izy ny ho fanafan' izany . Tsy tiany ho very maina fotsiny mantsy ny fotoana nandalovany tety amin' ity tontolo hita maso ity, ka niezaka ny hanohy io ainy io any amin' ny taranany izy. Ahoana tokoa àry no nataony tamin' izany ?

1.3.3 - Azo afindra ny aina :

Efa hita tamin' ireo zana- pizarana teo aloha fa ity karazan- kery manjohy ny olona hatrany ity, raha mbola velona izy, dia tokana ihany, tsy ananam- piry ary tsy mitomoetramaharitra akory. Vokatry izany fiheverana izany dia niloa- bava ny Ntaolo nanao hoe: “***Anambadian- ko namana, iterahan- ko dimby***”, sy “***Katsaka antanimena: ny baby te lo tsy misy fa zara raha mahatana aina***” ary “***Izay manoro lalamahitsy, mamindra aina***”.

Teo amin' ny Ntaolo àry dia tsy nataony handaniana andro fotsiny ny famoronana ireny karazan- dahabolana ireny, fa nanehoany indrindra ireo hevitra tsara sy ireo zava- mahasoa ny fiaraha- miaina . Nomarihin- dRAMAROLAHY izany tamin' ny hoe: “ Ny fiainan' ny Ntaolo dia ara- bakiteny avokoa, araka ny fahitana sy ny endrika, sy ny toe- java- mitranga hita vatana, izay noforonin' ny fombam- pitenenana sy ohabolana isan- karazany ”.⁵⁷

⁵⁷ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit ., tak. 81

Koa inona indrindra àry ireo hevitra tsara azo arahina eo amin' ny fiainana sy ireo zava- mahasoana ny fiaraha- miaina azo tarafina avy amin' ireo ohabolana notanisaina tetsy ambony ireo ?

1.3.3.1 - “Anambadian- ko namana, iterahan- ko dimby” :

Tsy misy olona mahavita tena irery eo amin' ny fiainana fa mila namana foana izy mba hifanohana sy hifanampy aminy , ary mba hifampizarany izay mahafaly syizay manahirana azy. Tsy mahagaga ny Ntaolo raha niteny ny ohabolana tahaka an' io , sady mbola nampiany hoe: “*Aza tsy tia olona fa ny olona no harena* ”, sy ny hoe: “*Ny hevitra tsy azo tsy amin' olombelona* ”, ary ny hoe : “*Aza manao toy ny tandindona :manaraka ihany fa tsy azo ho namana*”.

Nahatsapa izany ny Ntaolo ka roso, nila sy naka taolan- tehezana (*vady io ambara io*) mba ho namany hiaraka aminy hamakivaky ny fiainana. Tsy vitan' ny hoe : “*miaramonina* ” fotsiny izy ireo amin' izany, fa mbola tonga amin' ny hoe : “*Ny anambadian-kiterahana* ”. Koa dia niezaka nitady izay handimby azy àry izy ireo, ary dia nikatsaka mafy izay ho taranany. Ireo taranany ireo no handimby ny anarany ary hanohy ny zava-bitan' izy mivady.

Ny ohabolana tahaka itony izany no nentin' ny Ntaolo naneho ny fiheverany momba ity **AINA** ity, ka nasongadiny tanatin' izy ireo fa rehefa **tsy haharitra** ny ain' ny olona iray dia **azony atao** tsara **ny mamindra** na **manohy azy** any amin' ny taranaka fara amandimbiny. Jereo tokoa anie itony voambolana entiny iantsoana ny zanaka itony e! : “*menaky ny aina* ”, “*sombin' ny aina* ”, “*vahatry ny aina* ”, ...

1.3.3.2 - “ Katsaka an- tanimena : ny baby telo tsy misy, fa zara raha mahatana aina” :

Matoa ambolena ny masomboly iray, dia ny hampitomboana azy sy ny karazany no tanjona amin' izany. Ny katsaka maniry eny amin' ny tanimena eto no voalazan' ny ohabolana . Ny tanimena moa, amin' ny tena mpamboly, dia tany azo lazaina fa manta sy mafy ary tsy dia ahitan' ny voly tsiron- tsakafo firy.

Ny fanirian' ny mpamboly anefa isaky ny taom- pambolena dia ny mba hahazo vokatra tsara sy ny hitomboan' izany. Eto anefa dia ambaran' ny ohabolana fa tsy dia mamoa firy ilay katsaka fa zara aza mba mijoro sy mba velombelona eo .

Dia tahaka izany koa ny olombelona: mila mamindra io ainy io izy, izany hoe: mila miteraka sy mameno ny tany (araka ny tso- dranon- drazana hoe: “*Miteraha fitolahy sy fito vavy* ”). Mety hisy anefa ny toe- javatra tsy ampoizina eo amin' ny fiainam- panambadiana: tsy mifanambina izy na koa tsy mahazo taranaka mihitsy na iray aza. Ny trangan- javatra tahaka izany no tena tsy tantin' ny olona, satria matoa izy manambady dia mieritreritra izay handimby azy any aoriana .

Niezaka hatrany izany ny Ntaolo ny amin' izay hananany fara aman- dimby mba hanohy ny tantarany sy ireo zava- bitany.**Tohizany hatrany izany io AINA nomen' Andriamanitra azy io**, satria fantany tsara fa manam- petra sy tsy maintsy handao azy any aoriana any. Kanefa moa rehefa tratry ny tsy ampoizina (*momba ny iray amin' izy*

mivady na tsy mifanambina), dia akory atao fa mionona amin' izay efa an' ny tena eo, na manangan- jaza, na mifindra lasy indray (*araka ilay fitenenana hoe : “Ny fanambadiana tsy nafehy fa nahandrotra*).

1.3.3.3 -“Izay manoro lala- mahitsy no mamindra aina” :

Ny Ntaolo dia fatra- mpandinika ny zava- misy manodidina azy, ary mampihatra sy mizara ny fahalalana azony amin' izany eo amin' ny mpiara- belona aminy. Izany no nahatonga an- d **RANDRIAMIADANARIVO** nilaza fa “*Nokarohin' ny Ntaolo fatratra ny lalàna samihafa rehetra momba ny fiainana ary nampianariny*”.⁵⁸ Ity ohabolana ity eto dia maneho mazava tsara fa ny fahaiza- miaina sy ny foto- pahendrena tsara indrindra dia ny filazana ny marina hatrany, izany hoe: tsy misorona sy tsy mijery arina-an- tava na inona toe- java- mitranga na inona, na iza iharan' izany na iza . Eo amin' ny fiatrehana ny fiainana izany, dia ilainany manao ny marina sy milaza ny tena izy mifanaraka amin' ny toe- java- mitranga. Raha misy fahadisoana ataon' ny olona iray dia ahitsy sy atoro izy, fa tsy jerena fotsiny amin' izao. Ny olona manana toetra tahaka izany dia heverin' ny Ntaolo fa mpamindra aina ka mendrika halain- tahaka. Rehefa atoro araka ny tokony ho izy tokoa mantsy ny olona iray, dia inoana sy antenaina fa tsy hanavao foana izy ary hizotra an- tsakany sy an- davany izay zavatra ampanaovina azy sady hitera- boka- tsoa betsaka na eo aminy na eo amin' ny manodidina azy

FEHINY

Novelabelarina tato amin' ity toko voalohany ity fa zava- *tsarobidy* eo amin' ny olombelona ny **AINA** . Karazan- kery manjohy antsika hatrany izy io raha mbola velona koa isika. Izy io izany no *fototry ny fahavelomana* , ary tsy misy fanindroany izy fa *tokana* ihany no *nomen' Andriamanitra* ny olona tsirairay avy.

Zava- tsaro- pady sy mila fitandremana fatratra izany ity AINA ity amin' ny maha- tokana azy. Amin' ny maha- karazan- kery azy ihany koa dia mety hihena sy ho ritra ary ho lany mihitsy aza izy io. Ny tena atahorana anefa dia izy tsy maharitra, satria nampisamborin' ilay Nahary fotsiny, fa tsy hoe fony ho antsika tanteraka. Noho izany, nitady hevitra ny Ntaolo ny tsy hahafongana sy tsy hahafongotra azy io hatramin' ny fotony, ka ny fomba hitany dia ny famindrana sy fanohizana azy amin' ny alalan' ny fanambadiana sy fakana taranaka fara aman- dimby.

Izany fiheverana rehetra mikasika ny aina izany dia misy fiantraikany amin' ny hetsika sy ny fitondran- tenan' ny isam- batan' olona mba hiatrehany am- pitoniana sy am- pilaminana ny fiainana. Ny firosoana amin' ny famahavahana ny toko faharoa no ahazoa- mamakafaka ny mombamomba izany.

Toko 2 – NY TOETRA NANANAN ' NY NTAOLO VOKATR ' IZANY FIHEVERANA IZANY

⁵⁸ **RANDRIAMIADANARIVO** , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak. 5

Tsy azo lavina tokoa izany fa ny **OHABOLANA** dia **fanoharana mifototra indrindra amin' ny zava- misy** hita ao anaty fiainam- piarahamonina ao. Avy amin' izany no nahazoa- milaza, teo amin' ny famahavahana teo aloha, fa **zava- tsarobidy** tokoa ny **AINA** teo amin' ny Ntaolo, ary **mihelina** ihany sy **manam- petra** izy io . Avy amin' izany fiheverana ny amin' ny aina izany no toa nanefy ihany koa ny toetran' izy ireo ka nentiny niaina am- pilaminana sy am- pahavitrihana tanteraka , nandritra izay fe- potoana nomen' Andriamanitra niainany.

Amin' ny maha- zava- tsy manam- paharoa ity **AINA** ity dia **nahasarotiny ny Ntaolo tokoa izy io** , ka nahatonga azy **ho malina hatrany amin' izay atao sy hitsinjo ny any aoriana** . Ny mikasika indrindra ireo toetra nananan' ny Ntaolo ireo no hovalabelarina manaraka eto .

2.1 - NAHASAROTINY NY NTAOLO NY AINY :

Amin' ny maha tokana ny aina, dia tsy ananam- piry izy izany. Tahaka ny zavatra iray na fananana iray tsy manam- paharoa eo am- pelatanan' ny olona izany io aina io ka **mahasaro - p iaro sy maha- te hihazona ary maha- te hamikitra hatrany** . Ireo toetra telo teraka noho ny fiheverana ny amin' ny aina ireo no hovahavahana misesy eto .

2.1.1 - Mamy ny miaina teo amin' ny Ntaolo : « Mamy ny miaina », hoy ny Ntaolo ; ary mbola ampiany hoe Raha ho faty aho matesa Rahavana ; raha ho faty Rahavana, matesa ny omby ao am- bala » .

Ireo ohabolana ireo dia manasongadina zavatra roa loha amintsika : ny fanoharana ny fiainana ho toy ny zava- mamy, sy ny fahafatesana ho toy ny zava- mangidy sy mafaitra . Raha misy tokoa mantsy fotoana ahazoana maneho ny safidy eo anoloan' ireo zavatra roa ireo dia heverina fa adala izay hifidy ilay mangidy sy mafaitra ary mangeroka . Ny zava- mamy tokoa mantsy no ahazoana mankafy ny tsirony sy ny fitadiavana hevitra ny tsy hahalany azy haingana . Ny fahitan' i **VEYRIERES (P)** izany no nahatonga azy nilaza fa «*Ao anatin' ny ohabolana ao dia ahitana betsaka fahaiza- mihevitra sy fahaiza- mijery feno fandalinana sy fandanjalanjana , ka tsy ambony latabatra velively izany na fikatsahana ny marina amin' ny fomba tsy fantatra sy tsy azo tsapain- tanana , fa ilay mahakasika ny andavanandrom- piainan' ny olona mihitsy*».⁵⁹

Jereo anie itony fahaizan' ny Ntaolo maneho hevitra itony e !

2.1.1.1. - « Aleo maty rahampitso toy izay maty anio » :

Teo amin' ny Ntaolo izany, raha mbola azony atao ny misafidy dia aleony aloha mbola ho velona anio tontolo, fa izay alehany rahampitso sy any aoriana any tsy mbola hay. Faniriana ihany anefa izany sady fikasana .

Tsy ho to sy ho tanteraka anefa izany faniriany haharitra sy hivelona elaela kokoa

⁵⁹ VEYRIERES (P.) , *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit. , p.6 : « Les proverbes contiennent beaucoup de philosophie, non point une philosophie spéculative, ni une recherche abstraite de la vérité, mais une philosophie de chaque jour ».

izany raha tsy hainy aloha voalohany indrindra ny manaja io fototry ny fahavelomany io, manaraka izany ny fahalalana sy fahafehezana ny zava- misy eo amin' ny tontolo manodidina, ary farany ny fahaizana miaina ao anatin'ny ao . Ny fangatahana tombon' andro iainana hatrany izany no fanirian' ny olona, ka mahatonga azy ho sarotiny mafy amin' ity aina ity.

2.1.1.2. - « Hangidy lavitry ny faty, ho mamy tian' ny vola » :

Zava- mafy sy mangidy teo amin' ny Ntaolo sy eo amin' ny velona miara- miaina izany fisarahana ara- nofo izany, hany ka mitandrina hatrany izy amin' izay rehetra nataony mba hahaela velona azy. Ary tsy vitan' izany ihany fa niriny hanalavitra azy Rafahafatesana (*amin' ny maha- mpanazakazaka ny velona azy io*), fa ny hanatona sy hitangorona aminy kosa rehefa mivelona sy mitady ary mihary izy dia ny harena sy ny fananana . Nahatsapa izany fomba fisainana izany **RANDRIAMIADANARIVO** ka nilaza fa « *nirina fatratra ny ho fotsy volo itoeran' ny fahendrena* ». ⁶⁰

Ny ohabolana tahaka itony izany no nentin' ny Ntaolo naneho ny fomba fijeriny ny amin' ity fiainana an- tany ity. Fantany fa fandalovana ny eto, ka ezahiny ny hanao ny tsara sy ny hitandro ny lamina misy mba hampirindra ny fiainany sy hampitombo misimisy kokoa ny andro iainany.

Ilaina dia ilaina tokoa eto izany ny fahaiza- mamantatra sy mifehy ny tontolo manodidina ny tena mba hahazoana manatsoaka sy misintona hevitra hoenti- mampivoatra sy manatsara hatrany ny fiainan' ny isam- batan' olona sy ny fiainam- piarahamonina .

Rehefa mahatsapa tena fa salama tsara izany ny Ntaolo, ka misosa tsy misy sakantsakana ny fiainany, ary mahatsiaro sambatra sy finaritra izy, izany hoe mahazo fy sy mahita ny tsirony ; dia sahiny tsy amim- pihambahambana ny milaza amin' ny manodidina azy fa tena mamy tokoa ny miaina .

2.1.2 - Mifikitra hatrany amin' ny aina ny Ntaolo :

« **Adala nomen- tanan' ondry** » tokoa ny Ntaolo « **ka na soloana hofany aza tsy tia** ». Izany no entina anoharana ny fomba fiheveran' ny Ntaolo ny amin' ny aina manoloana ny fiheverana vaovao nentin' ny vahiny, dia ny fivavahana « kiristianina » izany.

Ny fivavahana « kiristianina » tokoa mantsy dia mametraka sy milaza fa fandalovana ihany ny ety fa ny fanomanana sy fibanjinana ilay fiainana any ankoatra no tokony himasoana . Niezaka nanazava sy nandresy lahatra ny Ntaolo tamin' izany izy ireo ary nitady izay fomba rehetra mba hahazoana ny fo amam- panahiny.

Tsy nety niova tamin' ny fomba fiheviny sy fomba fijeriny anefa eto ny Ntaolo araka ny nanehoan' ny ohabolana azy. Izay tokoa angaha no maha-adala azy. Ny anamarinana azy fotsiny dia ny fanambaran' i VEYRIERES fa « Ny ohabolana dia maneho fomba fisainana amam- piheverana marina sy hentitra nananan' ny faritra nipoirany, talohan' ny nitondran' ny avy any ivelany fomba fijery hafa » . ⁶¹

⁶⁰ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit., tak.30

Nanana ny fomba fiheverany ny amin' ity fiainana ity izany ny Ntaolo talohan' ny nidiran' ny finoana « kiristianina » teto amintsika . Koa , tsy mahagaga raha tsy laitra nahifika tamin' ny heviny izy ireo ka nankamamy sy nifikitra hatrany amin' ity aina ity. Diniho anie itony ohabolany itony e !

2.1.2.1. - « Aleo mandroso ho faty, toy izay miverin- ko may » :

Mbola ampiany ihany izany fombam- pitenenana izany amin' ny hoe : « *Tongotra mby andakana, ka ny miroso no mety* ». Teo amin' ny Ntaolo, tsy misy tsara ohatra ny miroso hatrany eo amin' ny fiatrehana ny fiainana . Tsy mety aminy izany « *mitranga mihemotra toa lelona- jaza* » izany. Nataony masaka tao an- tsaina fa ny olona dia tsy maintsy atrehana sy vahana, ary tsy azo atao ny miamboho fahavalo .

Eto izany dia napetraky ny Ntaolo mazava tsara fa na inon- kidona, na inon- kihatra ; dia ny miroso ihany no mety ; izany hoe atrehana ny fiainana, tandrovina ny lamim-piarahamonina, apetraka ny tanjon- kitodiana .

Ny **fahavononana** sy ny **fahasahiana** ary ny **finiavana** izany no tena hery lehibe hoenti- manatsara sy mampivoatra kokoa ny fiainana teo amin' ny Ntaolo . « *Tsy misy mangidy tsy andramana* », hoy izy ireo ; ka ny tsara sy mety indrindra dia ny fanatsarana hatrany izay eo ampelatanana .

2.1.2.2 - « Vikina alina : aleo tafahoatra toy izay latsaka » :

Tsy io ihany anefa ny mbola nentin' ny Ntaolo naneho ny fankafizany ny miaina fa nampiany hoe : « *Ny alina tsy mba namana* ».

Rehefa alina tokoa mantsy ny andro dia manahirankirana ny olona ny manatontosa hetsika na asa iray. Efa nalahatr' Andriamanitra mantsy fa ny andro mazava no atokana iasana sy anaovana ny asa fivelomana . Koa, raha sendra tratra alina ny olona iray (*noho ny antony maro samihafa*), dia mahatsiaro tena ho sahirana na eo amin' ny lafiny famindra, na fihetsika, na fanatontosana asa . Vao mainka moa fa ratsy ny lalana, izay vao tena tojo fahasahiranana maro : mitsapatsapa, maminavina, mamikitra atsy sy aroa . Izany hetsika rehetra izany dia mba ho fitsimbinana ny ainy avokoa . Fa ny tena mampanahy dia raha sanatria an' izany ka misy tatatra na hantsana tsy maintsy iampitana .

Eto àry dia asehon' ny Ntaolo fa raha sendra toe- javatra tahaka izany eo amin' ny fiainana dia tsy misy tsara ohatra ny tafatsambikina lavitra ihany. Aleo izany mihoatra toy izay tsy ampy, na ihany koa hoe : aleo mahery toy izay latsaka .

Izany hetsika izany no natao dia mitory fankafizana sy fikifirana hatrany amin' ny aina . Sao mantsy dia latsaka na tsy tafita ka mety hisy fiantraikany amin' ny ain- dehibe na hanohintohina azy.

Zary lasa toetra raikitra teo amin' ny Ntaolo izany ny **fankamamiana** sy **fifikirana** amin' ity aina ity ka tena tsy nahazo aina mihitsy izy amin' ny fotoana ahavelomany raha

⁶¹ VEYRIERES , *Le livre de la sagesse malgache* , op.cit. , p.7 : « Ils(les proverbes)manifestent la mentalité authentique,telle qu'elle était avant les apports venus de l'étranger ».

tsy maneho izany amin' ny alalan' ny hetsika sy fomba fiteny. Nohamarininy tamin' ny alalan' ny ohabolana izany, izay novahavahana tetsy ambony, ary mbola ampiany hoe : « Ny maty no resy, fa ny velona manao tondra- dro » sy ny hoe : « Raha zaza no tsy hilalao, meteza malaky ho tanora ; raha tanora no tsy ho jejo, meteza malaky ho antitra ; ary raha antitra no tsy hampiady karajia, modia malaky ho razana ».

Tsy ny mpiangaly ohabolana ihany anefa no naneho **izany maha mamy ny aina** izany, fa teo ihany koa ireo mpandinika sy mpandalina ny fomba amam- panao sy amam- piheverana ny fiarahamonina . Nambaran- d **RANDRIAMIADANARIVO** àry fa « Ny faniriana te ho ela velona dia toetra nahariana , fa izay sendra tola tamin' ny adim- piainana foana no resy tsy miady ka te handositra avy hatrany ».⁶²

Fatra- mpifikitra amin' ny aina izany ny Ntaolo, ka rehefa misy fomba ahazoany maneho izany na fotoana inona io na toerana aiza ; dia tsy misalasala izy maneho sy manaporofa izany amin' ny mpiara- belona aminy.

2.1.3 .- Arovany fatratra io aina io :

Tahaka ny zava- tsarobidy rehetra , sy amin' ny maha tsy ananam- piry ny aina dia nahasarotiny sy nahasaro- piaro tokoa ny Ntaolo izy io. Niezaka fatratra izy amin' izay rehetra nataony ny hiaro azy io. Hoy indrindra izy :

2.1.3.1 - « Aza mitoto vary an- trano fohy loha » :

Ny asa aman- draharaha rehetra , teo amin' ny Ntaolo, dia any ivelan' ny trano daholo ny fanaovana sy fanatontosana azy (*ohat ra : mikapa kitay, mitoto vary*). Eto anefa dia maneho ny ohabolana fa misy ny olona sasany no mitoto vary an- trano. Koa , raha tena tsy afa- manaoatra amin' izany toe- javatra izany dia mametraka mazava ny Ntaolo fa tsara raha ialana ny trano fohy loha na ny trano iva .

Raha iva mantsy ny trano, nefa ianao ao anatin' ao no mitoto vary ; dia ahiana ny hahavoadona ny tafon- trano ka mety hampianjera izany, na ny trano iray manontolo mihitsy aza . Amin' izay, ny fananana efa nandaniana vola aman- karena sy nikelezana aina, simba ; ary ny tena, mety ho tootra sy haratra, na ho faty ao anatin' ao mihitsy aza .

Arovany mafy izany eto ny aina sao dia ho voatohintohina amin' ireo asa aman- draharaha izay ampiasana azy andavanandro, ka mety handaitra sy hanimba azy amin' ny tsy fahaiza- mitandrina kely fotsiny.

2.1.3.2 - « Raha sarotim- panina, aza mihanika an- davarangana » :

Eny amin' ny rihana, izay toerana somary avo kokoa, no ahitana ny lavarangana . Eny no fitazantazanana sy fijerijerena ny mpandalo eo an- drefan- trano ary ny hakanton' ny tontolo manodidina . Toerana fanantonana sy fitehirizana ireo masomboly ho amin' ny taom- pambolena manaraka ihany koa izy io (*ohatra : katsaka, apemba, voamadinika isan- karazany*).

Samy afaka manatontosa hetsika sy asa eny an- davarangana eny daholo ny sokajin'

⁶² RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak. 31

olona ao an- tokantrano ao (*na kely izany na lehibe, na antitra na tanora, na lahy na vavy*). Amin' izy ireo anefa dia misy ihany ny manana toe- pahasalamana miavaka amin' ny hafa .

Ambaran' ny ohabolana àry eto fa ny olona sarotim- panina, izany hoe : ireo izay vao miakatra toerana avoavo dia badenina na fanina avy hatrany dia tsy tokony hilingilingy eny an- davarangana eny.

Amin' ny Ntaolo, ahiany ny hahapotraka aty ambany ny olona tahaka izany ny toe- pahasalamany ka na izy haratra na hotorana, na ho faty mihitsy aza vokatr' izay fianjerany izay. Fomba entiny miaro ny aina daholo izany mba tsy ho simbasimba foana amin' ny tsy fahaiza- mihevitra tsara .

Na inona izany na inona asa aman- draharaha ataon' ny Ntaolo (na aiza io na aiza), ny hetsika hoentiny manatanteraka izany dia mitory fiarovana sy fitsimbinana ny AINY foana . Arovany hatrany izy io sady tandrovan' fatratra sao dia haratra ka hiteraka ny fihenany na ny faharitrany sy ny fahataperany mihitsy aza . Tsy mitsahatra ny manoro hevitra ny mpiara- belona aminy izy amin' izany sao dia ahitan- doza . Nohamafisin - dRANDRIAMIADANARIVO izany amin' ny hoe « Ary na kely na lehibe dia samy natoro sy nahitsy mba hitandrina ny fiainany ».⁶³ ***Tsy misorona mihitsy ny Ntaolo nanitsy sy nanabe ary nitaiza ireo taranany mba hahay hitandrina ny tenany sy hiaro ny ainy. Izany no mbola nilazany fa « Raha sarotin- doiloy, aza mividy lohan- kisoa », sy « Aza kobonin- dava ny zaza fa tonga andairan' aretina » ary « Herezo ry mpanavotra aina, fa mirohona ny fahavalo mpanenjika ». Ny fahaiza- mitandrin- tena sy ny fahaiza- miaro ny aina anefa dia tsy vita moramora raha tsy eo foana ny fahamalinana .***

2.2 - MALINA HATRANY IZY AMIN' IZAY ATAONY :

« Ramalina aza, mifehy hazo tokana » hoy ny Ntaolo . Tsy ambaka izany ihany koa ny fomba amam- pihetsika nentiny nitsimbina ny ainy. Hita taratra izany na ***amin' ny alalan' ny teny*** avoakan' ny vava, na ***ny fihetsika*** atao, ary ***hatramin' ny asa aman- draharaha*** tanterahana aza .

2.2.1 - Ny fahamalinana eo amin' ny fiteny :

Ny teny no fitaovana ahazoan' ny olona mifanerasera sy mifanakalo hevitra ary mampita ny hafatra tian- kambara . Tsy moramora anefa izany mifandray amin' ny manodidina ny tena izany fa mila fahaiza- mitondra- tena sy fahaiza- miara- monina ary indrindra indrindra ny fitandremana ny vava avoaka . Hoy indrindra àry ny Ntaolo ny amin' izany :

2.2.1.1 - « Vava ratsy tsy azo atao an- kavana » :

Tsy ny manana rà iraisana aminao ihany akory no atao hoe « havana », fa eo ihany koa ireo olona izay raisinao tahaka ny tenanao . Ny voalohany indrindra amin' izany dia ny

⁶³ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.7

mpiara- monina aminao .Eto àry ny ohabolana dia maneho fa izany havana izany dia tsy azo anaovana vava ratsy, izany hoe : tsy azo itenitenenana foana, tsy azo anaovana vava tsy ambina, tsy azo itenenan- dratsy na ompaina, ary tsy azo ozonina . Izany ihany koa no mbola nitenenan' ny Ntaolo hoe : « **Ny vava tsy ambina no ahitan- doza** ».

Mitera- pahavoazana eo amin' ny fifandraisan' ny olona iray amin' ny olona hafa manodidina azy izany ny tsy fahamalinany kely fotsiny amin' izay vava avoakany, ka na tapaka ilay fifandraisana misy, na ady sy fifamonoana no iafarany. Ny *fahaiza- manaja olona* sy *manome voninahitra* azy amin' ny alalan' ny teny izay ifandraisana aminy no hetsika tsara indrindra mitory fahamalinana amin' ny atao . Amin' izay sady tsy simba ny fifandraisana no tsy voatohintohina ny amin' ny ain' ireo mpiara- monina . Tsy izany ihany anefa no nentiny naneho ny fahamalinany amin' izay vava avoaka fa mbola nampiany amin' ny hoe :

2.2.1.2. - « **Vava soa : sakafo ; teny ratsy : adidy** » :

Samy tompon' andraikitra amin' izay teny aloaky ny vavany ny olona tsirairay avy. Izany ihany koa no mbola nahatonga ny Ntaolo niteny hoe : « **Avadibadiho impito ny lela vao miteny** ».Mba hisorohana ny mety ho voka- dratsin' ilay teny avoaka amin' ny hafa no anton' izany rehetra izany. Raha tsara izany ny teny avoakan' ny vavanao, dia sady manome vahana anao amin' izay toeranao eo amin' ny fiarahamonina izany, no mamelona ihany koa ny fifandraisana ao anatin' ao ; fa raha tsy voatandrina sy tsy amim-piheverana kosa ny vava avoaka, dia sady manimba ny ho avinao izany, no mandrava ihany koa ny fifandraisanao amin' ny manodidina anao .

Teo amin' ny Ntaolo izany, tsy tenitenenina fotsiny io teny avoakan' ny vava io, fa efa voasaina sy voadinika ary voahevitra tsara, izay vao aloaky ny vava . Ny hitsinjovana ny lamim- piarahamonina tsy hikorontana sy ny tsy hahatonga any amin' ny ady sy ny fisaritahana no anton' izany. Raha vao tsy maliina tsara izany amin' izay teny aloaky ny vava dia mety ho voatohintohina hatramin' ny aina .

Tsara izany raha atao mifanentana tsara amin' ny zavatra tian- kambara sy ny olona itenenana ny fitenenana atao aminy. Izany ihany koa no nahatonga ny mpandinika tahaka an- d **RANDRIAMIADANARIVO** nanambara fa «*Koa raha mbola kely sahady ny Ntaolo, dia efa nahay nampiasa ny teniny hanao resaka mifandimby sy misy lanjany*» .⁶⁴

Mila saintsainina tsara izany aloha ny tian- kambara, dinihina sy lanjalandina avy eo, alaina ambony alaina ambany raha mendrika ambara ilay itenenana ; ary tenenina ampanajana sy am- pahendrena mba tsy handratra ny hafa . Raha mbola azo atao dia sorohina hatrany ny fitenitenenana foana ao anaty fiarahamonina ao . Hamarinin-d **RANDRIAMIADANARIVO** ihany izany amin' ny hoe : «*Tsy mba hita taminy izany hoe hiteniteny foana, ka hanao teny tsy tsaroana . Tena hendry izy*». ⁶⁵

Mila malina hatrany izany ny tsirairay eo amin' izay fitenenana atao amin' ny hafa. Tsy ampy ho amin' ny fahaiza- miara- monina anefa izany, fa mbola eo ihany

⁶⁴ **RANDRIAMIADANARIVO** , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.15

⁶⁵ **RANDRIAMIADANARIVO** , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.15

koa ny fihetsika takina ho amin' izany.

2.2.2 - Ny fahamalinana amin' ny fihetsika :

Raha hiditra sy hifanerasera ary hiaina ao anatina sehatra iray, ny mila tandremana voalohany indrindra dia ny ***toetra amam- pihetsika aseho*** . Mety hiteraka fanafintohinana ho an' ny hafa mantsy ny fihetsika kely tsy voatandrina tsara . Tsapan' ny Ntaolo izany ka hoy indrindra izy :

2.2.2.1- « Ambivitra aina ohatra ilay mitety hantsana »:

Eo amin' ny fiainana dia tsy ilaozan- java- manahirana sy mety hahavery hevitra mihitsy aza . Eto àry ity ohabolana ity dia maneho fa misy olona iray sahy mitety hantsana . Izany hantsana izany, araka ny fombam- pitenenana dia « ***tsirihi- mahafanina, ianjera - m ahafaty*** ». Koa raha misy olona sahy manao hetsika tahaka izany dia inoana fa ho sahirana ihany vao ho tonga amin' izay toeran- kitodiana, fa na tera- tsemboka am-pitetezana, na savilaina am- panaovana kinarinarina, na ihany koa manditsaka am-pijoroana, ary ny tena ahiana aza dia ny ho fanina sy ho tsy avy miaina mihitsy.

Teo amin' ny Ntaolo izany, rehefa misy toe- java- mitranga eo amin' ny fiainana ka hitany fa manakantsakana ny fizotry ny fiainany, indrindra moa fa tena manahirana azy ny mitady vaha olana ho amin' izany, dia ambarany fa « ***ambivitra ny aina na hatenda ny aina*** ». Mila fahamalinana tsara izany vao mety ho voavaha, ka tsy maintsy sainina tsara izay paikady hamahana ny olana : alaina ambony, alaina ambany, izay vao tapahina ny hevitra ; sao dia tonga amin' ny hoe « ***hiroso ho faty raibe, hihemotra ho faty renibe*** ».

Mba tsy hanelingelina ny hafa sy tsy hahasaro- pisainana ny hafa izany, dia fantarina tsara ny fihetsika atao sy aseho. Izany no atao dia sady fitsinjovana ny ain' ny tena, no fitandremana ihany koa ny fifandraisana amin' ny hafa izay mety hisy fiantraikany amin' ny fizotran' ny fiainana . Tsy izany ihany anefa no ilaina,fa mbola misy hafa ihany koa .

2.2.2.2 - “ Be no milaza ho tia, fa ny mahafoy aina no fanambonim- pitiavana “ :

Ity ohabolana ity eto dia maneho fa ao anatin' ny fiarahamonina ao dia maro ireo olona te hifandray sy te hifanerasera ary te hifanatona aminao. Tsy izay rehetra maneho izany hetsika izany akory dia raisina ho tia anao daholo, fa ny tena azo antoka sy azo itokiana dia ilay olona manao ny ainy tsy ho zavatra mba hanomezana fahafaham- po anao . Ao amin' ny fiarahamonina ao izany , voalohany indrindra aloha dia mila fahaiza-mifanerasera ; faharoa manaraka izay amin' ny fahaizana maneho hetsika manoloana ny toe- java- misy ary farany ny fahaiza- manao fantina izay mety ho mariky ny fahaiza-mitondra tena .Tena tsapany sy fantatry ny Ntaolo izany, ka mbola nitenenany hoe : « ***Izay mahavangivangy tian- kavana*** » sy « ***Ny havan- tiana tsy iaraha- monina*** » ary « ***Ny havan - t iana tsy mahalavi- tany*** ».

Mba hahatsapan' ny manodidina anao fa manam- pitiavana azy izany ianao dia ny ***fahaiza- mitandrina*** eo amin' ny hetsika izay atao sy ny ***fahaiza- mandanjalanja*** izay fanapahan- kevitra tsara ho raisina no ahazoana manaporofa izany fanehoam- pitiavana

izany. Teo amin' ny Ntaolo izany dia tsy natao ho fieboeboana sy fisehosehoana fotsiny ny hetsika atao amin' ny tontolo manodidina azy, fa natao indrindra **ho mariky ny fitiavana azy** sy **fitsinjovana ny amin' ny tena** . Amin' izay dia ho hainy tsara ny mitsinjo ny fiainan' ny manodidina azy, sy ny mitandro ihany koa ny azy tsy ho voahelingelina .

Mila mitandrana hatrany ny fihetsiny izany ny olona tsirairay avy mba hitandroany ny ainy aloha, ary mba tsy hanakorontanany sy tsy hanelingelenany ny lamim- piaraha-miaina amin' ireo manodidina azy. Tsy hisosa sy tsy hirindra mihitsy izany ny fiainana raha tsy malina hatrany ny rehetra amin' izay hetsika sy fihetsika aseho sy atao amin' ny hafa . Manamarina izany RAMAROLAHY raha milaza fa « Tsapany fa ny fahamalinan' ny olona tsirairay avy no antoky ny fatezam- piainana ».⁶⁶

Mariky ny fanehoam- pitiavana amin' ny hafa izany ny fahaiza- mifantina ny hetsika sy fihetsika izay aseho azy. Mitaky fahamalinana hatrany anefa izany, ka tsy ny fihetsika ihany no mila atao tsara fantina fa eo ihany koa ny fahaiza- mifantina ny asa atao.

2.2.3 - Ny fahamalinana eo amin' ny asa atao :

« **Vavolombelon' ny asa ny bainga voavadika** », hoy ny Ntaolo . Koa, mba hahazoa-milaza fa mahay mitsimbina ny ainy sy ny an' ny hafa ny Ntaolo, dia tsy maintsy tsaraina amin' izay asa ataony andavanandro izy izany.

2.2.3.1 – “ Ny soa atao levenam- bola,fa ny ratsy atao loza mihantona “ :

Miezaka miasa sy manao izay vitany hatrany ny olona eo amin' ny fiainana andavanandrony. Tsy mikely soroka izy amin' izany ny manasoa ny manodidina azy. Koa , tsy izay asa rehetra hita akory dia atao sy irotsahana avy hatrany fa mila fahaiza-mifantina izy ireny.

Teo amin' ny Ntaolo izany, ny asa tsara atao dia ny asa am- pahamarinana, tsy misy fanambakana, ary ara- drariny tsara . Ireo asa izay mitera- bokatsoa ho anao izay manao azy sy ho an' izay mampiasa anao no tsara atao. Amin' izay dia « **Tahaka ny tery omby ririnina** » ilay asa fitadiavana « **ka atao izay tsy hahabotry ny zanany sy tsy hahafaty ny**

reniny ».

Ny tanjona amin' izay dia samy ho voatsinjo ny fiainan' ilay mpiasa sy ny an' ilay mpampiasa . Rehefa tsara fiasa tokoa mantsy ny olona iray dia ametrahan' ny mpampiasa azy fitokisana, ary ny mpampiasa mahay mitondra mpiasa dia hajain' ny olom- peheziny sy omeny voninahitra hatrany.

Tsy misy ohatra ny fanaovana ny marina sy ny ara- drariny ihany izany no antoky ny fandehanan' ny asa aman- draharaha izay iveloman' ny tsirairay. lalana tanteraka ny fitiavan- tena sy ny toe- tsaina tia kely, satria sady sakana ho amin' ny fampandrosoana ny faritra izany, no fanetriben' ny fiarahamonina, ka mety hiteraka korontana sy disadisa ary adilahy. Nambaran- d **RANDRIAMIADANARIVO** tokoa àry fa « **Ny fitiavan- tena àry no vato lehibe tsy maintsy hopotehina izao fa misakan- dalana ny fandrosoana** ».⁶⁷

⁶⁶ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op. cit. , tak.131

Niezaka ny **nanatsara** hatrany ny fiainany sy **nanasoa** ny manodidina azy izany **ny Ntaolo** teo amin' ny fiainany andavanandro. **Nitandrina hatrany izy** izany tamin' izay asa nataony sao dia haningotsingotra ny hafa sy ny tenany. Izany no nampiezaka azy hanao ny soa sy ny tsara hatrany mba tsy ho ratsy laza eo amin' ny tany ama- monina izy sy ny taranany, ka ho tapi- dalan- kaleha eo amin' ny asa fivelomana izay hamelomana ny tena sy hanohanana ny aina . Hamafisin' ny Ntaolo ihany izany amin' ny hoe :

2.2.3.2 - « Tanora ratsy fihary ka antitra vao ratsy laoka » :

Matoa miasa sy mihary ny olona iray dia mba hivelomany sy hitsimbinany ny ainy. Ny tanjony izany amin' ny asa izay ataony dia ny hahazo vokatry tsara sy misimisy kokoa . Amin' izay dia sady azo antoka ny fizotry ny fiainana, no voatohantohana ny aina ka mba haharitra elaela kokoa .

Eto àry ity ohabolana ity dia maneho fa raha tsy mahay mifidy ny asa ataony ny olona iray, sady tsy mahay manangona sy mitsinjo ny any aoriana ; dia ho sahirana ara-pivelomana amin' ny fotoanan' ny fahanterana izay fotoana efa tsy dia ananana hery iasana firy intsony izy.

Ilaina izany eo amin' ny fiainana ny fifantenana ny asa atao izay mifanaraka amin' ny fahaiza- manao ananana, ary tsy izany ihany fa ilaina ihany koa ny fahaiza- mihary sy manangona mba hampandeha sy hampirindra ny fiainana rehefa tonga ny fotoana tsy ahafahana miasa firy intsony .

Ny Ntaolo izany dia tsy nipetrapetra- potsiny amin' izao eo amin' ny andavanandrom-piainany, fa niezaka namelona ny tenany sy izay olona sahaniny aloha, ary nanatsara sy nampitombo ny vokatry azo avy amin' izany asa fivelomany izany tamin' ny alalan' ny fahaiza- mifantina ny asa mety sy sahaza azy. « **Ny zavatra tsy hay tokoa mantsy tsy azo ibitabitahana** » ary atao « **Mason- tsokina ny asa fitadiavana ka izay kely ananana no ahiratra** ».

Ilana fahamalinana hatrany izany ny fiatrehana ny fiainana teo amin' ny Ntaolo . Koa na ny hetsika ataony eo anivon' ny mpiara- belona aminy, na ny teny entiny mifandray amin' ny hafa, eny hatramin' ny fivelomany andavanandro dia samy ilana fitandremana avokoa mba tsy haningotra ny fizotry ny fiainan' ny tena sy mba tsy hanohintohina ny an' ny hafa . Tsy ny Ntaolo ihany anefa no nahatsapa izany fa ny mpandinika taty aoriana ihany koa dia nanamarika tsara izany tamin' ireo voka-pandinihana navoakany. Nambaran- d RAMAROLAHY àry fa « Tsapany fa ny fahamalinan' ny olona tsirairay avy no antoky ny fetezam- piainana »⁶⁸ sady mbola nampian- d RANDRIAMIADANARIVO fa « Ny fahamalinana no noheverin' ny Ntaolo ho fanefitry ny marina, ary ny nenina no atao hoe : rano raraka tsy azo raofina ».⁶⁹

Mba tsy hisian' ny fanenenana amin' izay atao, sy mba tsy hahapotika ny

⁶⁷ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.41

⁶⁸ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.131

⁶⁹ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. , tak.131

fetezan' ny fiainana izany dia tsara ny mitandrana sy malina hatrany mandritry ny andavandrom- piainana sy amin' ny andraikitra sahanin' ny tena . Ho fitsinjovana ny firindran' ny fiainana any aoriana no kinendry amin' izany.

2.3 - MITSINJO HATRANY NY HO AVY NY NTAOLO :

Araka ny famahavahana hita teo aloha, dia nanana ny fiheverany manokana an' ity **AINA** ity ny Ntaolo : **zava- tsarobidy** izy io, ary **tsy maharitra** sy **manam- petra** . Ny fahatsapany an' izany no nahatonga azy ireo hitsinjo hatrany ny any aoriana . Azo tarafina amin' ny **fahaizana mandanjalanja** sy **fiezahana hiala nenina** ary ny **fitsinjovana hatrany izay ho an' ny taranaka** izany.

2.3.1 - Mandanjalanja hatrany ny ataony izy :

Na teo amin' ny fiainam- piarahamonina, na teo amin' ny andavanandrom-piainan' ny Ntaolo dia tsy mba nahitan- javatra na toe- javatra nataotao foana tamin' izao ny fanatontosana azy, fa tsy maintsy nosainina sy noheverina fatratra tokoa . Izany no nahatonga azy niteny fa :

2.3.1.1 - « Ny kianja no tsy asian- dratsy : ny kilalao mbola ho ela »:

Amin' ny maha lalao ny lalao, dia ny fandraisana anjara sy ny fifampitaizana ary ny fifanakalozana fahaiza- manao no tena zava- dehibe. Eto moa ity ohabolana ity dia manambara fa ny olona manao fihetsika tsy amim- piheverana sy tsy amim- pisainana dia naman' ireo manampina ny lalan- kizorany sy mamono ihany koa ny tenany. Tsy vitan' ny hoe fotoana mihelina ihany akory no ilalaovana fa maharitra ela . Noho izany, raha mamely na mandona olona ianao eny ambony kianja, izany hoe manao kilalao ratsy ; dia tsy maintsy mbola itodiana' izay hetsika nataonao izay.

Izany tokoa no tonga amin' ny hoe : « **Ny ditra mora atao, fa ny vokany no tsy laitra** » , sy ny hoe « **Sangy mihoatra ny loha : tsy sangy intsony fa vonoan' olona** » ary ny hoe « **Ny teny toy ny salaka ka ny tompony ihany no afatony** ».

Koa mba hampisosa an- tsakany sy an- davany ny fiainana izany, mba hahamaro sampanana ny fomba hahazoa- manatsara sy mampivoatra azy ; dia ialana tanteraka mihitsy ny fanaovan- javatra tsy amim- piheverana sy tsy mitsinjo ny any aoriana . Lanjalandina hatrany izany na ny teny atao amin' ny hafa, na ny fihetsika aseho eo anivon' ny mpiara- belona, na ny asa aman- draharaha tontosaina eo anivon' ny fiarahamonina . Tsy misy afa- tsy ny fahaiza- mitandrana sy ny fahaiza- mamakafaka ary ny fahaizana maka fanapahan- kevitra no antoka ho amin' izany. Tsy nijanona tamin' izany ny fahitan' ny Ntaolo ny fiainan- ko aviny fa mbola nampiany hoe :

2.3.1.2 - « Fidio ny sazy amaizana, lanjao ny kapoka atao : ka alaviro ny fo misendaotra » :

Ny ankamaroan' ny ray aman- dreny, raha vao misy fahadisoana na zavatra tsy mety nataon' ny zanany (ohatra : diso ora fodiana , nivoaka ny trano tsy niera , naka na

nitondra zavatra tsy nisy fifanarahana , naneho fihetsika na toetra tsy mendrika imasom-bahoaka , manao rainazy ny fianarana); avy hatrany dia ny hibedy ilay zaza no mahamaika azy. Mipoitra amin' izay eo ireo karazan- tsazy sy karazam- pamaizana maro isan- karazany izao. Tsy fantatra sy tsy lanjalanjaina intsony na mifanaraka na tsia amin' ilay fahadisoana vita . Ny fo no lasa mibaiko amin' izany fa tsy ny saina intsony .

Mila tandremana sy halavirina fatratra anefa izany sao dia hiteraka voka- dratsiny eo amin' ilay zaza, na ara- batana io na ara- tsaina . Raha sanatria an' izany mantsy ka faritra saro- pady eo amin' ny zaza no voakapoka, na teny tsy zakan' ny sainy no nandevilevena azy ; dia mety hiteraka tsy fivelarany ara- tsaina sy ara- batana izany. Tsy iza anefa no handimby ny anaran- dray aman- dreny any aoriana any fa izy ireny ihany, ka mila tsijovina hatrany ny amin' ny ainy sy izay ho aviny rehetra .

Koa, raha te hanitsy sy hitaiza ny zaza izany ny ray aman- dreniny, dia tsy tsara loatra ny mampihatra sazy na famaizana aminy raha mbola mafana ny fo, na diso misendaotra loatra . Ilana fahaiza- mandanjanja sy mamakafaka tsara izany karazam- panitsiana izany mba hifandanja amin' ny hadisoana vita sy mba hizarana azy ho amin' izay fiainan- ko aviny.

Ny teny atao tsy amim- piheverana amin' ny olona iray, ny fihetsika ampiharina aminy tsy voalanjanja tsara dia tsy maintsy misy akony eo amin' ilay olona , ka na izany eo amin' ny lafiny ara- batana , na eo amin' ny lafiny ara- tsaina . Noho izany, tsy ny baikon' ny fo no henoina rehefa hanapa- kevitra fa ny baikon' ny saina . **Ilaina ny fifandefarana** , ilaina **ny fifampitsimbinana** ary ilaina **ny fifanakalozan- kevitra** raha tiana hizotra sy hirindra ny fiainam- piarahamonina . Ny fahatsapan' ny Ntaolo an' izany no mbola nahatonga azy niteny fa “ **Gehezo fandefarana ny fo raha tiana hanjaka miadana ny saina**”.

Teo amin' ny Ntaolo izany dia mila lanjalanjaina avokoa na ny teny avoakan' ny vava, na ny fihetsika atao. Izany no atao dia mba tsy hanohintohina ny fiainan' ny hafa, sy mba tsy haningotra ny an' ny tena ary mba hampirindra ny fiainam- piarahamonina . Tsy tazana teo aminy izany manao zavatra tsy voasaina sy tsy voadinika tsara izany, ary tsy hita soritra teo amin' ny toetra amam- pihetsika nentiny niara- niaina tamin' ny mpiara- belona aminy izany tsy fahaiza- manaja ny maha olona ny olona izany .

Nohamafisin' ANDRIAMIFIDY izany toe- tsain' ny Ntaolo feno fahamalinana sy fitandremana izany, ka hoy indrindra izy : “Mampiseho fahamalinana koa izy tamin' ny fiheveran- draharaha, ka tsy nety nanao an- kamehana foana”.⁷⁰

Teny na fihetsika efa voavolavola sy voadinika ary voalanjanja tsara izany no nentin' ny Ntaolo nifandray sy nifanerasera tamin' ny manodidina azy mba tsy hanakantsakana ny fivelaran' ilay olona ara- batana sy ara- tsaina . Tsy mbola ampy hoentiny mitsinjo ny fiainan- ko avy anefa izany, fa ilaina dia ilaina ihany koa ny fialana nenina amin' izay rehetra kasaina sy izay rehetra atao .

2.3.2 - Niala nenina hatrany izy :

⁷⁰ ANDRIAMIFIDY, “Riba taloha teto Imerina” , in “ *Mpanolo- tsaina* ”, lah.21 , Sept. 1909 , tak.52

“Ny nenina tsy aloha hananatra, fa aoriana handatsa”, hoy ny Ntaolo . Ny fahafantarany an’ izany no nahatonga azy ho tsy nety afa- po amin’ izay atao fa ny hikatsaka ny tsaratsara hatrany sy hanao izay fara takatry ny sainy. Jereo anie ny ambaran’ ity ohabolany ity e!

2.3.2.1 - “ Aleo mandroso ho faty, toy izay miverina ho may” :

Tsy misy natsipy tao anaty afo ka tsy nirehitra sy tsy may, na zavatra io, na biby, eny fa na olona aza . Eto àry ity ohabolana ity dia maneho fa misy afo mananontanona ao aorian’ ny olona iray. Avy eo alohany kosa misy lozabe mety haningotra ny ainy (*ohatra : rihana avobe, hantsambe, ranobe,...*). Raha izany no zava- mitranga dia tsy hisy mihitsy olona hiverina ho ao anaty afo hitsetsatsetsa sy ho kila forehitra ao, fa ny miroso miatrika izay hitranga eo aloha no ataony. Amin’ izay kosa izy dia tsy maintsy hiezaka hiaro sy hitandrina ny ainy mba tsy haratra na ho voasingotry ny loza ka ho latsaka . Izany no nahatonga an- d **RAHAJARIZAFY** nilaza fa “*Ny aina tsy ananam- piry, ka nataon’ ny razana fa ny mety dia ny mahafoy ny sisa rehetra hiarovana azy*” .⁷¹

Teo amin’ ny Ntaolo izany dia nezahiny ny niaro sy nitandrina io ainy io. Tsy mampaninona azy na tapaka aza ny tongony na ny tanany, na misy maratra ny vatabeny, na ihany koa voadona aza ny lohany, toy izay ny ainy no miala. Nitady hevitra hatrany izy ny hamahana ny olona sy sakantsakana eo alohany toy izay hiverin- dalana ao anatina toe- javatra iray izay efa fantatra fa hamotika tanteraka ny vatany izay fitoeran’ ny aina . Mbola notsindriny ihany koa fa :

2.3.2.2 - “ Aza mila loza toy ny akoho mikotrika atodi- mamba, ka mamelon- doza ho an’ ny tena” :

Ny biby mihinan- kena atahoran’ ny olona indrindra, raha ny hitany andavanandro dia ny voay sy ny mamba . Eto ity ohabolana ity dia maneho mazava tsara fa tsy mbola nifanehatra tamin’ ny loza sy ny atambo angamba ilay akoho ka nitady loza ho an’ ny tenany. Mba maro ihany mantsy ny atody azo kotrehina, fa ny azy kosa dia atodim- boay mihitsy no nokotrehiny. Ny tsy hainy angamba dia ny hoe : azo kotrehina daholo ve na atodina biby inona na inona ?

Dia tahaka izany koa isika olombelona izay ampitandreman’ ny Ntaolo mba tsy hanaonao foana . Tsy izay asa rehetra hita akory dia atao daholo na dia hampidi- kizo aza fa ilaina ny mamantatra sy mamakafaka tsara , na ny fomba rehetra hoenti- manatanteraka izany dia tanterahina avokoa fa ilaina ny mamaritra tsara hoe : iza no mahomby sy tsy manohintohina ny aina ary iza no mety hitera- doza ; na izay lala- mizotra rehetra akory dia aleha fa mila fantarina tsara izay azo antoka sy mitondra any amin’ ny dia, ary izay fandrampandrika sy mivily any amin’ ny tsy izy.

Ny fahatsapany ny toe- javatra tahaka izany no mbola nilazan- d **RAHAJARIZAFY** fa “*Nataony avokoa izay fara heriny koa aza ny hiaro ny aina amin’ ny fahavalo mpanimba*”

.72

⁷¹ RAHAJARIZAFY, *Filôzôfia Malagasy*, op.cit. , tak. 44

Fantatry ny Ntaolo tsara izany fa ***mila arovana*** sy ***tandremana*** ity ***AINA*** ity, ka na any am- pandehanana hanatontosana ny lahasany izy, na eo am- panaovana izany, dia ***miala nenina*** sy ***mikaroka hevitra hatrany*** ny amin' izay hahatontosany ny zavatra nampandraiketana azy. Ny tanjony amin' izany dia ny hikatsaka ny tsaratsara sy mety kokoa amin' izay atao, sy hitady izay hampahomby ny atao ka tsy hisy fiantraikany amin' ny ainy sy ny an' ny hafa .

Hita taratra tamin' ireny fombam- pitenenan' ny Ntaolo ireny izany fa nitady vahaolana hatrany izy nanoloana ireo toe- java- nitranga teo amin' ny fiainany, ka na hamoizany ny zavatra rehetra ananany aza izany olana izany dia tozoiny hatrany mba hiarovany ny ainy sy hialany nenina ho amin' ny fahombiazana . Tsy vitan' ny hoe fahaizana mitady vahaolana mahomby eo amin' ny olana mitranga, sy ny fandanjalanjana izay atao ihany akory, teo amin' ny Ntaolo, no nahafahany nitsinjo sy niaro ny ainy fa mbola nilaina ihany koa ny fanomanana izay hovantanin' ny taranaka fara aman- dimby.

2.3.1 - Mibanjina hatrany izay ho an' ny taranany izy :

Ny fiainan- dRaolombelona dia tahaka ny dian- tana ka banjinina ny any aloha, todihina ny lasa ary atrehana izay eo anoloana . Koa, rehefa fantatry ny Ntaolo fa tsy hateza io ainy io (*araka ny famelabelarana hita tao amin' ny fiheverana ny aina*), dia nitady hevitra ny hanohizana sy

hamindrana azy io any amin' ny taranany izy. Tsy sitrapon' izy ireny anefa ny ho tonga ety ambonin' ny tany ety fa vokatry ny hetahetan' ny ray aman- dreniny mba hanam- pandimby. Noho izany, tsy ateratera- potsiny amin' izao ireny taranaka ireny fa mba omanina mialoha na izay hovantaniny na izay ho fiainan- ko aviny. Jereo anie itony fahaizany mandinika ny zava- misy manodidina azy itony e !

2.3.1.1 - “ Fandriana mafana: mampahazo aina; fanirian- janaka: mampalazo aina ” :

Toe- java- marina izany ambaran' ny ohabolana izany, satria ny fandriana dia natao hakana hafanana sy hialana sasatra ary hakana aina ; ny faniriana mba hanan- taranaka vanona kosa dia tsy maintsy mitaky ezaka eo amin' ireo ray aman- dreniny na ny lafiny fahasalamana izany, na ny lafiny fanabeazana ho azy, eny hatramin' izay apetraka ho azy holovainy any aoriana . Amin' izay dia mety hihena sy ho reraka ny aina, satria avy niasa sy nanatontosana ny adidiny izy.

Asa miandry ny isam- batan' olona izany ny mitady izay fomba rehetra mba hahatsara sy hampandeha ary hampizotra ny fiainany. Tsy izany ihany anefa no miandry azy fa eo ihany koa ny fiomanany ho amin' ny fiainan- tokantranony sy ny ho fitsinjovana sahady izay ho an' ireo taranany any aoriana . Izany rehetra izany no nahatonga ny Ntaolo niezaka namolaka ny tontolo manodidina azy mba hisintonany lesona ho lovantaina ho an' ireo taranany. Tsy io ihany anefa no napetrany ho azy ireo fa ny vokatry ny hasasarany hatramin' izay fotoana nitadiavany sy nihariany izay (*ohatra: tany, trano,*

⁷² RAHAJARIZAFY , *Filôzôfia Malagasy* , op. cit. , tak. 51

fambolena, fiompiana, fiara...) .

Ny tena tsy nataon' ny Ntaolo ambanin- javatra izany dia ny **fahaizany nisava sahadry ny lalan- kizoran' ireo mpandimby azy** . “ **Ny tarana- boanjo tokoa mantsy foto- boanemba**” , ka raha nety sy tsara ny nataony dia ho tsara fototra ireo taranany. Navohitrana- d **RAHAJARIZAFY** izany amin' ny hoe :

“ Fa raha ny fitondran- tena , miankina aminy izany: ka matoky izy ary tsy azo nahodina fa raha nanao ny marina ihany koa dia tsy maintsy hahita ilay hamamiana tanteraka notadiaviny foana tamin' ny ivelan' ny rehetra”.⁷³

2.3.3.2 - “ Aza ny rano an- jinga no taperina, fa izay antonona ny aina sotroina ” :

Ity ohabolana ity eto dia maneho fa rehefa misotro rano ny olona iray, tsy izay rehetra natolotra azy akory dia natao holaniana avokoa, fa mba izay sahaza ny tena ihany no sotroina amin' izany. Tsy mariky ny fahalalam- pomba mantsy, teo amin' ny Ntaolo, ny fanaperana izay aroso ny tena eo; ary tsy mba fitsinjovana ihany koa izay mbola te hisotro manaraka anao. Sady ilay rano izay naroso ihany koa tsy hoe natao hosotroina daholo, fa mbola mety hisy ilana azy koa.

Fanampin' izany, ny rano ihany koa dia mariky ny fahavelomana⁷⁴ koa raha mila na mitady izany ny Ntaolo dia mba mahalala onona sy ny sahaza azy ihany. Akaiky mpitsara mantsy isika tsirairay avy, dia tsy iza izany fa ireo mpiara- miaina amintsika ireo ihany. Noho izany, tsy indray mandeha ihany no ilana ny zavatra iray eo amin' ny fiainana fa mbola misy ny ilana izany any aoriana any ; ary tsy ny tena irery ihany koa no mila sy mitady izany fa eo ihany koa ny hafa .

Ny Ntaolo izany dia **nahalala** sy **nahafantatra** ary **nahatsapa izay sahaza** azy manoloana ny zavatra na toe- javatra iray, **sady nahay nitsinjo** sy **nitsimbina** ihany koa **izay ho an' ny hafa sy izay any aoriana any** . Raha sanatria an' izany mantsy ka izay sakafo rehetra eo am- pelatanana, ohatra, dia atao indray mahandro sy indray mihinana daholo ; na izay vola rehetra azo na entina eny an- tanana dia taperina avokoa ; dia tsy maintsy hisy fiantraikany eo amin' ny fizotry ny fiainana izany aoriana kely. Mba hisorohana izany tsy hitranga dia ilaina ny mitandrina hatrany izay hetsika na asa atao, ary tsy atao ambanin- javatra ny fitsinjovana sy fibanjinana ny any aoriana . Hoy indrindra **RANDRIAMIADANARIVO** raha naneho izany : “Akaiky mpitsara ny miaina , koa izay tsy mitandrim- piainana dia voakapoka avy hatrany”.⁷⁵

FEHINY

Tsy ny ho an' ny tenany ihany izany no antony niasarany sy nifoforan' ny Ntaolo tamin' izay asa fivelomany isan' andro, fa ho an' ny taranany any aoriana ihany koa . Raha namorona ireny ohabolana ireny izany ny Ntaolo dia tsy ho an'ny

⁷³ RAHAJARIZAFY , *Filôzôfia Malagasy* , op. cit . ,tak. 113

⁷⁴ cf § « fiheverana ny amin' ny aina » :1.3- manampetra ny aina ;1.3.1 –Mety hihena ny aina

⁷⁵ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit . , tak. 5

tenany sy ny manodidina azy ihany, fa fitahirizana ihany koa ireo lovan- tsaina sy foto- pahendrena ary fahaiza- mitondra tena tiany hananan' ireo izay handimby azy any aoriana.

Tsinjoviny hatrany izany ny AINY ary asehony amin' ny alalan' ny fahamalinana hatrany ny fiarovana azy io. Tsy nikelezany aina ihany koa anefa ny fanomanany izay ho an- janany sy izay hovantanin' izy ireny any aoriana any. Izany tokoa no tonga amin' ny hoe : “Tsy misy ray aman- dreny manolo- bato mafana ny zanany ”.

Fihetsika feno fahamalinana sy fahaiza- mitondra tena izany no nentin' ny Ntaolo niaro sy nitsinjo ny ainy , ary ny hahomby hatrany teo amin' izany hetsika na asa nataony no nimasoany fatratra . Ilaina dia ilaina tokoa izany ny mitady paika sy tetika mba hampateza sy hampaharitra io AINA io, ka hahatontosana izany rehetra izany .

TOKO 3 : NY FOMBA NATAON ' NY NTAOLO MBA HAMPATEZA NY AINY

Amin' ny maha teny an' ohatra mifototra amin' ireo zava- misy ao anaty fiainam-piaramonina ny **ohabolana** dia niezaka hatrany ny Ntaolo **naneho ny fiheveranana ny amin' ny aina** tamin' ny alalan' izy ireny. Tsy izany ihany anefa, fa mbola tamin' ny alalan' ireny fombam- pitenenana ireny no nandraketany **ireo toetra amam- pihetsika ilaina mba hahazoa- mitsinjo sy mitsimbina ny AINA** , izay toetra toa lasa raiki- tampisaka teo amin' ny andavanandrom- piainan' ny olona . Tsy ireo ihany anefa no fonosin' ny ohabolana, fa azo tarafina ao anatiny ao **ny fepetra noraisin' ny Ntaolo mba hampahela velona azy.**

Mila tsimbinina aloha izany ny ain' ny tena, avy eo ny ain' ny hafa, ary tohizana sy afindra raha izay no hita fa mahatsara azy. Ireo paika aman- tetika telo nampiharina ny Ntaolo ireo no hovahavahana manaraka eto.

3.1 - FITSIMBINANA NY TENA :

“ Tsy misy mahita kilema momba tena ”, hoy ny Ntaolo . Samy manana ny tsy fahatomombanany avy izany ny isam- batan' olona, ka izany dia mety ho ara- batana na ara- tsaina . Ny fahafahan' ny vatana manatanteraka asa na fihetsika anefa no ahazoa-milaza na mbola matanjaka ny ainy na efa somary osaosa ihany, na efa tena reraka mihitsy aza . Koa, na inona kilema ananana , na inona tsy fahatomombanana misy, ny tanjona itovian' ny rehetra dia ny samy ho ela velona sy ho tratra antitra .

Noho izany, ilaina dia ilaina tokoa ny **fanoherentohanana io AINA io**, sy ny **tsy fanaovana azy ho ambanin- javatra** ary ny **fiarovana azy tsy ho fatifaty foana amin' izao**. Inona indrindra no azo ambara momba izany ?

3.1.1 - Mila tohanana ny aina :

Singa telo no maha olona ny olona, dia ny vatana sy ny saina ary ny fanahy. Raha tsapa fa osaosa ny “ *fanahy* ” dia omena tenim- pahendrena izy mba hampatanjaka azy, raha noana ny “ *saina* ” dia mila fahalalana izy mba hampahomby azy, ary raha reraka kosa ny “ *vatana* ” dia tsy misy afa- tsy ny sakafo ihany no afaka mampody haingana ny heriny.

Diniho anie ny fahaizan’ ny Ntaolo manasongadina izany any anaty ohabolana e!

3.1.1.1 - “ Ny tsinay tsy mba vatsy, ny kibo tsy mba lamosina ” :

Ny vatan’ ny olombelona no mitahiry ny ainy. Anisan’ ny singa eo amin’ ny vatana anefa ny kibo, ary ao anatiny ao no misy ny tsinay. Ny ao ivohon’ ny kibo no atao hoe lamosina . Koa rehefa reraky ny lahasa nataony ny vatana dia mahatsiaro noana izy sady tsy afa-manatontonsa hetsika firy intsony. Amin’ izay dia tsy misy afa- tsy ny kibo no marika haingana ahalalana sy ahatsapana izany, satria sady fisaka ny endriny , no mikolepaka ihany koa raha tsapaina .

Marina fa ao anaty kibo ao dia misy taova , toy ny tsinay, saingy izy ireny dia tsy mety atao sakafon’ ny vatana rehefa noana fa natao kosa handrindra ny asa fandevonan-kanina . Noho izany, raha tiana hiverina ilay hery nanan’ ny vatana teo, sy raha tiana hody amin’ ny laoniny tamin’ izy voky ny bikan’ ny kibo, dia tsy maintsy tohanana amin’ ny alalalan’ ny sakafo izy, ary ireo sakafo mitondra hery no ilaina ho amin’ izany (*hery fiasana , hery fiarovana , hery fanorenana*).

Raha vao mahatsiaro noana iny izany ny olona iray dia miezaka haingana izy mitady hevitra ny hanohanana azy amin’ ny alalan’ ny sakafo mahavelona . Ezahina ho sahasan’ izay ilain’ ny vatana izany tohanaina hanina izany, fa raha toa mantsy ka kely na tsy ampy ilay olona izany dia tsy maintsy hiteny indray izy hoe : “ ***zara raha sakafo ambilombazana*** ” na “ ***tsy hitan’ ny aina akory izy izany*** ” .

Izay tena hampody ny hery hoenti- miasa sy manao hetsika izany no tanjona amin’ ny fanohanana ny aina , satria “ ***Ny enti- miady an- dilana*** ” ary “ ***Ny kibo voky no vady manohana*** ”.

3.1.1.2. - “ Izay voky ihany no maharaka ny namany ” :

Samy manana ny asa iandraiketany avy ny olona tsirairay avy ao anaty fiarahamonina ao . Teo amin’ ny Ntaolo àry dia nahafinaritra azy ny nifaninana tamin’ izay lahasa atao, indrindra indrindra teo amin’ ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana , na ny raharaha fanao andavanandro . Koa ,raha sanatria an’ izany ka tsy ampy hery ianao amin’ izany dia tsy maintsy ho resy sy ilaozan’ ny hafa . (*Ny sasany ,ohatra, efa mahakipaka sy nahavita vala maromaro ; fa ny anao na vala iray aza tsy mbola efa akory*).

Tsy haharaka ny hafa sy tsy hahavita ny lahasa izay nankinina taminy izany ny olona iray raha vao osaosa ara- batana sy tsy ampy tohana ara- tsakafo . Noho izany, tsy misy afa- tsy ny fisakafoanana ara- dalàna sy ara- potoana ary araka ny fetra no antoka ho amin’ ny fahatontosan’ ny asa atao sy ho fandresena ombam- pahombiazana eo amin’ ny foto- piveloman’ ny tena . Izany ihany koa no mbola nitenenan’ ny Ntaolo fa “**Ny kibo**

voky no vady manohana “ ary “Ny maty no resy , fa ny velona no manao tondra- dro ”.

Niezaka hatrany izany ny Ntaolo ny hahasalama tsara ny vatany sy ny hananany hery hoenti- miasa sy hoenti- mivelona . Tsy tontosa anefa izany raha tsy eo ny fahaizana manohana ny ainy ara- tsakafo, izany hoe : mila fahaizana mitandrina ny tena . Izany indrindra no nilazan- dRANDRIAMIADANARIVO fa ” Ny foto- piveloman’ ny olona iray àry dia ny mitandrina ny tenany tsy harary ” .⁷⁶

Ataony izany izay ahafahan’ ny vatana miatrika hatrany ny asa aman- draharaha miandry azy, ka tsy mipetrapetra- potsiny amin’ izao izy raha vao tsy ampy ny hoenti- manana eo am- pelatanany fa mitady hevitra sy mikaroka fomba ahitany tohan’ aina ho an’ ny tenany. Izany no mbola nilazany fa :“Aina lany itadiavana vola ;ary vola lany itadiavana aina “ Tsy tohantohanana fotsiny amin’ izao anefa ny aina mba hampateza azy, fa atao laharam- pahamehana ihany koa .

3.1.2 – Tsy azo atao tsinontsinona ny aina :

Ny aina tokoa moa no ahafantarana fa mbola velona sy miaiana ny olona iray , ka ny fahafahany mifoka sy mamoka rivotra , ary ny fanaovany sy fanatontosana hetsika iray no porofon’ izany. Koa, raha tiany sy ankamamiany ny hiaiana ety amin’ ity tany fandalovana ity dia tsy azony atao ambanin- javatra io aina io . Hoy indrindra mantsy ny Ntaolo ny amin’ izany :

3.1.2.1 - « Ny vola Ramangatadiavina , fa ny aina Ramangatahiana » :

Abaribarin’ ity ohabolana ity eto fa ny vola , izay hoenti- manana eo amin’ ny fampandehanana ny fiainanana, dia tsy maintsy tadiavina hatrany ; ary ny aina kosa izay fototry ny fahavelomana dia mila tohanana sy tandremana ary atao laharam- pahamehana .

Araka izany, nataon’ ny Ntaolo hatrany izay fomba rehetra ahitana sakafo ho an’ ny vatana mba hampatanjaka azy sy hampateza ilay aina ao anatin’ ny. Tsy avelavelany fotsiny amin’ izao izany io vatany io raha vao noana ohatra, na marary, na iharam- pahavozana hafa, fa itadiavany fanafana hatrany toy ny sakafo , fanafody, fanefitra , fitsaboana sy fikolokoloana .

Teo amin’ ny Ntaolo izany dia ny **AINA** aloha **no ambony toerana indrindra** , satria raha tsy tohanana sy tsy tandremana izy dia ho tapitra hatreo ny fe- potoana iainantsika ety an- tany , ary ho vita hatreo ihany koa ny tantaram- piainantsika tsirairay avy.

3.1.2.2. – « Na fy aza ny amalona , ny lela sy azo atao jono » :

Anisan’ ny hazan- drano tena matsiro tokoa ny amalona, ary tsy izay rehetra tia manjono na mimintana ihany koa dia hahazo azy avokoa . Koa raha lany ny jono nentina , nefa ny hofintanina mbola manaikitra tsara , dia tsy izay zavatra hita rehetra miendrika sakafo azo atao jono akory (ohatra: lela) , dia atao jono avokoa fa mba fidina ihany ny mety ho amin’

⁷⁶ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin’ ny Ntaolo* , op. cit. , tak.7

izany . Izany no tonga amin' ny fitenenana hoe : “ **Tsy izay mamiratra rehetra akory , dia lazaina fa volamena** “ , na “ **Izay mamonina rehetra akory , dia hanjary voa** “ , na “ **Izay fotsy rehetra dia lazaina fa vazaha** “; fa mila fantarina tsara izay mety sy mifandraika amin' ny toe- java- misy .

Teo amin' ny Ntaolo izany dia notandreman' ny fatratra ny amin' ny ainy sy ny tenany manontolo ka raha vao ny singa na ny taova eo amin' ny tenany no misy kitihina na animbinana dia efa henony mihatra amin' ny ainy mihitsy . Izany no nilazany fa : “**Raha tohina ny aty , marary ny afero**” .

Ny hetsika rehetra ataony sy ny asa aman- draharaha sahanin' ny Ntaolo izany dia samy mitsinjo hatrany ny hahasoa sy hahatsara ny toe- pahasalaman' ny vatany , sao mantsy dia misy fiantraikany any amin' ny aina, ilay fototry ny fahavelomany izany .Tsy maintsy atao laharam- pahamehana izany ny fanohanana sy fitandremana azy io , ary ny tena ialana dia ny mamonomono azy amin' ny tsy misy dikany akory .

Inona àry no fepetra azo raisina ny amin' izany?

3.1.3 - Tsy azo vonoina ny aina :

Araka ny feheveran' ny Ntaolo azy, raha ny famelabelarana hita teo aloha no anaovana jery todika vetivety, dia **zava- tsarobidy** ny **AINA**ka sady **saro- pady** no **tsy azo atao ambanin- javatra** ; **fototry ny fahavelomana** ihany koa izy sady **fanomezan' Andriamanitra** ka tsy misy afaka manala azy eo amin' ny vatan' ny olona raha tsy ilay nanome azy ihany . Nambaran' ny Ntaolo àry fa :

3.1.3.1 - “ Akoho singorin- tady mahazaka , tsy fitanan- karena fa vono aina “ :

NY akoho lava tongotra sy tia mikarenjy no fatoran' ny tompony mba tsy ho lasa lavitra na ho very. Koa, raha mamatotra izany izy dia tokony hifanaraka amin' ny haben' ny akoho ny tady ampiasainy mba tsy handreraka ilay fananany kely sy tsy hanohintohina ny ainy.

Eto kosa anefa ny zavatra ambaran' ity ohabolana ity dia tsy mba tahaka an' izany fa hafa mihitsy . Aiza ve dia tady mahazaka voatokana ho amin' ny famatorana omby na fitazonana hazo be izay hazera any amin' izay tiana hianjerany na fisintonana rano ao andava- drano , no amatorana ilay akoho . Efa tsy fihazonana azy tsy handeha lavitra intsony izany fa efa fanafoanana an- kolaka azy tsy ho isan' ny velona intsony . Efa vesarana izay tsy zakan' ny ainy izy amin' izany, tahaka ny “ **Volon- katsaka misakan-tadio, ka manohitra ny tsy eran' ny aina** ”.

Ny Ntaolo izany dia nahatsapa fa arakaraka ny hatanjahan' ilay olona ihany ny asa ampiandraiketana sy ampiantsorohana azy. Raha tsy mifanentana amin' ny toe- batany sy ny heriny mantsy ny asa na hetsika ampanaovina azy dia tsy maintsy hisy fiantraikany eo amin' ny fivelaran' ny vatany ary ho tonga hatrany amin' ny ainy mihitsy aza . Notandreman' ny fatratra izany ny asa aman- draharaha izay fanaony mba tsy handreraka be loatra ny vatana ka haharitra vetivety ilay aina ao anatin'ny ao .

3.1.3.2 - “ Tiana tsy mihoatra ny zanaka , fa raha manaiki- nono ahifika “ :

“ *Iri- mahory tahaka ny zanaka* “, hoy ny Ntaolo . Izy ireny tokoa no niaretana ny mafy teo amin' ny fiainana sy nisotroana ny mangidy ; izany hoe : ny zanaka no nidododoana tetsy sy teroa , izy no nandaniana ny hery rehetra izay nananana , izy ihany koa no antony itolomana sy ihariana , ary mbola izy ihany no antony iveloman' ny ray aman- dreniny . Tiany ny zanany matoa izy tsy mitandro hasasarana tahaka izany. Kanefa , tsy izay rehetra tiany sy ilainy ary tadiaviny akory dia omena azy avokoa fa mba fantarina tsara izay tena mahaso azy. Dia tahaka izany koa izao karazam- pihetsika rehetra izao toy ny fiangotingotiana , ny fanaranam- po, ny filana vaniny .

Eto ary ity ohabolana ity dia milaza fa kaikerin' ilay zaza ny nonon- dreniny ka mahatsiaro maharary sy mangirifiry ary manaintaina ilay renin- jaza . Koa , na tiany sahala ny inona aza ilay zaza dia tsy maintsy aisoriny ihany , satria efa mihatra aman' aina ny hetsika ataony .

Ny Ntaolo izany dia nahatsapa fa rehefa misy trangan- javatra iray eo amin' ny fiainany ka fantany fa manohintohina ny ainy sy mandratra azy izany ; dia ezahiny hatrany ny hiala amin' ilay izy , ka hitady vahaolana haingana dia haingana .

Izany no tonga amin' ilay fitenenana hoe : “ *Tery omby ririnina ka atao izay tsy hahabotry ny zanany sy tsy hahafaty ny reniny* “.

Ilaina dia ilaina tokoa izany ny fanomezana sakafo hatrany ny vatana arapotoana mba hahasalama sy hahatomady azy , ary mba hampateza ny AINA ao anatiny ao . Tsy maintsy atao laharam- pahamehana ny fikarakarana sy ny fikajiana ity karazan- kery ity , ary ny tena ialana dia ny tsy fitandremana sy tsy fitsitsiana azy sao dia tonga amin' ilay fitenana hoe : ” Sao dia haningotra ny ain- dehibe “. Ny olona tsirairay avy anefa dia tsy misy mahavita tena fa tsy maintsy miara- miaina amin' ny hafa , ka tsy ny tena ihany izany no mila tsimbinina fa eo ihany koa ny fahaizana mitsimbina ny hafa ;

3.2 - FITSIMBINANA NY Hafa :

RANDRIAMIADANARIVO dia nilaza fa “ Ny olona manam- panahy an- dalana dia olona tsara fanahy, izany hoe : salama ; sy olona mamakafaka ny amin' ny azo atao sy ny tsy azo atao” .⁷⁷ Hain' ny Ntaolo tsara ny mitsimbina sy miahy ny tenany , ka tokony ho hainy koa izany ny hitsimbina sy ny hiahy ny hafa . Ny fiarovana sy ny fangorahana ary ny fanampiana azy no azo anehoana izany fitsimbinana ny hafa izany .

3.2.1 - Miaro ny hafa izy :

Anisan' ny tena mampiavaka ny Ntaolo razantsika ny fahaizany mifandray amin' ny hafa . Tena nahasarotiny azy tokoa io fanajana ny fahaiza- miara- miaina io , hany ka hatrany amin' ny fombam- pitenenana dia nahatarafana izany . Hoy indrindra mantsy izy :

⁷⁷ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op. cit. , tak.6

3.2.1.1 - “Aza manao tsindrio fa lavo“ :

Matoa ny olona iray lavo eo anoloan' ny toe- javatra iray (ohatra : ady,lalao, fiainam-pitiavana,...) dia naman' ny resy izy izany. Mbola nampian' ny Ntaolo izany tamin' ny hoe ; “ **Aza manenji- dresy**” . Koa , rehefa fantatry ny olona manodidina azy fa resy tanteraka ilay olona manoloana azy , tsy ny fanararaotana azy amin' ny fahavoazany akory no hevitra tsara sy mahasoana ny fiainam- piarahamonina ,fa ny fitadiavana ny fomba rehetra entina hanarenana sy hanitsiana azy indray ho olon' ilay sehatra nisy azy teo aloha.

Tsy mba hita teo amin' ny Ntaolo mihitsy izany ny fihetsika manararaotra ny fahavoazan' ny sasany , fa ny fiezahana hanarina ilay niharam- boina sy ny hiaro azy hatrany no nibahana tamin' ny hetsika izay nataony. Tsy ny ain' ny tena ihany izany no mila tsimbinina sy arovana , fa eo ihany koa ny an' ny hafa mpiara- monina amin' ny tena . Manamafy izany **RAHAJARIZAFY** manao hoe ; “ *Ka indro fa fatra- pifanohana aina araka izay afany izy* ”.⁷⁸ Mbola niteny ihany ny Ntaolo nanao hoe ;

3.2.1.2 - “ Aza atao fively amponga ny havana, ka ny ambaviny tambatambazana toy ny manana anaka , ary ny andahiny dabodabohana ho afa- jaza” :

Roa karazana ny amponga fively teo amin' ny Ntaolo : ny ambaviny, ilay kelikey , dia somary atao moramora sy tsaingotsaingohana izay no fively azy ; fa ny andahiny kosa , ilay lehibe indrindra , dia tonga amin' ny fitenenana hoe : “ darohana tsy ananana antra ” . Tsy mitovy mihitsy izany eto ny fomba fively azy roa tonta ireo .

Tsy azo atao tahaka izany kosa nefa ny fomba fitondra ny havana teo amin' ny Ntaolo , izany hoe tsy azo asiana tombo sy ala ka ny iray tiana ary ny iray ankahalaina . Rehefa havana izany dia havana , ka tsy mety ihany koa teo amin' ny Ntaolo ny manao hoe “ **havan' ny lahy**” sy “**havan' ny vavy**” . Napetrany ihany koa fa “ **Ny havan- tiana tsy iarah- monina**” , izany hoe : nezahin' ny Ntaolo hatrany ny ifanalaviran- toerana onenana amin' ny havana .

Koa , rehefa lavitra ny toerana misy ny havanao, dia ireo mpifanolo - bodirindrina aminao , ireo trano atsimo sy avaratra aminao , ireo mpiray tanana aminao , sy ireo mpiara- monina aminao no solon- kavanao .Tsy azo atao ny manavakavaka azy ireo tahaka ny ketsa na manoritsoritra azy ireo tahaka ny volo, fa ireo no mahavita sy mahavonjy rehefa misy mahaporitra sy mahatery eo amin' ny fiainana . Noho izany , mila tsimbinina tahaka ny ain' ny tena ihany koa ny ain' izy ireo .

Mila arovana sy tandremana hatrany izany ny **AIN'** ireo mpiara- monina amin' ny tena , satria ireo no fidododoana raha misy mahaporitra , ireo no fitalahoana raha mila vonjy, ary ireo no filana hevitra raha tojo fahasahiranana . Izany tokoa no tonga amin' ny hoe : “ **Ny tavan- drahalahy mandranitra ny tavan- drahalahy** ”. Tsy ny fiarovana azy ihany anefa no mariky ny fitsimbinana ny hafa , fa mila aseho aminy ihany koa ny maha-olon' ny fo antsika .

⁷⁸ RAHAJARIZAFY , *Filozofia Malagasy* , op. cit. , tak. 50

3.2.2 - Mangoraka ny hafa izy :

Mba hampirindra sy hampilamina ary hampisosa tsara ny fiainam- piharahamonina dia ilaina fahaiza- mangoraka sy fahaiza- mitsetra ny hafa izany. Ny ohabolana àry dia milaza fa :

3.2.2.1 – “ Tsongoy fon- tena , tsongoy fon’ olona : mararin’ ny tena , mararin’ ny olona “ :

Ny hetsika fikasihana ny vatana , toy fanongoana dia tsy maintsy misy foana ny fiantraikany amin’ ilay faritra notsongoina . Raha somary moramora moa ilay tsongo dia ny hoditra fotsiny no mikentrona na mitera-

mena, fa raha mafy kosa izany dia sady mivaofy ny hoditra , na mihatra aman’ aina ny fanaintainana sy ny fangirifiriany . Tsy ny tenabe anefa no ambara fa iharan’ ny tsongo eto fa ny fo , izay mariky ny fahaveloman’ ny olona raha mbola afaka mitempo . Ny olona faran’ izay domelina angamba no tsy handre ny fahararian’ izany hetsika atao izany. Tsy maintsy hitarainana ny olona na iza na iza tratan’ izany.

Amin’ ny hetsika tahaka izany no ahalalana izay olona mahay mandanjalanja ny fihetsika ataony amin’ ireo manodidina azy . Raha ohatra izy hoe mahatsiaro maharary rehefa tsongoina , dia mba tahaka izany koa ny hafa .

Tsapan’ ny Ntaolo àry fa “ **kodiaran- tsarety ny fiainana** ” , ka mifandimbidimby ao ny toe- java – mitranga eo amin’ ny fiainana .Tsy tsara noho izany ny manenji- dresy sy ny faly amin’ ny fahavoazan’ ny hafa , fa ny mendri- piderana sy fihetsika fakan- tahaka dia ny fangorahana sy ny fanolorana tanana azy. Nahatsapa izany, koa **RAMAROLAHY** ka nilaza fa : “ *Fa ny fahendrena dia ny fahaiza- mampihatra ny fahaizana ananana hifanandrify amin’ ny fotoana sy ny toerana , na ny olona iaraha- miaina* ” .⁷⁹

3.2.2.2 - “ Fahoriana tsy mihatra amin’ ny tena tsy ren- gindiny, fa ny trany kosa mitsakotsako ny aina ” :

Tsy misy mafy mihoatra ny idonam- pahoriana eo amin’ ny fiainana . Koa , raha tsy mbola mihatra amin’ ny tena izy izany, dia toa tsy fantatry ny olona izay tena hamafiny sy ny onjany ary ny tsirony ; fa rehefa mby an- koditra kosa izy io, izay vao tsy hita izay horaisina , tsy fantatra intsony izay atao , ary ny fisentosentoana no toa atao betsaka .

Izany eto no isarihan’ ny Ntaolo ny saintsika mba ” **tsy hanao vain- drahalahy tsy maharary** ” fa “ **Voin- kava mahatratra** ” , hoy ny fitenenana .

Tsy misy tsara ohatra ny fiezahana mipetraka eo amin’ ny toeran’ ilay niharam-pahavoazana izany mba hahatsapana marina ny havesatra sy ny lanjan’ ny zava-mianjady aminy . Amin’ izay dia azon’ ny tena atao tsara ny maneho fitiavana aminy ka ifampizarana sy iaraha- mizaka izay miseho rehetra . Tsy mifidy io izany na toe- javatra inona na inona ; na an- kafaliana io na an- karatsiana , satria izay no maha- mpiara-monina .

⁷⁹ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan’ ny Ntaolo malagasy* , op. cit. , tak. 95

Niarahany nizaka sy nitondra ny zava- drehetra , ary nifampizarany ny alahelo . Sady fitsimbinana ny ain' ny hafa izany fihetsika mifono fahendrena izany , no fitsiniovana ihany koa ny fiainan- ko avin' ny tena any aoriana any. Izany no mbola nahatonga ny Ntaolo niteny hoe : **“Aza tsy tia olona , fa ny olona no harena ”**.

Tsy misy mihitsy izany hetsika na asa nataotao fotsiny amin' izao teo amin' ny Ntaolo, fa efa voasaina sy voadinika ary voafakafaka tsara vao nampiharina sy notontosaina . Koa tsy ny handiso avy hatrany no ataony raha nisy nanao ny tsy mety , na ny hanararaotra raha vao nisy niharam – pahavoazana ; na ny haneso sy hanaraby raha nisy nozohim- pahoriana , fa ny haneho fihetsika feno fahendrena teo anatrehan' izy ireny , izay mitory fahaiza- miara- miaina sy fiaraha –mizaka ny mitranga ary fiaraha- matrika ny onjam- piainana . Mila ampiana ihany koa izany ny hafa .

3.2.3 - Manampy ny hafa hatrany izy :

“ Voin- kava – mahatratra ” , hoy ny Ntaolo . Raha misy tokoa voina mahazo ny manodidina ny tena , ny fihetsika mitory fahaiza – miara- monina voalohany indrindra dia ny fanomezan- tananana azy ireo .

3.2.3.1 - “ Raha nanao ny tsy nambinina , ampisambory fa havana ory” :

Samy miezaka manao izay mahametimety ny fiainay ny olona tsirairay avy. Indraindray anefa ao anaty fiarahamonina ao , misy olona tena miezaka sy milofo fatratra mihitsy fa tsy mety tafavoaka foana amin' izay ataony. Izany no tonga amin' ilay fitenenana hoe : **“ Izay nambolen- tsy maniry , izay nasosoka maty maso ”**.

Koa , rehefa hitan' ny mpiara- monina aminy ny ezaka izay nataony sy ny fikirizana izay nananany , dia tsy misalasala ny olona ny manohana sy manampy azy mba ho tafavoaka amin' izany fahasahiranany izany. Tsy ny lafiny ara- pitaovana sy ny hoenti-manana ihany anefa no tena ilaina amin' izany , fa eo indrindra ihany koa ny lafiny torohevitra .

Tsy misorona mihitsy izany ny Ntaolo raha vao nahita mpiara- monina aminy tojo fahasahiranana , ka miteny izay fomba rehetra amahana izany fahasahiranana izany araka izay mba fahalalana ananany sy tosika kely eo am- pelatanany . Tsy mifidy toe – java- mitranga izy amin' izany na an- kasoavana na an- karatsiana .

3.2.3.2 - “ Aoka hanao vero an- tahalaka : ny lava tsy hanosihosy ny fohy, ny fohy tsy hamingana ny lava” :

Samy manana ny vahany sy ny fitombony ny zava- maniry tsirairay avy, eny fa na dia ny mitovy toerana aniriana sy ny iray karazana aza .

Asehon' ity ohabolana ity àry eto ny fomba fanirin' ny vero amin' ny toerana iray , toy ny tahalaka , ka na dia tery sy tsy misy ivelarana firy aza ny toerana ahazoany maniry , dia tsy mba fomban' ny vero ny mifampisisika sy mifanototra ary mifamatopatotra atsy sy aroa . Ny mijoro mahitsy ihany no hainy ary ny miezaka mandrobona hatrany na dia misy lava sy fohy aza .

Dia noharin' ny Ntaolo amin' izany koa ny fiainam- piarahamonina iray : na dia misy manana sy misy sahirana ara- pivelomana aza ao, na dia eo aza ny matanjaka sy ny osa, na dia ao aza ny manna- katao sy ny tsy mana- katokona ; dia fady taminy izany hanosihosy ny zon' ny hafa izany , na ny hanao tsinontsinona ny manodidina ny tena . Aminy dia tsy misy tsara ohatra ny manao ny marina ihany sy ny fanehoana fihetsika aradrariny. Ny fisian' izany trangam- piarahamonina izany teo amin' ny Ntaolo no nahatonga an' i **VEYRIERES (P.)** nilaza fa “ *Tsy maintsy takiny io zony io , ka ny tena zava- dehibe eo amin' ny tontolom- piarahamonina dia ny fanaovana ny marina ihany* ” .⁸⁰

***Ny fahatsapan' ny Ntaolo ny tsy fahavitany tena irery izany no nanefy ny toetrany sy namolavola ny fomba fisainany ho tia miaro ny hafa tahaka ny fiarovany ny tenany. Tsy vitan' ny fiarovana ny hafa ihany anefa no fahaizana mitsimbina azy fa fifandeferana sy fifanomezan- tanana ary fifanampiana ihany koa ny fiainana . Izany no antony nilazan- d RAHAJARIZAFY fa “ Hitan' ny razana fa tsy misy mahavita tena , ka ny mety dia ny mifanatona mba hifanampy sy hifampiaro* ”.**⁸¹

***Hetsika nentin' ny Ntaolo nampateza ny ainy sy ny an' ireo manodidina azy daholo ireny.Ny nametraka olana teo aminy fotsiny dia ity aina manam- petra ity, ka ny hany vahaolana hitany tamin' izany dia ny fitadiavana taolan- tehezana sy ny fikatsahana taranaka fara aman- dimby* .**

3.3 - FANOHZANA NY AINA :

Araka ny famahavahana hita teo aloha dia nanana ny fiheverany manokana ny amin' ny **AINA** ny Ntaolo . Anisan' izany ny **hoe ” mihelina ny aina ”** sy ny hoe “ **mora afoy ny aina** ” ary sady “ **tsy misy tompony isika rehetra** ” fa mpindrana fotsiny ihany. Vokatry izany fiheverana izany àry , dia nandinika sy namakafaka ny Ntaolo ny amin' izay hevitra hampateza sy hampaharitra misimisy kokoa azy io . Fantany ihany anefa fa na hiezaka hiaro sy hitandrina tahaka ny inona an' io aina io aza izy dia tsy maintsy handao azy ihany io karazan- kery io . Koa , nitady fomba indray izy ny ho amin' ny tokantrano sy ny fitadiavana mpandimby . Inona no azo ambara ny amin' izany ?

3.3.1 Tandremany hatrany ny tenany :

« **Entim- poana ny aina** » , hoy ny Ntaolo ; izany hoe : na mankaiza isika na mankaiza , na inona asa atao na inona , na fotoana sy toerana manao ahoana na manao ahoana dia entintsika manaraka antsika eny foana io aina io , raha mbola velona ihany koa isika . Tsy misy mihitsy izany fotoana , na dia indray mipi- maso aza , ka nandavan' io aina io tsy iarahana amin' ny tenantsika . Koa , rehefa manjohy antsika eny foana izy io , izany hoe tsy mety misaraka amintsika na inona hetsika sy asa ataontsika na inona , dia ilaina ihany ny mitandrina ny vatantsika izay itoerany . Hoy indrindra mantsy ny Ntaolo :

⁸⁰ VEYRIERES (P) , *Le livre de la sagesse malgache* , op. cit. , tak.341 : « On doit réclamer ses droits .Les grands de ce monde sont tenus à la justice ».

⁸¹ RAHAJARIZAFY , *Filôzofia malagasy* , op. cit. ,tak. 50

3.3.1.1 - “ Manao soa : tohatry ny ho avy ; manao ratsy : hidin’ ny sisa “ :

Tsy afaka ny hiaina irery ny olona iray fa tsy maintsy miara- miaina amin’ ny hafa ao anaty fiarahamonina ao . Ny fiarahamonina tsirairay anefa dia samy manana ny lamina sy ny fitsipika ifampifehezany . Koa raha tian’ ny olona iray ny hiditra ho mpikambana ao, dia tsy maintsy miezaka manaja sy manaraka izany lamina sy fitsipika izany izy .

Eto àry dia ambaran’ ny ohabolana fa raha manao soa , izany hoe ny tsara ihany no ataony , dia misokatra ny lalana ho amin’ ny fiainany manaraka betsaka ny zavatra azony atao, ary tsy hisy olona na dia iray aza hanosi- bohon- tanana azy ; fa raha ratsy kosa no atao , izany hoe nandika ny lamina sy ny fitsipika napetraka , dia tapitra ihany koa ny fahafahana mivelatra ao anatin’ ilay fiarahamonina , tsy hisy olona sahy hanatona sy hifandray amin’ ny tena amin’ izany .

Ny fahatsapan’ i **VEYRIERES** ny fitandremana amin’ izay hatao izay no nahatonga azy nilaza fa “ *Any anaty ohabolana any no andraketan’ ny Ntaolo ny fomba enti- mitondra sy miahy tena . Ireny ohabolana ireny dia nentina nanameloka izay manao ny ratsy , ary nanamarinay sy nanasongadinany izay manao ny tsara sy ny soa* ”.⁸²

Fantatry ny Ntaolo tsara izany fa arakaraka ny hetsika sy ny fihetsika asehonao eo amin’ ny fiarahamonina no itsaran’ ny olona anao , ary izay fametrahany anao amin’ ny toerana iray izay no mety hampisokatra na tsia ny fiainan- ko avinao . Noho izany , mila fitandremana hatrany izany ny amin’ ny tena manontolo mba ho soa sy ho tsara ny amin’ ny fiainan- ko avy , satria « **Ny soa atao levenam- bola** » ary « **Ny ratsy atao loza mihantona** ».

Alohan’ ny hanao zavatra iray izany dia tokony hofantarina hatrany izay mety ho fiantraikany na eo amin’ ny tena na eo amin’ ny hafa . Nohamafisin’ ny Ntaolo izany amin’ ny hoe “ **Aza mandroso tsy mitsapa ny farany** ” .

3.3.1.2 - « Maizina ny andro : azo tsilovina, lalina ny rano : azo lakanina ; lalina ny hady : azo toharina ; fa ny ratsy atao tsy mba azon- kevitra » :

Marina tokoa fa tsy misy nofatorana tsy natao ho voavaha , tsy misy mafy tsy laitry ny zoto, ary tsy misy olana tsy ahitana vahaolana , raha ireo fombam- pitenenana ireo no dinihina .

Eto àry ity ohabolana maneho hevitra mifanjohy ity dia manasongadina amintsika fa tsy misy maizina tsy azo tsilovina izany, tsy misy lalina tsy azo tetezina amin’ ny lakana izany, ary tsy misy hady lalina tsy azo ivezivezena amina tohatra , fa ny asa ratsy na fihetsika ratsy natao kosa dia tsy ahitam- panafana sy fanefitra intsony .

Niezaka àry ny Ntaolo nandrakitra ny fahaiza- miahy sy mitondra tena , tahaka ity hita ato anaty ohabolana ity, mba ho lovain’ ireo taranany aty aoriana . Ny fahaizana miahy sy mitondra tena ihany mantsy no antoka ahatafidirana ao anaty fiarahamonina iray sady fototry ny fitsinjovana ny ain’ ny tena sy ny an’ ny hafa . Nahatakatra izany i **MOLET** ka

⁸² VEYRIERES (P) , *Le livre de la sagesse malgache* , op. cit. , tak. 6 : « Ils constituent un traité de morale . Ils condamnent ce qui est mauvais , et approuvent ce qui est bon » .

naneho fa “ *Mba hahatonga ny olona tsirairay ho tena olona manana ny maha izy azy , dia tsy maintsy mandalo karazan – dingam- pisedrana maro sy mivoatra hatrany izy mandrapahatongavany ho tena mpikambana raikitra ao anatina vondrom- piarahamonina iray* ”.⁸³

Raha tiana haharitra misimisy kokoa izany ny **AINA** , raha tiana hirindra sy hisosa na ny fiainan' ny tena na ny fiainam- piarahamonina misy ny tena , dia tsy misy afa- tsy ny **fahaizana mitondra tena** sy ny **fahaizana mitandrina** azy amin' ny lafin –javatra rehetra (na ara- kevitra , na ara – ketsika, na araka asa) no antoka ho amin' izany .

3.3.1.3 - « Ambolo bitaka , ambolo matavy : zavatra tsy hay tsy azo ibitabitanana » :

Ity ohabolana ity dia maneho amintsika fa amin' ny asa aman- draharaha izay sahanin' ny tsirairay na izay tanterahiny ; dia ilaina ny manadihadihady sy mamakafaka lalina sao dia tsy hitondra voka- tsoa ho an' ny tena akory fa vao mainka hampidi- kizo sy hampikorontana ny fiainana ary handraraka ny aina. Sao tokoa mantsy tonga amin' ny hoe : « **Boka manao fasana ; misahirana amin' izay tsy hilevenan y** » na “ **Sima misioka : manitatra ny efa rombina** ” ny hetsika na asa izay atao .

Ilaina izany ny mamantatra sy mamotopototra tsara ny zavatra iray kasaina hatao na hampanaovina ny tena mba tsy hisy fiantraikany eo amin' ny fiainan' ny tena sy ny an' ny hafa izay mety ho voka – dratsiny . « **Ny mitondra tehina mora ihany , fa ny mitondra tena no sarotra** », hoy ny Ntaolo , koa tsy tokony ho maimaika hanapa- kevitra na hanatanteraka na hanatontosa fihetsika iray raha tsy fantatra mazava sy tsinjo dieny mialoha ny voka- tsoa entiny eo amin' ny tena sy amin' ny hafa ary eo amin' ny fiainam – piarahamonina .

Nataon' ny Ntaolo ho **fitsipi- piainana** mihitsy izany ny **fahaizana mitondra tena** sy **mitandrina ary mitsimbina ny AINA** amin' izay rehetra atao eo amin' ny andavanandrom- piainana . Nasongadin- d **RANDRIAMIADANARIVO** izany tamin' ny filazana fa “ *Ny lalam- piainana teo amin' ny Ntaolo dia ny fitandremana izay hatao , hananana ny fanahy an- dalàna sy haha-ela velona* ”.⁸⁴

Anisan' ny antoka iray mampandroso ny fiaianam- piarahamonina ihany koa ny fitadiavana sy fananana olona iray izay ametravana fitokisana ka ifampizarana izay mahaso sy manahirana nytena .

3.3.2 – Mila manambady ny olona iray :

“ **Tsara ny roa noho ny iray , fa raha lavo misy mpanarina** ” , hoy ny Ntaolo . Izany ohabolana izany no nentiny naneho fa ilaina ny namana eo amin' ny famakivakiana ny fiainana , ary tsy namana fe namana fotsiny ; fa ilay olona ifampizarana ny manta sy ny

⁸³ MOLET(L) , *La conception malgache du monde de surnaturel et de l ' homme en Imerina* , op. cit. , p. 12 : « Pour qu ' un individu devienne une personne , il doit subir une série de traitements qui le feront progressivement devenir un membre de la communauté , de la société ».

⁸⁴ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op. cit. , tak. 80

masaka , ny tsara sy ny ratsy , ny hafaliana sy ny manahirana . Ny fahatakarany sy fahatsapany izany no nahatonga azy hitady izay ho taolan- tehezany, izay ho vady andefimandriny.

3.3.2.1 - “ Dia miaraka mahatsara hatovo” :

Amin’ ny fotoana maha- tanora ny olona iray , dia tsy misy tsara ohatra izany manana namana sy sakaiza izany . Napetraky ny Ntaolo mazava anefa fa ” **Ataovy maro ny sakaiza , fa iray ihany no itokiana** ” , izany hoe : tokony hamantatra tsara izay olona raisiny ho sakaiza ny olona iray mba hahazoany fahatokiana iny olona iny ka hahafahany mizara aminy ny tsiambaratelony .

Amin’ ireo olona raisiny ho sakaiza ireo anefa , dia misy iray tena akaikin’ ny fony kokoa . Iny ilay olon- tiany , iny ilay ho taolan- tehezany, iny ilay ho vady andefimandriny , iny ilay hakany taranaka rahatrizay .

Koa , amin’ ny fotoana mbola maha- tanora ny tovolahy na tovovavy iray izany dia tsara izy raha manana olona andrin’ ny fony , anankinany ny fitiavany , ary izarany ny tsiambaratelony. Raha tovolahy izy dia tovovavy izany no raisany ho sakaiza ; ary raha tovovavy dia mifamadika amin’ izay ihany koa ny olona tena itokiany .

3.3.2 .2 - “ Ny anambadian- ko namana” :

Izany “**namana**” izany , araka ny nanambaran’ ny RAKIBOLANA azy, dia “ ilay olona miara- dava amin’ ny tena noho ny fifankahazoan- tsaina , sy fitovian- toetra”⁸⁵ . Ny hoe “ **sakaiza** ” kosa dia ilay namana mifankazatra sy mifankatia amin’ ny tena ka amborahana izay ao am- po sy izay manjo ny tena .

Ao an- tokantrano ao tokoa mantsy , dia ny vady no namana , ary tsy vitan’ ny hoe namana fotsiny fa sakaiza ihany koa . Izy izany ilay miresaka aminao lalandava mandritra ny androm- piainana , izy no ilay tianao sy ilay amborahana ny tsiambaratelonao rehetra . Ary , ilay olona nekenao ho vadinao dia efa fantatrao tsara ny aminy rehetra (na lafiny toe- batana , na lafiny toe- tsaina, eny hatramin’ ny toe-po ihany koa) , ary efa laninao sy eken’ ny sainao avokoa ny momba azy rehetra .

Teo amin’ ny Ntaolo izany , tsy izay olona hitany rehetra akory dia nalainy ho vady avy hatrany na nekeny avy hatrany ho vadiny ; fa izay laniny toetra amam- panahy ihany , izay efa nifankazatra taminy , ary izay mitovitovy toetra aminy .

3.3.2.3 - “ Aza manao fanambadian- boalavo, ka samy mikepoka izay hitany” :

Ny mpivady no maha tokantrano ny tokantrano , ka izay mahasoana azy io izany no tsy maintsy banjinina sy jerena ary atrehan’ izy mivady .

Eto àry ity ohabolana ity dia maneho fa ny voalavo no tsy mba tia mizara , tsy mieritreritra izay ho an’ ny hafa , eny fa na ny vadiny aza ; fa izay mahasoana ny tenany ihany no masaka ao an- dohany. Tsy mba toy izany kosa anefa ny olombelona , fa matoa

⁸⁵ RAJEMISA –RAOLISON (R) , *Rakibolana malagasy* , op. cit. , tak. 165

ny olona iray nalainao ho vadinao, dia izy no hifanohana aminao eo amin' ny fiainana , izy no hiara- mihary aminao , izy no hiara- mitady aminao , izany hoe ny vadinao no ilay olona hiara- mamakivaky aminao ny onjan' ny fiainana na ho mora io na ho sarotra. Mbola nohamafisin' ny Ntaolo izany amin' ny hoe : “ **Ny tany vadiben- janahary : mihary ny velona , manotrona ny maty** ”.

Koa ny fepetra mampahomby sy mampandroso ny fiainan- tokantrano izany dia ny fandraisana ilay olona miara- miaina aminao ao an- tokantrano ao tahaka ny tenanao . Tsy misy afa- tsy ny fananana fahatsaram- po no ahavitana izany, araka ny nanambaran- d **RAHARIJAZAFY** azy hoe : “ *Manga koa raha manga ny lalan' ny fiaraha- miaina laroin' ny andron' ny fahatsorana* ”.⁸⁶

Sarotra ho an' ny olona iray izany ny hamakivaky samy irery ny fiainana , tahaka ny olona iray mianefitra na mianala ; fa mila namana hatrany izy mba tsy hiadiany irery. Antoka hahombiazany amin' izany ny fakany olona iray ho vady andefimandry izay ifanohana sy ifananampy ary ifampizarany ny soa sy ny manahirana , ny tsara sy ny ratsy, ny mahasoana sy ny mahafinaritra .

Ny tena maharavo ny ray aman- dreny izany , rehefa lehibe ka tonga taona sy manana ny hoenti- manana ny amin' ny tokantrano ny zanany, dia ny fanambadiany izay olona irin' ny fony sy mifanentana aminy. Fa mbola avo roa heny ny hafaliany raha toa ka avy ny fotoana ahitany izay zafikeliny mba hanala ny volofotsiny.

3.3.3. Mila manan- taranaka ny olona :

“ **Ny anambadian- kiadanana**” hoy nyNtaolo , ary “ **Ny anambadian- ko namana**” . Tsy najanony teo fotsiny anefa fa mbola nampiany hoe : “ **Ny anambadian- kiterahana**” . Teo amin' ny Ntaolo izany , matoa ny olona iray manambady dia **mila namana** izyhiaraka aminy , **mila miadana** ihany koa ny fiainan- tokantranony , ary tsy mijanona eo fa **mila miteraka** izay ho zanany mba handimby azy izy .

3.3.3.1 - « Olon- tiana tsy mihoatra ny zanaka » :

Maro ny zavatra irin' ny olona sy tian' ny olona mandritra ny androm- piainany, fa ny tena ankafiziny dia ny hiaina maharitra elaela kokoa eto an- tany. Fantany anefa fa tsy hateza io ainy io fa mihelina sy mandalo ihany, ka ny fomba nataony tsy hahavery maina izay zava- bitany tety amin' ity tany fandalovana ity dia ny fikatsahana izay ho taranany mba handimby azy sy hanohy ny tantarany. Koa , ny ezaka rehetra nataony, ny fikelezana aina nimasoany, ny tsy fitarainan- tana- miempaka nandaniany andro dia tsy ho fitsimbinana ny amin' ny tenany fotsiny , fa fitsinjovana sahady ny ho an' ireo taranany .

Teo amin' ny Ntaolo izany, dia nasongadiny fa maro ny zavatra irina sy tadiavina eo amin' ny fiainana fa ny tena fy sy telina dia ny fahazoana zanaka mba handimby ny anaran- dray aman – dreniny .

3.3.3.2. - “ Ny zanaka no harena ” :

⁸⁶ RAHAJARIZAFY , *Filôzofia malagasy* , op. cit. , tak. 50

Samy manana ireo harena sy fanomezam- pahasoavana nomen' Andriamanitra ho azy ny olona tsirairay avy, fa ny tena ambony sy tsara indrindra dia ny fanomezan' Ilay Nahary azy taranaka . Teo amin' ny Ntaolo izany dia na inona faniriana , na inona hetaheta , na inona filan' ny olona iray; tsy ho tanteraka sy ho to izany raha tsy sitrapon' Ilay Avo . Izy no mandahatra sy mandrindra ny fiainan' ny olona rehetra ka rehefa tiany homena taranaka ny olona mpivady iray dia omeny ; fa raha fantany fa tsy mbola mahaso azy, dia tsy tolорany ry zareo .

“Manan- jara izay itobahan’ ny menaka”, hoy ny fombam- pitenenana ; dia tahaka izany koa ireo mpivady izay nahazo fara aman- dimby. Zava- tsoa sy sarobidy izany ny zanaka , satria izy ireny no reharenan' ny ray aman- dreniny, izy ireny no kiady sy voninahiny, ary izy ireny no handova sy handimby azy rahatrizay .

3.3.3.3. - “ Fandriana mafana : mampahazo aina , fanirian– janaka : mampalazo aina ” :

Ny tanjona amin' izay atao rehetra teo amin' ny Ntaolo, dia ny hampilamina ny fiainana , sy ny hampandeha izany ary ny hampisosa azy. Eto anefa ity ohabolana ity dia maneho fa ny fikatsahana taranaka dia mampalazo aina , izany hoe : ho an' ny ray aman- dreny izay nahazo zaza mpandimby dia vita hatreo ny fieritreretana izay hahasoaso ny tenany fa ny fiainan- ko avin' ilay zanany no tsy maintsy atrehany sy banjininy ary tsinjoviny.

Izay rehetra nohariany sy notadiaviny ary nangoniny izany dia tsy ho azy velively fa ho an' ny taranany izay tena tiany sy niriny . Ny zanaka izany no tena iompanan' ny asa fitadiavana sy ny asa fivelomana eo amin' ny olona iray. Atao izay ananany ny vonona sy isian' ny hoenti- manany ary ananany fampitaovana ho amin' ny fiainan' ireo taranany any aoriana .

Teo amin' ny Ntaolo izany dia tsy tafatambatra fotsiny amin' izao ao anatin' ny tokantrano ny mpivady raha tsy mitovy ny tanjony sy ny zava- kinasany ary ny faniriany . Eo aloha ny fiezahany hampandeha sy hampirindra ny fiainan– tokantranony , fa ankilany kosa ny fikatsahany izay ho taranany handimby azy sy ny fanomanana dieny mialoha ny fiainan- ko avin' izy ireny.

Nokatsahany sy niriny fatratra àry ny hanan– taranaka , satria fantany fa tsy haharitra sy manam- petra ihany ny fiainan' izy mivady .

Ny zanaka izany no handova sy handimby ny anaran- dray rahatrizay, ary hamelo- maso ihany koa ireo novoriana sy nisasaran' ny ray aman- dreniny. Tsy to sy tanteraka anefa izany raha tsy miezaka mitandri- tena sy mitsinjo ny any aoriana izy mivady, izay loharano nipoiran' ny taranany .Abaribarin- d RAMAROLAHY izany amin' ny hoe : «Teo amin' ny Ntaolo dia ny vokatry ny fiezahana sy ny fikarohana ary ny vokatry ny fisasaran' ny tena ihany no tokony hitokisana sy hantenaina ».⁸⁷

Vokatry ny fahaiza- mandinika sy fahaiza- mamakafaka lalina izany no nahatonga ny Ntaolo nitady izay ho vadiny sy nikatsaka izay ho taranany . Ny vady aman- janaka aminy no afaka hifanohana sy hifanampy aminy eo amin' ny fiainana, ary izy ireny no itokiany sy

⁸⁷ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op.cit. , tak. 123

antenainy hanandratra avo izay toerana niaviany sy ny maha izy azy ireo loharano nipoirany .

FEHINY

Nandritra ny famahavahana ity fizarana faharoa ity no niezahana nanasongadina ireo OHABOLANA MERINA izay maneho sy mitory ary manambara ny fahaizana mitsimbina ny AINA teo amin' ny isam- batan' olona . Ny fiheveran' ny Ntaolo ny amin' ny aina, izay zava- tsarobidy tokoa amintsika olombelona izay nomen' Andriamanitra azy, no nahatonga azy ho mailo sy hitandrina hatrany amin' izay asa na fihetsika ataony eo amin' ny andavanandrom- piainany .

Noho izany, tsy nitsaha- nitady hevitra izy ny amin' izay hitsimbinany ny tenany sy ny manodidina azy ; sao mantsy io asa aman- draharaha , na io fihetsika ataony andavanandro io ka hanohintohina ny hafa, na handratra ny tenany sy ny manakaiky azy, na haningotra ny ainy mihitsy aza .

Tsy nionona tamin' izany fahaiza- mitondra tena izany anefa ny Ntaolo, fa ny fahalalany sy fahafantarany fa manam- petra io aina nomen' Andriamanitra azy io no nahatonga azy nitady izay ho taolan- tehezany sy nikatsaka mafy izay ho taranaka handimby ny anarany sy hanohy ny zava- bitany ary handova izay niasarany .

Ny zanaka tokoa mantsy, teo amin' ny Ntaolo, no « kolokolo dimbin' ny vary » sy « vato namelan- kafatra » ary « kiady sy reharena ary voninahitry ny ray aman- drengy » rahatrizay. Izy ireny no nantenainy sy nitokisany fa tsy handraraka ilo mby an- doha, fa hamelo- maso sy hanandratra avo ireo loharano nipoirany sy ny faritra niaviany, ary izay navelan' ireo razambeny .

Ny hetsika , na asa , na fanapahan- kevitra ny olona iray izany dia tsy maintsy misy akony foana eo amin' ny manodidina azy . Koa , ny fanadihadiana akaiky ny akon' izay fahaizan' ny Ntaolo mitsimbina ny ainy izay, eo anivon' ny fianam- piarahamonina , no hiompanan' ny fizarana lehibe fahatelo, sady farany amin' ity asa ity .

FIZARANA FAHATELO : NY AKON'IZANY FOMBA FITSIMBINANA NY AINA IZANY EO AMIN'NY FIAIANAM-PIARAHAMONINA

Mba tsy hahalefy sy tsy haharitra ary tsy hahafongana tanteraka ny **AINA** dia lafin- javatra efatra no nahafahan' ny Ntaolo nanohana sy nitsimbina azy. Izany dia azo fehezina amin' ity fanambarana nataon- d **RANDRIAMIADANARIVO** ity : « *Ny fototra efatra nataon' ny razantsika ho tohan' aina dia ny fanahy hendry, ny sakafo mahasoana , ny asa mahatsemboka ary ny fihavanana amin' ny zavaboary* ».⁸⁸

Koa , rehefa voatohana sy voatandrina ary voatsimbina io **AINA** io, dia antenaina fa ho tafajoro eo anivon' ny fiainam- piarahamonina ny **fahaizana mifanome hasina** sy ny **fahaizana mivondrona** . Ny fampijoroana izany no fototra ho amin' ny fampivoarana sy fampandrosoana haingana ny faritra misy ny tsirairay . Andeha àry hotomorina akaiky ny amin' izany, ka hasongadina voalohany ato amin' ity fizarana farany ity ny **fahaizan' ny mpiara- monina mifanome hasina**, manaraka izay ny **fahaizany mivondrona** ary farany dia **ny ilana ity asa fikarohana ity eo amin' ny fampivoarana ny fampianarana ny RIBA any amin' ny Ambaratonga Faharoa**.

⁸⁸ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op. cit. , tak. 31

Toko 1 – NY FIFANOMEZAN - KASINA EO AMIN' NY SAMY MPIARA- MONINA

Araka ny efa hita tamin' ireo famahavahana vita teo aloha , tao amin' ny fizarana faharoa , ny fanirian' ny **Ntaolo** dia ny **ho ela velona** sy ny **ho salama hatrany** . Noporofoiny izany na tamin' ny fahaizana mitsimbina ny tena , na tamin' ny fitsimbinana ny hafa , eny hatramin' ny fibanjinana ny ho avy. Fantany ihany koa fa tsy mahavita tena izy, ka sady tsy maintsy miaina ao anaty fiarahamonina , no manaja ny rindran- damina ao anatin'ny ao . Koa , mba tsy hampikorontana izany lamim- piarahamonina izany dia noheverin' ny Ntaolo fa tsy misy tsara ohatra **ny mifanaja sy mifanome voninahitra** . Izany anefa tsy ho efa sy tsy ho tontosa raha tsy eo aloha ny **fifanomezan- kasina** eo amin' ny samy mpiara- monina .

1.1 – MIFANOME HASINA NY MPIARA – MONINA :

Tsy afaka ny ifanatona ny olona roa na maromaro raha tsy eo aloha ny fahafantarana mazava ny **hasina** ananan' ny tsirairay. Ny fahatsapan' ny Ntaolo an' izany no nahatonga azy niteny hoe : “ **Ny hevitra tsy azo tsy amin' olombelona** ” sy ny hoe : “ **Sakamalaho sy havoza ka samy manana ny hanitra ho azy** “. Raha te hila hevitra na fanampiana izany, dia amin' olombelona tahaka ny tena ihany no ahazoana izany. Amin' izay anefa dia mila fantatra mazava ny amin' io olona ilana hevitra sy fanampiana io : **inona no tombony ananany mihoatra ny hafa ?** na **inona no manavanana sy mahazatra azy ?** na **hatraiza sy hatraiza ny fahaiza- manaony ?**

Mba hahazoana manatona sy mifanerasera amin' ny olona iray izany dia tokony hazava aloha ny antony ilana azy, ary fantarina raha mahavaly ireo fepetra itadiavana azy izy. Tsy izay olona rehetra hita izany dia ilana hevitra sy ilana vonjy avokoa , fa fantarina aloha izay hasina manokana ananany mihoatra ny hafa , izany hoe ilay toetra manokana sy manavaka azy amin' ny maro . Mila mitandrana hatrany izany ao anaty fiarahamonina ao .

1.1.1- Mifampitandrana ny mpiara - monina :

Hoy indrindra ny Ntaolo ny amin' izany : “Ataovy toy ny andry ombin' llaimora ny havana, ka ny kely voasafosafo ary ny lehibe voatehete-haka” sy “Aza ny havana no asian- dratsy, fa tsy ho tratry ny hafa tsy akory ”. Avy amin' ireo ohabolana ireo no hanehoana fa ilaina ny fahaiza- mitandrana eo amin' ny fiainam- piarahamonina .

1.1.1.1 - “ Ataovy toy ny andry ombin' llaimora ny havana , ka ny kely voasafosafo ary ny lehibe voatehete-haka ” :

Rehefa miandry omby ny zatovolahy, anisan' ny mahafinaritra azy ny mahita ireo omby

andrasana izay mora baikoina sy roahina , mainka moa fa tafaraka samy tsotra na ny miandry na ilay biby andrasana . Amin' izany dia tsy misy afa- tsy safosafy sy fandambolamboana ary fankasitrahana no hetsika ataon' ilay mpiandry amin' ilay biby andrasany.

Noheverin' ny Ntaolo fa sahala amin' izany ihany koa no fomba tsara ifandraisana aman' olona , indrindra ny havana . Samy manana ny mampiavaka azy mantsy izy ireny ka tsy azo atao tsinontsinona ny hasina ananany . Noho izany, ny fandraisana azy ireny ho toy ny tena no zava- dehibe voalohany indrindra ; ary mendrika sy ankasitrahana izy ireny amin' izay zava- bitany amin' ny tena .

Izany no atao dia ***mba hampaharitra ilay fiaraha- monina sy hampirindra azy hatrany*** . Koa , raha tsy hain' ny tsirairay izany ny ***mitandrina ny tenany sy ny hafa*** dia mety hiharan' ny fitsaran' ny mpiara- monina aminy izy ka ho avy sy hiandrona aminy ny fanamelohana sy ny fakianana maro .

1.1.1.2 - “ Aza ny havana no asian- dratsy, fa tsy ho tratry ny hafa tsy akory ” :

Ny havana teo amin' ny Ntaolo dia ilay olona noraisiny ohatra ny tenany mihitsy. Raha misy izany sahy manisy ratsy ny tenany dia tsy mampaninona raha manao izany koa amin' ilay olona noraisiny ho havana izy . Manahirana izany ny manisy ratsy ny havana , satria : raha toa ka misy fahaporetana na fahamaizana mahazo ny tena , dia tsy maintsy any amin'izy ireny ihany no hidodododoana sy hilana vonjy. Raha any amin' ny hafa mantsy ianao no mitonantonana manao izany dia ihomehezany fotsiny sy avelany amin' izao .

Mila ***tandremana tsara*** hatrany izany ***ny fihetsika aseho sy atao*** amin' ireo mpiara- monina amin' ny tena , satria ireo no solon- kavana , ireo no iray tampo amin' ny tena , ireo no solon- dray aman- dreny. Tsy izay olona hafa any an- kafa any akory , na izay olona any lavitra any mihitsy izany no ifampizarana ny manahirana sy amborahana ny mahasoana ; fa izay mifanolo - bodirindrina aminao ihany, izay mpiara- monina amintsika ihany.

Izay tsy mahatandrina ny tenany sy ny manodidina azy izany ao anaty fiarahamonina ao dia tsy maintsy tsarain' ny mpiara- monina aminy, satria diso sy meloka teo amin' ny tany ama- monina izy . Ny ohabolana, teo amin' ny Ntaolo, no nentiny nanoro hevitra ny isam-batan' olona mba tsy ho tonga amin' izany fitondran- tena tsy mendrika izany. Sady nentiny nitaizana ny tsirairay ho tena olon' ny fiarahamonina izany ny ohabolana , no nibeazany azy mba hahay hifanome hasina . Tsy ampy ho fenitra hampirindra sy hampilamina ny fiainam- piarahamonina anefa izany raha tsy mipetraka ny fahazoana antoka ilay olona raisina ho toy ny havan' ny tena .

1.1.2-Mifampatoky ny mpiara – monina :

Ny Ntaolo dia nilaza fa : “ Mpirahalaha mianala, ka izy tokinao ary ianao tokiny ” sy “Manan- joky afaka olan- teny, manan- jandry afaka olana entana ”. Avy amin' ireo

ohabolana ireo no hanehoana ny lanjan' ny fifampitokisana eo amin' ny fiainam-piaramonina .

1.1.2.1. - “ Mpirahalaha mianala, ka izy tokinao ary ianao tokiny ” :

Ny hoe “**mpirahalaha**” dia ireo lehilahy roa mifanapa- tsinay, na zanak' olona mirahavavy, na zanak' olo- mianadahy ; izany hoe : **ilay akaikin' ny tena, ilay raisina sahala ny tena** . Koa , raha miaraka miditra ny ala izy ireo , izay toerana mangina sy mampatahotra ary be fahavalo, dia voatery tsy maintsy mifanohana sy mifankahery ary mifanampy na amin' ny mora na amin' ny sarotra . Tsapan' ny Ntaolo izany fa tsy misy olona iray afaka hamakivaky samy irery ny sarotra , fa mila namana hatrany, ary namana mahatoky sy azo anankinana zavatra maro . **Mifampiankina izany ny fiainan' ny olona** ao anaty fiaramonina ao, ka tsara raha **ireo azo antoka sy itokiana no ifandraisana** .

1.1.2.2 .- “ Manan- joky afaka olan- teny, manna- jandry afaka olana entana ” :

Ny zoky sy ny zandry no antsoina hoe “ **mpiraitampo**”, eo amin' ny fianakaviana Malagasy. Natao hifampiankina izy ireo eo amin' ny fiainana , ka izay tsy vitan' ny zokiny mba efain' ny zandriny. Raha havanana amin' ny fitondrana teny izany ny zokiolona , dia mba anjaran' ny zandriolona kosa ny lahasa mila herim- batana . Amin' izany dia samy hipetraka ny fifampitokisana eo amin' izy ireo , izany hoe mahavita sy mahefa izy ireo amin' ny andraikitra izay sahaniny avy , satria olona mifankahay tsara .

Tsy hipetraka anefa izany **fifampitokisana** izany raha toa ka tsy **mitana ny maha izy azy ny tsirairay**.

1.1.3 - Fijoroana amin' ny maha izy azy ny tena :

Anisan' ny mbola mampiavaka ny Ntaolo ny fijoroany amin' ny maha izy azy ny tenany, na inon- kidona , na inon- kihatra . Raha manoloana toe-javatra iray izany izy izao, dia sahy maka sy mandray fanapahan- kevitra mifanentana amin' ny zava- mitranga ary tsy mba laitra ahodina na avily na rebirebena ny hiova hevitra indray. Naneho ny heviny momba izany **RAHAJARIZAFY** ka nanambara fa “ *Raharahan' ny olom- banona ny mijoro ankarihary amin' ny tokony hijoroana , ary tsy miraika foana amin' izay siosio* ”.⁸⁹

Jereo tokoa amin' itony fahaizan' ny Ntaolo maneho ny maha izy azy ny tenany itony e, raha toa ka sendra voahosihosy ny hasina maha olona azy.

1.1.3.1.- “ Aleo maty toy izay menatra olona ” :

Matoa menatra ny manodidina azy ny olona iray dia na izy nanao fahadisoana ka niandronan' ny tsinin' ny fiaramonina , na izy nalana baraka imasom- bahoaka , na izy nosoketaina tamin' ny zavatra tsy nataony akory. Ny olona niharan' ny toe- javatra tahaka izany no antsoin' ny olona amin' ny hoe : “ **very hasina** ” na “ **maty hasina** ” ; izany hoe voatototra sy voahosy hatrany an – tampon- doha mihitsy ilay maha olon' ny fiaramonina azy. Tsy mipetraka intsony izany ny maha izy azy ny tenany eo anoloan' ny

⁸⁹ [R.P] RAHAJARIZAFY (AP) , *Hanitra nentin- drazana* , Librairie Ambozontany , Fianarantsoa , Tak.28

manodidina azy.

Eto àry ny olona tratry ny toe– javatra tahaka izany dia tsy te hahita sy tsy te hijery olona intsony ka dia **aleony misitri- belona** ao an- tranony ao, na **hanao vy very ny ainy** izy ka hanohitra hatramin' ny farany ny zava- mianjady sy mitambesatra aminy ary tsy hanaiky lembehana na dia hamoizany ny ain- dehibeny aza , satria efa **ny hasina** maha olona azy no **voahosy hatrany an – tampon – dohany** .

Tsy ny **henatra olona** ihany no **mety hamoizana ny aina** fa eo ihany koa ny **tsy fitanana ny teny nomena** .

1.1.3.2. - “ Aza mandraraka ilo mby an – doha ” :

Ny hoe “**ilo**” dia karaza- menaka manitra fandrehitra na fanosotra . Koa , raha efa nomena ny toerany any an- doha izy io, izany hoe mendri –kaja sy manana ny maha izy azy , kanefa tsy mbola hay ny mitondra sy mitandro ary miaro azy , dia toa mahaketraka sy mahakivy ambonyihany ilay tompony .

Ny toe-javatra tahaka izany dia mety hampihena ny anjara toerana nomena ilay olona nametrahana fitokisana ka tsy nahatanteraka izay nampandraiketana azy . Izany fiovan' ny anjara toerana ametrahana azy izany kosa dia mbola mety hampihena ihany koa ny fifankahazoam- po sy fifampitokisana efa misy . Ary ny tena hatahorana aza dia ny hahatongavana any amin' ny fifankahalana sy fifanenjehana , ka mety hisian' ny famoizana ny aina .

Mba **hampirindra** sy **hampilamina** tsara ary **hampandeha ny fiainam-piarahamonina** izany dia **nankinin' ny Ntaolo tamin' ny fahaizana mifampatoky amin' izay asa iaraha- misahana** izany, ary nolaroiny **tamin' ny fametrahana ny tsirairay amin' ny toerana sahaza azy**. Amin' izay dia sady tsy ho reraka hitotototo atsy sy aroa ny tena na hanenjika itsy sy iroa , no tsy hitanatana vava na hitazam- potsiny na hidonanam- poana ireo mpiara – monina , ary ny ahiana dia ny hisian' ny adilahy sy ny fifamfoana ny aina mihitsy .

Samy tompon' andraikitra amin' ny fampandehanana na tsia ny fiarahamonina misy azy izany ny isam- batan' olona, ka tsy iandrasana ny hafa avy any ivelany ny fandrindrana izany fa anjaran' izy samy mpikambana ao anatin' ao ihany . Tsy vitan' ny hoe ny fahaizana mifampitandrina sy mifampatoky ary ny fanehoana ny maha izy azy ny tena dia ampy hampisosa ny fiainam- piarahamonina , fa anisan' ny mbola ilaina ho amin' izany ihany koa ny fahaizana mifanaja .

1.2 - MAHAY MIFANAJA NY MPIARA –MONINA :

Amin' ny Malagasy, ny zavatra iray manan- kasina dia mendrika ny hohajaina . Izany **fahaiza- manaja ny hafa** izany, raha ny fiainam- piarahamonina no asian- teny, dia azo tarafina indrindra **amin' ny famantarana ny zony** sy ny **fampanjakana ny safidiny** ary ny **fifandeferana manoloana ny toe – java – mitranga** . Inona indrindra no azo ambara mikasika ireo ?

1.2.1. - Tsy ilaina ny maneritery ny hafa :

Ny olona tsirairay avy dia samy manana ny safidim- pony manoloana ireo trangan- javatra izay tsy maintsy atrehana sy andraisana fanapahan- kevitra ao anaty fiarahamonina ao . Izany indrindra no nahatonga ny Ntaolo nilaza fa “ **Aza teren- ko masaka toa voalobo-jaza** ” sy “ **Tsy misy tsara ohatra ny mifanaraka, tsy misy hasambarana ohatra ny fanambadian- tsitrapo** ”. Inona no tiany hambara amin' izany ?

1.2.1.1. - “ Aza teren- ko masaka toa voalobo– jazza ” :

Anisan' ny tsy mahatsara ny fahasalamana ny fihinanana voankazo manta . Rehefa may ny hihinana anefa ny olona iray, indrindra ny ankizy na ny zaza , dia ataony izay fomba rehetra ahazoa- milaza amin' ny manodidina azy fa efa azo hanina tsara izy io, na efa masaka . Tsy mifidy izy amin' izany na amin' ny alalan' ny fomba fijery na amin' ny alalan' ny hetsika . Tereny fotsiny amin' izay ilay voankazo hoe efa matoy tsara , efa malemy ary efa fihinana soa aman– tsara . Ny tsy tsapany na iniany tsy atao ao an- doha dia ny mety ho vokany avy eo .

Tahaka izany eto no nentin' ny Ntaolo nanohatra ny toe– java- misy ao anaty fiarahamonina ao : na lafiny fanapahan– kevitra , na lafiny fanehoana hetsika , hatrany amin' ny fanatanterahana asa mihitsy aza dia tsy mety raha atao an- terisetra na tsy ifampierana akory . Raha terena ny ho amin' izany ny olona iray dia na izy hanaotao foana , na izy hanao antsirambina , na hikomy sy hanakorontana ary hanao izay tsy hampanjary izay asa nampandraiketana azy. Efa **mitory tsy fanomezan- kasina ny hafa ny fanerena azy** hanao na handray zavatra iray tsy araka ny safidiny .

1.2.2.2. - “ Tsy misy tsara ohatra ny mifanaraka , tsy misy hasambarana ohatra ny fanambadian– tsitrapo ” :

Ny zavatra ifanarahana ny fanaovana na fanatontosana azy no tsy miteraka fifanomezan-tsiny eo amin' ireo nifanaraka tamin' izany . Dia tahaka izany koa eto ny lafiny fanambadiana : mahasambatra ny sahala amin' izany ka mitondra any amin' ny filaminan-tsaina ny fisosan' ny fiainana raha toa tsy misy noterena izy roa kely . Mila hajaina sy arahana izany ny safidim– pon' ny olona iray mba tsy ho voahelingelina ny fiainany . Amin' izay dia tsy ho teraka ao anatin' ny tsy fitiavana sy ny fankahalana izay ampanaovina azy , fa ny fikatsahana fahasambarana sy fahafinaretana no ho masaka ao an – dohany .

Rehefa **voahaja izany ny safidim– pon' ny olona iray** eo amin' ny fiatrehana ny fiainana , dia ho mora aminy ny mivelatra eo amin' ny tontolo misy azy na ara- batana io na ara– tsaina , satria **mihevi- tena ho manana ny maha izy azy izy** eo anoloan' ireo mpiara- monina aminy , izany hoe : **misy ny fifanomezan– kasina** . Nahatsapa izany **RAHAJARIZAFY** ka naneho fa “*Lalam- panajana , fa samy manam- panahy no tsy itiavan' ny Malagasy mihitsy izany hoe haneritery ny sasany amin' ny safidim- pony izany*”⁹⁰ .

⁹⁰ [RP] RAHAJARIZAFY , *Filôzofia malagasy* , op. cit. , tak. 54

Mila jerena sy dinihina ary fantarina tsara izany aloha ny zavatra na asa na fihetsika atao raha mety na tsia amin' ilay olona hanao azy . Ny tanjona amin' izany dia ny fanajana hatrany ny hasina maha olona azy .

Ny Ntaolo izany, teo amin' ny fiainany, dia tsy mba nanao zavatra kitoatoa na tsy amim- piheverana fa efa voalanjalanja sy voadinika ary voasaintsainany tsara vao tanterahany na tontosainy . Tsy ilaina izany ny mampanao zavatra na asa na fihetsika an- tery ny olona iray raha tiana ho voatsimbina ny ainy sy ny an' ny manodidina azy. Notandreman' ny Ntaolo hatrany ny tsy ho tratry ny fitenenana toy ny hoe : “ Mizaka ny tsy eran' ny aina ohatra ny akohokely mifatotra tady mahazaka ”, fa “ ny teny ierana manganana ”. Mba hisian' ny fifanajana anefa dia ilaina ihany koa ny fifandeferan' ny samy mpiara- monina.

1.2.2. – Tia mifandefitra ny Ntaolo :

Ilaina dia ilaina ny fahaiza- mitondra tena ao anaty fiarahamonina ao . Ny fahalalan' ny Ntaolo izany no nilazany fa : ” ***Ny mahasoa aloha vao ny mahafinaritra*** ” sy “ ***Sao ny tokenana tsy afaka, ka ny rihana no anihina*** ”. Inona indrindra no tian' ny Ntaolo hambara ny amin' izany ?

1.2.2.1. - “ Ny mahasoa aloha vao ny mahafinaritra ” :

Ny hoe “ ***mahasoa*** ” dia izay zavatra miteraka vokatra tsara eo amin' ny fiainana , fa ny “ ***mahafinaritra*** ” kosa dia izay tsy mitondra afa – tsy hafinaretana ihany. Asongadin' ny Ntaolo àry fa izay zavatra na hetsika mitera– boka- tsoa no tsara atao sy eritreretina ary tanterahana mialoha ; fa izay mamalifaly sy mampiravoravo kosa dia mbola afaka miandry sy azo ampandefarina kely aloha .

Misy ***laharam- pahamehana*** izany ny zavatra na toe-javatra ao anaty fiarahamonina ao . ***Izay maika sy tena ilaina aloha*** no atao sy atrehana mialoha , izay vao mientreritra ny lafin-javatra hafa . Dia tahaka izany koa ny fifandraisana sy fifaneraserana ao: misy ny tsara tomorina akaiky, fa mba misy kosa ny mendrika ny hohalavirina na hihatahana kely aloha , ary misy ny tena tsy maintsy ilaozana sy andosirana mihitsy aza .

Atao ao an- tsaina lalandava izany ny hoe : mitondra inona eo amiko ity zavatra sahaniko ity ary sao dia mba misy fiantraikany any amin' ny hafa?

1.2.2.2. - “ Sao ny tokenana tsy afaka , ka ny rihana no anihina ” :

Ny “ ***tokenana*** ” dia ilay faritra eo ambanin' ny takolam- baravarana , izay hitsahana voalohany alohan' ny hidirana ao an– trano .

Ny “ ***rihana*** ” kosa indray dia ilay toerana ao ambonin' ny efitra vao idirana aty ambany . Maneho àry eto ny ohabolana fa ohatra ny hafahafa ihany izany hoe misy olona tonga ka hiditra ao an- trano, nefa tsy nandalo teo an- tokenana fa avy hatrany dia mitady hevitra hiakarana any ambony rihana . Oharin' ny Ntaolo amin' izany ireo zava- misy mitranga ao anaty fiarahamonina ao : na inona mahamaika , na inona , dia tsy hisy olona hitsako alohan' ny vazana mihitsy, tsy hisy olona handidy hena ambony fe , tsy hisy olona hanentana vary tsy manitra . Tsy maintsy misy ampandefarina foana ny zavatra hafa

manoloana ny sasany .

Teo amin' ny Ntaolo izany, na ara- pifandraisana io, na ara- kevitra na ara-pitadiavana dia mipetraka foana ny hoe : iza no tokony handeha mialoha ? na iza no maika kokoa ? na iza no tena ilaina ?

Tsy misy tsara ohatra ny mifandefitra izany eo amin' ny fiainana, fa tsy maika fotsiny handrombaka izao zava- miseho rehetra izao. Arakaraka ny hoenti- manana eo am- pelatanana ihany koa no andraisana ho an' ny tena na tsia ny zavatra na toe-javatra iray. Mila ampandeferina daholo izany ny zavatra na toe- javatra tsy mitondra voka- tsoa eo amin' ny fiainana .Nahay nifandrindra sy nifandamina ny Ntaolo ny amin' izany, satria misy ny zavatra tsy mahasoana ny tena fa mahasoana ny hafa. Izay tena ilaina amin' ny maha olona izany no mila raisina na atao. Mariky ny fahaiza- mitondra tena sy miahy ny hafa daholo izany, araka ny nanehoan- d RAHAJARIZAFY azy hoe: “Satria manko tsy inona ny lalam- pitondran- tena, araka ny nieritreretiny sy nandanjalanjany azy fa izay mahasoana marina araka izay maha olona .”⁹¹

Izany ***fahaizan' ny Ntaolo mitondra tena*** izay mifono ***fanajana sy fandeferana*** izany no nampateza hatrany ny fiarahamoniny , sy nahafahany ***nitaiza ny vatany sy ny sainy*** ho tena olom- piarahamonina ary nahazoany ***nitsinjo ny ainy sy ny ain' ny hafa*** . Tsy mbola ampy ho mariky ny fahaizana mifanome hasina anefa izany raha tsy eo ihany koa ny ***famantarana sy fanajana ny zon' ny hafa*** .

1.2.3.- Fantarina sy hajaina ny zon' ny hafa :

Ny Ntaolo dia fatra- panaja ny hafa manodidina azy sy ny an-tanan- tohatra misy ao anaty fiarahamonina ao . Izany no nahatonga azy miteny toy ny hoe : “ ***Tsy mety raha sady mandidy no homana*** ” sy “ ***Aza manao kely tsy mba mamindro*** ”. Inona indrindra no tiany hambara amin' izany ?

1.2.3.1 - “ Tsy mety raha sady mandidy no homana ” :

Samy manana ny zara asa tandrify azy ny tsirairay eo amin' ny andavanandrom- piainany : ao ny mpikarakara , ao ny mpandrindra , eo ny mpanatanteraka ,...

Eto ity ohabolana ity dia maneho fa tsy dia mitory fahaiza- miaina loatra raha toa ka efa ianao no “ ***mandidy*** ”, izany hoe mizara na mitantana , sady mbola ianao ihany koa no “ ***homana*** ” , na manatanteraka hetsika na asa iray tsy nasiana fifampierana sy fampisafidianana akory.

Ny olona tsirairay ao anaty fiarahamonina ao mantsy dia mba manana ny zony haneho hetsika na hanatanteraka asa iray. Noho izany, ***mila fantarina hatrany ny zon' ny tsirairay manodidina ny tena ary hajaina*** izany alohan' ny hanaovana asa na hanatanterahana hetsika iray. Ny zon' ny tena izany dia mifamatotra foana sy voafetran' ny zon' ny hafa .

⁹¹ [RP] RAHAJARIZAFY , *Filôzofia malagasy* , op. cit. , tak. 62

1.2.3.2. - “ Aza manao kely tsy mba mamindro ” :

Ny mpikambana tsirairay avy ao anaty fiarahamonina ao dia samy manana ny zony hanao hetsika na hanatanteraka asa iray. Eto ity ohabolana ity dia maneho fa tsy mety ny manilikilika ny “ **kely** ” na ny madinika na ny osa hanalavitra ny afo na ny fatana izay manome hafanana , indrindra amin’ ny fotoana ahatsiarovany fa mangatsiaka izy ka mila mamindro mba hahazo hafanana , na mila mpanafana ihany koa .

Tsy izay matanjaka sy mahery na “**lehibe**” ihany no afa- maneho ny heviny sy maneho hetsika na manatanteraka asa iray ao anaty fiarahamonina ao , fa mba manan- jo ho amin’ izany ihany koa ny osa sy sahirana na ny “**kely**”. Fantarina hatrany izany ny fetra ahazoan’ ny tena miditra sy mitsabaka amina toe-javatra iray sao dia hanelingelina sy hanakantsakana ny zo sy ny fahafahan’ ny hafa .

Ny fitondran- tena tahaka izany no mitoro fa **hain’ ny tsirairay ny mifanaja ao anaty fiarahamonina ao** , satria ny isam- batan’ olona dia samy manana ny hasina maha izy azy ka tsy azo atao tsinontsinona na atao ambanin-javatra . Ny fahatsapan- tena izany no tena zava- dehibe eo anivon’ ny fiainam- piarahamonina : tsy ilaina ny misehoseho sy mizahozaho na mieboebo, fa ny andrasana amin’ ny tsirairay dia ny fahalalana onona sy fahafantarana ny sahaza .

Nohamafisin- d **RAHAJARIZAFY** izany tamin’ ny filazany fa “ *Mahalala ny fetrany koa anefa , no manan- kaja aman- jo amin’ ny lafiny rehetra [ny Ntaolo]. Ka ninoany fa tsy mety ny mideradera tena ho mahay na mahery. Ny antonona sy mety dia ny mahay mitsara tena (...) eo anoloan’ ny hafa* ”.⁹²

Raha tiana izany ny hisian’ ny fifanomezan- kasina eo amin’ ny samy mpiara-monina dia mila fantarina sy hajaina ny tsinjara toerana misy ny tena sy izay ananan’ ny hafa, ary asiana fetrany ny hetsika na asa atao araka izay adidy aman’ andraikitra tandrify ny tsirairay, araka ny fitenenana hoe : “Izay avo feo, miantso ; izay lava, manaka- drano;izay maranitra , adidy ”. Tsy ho ampy sy tsy ho tonga lafatra anefa izany fitandroana ny hasina maha olona izany raha tsy hay ny mifanome voninahitra.

1.3 - MAHAY MIFANOME VONINAHITRA NY MPIARA - MONINA :

Manana ny hasiny sy ny maha izy azy ny fiarahamonina tsirairay avy. Noho izany, ny rindran- damina sy fitsipi- pifehezana rehetra ao anatin’ ao dia natao hohajaina sy ho toavina . Ny fanarahana azy ireny no miteraka ny fifanomezam- boninahitra eo amin’ ny samy mpiara- monina . Ny fomba fitondran- tena sy ny fomba enti- mifandray amin’ ny hafa ary ny fifampikasohana aminy no fototra ho amin’ izany .

1.3.1- Mahay mitondra ny tenany ny Ntaolo :

Ny **fanehoana ny fahaiza- miaina eo imasom- bahoaka** sy **eo anivon’ ny**

⁹² [RP] RAHAJARIZAFY , *Filôzofia malagasy* , op . cit . , tak. 47

fiarahamonina no ahazoa- mitaratra ny fitondran- tenan' ny olona iray. Jereo anie ny fahaizan' ny Ntaolo manambara izany anaty ohabolana e !

1.3.1.1 - “ Areti - mahazo tsy fisangy, asanareo tia somonga ”:

Anisan' ny fanirian' ny olona mandritry ny fe- potoana iainany ny ho salama tsara tsy harofy. Koa , raha tonga izay tsy fahasalamana na aretina izay, dia nambaran' ny Ntaolo eto fa tsy azo atao ny misangy izany na milalao na mivazivazy azy . Tsy maintsy itadiavana izay ho fanefiny izany fa tsy andrasana fotsiny amin' izao na zara raha tsabotsaboina eny foana . Ny aretina tokoa mantsy rehefa lalaovina eo dia mety hihanaka , ary raha mihombo dia hanahirankirana ny hitsabo azy . Ny tena atahorana aza dia izy mety haningotra ny aina raha mbola mitohy ny fihombony .

Eo amin' ny fiainana izany, raha misy zava- miseho na toe- java – mitranga , dia **ilaina** foana **ny fahaizana mifehy ny hetsika atao**, na **ny teny avoaka** , na **ny fanapahan- kevitra raisina** . Ny tandremana fatratra amin' izany dia ny hahaizana mitondra ny fiainan' ny tena sy ny an' ny hafa ary ny mba tsy hanomezan' ny hafa tsiny ny tena .

1.3.1.2. - “ Tsy mbola hitany ny maty, ka andramany ny torana ” :

Maro tokoa ireo olona na vondron' olona na sokajin' olona ao anaty fiarahamonina ao no tia andrankandrana eo amin' ny fiainana . Eto àry dia ny fahafatesana mihitsy no sangin-dry zareo, ka ny ataony amin' izany dia ny manao torana . Ny hoe “**torana**” moa dia ilay tsy fahatsiarovan- tena vetivety ka sady tsy mahare na inona na inona no tsy afa- maneho hetsika ny tena . Ny hoe “**maty**” kosa dia ilay tena tsy mahatsiaro tena intsony ka sady tsy mahare no tsy mihetsika intsony, ary tsy miaina intsony koa .

Zava- dratsy daholo izany izy roa ireo manoloana ny fiainana , koa inoana fa raha mbola olona mahalala ny tokony hataony ihany koa dia tsy hisy hisafidy izany . Ary mbola izany antony izany no nahatonga an-d **RANDRIAMIADANARIVO** nilaza fa “ **Koa raha tia fihavanana ny Ntaolo sady mifanaja ary mandala fahamarinana, dia satria voafehin' ny fahendrena .** ”⁹³

Niezaka mafy tokoa izany ny Ntaolo tamin' izay zavatra nataony ny mba tsy haningotsingotra ny fianany sy ny mba tsy hanelingelina ny hafa ny hetsika na asa ataony. Tsy efa sy tsy tontosa anefa izany raha tsy sady mahalala ny tontolo manodidina azy izy no manana ny fahendrena itondrana ny tena . Izany no nahatonga azy niteny hoe : “ **Ny fanahy no olona** ”, ary mbola nampiany hoe : “ **Ny tanin' andriana tian- konenana, ka ny satan' Andriana no tsy tian- karahina ?** ”.

Tsy ho an' ny tena ihany izany no ilana ny fahaizana mitondra tena, fa ho fitsimbinana ny hafa ihany koa . Mba hampilanina sy hampirindra tsara ny fiainam-piarahamonina anefa, tsy ny fitondran- tena ihany no mila tandremana sy atao mety, fa eo ihany koa ny fahaizana mifandray amin' ny hafa.

1.3.2- Mahay mifandray amin' ny hafa ny Ntaolo :

⁹³ **RANDRIAMIADANARIVO** , *Sekolin' ny Ntaolo* , op. cit. , tak.35

Araka ny efa hita tamin' ny famahavahana teo aloha , dia tsy misy mahavita tena ny olona tsirairay avy na iza izy na iza . Ny fahafantaran' ny Ntaolo an' izany no nitenenany fa : “ **Aza tsy tia olona, fa ny olona no harena**” sy “ **Aza atositosika ny ondry botry, fa tsy fantatra izay hanao kambana**”. Avy amin' ny famahavahana ireo ohabolana ireo no isintonantsika hevitra ny amin' ny fomba hoenti– mifanerasera .

1.3.2.1- “ Aza tsy tia olona , fa ny olona no harena ” :

Rehefa tsy mahavita tena ny olona iray, dia mila mpanampy izy. Koa raha samy hitady mpanampy ihany eo amin' ny fiainana dia aleo maka olona ho namana sy ho sakaiza . Ny fisian' ny olona afaka mifanakalo hevitra sy afaka mifampiresaka amin' ny tena izany dia mariky ny fahampiana sy fahavononana hatrany hiatrika ny fiainana . Ny olona vonona hiatrika ny fianany izany, teo amin' ny Ntaolo, dia ilay olona manana ny ampy (*na ny hoenti- manana io, na ny hiara- mamakivaky ny sarotra*), sy ilay olona vonona tanteraka amin' ny lafiny rehetra (*na ara- batana io, na ara- tsaina, na ara- panahy*) .

Teo amin' ny Ntaolo izany dia **ny fifandraisana aman' olona sy ny fananana namana** eo amin' ny fiainana no hery lehibe hamakivakiana ny fiainana . Tsy ho azo anefa io namana io raha tsy hay ny mifidy ny hetsika rehetra atao manoloana ny fisiany (*na teny io , na asa , na fihetsika*) .

1.3.2.2 “ Aza atositosika ny ondry botry , fa tsy fantatra izay hanao kambana ” :

Ny biby asiana mpamari- toetra hoe “ **botry**” dia ireo biby izay tsy mitombo firy intsony no sady fohy . Koa , raha biby ompiana , toy ny ondry, no antsoina hoe “**ondry botry** ” dia ilay ondry tsy mitombo na kely vatana ka tsy antenaina ny hanaranaka firy akory.

Ny ohabolana anefa eto dia maneho fa tsy mbola fantatra izay fandaharan' Andriamanitra any aoriana any ka sao dia ireny ondry lazaina fa botry ireny no hiteraka kambana . Tsy azo atao izany ny manikilika azy amin' ireo namany fa misy foana ny ilana azy sy ny toa azy eo amin' ny fiainana .

Dia tahaka izany koa ao anaty fiainam- piarahamonina ao : **tsy tokony hasiana fanavakavahana** ny fifandraisana sy fifaneraserana aman' olona , na manao ahoana na manao ahoana ireo olona miara- miaina amin' ny tena . Tsy an- kijery toe-batana izany io, na toe– tsaina , na fahaiza- manao, na ny lesoka misy ; fa **rehefa olona dia azo ifandraisana sy ifaneraserana ary ifanarahana avokoa** .

Mba hahazoana mifandray amin' ny hafa izany, dia ilaina ny fahafantaranana tanteraka ny manodidina ny tena sy ny mombamomba azy aloha, izay vao mifantina ny tokony hatao na fihetsika io, na asa , na fitenenana. Nahatsapa izany hasarobidin' ny fahaiza- mifandray izany ireo mpandinika malagasy, ka singanina amin' izany ny nambaran- d RANDRIAMIADANARIVO hoe : ” Efa nampianarina mantsy ny fahendrena mendrika holazaina . Efa nanjary fiainana ny fifanajana, tonga fifehezana teo amin' ny asa natao isanandro ny fitiavana ny marina .”⁹⁴ (Tsy

⁹⁴ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Natolo* , op. cit. , tak.35

ambaka izany koa a nefa ny fanambaran' i Régis RAJEMISA-RAOLISON manao hoe: “Tsy ny soa ho an' ny tena ihany akory no kendrena amin' ny fihavanana, fa ny hitandrovana ny zo aman- kasin' ny hafa .”⁹⁵) Neza hin' ny Ntaolo hatrany izany ny hahatsara ny fifandraisany amin' ny hafa amin' ny alalan' ny fahaizany mitondra ny tenany. Tsy ampy ho mariky ny fahaizana mifanome voninahitra anefa ireo raha tsy laroina ny fahaiza- mandala ny fihavanana.

1.3.3 Tia mihavana amin' ny manodidina azy ny Ntaolo :

Anisan' ny mampiavaka ny Malagasy eo amin' ny lafiny fifandraisana ara- piarahamonina ny fahaizany mihavana amin' ny manodidina azy . Azo tarafina avy amin' ny alalan' ireo fombam- pitenenany izany raha ny eto an – kibon' Imerina izay fototry ny fampiraisana ny Nosy ho iray no asian – teny .

Jereo anie itony santionana ohabolany izay maneho izany : “ **Maso sy orona ka iray alahelo** ” sy “ **Aza manao fihavana- molotra : tezitra vao mifanatona** ”. Inona sy inona no azo ambara avy amin' izany ?

1.3.3.1 - “ Maso sy orona ka iray alahelo ” :

Anisan' ny singa mandrafitra ny lohan' olombelona na ny **maso** , na ny **orona** . Samy manana ny maha izy azy sy ny ilana azy ireo matoa noforonin' Ilay Nahary. Ny maso no natao hijerena sy hitazanana ny zava- misy. Ny orona kosa no entina hanamboloana na hamantarana ny fofon- javatra iray, sady natao ifohana sy amoahana rivotra .

Samy tafiditra ao anatin' ny antsoina hoe “ **vavahadin- tsaina** ” izany izy roa ireo . Eto àry ity ohabolana ity dia maneho fa raha misy fahoriana na alahelo midona na mianjady amin' ny olona iray, avy amin' ireo singa ireo no ahatarafana ny lanjan' izany : ny maso toa feno rano, tsy dia mahabanjina olona firy ary tonga hatrany amin' ny fahalatsahan' ny ranomaso mihitsy ; ny orona mifopoka hatrany vokatry ny sentosento sy toloko , ary mety ho tonga hatramin' ny firotsahan' ny ranon- delo aza . Misy fifampiankinany izany izy roa ireo manoloana ny zava– mianjady. Dia tahaka izany koa ny olona ao anaty fiarahamonina ao : tsy misy afaka mandeha irery fa mifampila sy mifampiankina hatrany . Ny ory mila ny fanampian' ny manana , ny matanjaka mitady ny fanohanana' ny osa , ny lahy mila ny fanohanana' ny vavy ary ny madinika mila ny fanampian' ny lehibe . Tsy mizotra amina lalan- tokana anefa izany toe- javatra izany fa mifamadibadika arakaraka ny zava – misy atrehana sy tsy maintsy diavina .

1.3.3.2 - “ Aza manao fihavana- molotra : tezitra vao mifanatona ” :

Tahaka ny toe– java- nisy tao amin' ny famahavahana teo aloha ihany, ny singa iray eo amin' ny tavan' ny olombelona no amantarana na faly izy na ory, na ravoravo na tezitra iahny koa .

Eto àry ity ohabolana ity dia maneho amintsika fa tsy mety ny fihavanana eo amin' ny molotra (ny ambony sy ny ambany) rehefa tezitra ny olona iray. Raha faly ny olona iray

⁹⁵ RAJEMISA –RAOLISON , *Fomba amam – panao malagasy* , Librairie Mixte , Antananarivo , 1972 , tak.116

dia hita mitsikitsiky izay izy, tsy mikombom- bava mihitsy ; fa raha tezitra kosa dia somary vitsivitsy teny na manao be tsy miteny na mikombom- bava tanteraka mihitsy aza , ka amin' izany no ahatarafana ny molotra roa mifanatona .

Tsy dia mety loatra izany fihetsika izany teo amin' ny Ntaolo . Mampitandrina izany eto ny Ntaolo fa tsy vita moramora akory ny fahaiza- mifandray ao anaty fiarahamonina ao, fa **ilaina dia ilaina ny mifanohana sy mifanampy** ary **mifampizara izay ananana** amin' ny hafa . Tsy misy mahavita tena mantsy ny tsirairay ka ny fifaneraserana sy fifankahazoana ary ny fiombonana amin' ny manodidina ny tena no fototra mampandeha ny fiainan' ny tena sy ny fiainam- piarahamonina .

Mila ny manodidina azy hatrany izany ny tsirairay ao anaty fiarahamonina ao na inona toerana misy azy na inona, na manao ahoana ny andraikitra sahaniny na manao ahoana. Tsy misy tsara ohatra ny mifanatona sy mifandray ary mifankahazo am- po izany raha tiana ny hampanjaka ny fihavanana sy hampandeha ary hampirindra ny fiainam- piarahamonina. Izany no mbola nahatonga ny Ntaolo nilaza fa : “Tsara ny roa noho ny iray, fa raha lavo misy mpanarina” sy “Ny hevitra ny maro mahataka- davitra” ary “Ny olona iray tsy mba vahoaka”.

FEHINY

Na inona na inona izany nataon' ny Ntaolo, na aiza na aiza toerana misy azy, na manao ahoana na ahoana ny toe- javatra atrehany, dia tsy nety izy raha tsy niezaka nahay nitondra ny tenany aloha teo anoloan' ny hafa sy niezaka nifandray amin' ny manodidina azy ary namantatra sy nanaja hatrany ny zo sy safidin' ireo mpiarahamonina aminy. Izany no nataony dia mba ho fanehoany ny maha izy azy ny tenany sy ho fanajany ny maha izy azy ny hafa ihany koa . Tandrovany fatratra amin' izany ny tsy hisian' ny korontana ao anaty fiarahamonina ao sy ny hampirindra ireo lamim- pifandraisana ao anatin' ny .

Tsy afaka ny hifanome hasina izany ny mpiara- monina, sy hifanaja ary hifanome voninahitra raha tsy mahafantatra ny zo ananan' ny tsirairay sy ny fahaiza- manao ananany ary ny fetran' ny fahafahana maneho hetsika na manatontosa asa iray. Amin' izay dia samy ho voatandro sy ho voatsimbina ny fiainan' ny tsirairay no ho voatsinjo ihany koa ny fivoarana sy fandrosoan' ny fiainam- piarahamonina . Mifampila sy mifampiankina hatrany izany ny fizotry ny fiainan' ireo mpikambana ao anaty fiarahamonina iray ka ilaina ny mifanampy sy mifanome tanana ary mifanohantohan- tsy ho lavo mba hisian' ny firosoana sy fivoarana haingana . Ny mahakasika izany indrindra no hovelabelarina ato amin' ity toko faharoa manaraka ity .

Toko 2 – VELONA NY FIRAISAN- KINA EO AMIN' NY SAMY MPIARA - MONINA

Tsy afaka ny hiara- hitoetra sy ny hiara- hiaina ny olombelona rehetra ao anaty

fiarahamonina iray raha tsy eo **ny ezaka hanafoanana ny elanelana manasaraka** azy ireo . Rehefa **mahay mifanatona izy ireo** dia tokony ho hainy ny **mifampizara andraikitra** . Ary, mba hisian' ny firaisankina ao anatiny ao dia **ilaina ny fifanampian' ny samy mpiara – belona** . Izany fahaizan' ny Ntaolo mandrindra ny fiainany izany no hovahavahana mifanesy ato amin' ity zana- pizarana ity .

2.1 - MIHENA NY ELANELANA MISY :

Ny Ntaolo dia niezaka namantatra sy nifehy ny tontolo manodidina azy. Avy amin' izany no nentiny nanatsoaka hevitra mba hahazany mitondra ny tenany hoenti- mampirindra ny fiainany. Noraketiny tanaty lahabolana ireny lovan- tsaina sy foto- pahendrena nananany ireny mba ho azon' ny taranaka fara aman- dimby raisina sy ampiasaina . Nohamafisin- d **RAMAROLAHY** izany amin' ny filazana fa “ **Ny fitenenana , ny ankamantatra, ary ny ankifidy sy ny ohabolana dia vokatry ny fahalalan' ny Ntaolo tanteraka ny zava-boary, ka** nahazoan- kevitra ho amin' ny fiainan –janak ' olombelona kosa ”.⁹⁶

Ao anaty fiarahamonina ao dia ahitana sokajin' olona maromaro . Fara faharatsiny izy io mizara ho roa : ny manan- katao sy ny sahirana ara-pivelomana , na ny nahita fianarana sy ny tsy nandia ny varavaran- tsekoly, na ny an' asa sy ny tsy an' asa , ... Raha tiana handeha sy handroso anefa ny fiainan' io fiarahamonina io, dia ny elanelana misy eo amin' ireo sokajy ao anatiny no tsy maintsy itadiavana hevitra hahena na hofaonana mihitsy aza . Tsy ho foana anefa izany na hihena raha tsy miezaka ny mifanatona izy ireo, ary tsy vitan' ny hoe mifanatona fotsiny fa mifanoro hevitra sy mifanitsy koa . Ny ohabolany no nentiny nandrakitra izany.

2.1.1 – Mifanatona ny mpiara – monina :

Hoy indrindra ny Ntaolo mikasika izany : “ Izay tsy mahay sobiky, mahay fantam- bary ” sy “ Trano atsimo sy avaratra, izay tsy mahalen –kialofana ”. Inona sy inona no tiany hambara amin' izany ?

2.1.1.1 - “ Izay tsy mahay sobiky mahay fantam– bary ” :

Ny olona tsirairay ao anaty fiarahamonina ao dia samy manana ireo fanomezam-pahasoavana natolotr ' Ilay Nahary azy na lafiny fihariana sy lafiny fitadiavana , na lafiny hoenti- manana ny amin' izany, na ny eo amin' ny fanatanterahana sy fanatontosana azy. Eto àry dia resaka asa tanana no asehon' ny ohabolana : ny sobiky sy ny fantam- bary dia samy asa novokarin' ny mpandrary avokoa , saingy ny mampiavaka azy dia ny sehatra ampiasan' ny olona azy ireo. Ny sobiky dia natokana ho amina asa lehibe kokoa (ohatra : fitaterana vokatry), fa ny fantam- bary kosa ho amina asa madinidinika ao an- trano (ohatra : fitoerana fotsimbary hohandrina) . Asehon' ny ohabolana izany eto fa raha samy mpandrary ihany : ao ny mahay sobika , ao ny mahay fantam- bary, ao ny mahay zavatra hafa toy ny tsihy na satroka na tanan- tsotro na sahafa .

Dia tahaka izany ireo sokajin' olona ao anaty fiarahamonina ao : misy ny havanana

⁹⁶ RAMAROLAHY , *Rakitra ny elan' ny Ntaolo Malagasy* , op. cit., tak. 5

amin' ny asa tanana , ao ny havanana amin' ny asa vatana ary ao ny havanana amin' ny asa saina . Mila mifanatonana sy mifanakalo hevitra izany izy ireo raha tiany hisosa ny fiainam- piarahamoniny. Ny fifanatonan' izy ireo mantsy no azo raisina ho toy ny toko telo mahamasa- nahandro, satria

ny manana mila ny fifanampian' ny sahirana (herin- tsandry io), ary ***ny sahirana mila fiarovana amin' ny manna- katao*** (fanomezana asa) . Dia mifamaly tahaka izany daholo ireo sokajin' olona misy ao anaty fiarahamonina ao .

2.1.1.2 -“ Trano atsimo sy avaratra , ka izay tsy mahalen- kialofana” :

Ny fahasahiranana mihatra amina olona na vondron' olona na sokajin' olona iray no ahafantarana azy na mahavita tena irery izy na mila fanampian' ny hafa . Asehon' ity ohabolana ity àry fa raha sanatria an' izany amin' ny fotoam- pahavaratra ka betsaka ny rotsakorana ary mety ho tanteraka ny tafon- trano , dia mila mifamonjy sy mifanatonana ny mpifanila vadirindrina . Raha mila vonjy ny ao atsimo, dia mampiantrano ny ao avaratra , ary dia mifamadika amin' izany koa , arakaraka ny toe- java- mitranga .

Ny tena mpiara- monina izany dia ireo olona mahay mifanatonana sy mifanerasera ary mifamonjy raha sendra ny fahaporetana . Atao ahoana tokoa moa ny filana vonjy amina olona any amin' ny toerana lavitra ny tena , ary atao ahoana ihany koa ny hifanerasera amin' izy ireny nefa ny toerana onenana mifanalavitra aoka izany ? Ilaina dia ilaina izany ny fifanatonana eo amin' ny samy mpiara- monina mba hahazoa- miara- midinika ny hoenti- mampandroso ny faritra misy azy ireo . Nosorohin' ny Ntaolo hatrany izany ny tsy ho tratry ny fombam - pitenenana toy ny hoe : “ ***Izay vitsy lanin' ny vitsika*** ” sy “ ***Ny olon- drery tsy mba vahoaka*** ” ary “ ***Ny hazo tokana tsy mba ala*** ”.

Fantatry ny Ntaolo tsara izany fa tsy ho lasa lavitra izy raha hiasa irery, ka dia lasa ny eritreriny ny amin' izay hahasoa ny fiainany ety an- tany . Ny fifanatonana eo amin' ny samy mpiara- monina no dingana voalohany hampivoatra izany fiainany izany. Ary rehefa mifanatonana ny mpiara- monina dia mifampijerijery fotsiny eo ve sa inona no andrasana aminy ?

2.1.2- Tsy mitsaha – mifanoro hevitra ny Ntaolo :

Hoy indrindra ny ohabolan- drazana mikasika izany : “Ny hevitra ny vitsy manodidina ny fatana, fa ny hevitra ny maro mahataka- davitra ” sy “Aza mijery arina an- tava”. Inona no azo ambara mikasika izany ?

2.1.2.1 -“ Ny hevitra ny vitsy manodidina ny fatana , fa ny hevitra ny maro mahataka- davitra ” :

Eto ny ohabolana dia milaza fa raha vitsy ny olona miara- midinika , tsy dia lasa mankaiza ny fomba fiheviny sy ny fomba fijeriny fa eo akaiky eo ihany : “ ***manodidina ny fatana*** ”. Ny hoe manodidina ny fatana dia maneho sy ahitana taratra fa eo am- piandrasana sakafo masaka no midinidinika ry zareo, ary ny resadresaka atao amin' izany dia tsy ho lasa lavitra , satria ny saina ao amin' ilay sakafo ketrehana ihany. Rehefa ny maro kosa no miara- midinika sy miara – mihevitra , dia inoana aloha fa tsy ho eo akaikin' ny fatana izay

fa mba toerana lehibe sy malalaka kokoa(ohatra : eo an- tokotany malalaka) ; ary antenaina fa hisy hevitra ho tapaka eo, satria “ **Ny izarazaran’ ny loha , ananana hevitra** ”.

Tsy hoe mifanatona sy mifanerasera fotsiny izany ny mpiara- monina fa miara- midinika sy miara- mihevitra hatrany ny amin’ izay hampandrosoana ny faritra sy hampivoarana ny fiainan’ ny isam – batan’ olona ihany koa .

Raha tsy toy izany mantsy ny hetsika ataon’ ireo mpikambana ao anatin’ ao, dia tsy ho hita izay maha-fiarahamonina ilay fiarahamonina fa sahala ny fanambadian- baovao ka samy mikepoka izay hitany.

2.1.2.2 - “ Aza mijery arina an- tava ” :

Raha misy ny tsy mety hita ataon’ ny olona iray dia tsy nisorona ny Ntaolo fa avy hatrany dia niteny sy nanitsy. Eto ary ny ohabolany dia maneho fa raha misy maloto ny tavan’ ny olona miara- monina sy mifanerasera amin’ ny tena dia aza menatrandy miteny sy milaza . Toroy hevitra izy mba hahalalany izay tokony hataony . Dia tahaka izany ny tokony ho fizotry ny fiainam – piarahamonina : raha misy maditra , anaro ; raha misy mianjera , areno ; raha misy diso lalana, toroy lala– mahitsy ; raha misy mania , avereno ao am- bala ary raha misy ny fahasahiranana ara- bola na ara– kevitra , tolory tanana na tolory saina .

Eo amin’ ny fiainana izany, anisan’ ny mahafinaritra ny Ntaolo ny mitafa sy mikarajia, ary avy amin’ izany no ifanoroany hevitra ho amin’ ny fiainana . Amin’ izay, raha misy ny lesoka dia tsy misalasala izy manarina , ary raha misy ny tsara vita dia tsy mihambahamba izy manoro hevitra ho amin’ ny fakan- tahaka . Nahatsapa izany koa **RAMAROLAHY** ka niloa- bava hoe : “ **Koa , mba hoentin’ ny Ntaolo manana izany fiainana tsaratsara kokoa izany, dia mandray anatra sy toro hevitra samihafa avy amin’ ireo olona tahaka azy izy** ”. ⁹⁷ Iza indray moa no tokony hatonina sy hilana hevitra fa tsy izay akaiky ny tena , na izay mpiara- monina amin’ ny tena . Izany no nahatonga ny Ntaolo niteny hoe : “ **Izay akaiky vilany feno arina** ” sy ny hoe : “ **Ny afo lavitra tsy azo amindroana** ”.

Ny olona mpiara- miaina sy mpiara- monina izany, teo amin’ ny Ntaolo, dia natao hifanatona sy hifanerasera, ary natao hifampidinika sy hifanoro hevitra ho amin’ izay hoenti- mampivoatra ny fiainana sy hoenti- mampandroso ny faritra onenana . Ny sahiran- tsaina izany, tolora vahaolana ; ny sahirana ara- pivelomana, tohanana araka asa sy ara– tsakafo ; ary ny diso sy mania, ahitsy sy averina ho olon’ ny fiarahamonina indray.

Izany no natao, teo amin’ ny fiarahamonina Ntaolo, dia mba tsy hisian’ ny fanenenana any aoriana, sy ny mba tsy hipoiran’ ny vokatry ratsy izay mety hanembantsembana sy hanelingelina ny fiainam–piarahamonina .

Aleon’ ny Ntaolo izany “misoroka” toy izay “mitsabo”, sao manko dia tratry ny fitenenana hoe : “Patsa iray tsy omby vava”, sy ny hoe: “Lomanom- boka ka tafita vao rendrika”. Fantany tsara ihany koa fa ny tsy fahatomombanana sy ny tsy fahampiana ary ny fahasamihafan’ ny fomba fisainana sy fomba fijery no nahatonga

⁹⁷ RAMAROLAHY , *Rakitry ny elan’ ny Ntaolo Malagasy* , op. cit. ,tak. 5

azy niezaka nanatsara sy nampandeha ny fifaneraserany amin' ny hafa manodidina azy. Rehefa hain' ny olona ao anaty fiarahamonina ao ny mifanatona sy mifanakalo hevitra dia antenaina fa ho mora amin' izy ireo ny hifampizara andraikitra .

2.2 – ZARAINY HATRANY NY ANDRAIKITRA :

Hoy indrindra ny mpikabary raha hanao safarin- dresaka mikasika ny tsinjara asan' ny tsirairay ao anaty fiarahamonina ao izy : “ Ny tendrombohitra , hono , tompoko , no fandrian' ny zavona ; ny lohasaha no fandrian' ny moka ; ny sakeli- drano no fandrian' ny voay, fa ny olombelona tsirairay avy andrian' ny adidy aman' andraikitra ”. Izany fombam-pitenenana izany ihany dia efa ahazoa- milaza sahady fa ny isam- batan' olona ao anaty fiarahamonina ao dia samy manana ny andraikiny avy. Azo bodoina ho an' ny tena samy irery ary ve ny andraikitra ao anaty fiarahamonina ao sa mba azo ifampizarana ihany ? Ny famahavahana ny fahaizan' ny Ntaolo mitsinjo ny ho aviny teo amin' ny fiainana sy ny fampandraisana anjara ny hafa no ahazoa- mamaly izany petraka olana izany.

2.2.1 - Tsinjovina ny ho avy :

Ny ohabolan- drazana dia manambara fa : “ Ny zaza tiana tsy itsitsiana rotsa – kazo ” sy “ Tsy misy ray aman- dreny manolo – bato- mafana ny zanany ”. Inona indrindra no hevitra fonosin' izany ?

2.2.1.1 - “ Ny zaza tiana tsy itsitsiana rotsa– kazo ” :

Anisan' ny fanirian' ny mpivady ao anaty tokantranony ao ny hanan- taranaka mba handimby sy handova ary hanohy ny zava- bitan' izy ireo. Tena zaza nirina tokoa ireny zanany ireny ka sady haren' ny fananany ary tena tiany tokoa . Firarian' ny ray aman- dreny rehetra ny mba hananan' ny zanany fahasalamana , sy ny mba hahatafitany eo amin' ny fiainana , ary ny mba ho olom- banona sy ho olon- kendry.

Koa , raha misy fahadisoana ataon' ny zaza izany dia tsy tokony hisorona ny ray aman- dreny fa avy hatrany dia manitsy sy manoro ary manarina ny lesoka . Tsy mampaninona mihitsy aza raha tonga hatrany amin' ny fikasihan- tanana sy fanasaziana izany.

Teo amin' ny Ntaolo izany, **matoa ahitsy** sy **atoro** ary **anarina ny zaza iray** dia **mariky ny fitiavana azy daholo izany. Ny ho fitsinjavana ny fiainan- ko aviny daholo izany**, ka dieny mbola kely izy dia efa beazina sy tefena ho tena olon' ny fiarahamonina hisy azy rahatrizay . Andraikitra ny mpanabe azy daholo izany rehetra izany, indrindra ireo ray aman- dreniny, ka tsy tokony hitarainana tana- miempaka na hiraviraviana tanana .

Ny olona sahy mandray andraikitra izany, eo anivon' ny fiainam –piarahamonina , no olona mahay mitsinjo ny fiainany sy izay ho an' ireo taranany ary ny fiainan' ny rehetra ao anaty fiarahamonina misy azy mihitsy aza .

2.2.1.2 - “ Tsy misy ray aman- dreny manolo- bato mafana ny zanany ” :

Ny ray aman- dreny no loharano nipoiran' ireo zanany. Koa , raha misy zavatra tadidiavin'

ireo zanany ireo dia ohatra ny hafahafa ihany raha zava- tsy fihinana sady mbola mandoro, toy ny vato mafana, no atolony azy ireo .

Ny Ntaolo izany dia nahalala sy nahafantatra tsara ny andraikitra miandry azy ireo, arakaraka ny tsinjara toerana misy azy eo anivon' ny fiarahamonina . Tsy atao ala safay ny fiantsohahana azy io fa sady atao am- pitiavana no an- tsitrapo . Amin' ny ankapobeny mantsy dia tsy misy olona noterena hipetraka eo amina tsinjara toerana iray, raha tsy hoe mbola manjaka angaha ny fanaovana didy jadona .

Izany fandraisana andraikitra eo anivon' ny fiarahamonina izany dia mba ho fanatsarana ny fizotry ny fiainan' ny tena sady ho fitsinjoavana izay any aoriana any, indrindra ny fanomanana ny lalan- kizoran' ireo izay handimby ny tena .

Azo lazaina ho tena olona manam- panahy tokoa ny Ntaolo, satria hainy ny mitsinjo ny tenany amin' izay asa na hetsika ataony ; hainy ihany koa ny manomana ny fiainan- ko aviny amin' ny alalan' ny fitsimbinany ny tenany sy izay ho taranany ; ary ataony izay hampandroso sy hampivoatra ny fiainam- piarahamoniny .

Ny fahaizan' ny olona iray mandray andraikitra izany dia midika ho fandraisana an- tanana ny ho aviny sy ny an' ireo manodidina azy. Ny fahatsapan- tena tahaka izany no mitondra ho any amin' ny fandrosoana . Raha tsy mandroso na tsy mivoatra tokoa mantsy ny fiainan' ny olona iray dia tonga amin' ny hoe : “ Ny vary tsy fotsy: adidin' ny laona sy ny fanoto, ny rano tsy azo: adidin' ny siny, ny afo tsy mirehitra: adidin' ny kitay, ny vary tsy masaka: adidin' ny toko sy ny vilany; fa ny zaza ratsy taiza: adidin' ny mpanabe sy ny mpitaiza ”. Samy tompona andraikitra feno ny amin' ny fiainan- ko aviny izany ny tsirairay.

Tsy mandehandeha ho azy izany ity fiainantsika olombelona ity teo amin' ny Ntaolo, fa mila fanomanana sy finiavana hanatsara ary fisikinam- ponitra amin' izay sahanina andavanandro . Tsy ny tena samy irery anefa dia afaka hampandroso ny fiainam- piarahamonina fa eo ihany koa ny anjaran' ny hafa .

2.2.2 - Fampandraisana anjara ny hafa :

Tsy mety ny manenjika bitro roa eo amin' ny fiainana , fa mety miteraka fahasahiranana eo amin' ny tena mpanenjika , no mbola mampiady mafy ny saina ihany koa . Ny fahatsapan' ny Ntaolo an' izany toe- javatra izany no nitenenany fa : ***“ Tsy mety ny manao tantanan- droa lela , ka sady mahay atsy no mahay aroa ”*** sy ***“ Tsy mety raha sady hifofotra no hively vy ”***. Inona no tian' ireo ohabolana ireo hambara ?

2.2.2.1- “ Tsy mety ny manao tantanan- droa lela , ka sady mahay atsy no mahay aroa ” :

Ny tantanana dia fiasana fampiasan' ny mpandrafitra izay natokana hikapohana na handetehana zavatra iray. Tsy azo ampiasaina daholo anefa ny lelany, fa ny iray ihany no natokana ho amin' izany. Ho an' ireo mpandrafitra efa tena matihanina amin' ny asany kosa anefa dia misy ihany ny antsoina hoe : ***“ tantanan- droa lela ”*** (na ***“maillet”***), izay afaka miasa daholo ireo lohany roa ireo . Tsy mifidy olona hampiasa azy izany ity fitaovana ity, na mifidy tanana handray , na toerana hampiasana azy ; fa tonga amin' ilay

voambolana firantsay hoe : “ *passe par tout* ”.

Tsy mba tahaka izany kosa anefa ny olona tsirairay avy ao anaty fiarahamonina ao, ka hoe : “ *enkehiny daholo Babay sy Lohavohitra* ”, fa izay voasahany sy arany ihany no andraikitra azony raisina . Tsy mety izany ao anaty fiarahamonina ao, ohatra, raha ny mpitandrina ihany no sady mitarika fotoana , no mamoha sy manidy varavarana , no mampaneno lakolosy, no mitendry zava- maneno ary mbola mitaty rakitra ihany koa .

Zarazaraina izany ny andraikitra ao anaty fiarahamonina ao , amin' izay dia samy manana ny tandrifiny azy avy ny tsirairay , no samy tompona antoka amin' ny fandehanana na tsia io fiainam- piarahamonina misy azy io . Izany no atao dia mba hialana amin' ny fitiavan- tena sy ny mba tsy hisian' ny fampivadiana na fampifangaroana asa tsy mety miaraka mihitsy. Tokana ihany mantsy ny tenantsika olombelona fa tsy hoe afaka mizara ho maro ka hahasahana zavatra maro loha .

2.2.2.2 - “ Tsy mety raha sady hifofotra no hively vy ” :

Asa fanefena eto no asehon' ny ohabolana . Ny hoe : “*mifofotra*” dia hetsika atao mba hampirehitra tsara ny afon' arina ka hahamena vay ilay vy hotefena . Asan' olona iray iny izany, ary asan' olona iray hafa ny mitandra ilay vy nomasahana iny sy mively azy mba hahazoana ny tefy tian- katao . Tsy ho vitan' olon- tokana na oviana na oviana izany sokajin' asa fanefena izany satria ny tanany tsy misy afa- tsy roa , nefa ny eo amin' ny taforana mila tanana roa, ny fitandrana sy ny fivelesana iray avy. Sady raha hoe ataony miandalana dia tsy maintsy hisy iray tsy hanjary ao : na ho faty ny afo, na ho manta ilay vy, na hangatsiaka ilay vy eo am- panefena azy.

Dia tahaka izany koa ny fisahanana andraikitra ao anaty fiarahamonina ao . Tsy tanana ho an' ny tena daholo izao rehetra izao fa mba ifampizarana amin' ny namana . Misy mantsy ny sasany entin- kahirirana ka mampivady sokajina andraikitra maromaro, sitrany hahay kely, hono, ny vola mivoaka . Tsy mampandroso ny asa atao anefa izany fa vao mainka mampihemotra sy manaratsy ary mampitarozaka azy.

Tsy misy tsara ohatra ny fampandraisana anjara ny tsirairay izany mba ho samy tompona andraikitra ao amin' ny faritra misy azy izy ireo . Amin' izay dia ho foana ihany koa ny fitiavan- kely sy ny tsy fijerena afa- tsy ny tena ihany.

Ny fahaiza- mizara andraikitra eo anivon' ny fiainam- piarahamonina izany no antoka mampivoatra haingana sy mampandroso azy io. Rehefa ampitanana andraikitra tokoa mantsy ny tsirairay dia mahatsiaro tena ho tena tompona andraikitra eo amin' ny fiainany sy ny amin' ny fiarahamoniny izy, ka ho foana ho azy ao anatin' ilay toe-tsaina tia kely sy ny fahirirana raha manao zavatra ary ny fitiavan- tena ho amin' ny tombontsoan' ny tena samy irery.

Tsapa sy fantatr' ireo mpandinika fiarahamonina toa an- d **RANDRIAMIADANARIVO sy RAHAJARIZAFY** izany toe-javatra izany ka nanambarany mazava fa “*Ny fitiavan- tena àry no vato lehibe tsy maintsy potehina izao , fa misakan- dalana ny fandrosoana*”⁹⁸ sy “*Samy manam- panahy hanavaka ny an' ny tena sy ny an' ny namana, ka samy tokony hitsara tena sy hamehy tena*”.⁹⁹

⁹⁸ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op.cit. ,tak.41

Ny Ntaolo izany teo amin' ny fiainany dia sady nahafantatra ny andraikitra voatokana hosahaniny, no nahalala ihany koa ireo izay tsy voasahany sy tsy arany ka nasainy niandraketan' ny hafa .

Izany no nataony dia mba ho fitsinjovana ny ainy tsy ho reraka amin' ny firotorotoana , sy mba hitsimbinana ny hafa ihany koa ho tena olon' ny fiarahamonina fa tsy ilay olona mpitsikera sy mpanao tazan- davitra fotsiny. Ny tanjona izany dia ny hampirindra sy ny hampilamina ny fiainana , ka rehefa mifanatona sy mifampizara andraikitra ny mpiara- monina dia tsy misy ohatra ny fiarahana manatontosa sy ny manatanteraka ny soritrana amin' izay sisa .

2.3 - MIFANAMPY NY MPIARA - MONINA :

“ *Tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy* ”, hoy ny fombam-pitenenana ankehitriny. Izany dia mbola nampian' ny Ntaolo hoe : “ *Ny maty aza mba te ho maro* ”. Dia ho ambaka izany ve isika amin' izao vaninandro iainantsika izao ? Ireo olona miara- monina sy miara- miaina amintsika ireo tokoa mantsy no solon- kavantsika , izay tonga amin' ny ohabolana hoe : “ *Izay akaiky vilany feno arina* ”. Koa raha tiana hanjaka sy ho velona izany fihavanana izany, dia ny fiaraha- mientana sy ny fifanomezantanana no tena zava- dehibe indrindra .

2.3.1 – Miara - mientana ny rehetra :

“ *Vavolombelon' ny mpiasa ny bainga* ”, hoy ny Ntaolo. Ny hetsika sy asa izay atao ao anaty fiarahamonina ao izany no ahazoa- milaza na miray hina ny mpiara- belona ao na tsia . Izany idrindra no mbola nahatonga ny Ntaolo nilaza fa : “ *Raha tohina ny aty, marary ny afero* ” sy “ *Tanan- kavia sy havanana, izay didi- maharary* ”. Inona sy inona avy no tian' ny Ntaolo hambara amin' izany ?

2.3.1.1 -” Raha tohina ny aty, marary ny afero” :

Anisan' ireo taova ao anatin' ny vatantsika olombelona izay manampy ho amin' ny fandevonan- kanina ny aty sy ny afero . Fanampin' izay, mbola miara- toerana izy ireo, izany hoe miraikitra amin' ny aty ny afero. Koa raha misy zavatra manjo ny aty (ohatra : voadona , na reraka , na simba...)dia misy fiantraikany amin' ny afero ihany koa izany.

Sahala amin' izany ihany ny ao anaty fiarahamonina ao : ireo olona miara- miaina ireo dia mitovy zavatra banjinina , dia ny hampirindra sy hampilamina ny fiainany avy ; izy ireo koa dia mitovy tombontsoa arovana , dia ny hampateza sy hampaharitra ny ainy , ary izy ireo dia manana fenitra iraisana dia ny fahaizana mitondra tena sy ny fifehezan- tena eo anivon' ny mpiara- belona . Raha sanatria an' izany ka misy mandringa na tsy tomombana ny eo amin' ny lafiny fanatanterahana sy fanatontosana ireo , dia hanohintohina ny fiainam- piarahamonina manontolo izany.

Tsy misy afa- tsy ny fiaraha- mientana sy ny fiaraha- miaika ihany anefa no

⁹⁹ RAHAJARIZAFY , *Filôzofia Malagasy* , op. cit. , tak. 52

ahatontosana ireo adidy aman' andraikitra ireo . Niezaka hatrany izany ny Ntaolo ny tsy ho tara ny amin' ny fanatontosana ny zavatra rehetra voatokana hosahaniny, ka ny fiaraha- misalahy sy ny fifanotronana amin' izay atao no haingana indrindra ho amin' ny fahavitany. Nohamafisin- d **RAHAJARIZAFY** izany tamin' ny filazany fa : **“Izany maha-zava- masina ny fiarisankina : lalàna tsy azon' iza na iza notsipahina ny tsy hifanary an- kasoavana sy an- karatsiana”**.¹⁰⁰

2.3.1.2 -“ Tanan- kavia sy havanana , izay didi- maharary” :

Ny tanana no fitaovana enti- mandray ananan' ny vatantsika , sady tafiditra ao anatin' ireo antsoina hoe **“vavahadin- tsaina dimy”** izy. Roa ny tanan' ny olona tsy manana fahasembanana . Raha toa ka voadidy ny ilany dia mba mahatsiaro maharary sy mangirifiry ary torovana ihany koa ny ilay ilany hafa .

Dia tahaka izany no fizotry ny fiainam- piarahamonina : raha vao misy fahabangan' ny iray na hoe tsy fahafahany manatontosa ny anjara tandrifiny, dia tsy ho vita an- tsakany sy an- davany izay rehetra nokasaina hatao . Raha tsy eo ohatra ny mpitendry zava- maneno ao am- piangonana ao dia lasa atao angoan- tenda avokoa ny hira izay efa voalahatra .

Amin' izay dia sady mandreraka ny manatontosa azy no mampikorontana ny lamina efa napetraka , satria mbola miandry mpitarika sy mpiventy .

Ny fanatontosana asa miaraka izany, eo anivon' ny fiainam-piaramonina , no antoka amin' ny fahombiazan' izay atao sy manamafy indray ny fihavanan' ireo samy mpiaramonina , ary ho hery lehibe hahazoa- matrika ny soritrana manaraka indray . Mbola **RAHAJARIZAFY** ihany no nanamarina sy manamafy izany amin' ny hoe : **” Noho ny didim- pihavanana efa namehy ny fiarahamonina manontolo mantsy, dia tia tsy ho ela velona mihitsy ny Malagasy raha mivahavaha fa tsy mba miara- mivory sy miara- mikorana ”**.¹⁰¹

Ny fahafantaran' ny Ntaolo ny hasarobidin' ny firaisankina izany no nanery azy ireo tsy hifanary mihitsy na amina lafin- javatra mora, na indrindra ny sarotra. Atahorany mafy izany hoe ” atosiky ny mpiara- monina amin' ny vohon – tanana ” izany, fa ny hetahetany hatrany dia ho toy ny “vary sy rano” ny fiarahana, ka “ antsa tsy mifandao, an- tanàna tsy mifanary ”.

Ny fiaraha- mientana eo amin' ny daholobe no mahatonga ny mpiara- monina hifanohana hatrany eo amin' ny fiainana .

2.3.2 - Mifanome tanana ny vahoaka :

Hoy indrindra ny Ntaolo momba izany : **“Aza manao vain- drahalahy tsy mba maharary ”** sy **“Asa vadi- drano, tsy vita tsy ifanakonana ”**. Mitory inona izany teo amin' ny Ntaolo ?

¹⁰⁰ RAHAJARIZAFY , *Filozofia malagasy* , op. cit. ,tak. 51

¹⁰¹ RAHAJARIZAFY , *Filôzofia Malagasy* , op. cit. , tak. 57

2.3.2.1 -“Aza manao vain- drahalahy tsy mba maharary” :

Ny olona antsoina hoe **“rahalahy”** dia ilay tena akaikin' ny tena , izany hoe sahala amin' ny tena mihitsy. Eto àry dia voan' ny vay na ilay aretina mamatovato , sady misy lohany kely no mahamaivay aoka izany ilay olona . Tsy ho vitan' ny tena mihitsy ny hijery azy fotsiny amin' izao, na hiteny aminy hoe iareto eo ; fa tsy maintsy mitady hevitra izay hanamasahana sy hanapotsirana ary hanasitrana azy ny tena . Dia ohatra izany koa ny ao anaty fiarahamonina ao : raisina ohatra ny tena daholo izy rehetra fa tsy asiana fanavakavahana na fanilikiliana na fijerena tavan' olona . Koa , raha misy manjo ny iray amin' izy ireo (ohatra : marary , na noana , na sahirana , na tojo fahasahiranana,...) dia tolora tanana izy, ampiana hatrany ary omena azy izay heverina mahavaha ny olany.

Tsy **ny hevitra** ihany izany **no ifanolorana** ao anaty fiarahamonina ao , fa eo ihany koa **ny famonjena sy fanampiana ny hafa** , satria tsy misy na dia iray aza mihambo ho mahavita ny tenany. Raha manome tanana ny hafa ianao anio, dia mbola homen' ny olona tanana koa any aoriana any. Izay ilay tonga amin' ny fitenenana hoe : **“Fita mifamaly mahatsara fihavanana”**. Tsapan- d **RAHAJARIZAFY** izany , ka nitenenany mazava hoe : **“ Hitan' ny razana fa tsy misy mahavita tena, ka ny mety dia ny mifanatona mba hifanampy sy hifampiaro”**.¹⁰²

Mila jerena sy tomorina akaiky izany ny olona mianjady amin' ny olona ao anaty fiarahamonina ao, ka ampiana sy tohanana araka izay azo atao sy tratry ny aina izy ireny mba tsy ho potraka am- pandehanana na ho tafintohina an- dalana .

2.3.2.2 -“Asa vadi- drano tsy vita tsy ifanakonana” :

Rehefa be loatra ny rano dia mila analana , ka raha tsy misy fomba ahazoa- mamoaaka azy dia atopy, na ihany koa rehefa maka trondro eny amin' ny dobo iray dia tsy maintsy atopy ihany koa ny rano. Tsy ho efa anefa izany raha tsy ifanampian' ny olona maromaro sy ifampizarana . Tsy kely lalana mantsy ny rano ka raha varimbariana eo ny mpanopy rano dia mety hiverina indray ilay rano efa natopy hivoaka teo .

Asa miendrika fifanampiana tahaka izany koa no tsara alain- tahaka sy tokony ho fanao ao anaty fiarahamonina ao . Amin' izay mantsy dia hihamafy ny fifandraisan' ny mpiara- monina , no mifampitsinjo sy mifampitsimbina izy ireo, ary handeha tsara ny fiainam- piarahamonina . Nahatsikaritra izany **RANDRIAMIADANARIVO** ka nilaza fa **“ Ny tena fitiavana fototry ny fihavanana dia ny fanoloran- tena hanasoa ny hafa, fa tsy ny andrombahana ny soa ananany akory ”**.¹⁰³

Tsy ny fanaovana tazan- davitra izany no mariky ny fiaraha- miombona amin' ny hafa , fa ny fanehoam- pitiavana aminy, ka atao izay hamahana ny olany sy izay hahasoa ny fiainanany. Tsy ny ainy ihany amin' izay no voatsimbina fa eo ihany koa ny aim- piarahamonina , satria samy mpikambana feno ao anatin' io fiarahamonina io avokoa na ianao mpanome tanana na izy tolora fanampiana .

¹⁰² RAHAJARIZAFY , *Filôzofia malagasy* , op. cit. , tak. 51

¹⁰³ RANDRIAMIADANARIVO , *Sekolin' ny Ntaolo* , op. cit. , tak. 41

FEHINY

Teo amin' ny Ntaolo izany, ny fiainana ao anaty fiarahamonina ao dia tsy vitan' ny hoe mitaky fahaizana mifanerasera fotsiny amin' ny hafa, fa eo ihany koa ny fahaizana mandanjalanja ny tokony sy tsy tokony hatao, ary ny fahafantarana ny filan' io fiarahamonina io mba hahazoana mamaly ny hetahetany araka izay tratra ny aina sy izay azo atao.

Tsy afaka ny hampivoatra sy hampandroso ny fiarahamonina misy azy izany ireo mpikambana ao anatiny raha tsy miara- miasa ny singa rehetra maha olona azy : *“ny fanahy”* ilay hoenti- mandinika sy mamakafaka ny fihetsika aseho, *“ny saina”* ilay hoenti- mamolavola sy mamorona ny soritrana, ary *“ny vatana”* ilay hoenti- manatanteraka izay tian- kotratrarina . Hevitra mifono fahaiza- mitsimbina ny aina sy fahaiza- mitsinjo ny any aoriana ary fahaiza- manatsara ny fiainana no katsahan' ny mpiara- monina amin' izany .

Toko 3 : NY LANJAN ' NY ASA FIKAROHANA EO AMIN ' NY FAMPIANARANA NY RIBA

Ny dingana narahina tamin' ity asa fikarohana ity dia tsy nianona fotsiny tamin' ny fampahafantarana ny ohabolana merina amin' ny maha lahabolana azy, fa nanehoana ihany koa ny foto- piheverana nananan' ny Ntaolo Malagasy ny amin' ny AINA sy izay lafin- javatra tsy afa- misaraka aminy . Avy amin' izany no nahazoana nitaratra ny endri-pifandraisana teo amin' ny fiarahamonina Ntaolo . Noho izany, azo lazaina fa mba manana ny anjara toerany ihany koa ity asa fikarohana ity eo amin' ny fampianarana ny zana- taranja RIBA na ao amin' ny kilasy faharoa izany , na ao amin' ny kilasy voalohany, ary indrindra indrindra ao amin' ny kilasy famaranana .

3.1 - NY ILANA ITY ASA FIKAROHANA ITY AO AMIN ' NY KILASY FAHAROA :

Eto amin' ity zana- pizarana ity dia tsy asian- teny manokana intsony ny amin' ny maha literatiora am- bava ny ohabolana izay akora fototra niaingana , fa **ny ilana azy any amin' ny fampianarana ny RIBA** ao amin' ny **kilasy faharoa** no hovahavahana misimisy .

Manana ny lanjany sy ny maha izy azy tokoa ity asa fikarohana ity ao amin' ireo lohahevitra amin' ny zana- taranja riba izay voatondron' ny fandaharam- pianaran' ny kilasy faharoa , ¹⁰⁴ izay hovelabelarina mandritra ny taona , eny fa na dia ny ampahany ihany aza izany .

3.1.1 - Ny tanora sy ny fampandrosoana :

¹⁰⁴ Arrêté /96 – MEN du 02-04-96 , fixant les programmes scolaires de la classe de seconde , du 23 -02-96

Ny **RIBA** dia tahaka ny zana- taranja rehetra ao amin' ny **taranja MALAGASY**. Noho izany, ilaina fantarina mazava aloha ny tanjon' ny fampianarana azy io .

3.1.1.1 – Tanjona ankapobeny :

Amin' ny fiafaran' ny fandinihana ny lohahevitra , ny mpianatra dia afaka :

- **mamantatra ny fomba sy ny toetry ny olona heverina ho mandroso ;**
- **mahalala ny adidy aman' andraikitra tokony hotanterahana mba hananana izany toetra izany ;**
- **mamakafaka ny haren- tsaina malagasy fonosin' ny fiainany sy ny fomba amam– panaony ;**
- **mandrindra hevitra ary mihaino sy manaja ny hevitra ny hafa.**

Raha ireo tanjona ireo no jerena , dia azo heverina ny hampiasana ity asa fikarohana ity ho toy ny fitaovana hoenti- manovo hevitra sy ho fikirakira ny amin' izany .

3.1.1.2 - Ny atao hoe “olo - mandroso” :

Araka ny torolalana hita ao amin' ny fandaharam– pianarana , ny **FANDROSOANA** dia tsy inona fa **ny fanajana sy ny fiarovana ny maha izy azy ny tena, ary ny fandraisana ny tsara avy amin' ny hafa** . Azo atao tsara izany ny miainga avy amin' ity asa ity, ka maneho ny famaritana ny atao hoe “**OLO- MANDROSO**”.

Ny “**olo- mandroso**” izany dia ilay olona :

- manaja sy miaro ny maha izy azy ny tenany (**jr. 1.2**)¹⁰⁵
- mahay mandray ny tsara avy amin' ny hafa (**jr. 2.1**)¹⁰⁶

3.1.1.3 - Ny andraikitra sy adidy tanterahan' ny olo – mandroso :

Raha tiana ny handraisan' ny tanora anjara amin' ny asa fampandrosoana ny tenany sy ny tontolo manodidina azy, dia zarina handray andraikitra dieny aty am- piandohana izy.

Avy amin' ity asa fikarohana ity ihany koa no ahazoana manatontosa izany :

- tsy handroso ny tenany raha tsy **mandray andraikitra ny aminy izy** , izany hoe “**mitsimbina ny tenany**” (**Fizarana faharoa , toko fahatelo: 3.1**“**Fitsimbinaana ny tena**”);

-eo ihany koa **ny fitsinjovana ny any aoriana any (Fizarana faharoa, toko faharoa: 2.3.**“**Mitsinjo ny any aoriana izy**”);

- tsy handroso koa ny fiarahamonina misy azy raha tsy **mpikambana feno sy mpandray anjara mavitrika ny amin' izany fampandrosoam- paritra izany izy (Fizarana fahatelo, toko faharoa : 2.2 “Zarina ny andraikitra”);**

¹⁰⁵ 1-2- mahay mifanaja ny piara- monina , in toko 1 “ Ny fifanomezan- kasina eo amin' ny samy mpiara- monina “.

¹⁰⁶ 2-1 -“ Ahenany ny elanelana misy “, in took idem.

- tsy handroso ihany koa izy sy ny tontolo manodidina azy raha tsy ***hainy ny mihaino ny torohevitra ny hafa sy ny manaja izany. (Fizarana fahatelo , toko faharoa : 2.1.2. "Tsy mitsaha- manoro hevitra ny hafa izy")***.

Tsy ny tanora sy ny fandrosoana ihany anefa no lohahevitra azo trandrahana amin' ny ampahany avy amin' ity asa fikarohana ity, fa eo ihany koa “ ***Ny fifandraisana eo amin' ny fiarahamonina*** ” .

3.1.2 - Ny fifandraisana eo amin' ny fiarahamonina :

Ilana fomba sy toetra manana ny maha izy ny fahaizana mifanerasera ao anaty fiarahamonina ao . Ity asa ity ihany koa dia azo iaingana tsara ny amin' izany.

3.1.2.1 - Ny lanjan' ny fihetsiky ny tsirairay eo amin' ny fiainam-piarahamonina :

Ny ***olona*** tsirairay ao anaty fiarahamonina ao dia ***samy manana ny fihetsiny izay manavaka azy amin' ny hafa*** . Mifono hevitra daholo anefa ireny fihetsika ireny fa tsy ataotaony fotsiny. Anisan' ny azo tsoahina avy ato anatin' ity asa ity ireto hevitra manaraka ireto :

- mankafy ny aminy manokana ny tsirairay (***Fizarana faharoa, toko faharoa : 2.2 "Malina hatrany ny Malagasy manoloana ny aina"***),

- mifehy sy manaja ny tenany izy (***Fizarana fahatelo, toko voalohany:3.1 " Teraka ny fifankatahorana"***),

- manaiky ny fisian' ny fahasamihafana izy (***Fizarana fahatelo, toko faharoa:3.2 " Velona ny firaisankina"***).

3.1.2.2 - Ny toe-tsaina tokony hananan' ny olo- mandroso manoloana ny fahasamihafana misy :

Raha vao misy ny fahasamihafana , dia tsy maintsy hita soritra ao anaty fiainam-piarahamonina ao ireo sokajin' olona na antokon' olona samy manana ny mampiavaka azy.

Teo amin' ny Ntaolo, dia notefeny hanaraka izany ny toe-tsainy mba hahazoany mandray anjara feno amin' ny fampandehanana io fiarahamonina misy azy io . Azo tarafina tsara miainga avy amin' ity asa fikarohana ity ny toe-tsaina toy ny hoe :

-sarotiny amin' izay ataony izy (***Fizarana faharoa ,toko faharoa: 2.1"Mahasarotiny ny Malagasy io aina io "***),

- mitandrana foana izy ao anaty fiarahamonina ao (***Fizarana faharoa , toko faharoa: 2.2 "Malina hatrany ny Malagasy manoloana ny aina "***) .

3.1.2.3 – Tanora mahay mitsinjo ny ho aviny :

Ny fanomanana ny fiainan- ko avy, dia tsy azo ataotao foana , na atao tefy maika , izany hoe mila fakana bahana dieny mbola aty amin' ny fotoana ahazoana mianatra aty .

Izany zana- dohateny : ***"Ny tanora sy ny fahaizany mitsinjo ny ho aviny"*** izany dia azo anatsorahana hevitra tsara ***ao amin' ny fizarana faharoa, toko faharoa , ato amin' ity asa ity.*** Ilaina dia ilaina tokoa izany ny mitsinjo ny ho aviny nytena dieny mbola aty amin' ny dingana ny fahazazana , mandra- pahalehibe . Koa na inona na inona kasaina hatao , na amin' ny fotoana inona izany na toerana aiza , dia :

- tsy maintsy lanjalanjaina hatrany izany,
- tsy maintsy ialana nenina avy eo ny fanatontosana azy,
- banjinina foana avy amin' izany izay vokatry azo eo no ho eo, na ny any aoriana any

Tsy handroso mihitsy izany ny fiainan' ny olona iray sy ny fiainam-piarahamonina misy azy, raha tsy eo ny fahafantarana tanteraka ny amin' ny tena sy ilay tontolom- piharamonina . Vita izany dia samy tompona andraikitra ny amin' ny tenany sy ny hafa ny olona . Ary farany dia ny fahaizana mitondra tena sy ny fanomezan- kasina ny hafa no antoka isian' ny fandrosoana .

3.2 - NY ILANA ITY ASA FIKAROHANA ITY AO AMIN' NY KILASY VOALOHANY :

Anisan' ny **tanjona ankapobeny** amin' ny fampianarana ny zana- taranja **RIBA** , ao amin' ny **fandaharam- pianaran' ny kilasy voalohany**, izay natao hotratrarina any amin' ny faran' ny taom- pianarana ny hoe : mpianatra afaka :

- ***manakatra ny rafi- pisainana malagasy tarafina amin' ny teny sy ny fihetsika ary ny fomba amam- panaony ;***

- ***mandrindra ny fihetsiny sy ny fahalalana azony amin' ny soa toavin' ny fiharamonina misy azy sy ny fifandraisany amin' ny mpiara- belona aminy .***

Lohahevitra roa avy ao amin' ny fandaharam- pianarana no azo trandrahana ato amin' ity asa fikarohana ity, ka ahazoana maneho ny rafi- pisainana malagasy tsoahina avy amin' ny fomba fanaony, dia ***" Ny fahalalana sy ny fahendrena "*** ary ***" Ny hasin' ny tsirairay . "***

3.2.1 - Ny fahalalana sy ny fahendrena :

Araka ny torolalana ankapoben' ny fandaharam- pianarana , ny lalan- tsaina mampifandray ny toe-javatra sy ny antony ary ny vokany no ampiharina amin' ireo lohahevitra ireo mba hahazoana mitrandraka ny lanja sy ny sanda raketin' ny fomba fiheverana hita isan- dohateny.

3.2.1.1 - Ny fiheverana izany hoe " mahalala " sy " hendry " izany :

Na ny hoe ***" mahalala "*** , na ny hoe ***" hendry "***, dia samy azo tarafina tamin' ny paika nenti- nanaho ny ***"Fiheveran' ny Malagasy ny amin' ny aina"*** .

Manampy betsaka amin' ny fanatontosana io lohatenin- desona io izany ity asa ity, ka

ny fomba fisainana sy ny fomba fitondran- tena hita taratra avy amin' ireo ohabolana manambara izany no ahazoa- manao andram- pamaritana ny amin' ireo . Anisan' izany ohatra ny ohabolana toy ny hoe : “Atsipy ny tady an- tandroky ny omby, atsipy ny teny ampon' ny mahalala ” sy ny hoe : “Izay hendry ihany no atoro” ary ny hoe : “Ny adala manesika ihany fa ny hendry mody voky ” .

Ny ohabolana toy ireny no ahazoa- manatsoaka fa :

- ny “mahalala” dia azo antsoina hoe: “mahafantatra”, izany hoe nandranto fahaizana amam- pahalalana , ka mahafantatra tsara ny momba ny zavatra iray ;

- ny hoe “hendry” kosa dia ireo olona mahalala ny ataony , izany hoe mahita hevitra tsara hatrany izay mifanaraka amin' ny toe-javatra tena izy.

3.2.1.2 - Ny antony ananana ny fahalalana sy ny fahendrena :

Tsy misy zavatra katsahana sy tadiavina mafy ery, ka tsy misy ilana azy eo amin' ny fiainana . Dia tahaka ny fahafantarana ny fiheverana ny amin' ny aina no ahalalana ihany koa ny tokony hatao amin' izany .

Ny drafitra manontolo nenti- nandrafitra ity asa ity mihitsy izany no azo ampiharina amin' ny ilana ny fahalalana sy ny fahendrena . Ny fahalalana na ny fahendrena izany dia ilaina mba :

- hahaizana **mitondra tena eo anoloan' ny hafa** ,

- hahatsapana fa **fanoitra mampandroso haingana sy maharitra ny fiainam- piaraha- monina ny fananam- pahalalana ombam- pahendrena** .

Azo tarafina izany amin' ny fombam- pitenena toy ny hoe: “**Ny handrina no tsy naniry volo: ny henatra**” sy ny hoe: “**Ny akoho no tsy nanidina : tsy nahandry ny andro zoma**” ary ny hoe: “**Ny kely no mifanaiky : ny tahotra ; ny lehibe no mifanaiky : ny henatra** ”.

3.2.1.3 - Ny vokatry ny fananam- pahalalana sy fahendrena eo amin' ny fiainana :

Ny **asa** atao rehetra dia tsy maintsy **mitera- bokatra** avokoa . Dia **toy izany koa na ny fahazoam- pahalalana** , na **ny fananam- pahendrena** . Azo anatsahana hevitra ny amin' izany tsara ny toko voalohany sy faharoa ao amin' ny fizarana fahatelo amin' ity asa ity .

Ny **olona mahalala** sy ny **olona hendry** àry dia olona :

- mahay **mifandray amin' ny mpiara- monina aminy**,

- mahay **mifanaja sy mifanome voninahitra** ,

- tia **mifanerasera sy mifanakalo hevitra amin' ny hafa** ,

- mahay **mandray andraikitra sy mifanome tanana ao anaty fiarahamonina ao** .

Ahitana taratra izany tokoa ny ohabolana toy ny hoe : “ **Trano atsimo sy avaratra: izay tsy mahalen- kialofana**”, sy ny hoe : “ **Foto- kazo sy vorona : izay manina no**

manatona” ary ny hoe “ **Akoholahy mikohokoho vavy : tsy hanin- kahavoky fa voninahitra ifanomezana** ”.

Tsy afaka ny hifandray amin’ ny manodidina aminy mihitsy raha tsy mahalala tanteraka ny amin’ ny tenany aloha ny olona iray, ary avy eo dia manana ny fahaizana mitondra ny tenany manoloana ny hafa .

3.2.2 - Ny hasin’ ny tsirairay :

Anisan’ ny voasoritra ao amin’ ny tanjona ankapoben’ ity lohatenin- desona ity ny hoe :

- mpianatra afaka manakatra ny rafi– pisainan’ ny Malagasy tarafina amin’ ny lamina sy ny fitantanan- draharahany ;
- mpianatra afaka mandrindra ny fahaizana norantoviny amin’ ny soatoavina sy ny filan’ ny fiarahamonina nipoirany .

Mba hahazoana manatratra ireo tanjona ireo dia tsara raha hasongadina indrindra ny loharano nipoirany sy ny toetrany ary ny endrika isehoan’ ity **HASINA** ity .

3.2.2.1 – Ny fiavian’ ny hasina :

Voasokajy ao anatin’ ny hery ananan’ ny zavatra iray ny **HASINA**. Ny manavaka azy fotsiny amin’ ny **AINA** dia ahitana azy daholo na voary miaina na tsia .

Tahaka ny niheverana ny amin’ ny **AINA** ihany izany no iheverana ny amin’ ny **HASINA**, araka ny filazan’ ny Ntaolo azy manao hoe : “**Samia masina an- taniny** ”, sy ny hoe: “**Mpaminany tsy masina an- taniny** ” ary ny hoe: “**Sakamalaho sy havoza ka samy manana ny hanitra ho azy** ” .

Ny **HASINA** izany dia ilay **hery napetrak’ Andriamanitra ao amin’ ny voary iray ; ka sady iavahany amin’ ny voary hafa, no ahafahany manao zavatra manokana . Ambony noho ny aina izy io** .

Dia tahaka izany ny **HASIN’ NY TSIRAIRAY**: **ilay hery nomen’ Andriamanitra ny olona tsirairay avy ka ahazoany manatontosa ny zavatra nankinina taminy manokana (Ohatra: Hikarakara sy hikelokolo ny tontolo manodidina azy)** .

3.2.2.2 - Ny toetran’ ny hasina :

Tahaka ny fomba nandinihana ny tamin’ ny **AINA** ihany no fomba enti- maneho ny toetran’ ny **HASINA** amin’ ny maha samy hery azy ireo .

Koa raha ny hasina eo amin’ ny olona tsirairay no fantarina ny toetrany dia azo atao tsara ny maka tahaka ny toetra ananan’ ny aina .

Ny **hasin’ ny tsirairay** izany dia :

- ilay **karazan- kery sarobidy ananan’ ny olona** ,
- **iavahany amin’ ny voary hafa rehetra** ,
- **t sy azo tsiratsiraina , tsy azo atao tsinontsinona** ,
- ilay **mendri- kaja sy amboniana hatrany** , izany hoe tsy azo hosihosena .

Ny fahafantaran' ny Ntaolo an' izany hery anaty ananan' ny olona tsirairay izany no nahasarotiny azy eo amin' ny fandaminana ny andraikitra sahaniny , ary noraketiny anaty ohabolana toy ny hoe : “ **Manan- joky afaka olan- teny, manan- jandry afaka olana entana** ” sy ny hoe: “ **Maniraka Andriana mahabotrabotra , fa Andriana tsy laitra irahana tsy maha- te hiray monina** ”.

3.2.2.3 - Ny endrika isehoan' ny hasin' ny tsirairay :

Azo tsoahina avy amin' ireo fiaviany sy toetrany ireo ny endrika isehoan' ny hasin' ny tsirairay , tahaka ny nanatsoahana ny tokony hatao ny amin' ny aina . Eto izany dia mipetraka ho fakana paika fotsiny hoenti- manjohy hevitra ity asa fikarohana ity .

Ny **AINA** izao dia voalaza fa “**sarobidy**” sy “**mihelina ihany**” ary “**manam- petra**”; noho izany:

- atao izay itsimbinana azy,
- arovana sy tandremana ihany koa izy,
- ezahana afindra sy tohizana raha mbola misy ny azo atao .

Dia tahaka izany ny **HASINA**: ilay hery anaty ananan' ny olona,sy ilay hery iavahany amin' ny hafa , ary ilay hery mendrika ny hohajaina sy atao laharam-pahamehana , dia hita taratra eo amin' ny:

- fahafahany manao ny asa aman- draharahany,
- fahatontosany ny andrikitra sahaniny,
- fahavitany ny adidy iantsorohany .

Ny **HASINA** ananan' ny olona iray izany no **ahazoany hery sy fahefana mihoatra ny toetra maha olombelona azy (aina, saina, fanahy)**, ka ahafahany manao zavatra izay mifanaraka amin' ny toerana misy azy ao anaty fiarahamonina ao .

Ny fahafantaran' ny Ntaolo izany no nahatonga azy namorona ny ohabolana toy ny hoe : “ **Aza tsy tia olona fa ny olona no harena** ”, sy ny hoe “ **Ny hevitra tsy azo tsy amin' olombelona**” ary ny hoe “ **Ny mpitondra raha lozabe : mahatahotra ; raha malemy fanahy : mahamenatra** ”.

Ny fiainam- piarahamonina izany tsy mandeha sy tsy mivoatra hatrany raha tsy eo aloha ny fahafantaran' ireo mpikambana ao anatin' ny hasiny manoloana ny hafa ; eo ihany koa ny fahaizany mitondra ny tenany manoloana ny manodidina azy ; ary farany ny fomba amam- pahendrena ananany izay tsy mijery fotsiny izay mahaso ny tena , fa mibanjina ihany koa izay ilain' ny hafa .

3.3 - NY ILANA ITY ASA FIKAROHANA ITY AO AMIN ' NY KILASY FAMARANANA :

Ao amin' ny **kilasy famaranana** , ny tanjona ankapoben' ny fampianarana ny zana-taranja **RIBA** dia milaza fa ny mpianatra any amin' ny faran' ny taom- pianarana dia afaka :

- mandanjanja ny fihetsiny amin' izay rehetra ataony sy amin' ny fifandraisany amin' ny tontolo manodidina azy,

- mitia sy mikolo ny haren- tsaina malagasy ary manaja ny an' ny hafa.

Raha ireo tanjona ankapobeny ireo no jerena dia azo atao tsara ny miainga avy amin' ity asa fikarohana ity sy mikirakira azy, ka ahazoa- mitrandraka ny amin' **ny olombelona amin' ny ankapobeny**, na **ny amin' ny olombelona tsirairay**, na **ny amin' ny olombelona miara- miaina**, eny hatramin' **ny fifandraisany amin' ny tontolo manodidina azy**.

Tsy hipasoka ny efa malama anefa eto ny asa fanadihadiana ka hibanjina indray ny amin' **ny fitsimbinana ny aina**, fa hifantoka kosa ny amin' ny **fanahy**, ary ny tsangan-kevitra **marina / rariny / hitsny**.

3.3.1 - Ny amin' ny fanahy :

Anisan' ny **singa maha olombelona** ny olombelona, tahaka ny **vatana** sy **aina** ary **saina**, ny **fanahy**. Koa, raha hiainga avy amin' ity asa ity dia manjary mamerina indroa raha ny amin' ny **AINA** no anaovana fampiharana, fa anisan' ny manavaka ny olona amin' ny voary hafa ihany koa ny **FANAHY**.

Ny amin' ny **FANAHY** izany eto no anaovana fampiharana. Marihin' ny fandaharam-pianarana fa **ny manavaka ny Malagasy**, dia **ny fikatsahana hatrany ny loharano nipoirany sy ny antom- pisian' ary ny tokony hatao amin' izany**, raha vao mitrandraka lohahevitra ao amin'ny **RIBA**.

3.3.1.1 - Ny loharano nipoiran' ny fanahy :

Anisan' ny singa maha olombelona ny olombelona ny **FANAHY**. Tahaka ny nandinihana tamin' ny **AINA** ihany, ny **FANAHY** izany dia **ilay hery anaty nomen' Andriamanitra ny olona** ka ananany ny toerana ambony indrindra mihoatra ny voary hafa rehetra. Io ilay **iavahan' ny olombelona amin' ny voary manana aina rehetra**. Ny fahalalan' ny Ntaolo izany no nahatonga azy ireo hiteny hoe : **“Ny fanahy no olona”**, sy ny hoe: **“Aleo ratsy tarehy fa tsara fanahy toy izay tsara tarehy fa ratsy fanahy”** ary ny hoe **“Boka mandray tanana : ny fanahy misy ihany fa ny tanan- kandrany no tsy misy”**.

Singa iray izay manavaka ny olona amin' ny voary rehetra izany ny FANAHY. Izy ihany koa no maha ambony indrindra ny olombelona mihoatra ireo voary manana aina rehetra, izany hoe fanomezan' Andriamanitra tahaka ny AINA izy, ary tsy misaraka amin' ny olona tahaka ny saina raha mbola velona ihany koa.

3.3.1.2 - Ny ilana azy :

Samy **manana ny anjara asany ireo singa maha olona ny olona** ireo. Ny fisian' ny **AINA** ao amin' ny vatana no ahazoa- milaza fa **velona izy**, ary afa- manao hetsika sy manatanteraka asa. Dia azo tsoahina tahaka izany koa ny **anjara asan' ny fanahy** eo amin' ny fiainan' ny olona iray.

Ny fananan' ny olona iray fanahy àry no ahazoany mieritreritra sy mamakafaka tsara

izay tokony hatao , sy ahafahany mandanjalanja tsara raha mifanandrify amin' ny fitsipi-piarahamonina izany zava- kinasany izany, ary ahafaha- mitsara raha azo atao ilay izy na tsia .

Ny FANAHY izany no antoky ny fitsimbinam- pihavanana sy fitsipi-piarahamonina , izany hoe ilay enti- mifandray am- pahamendrehana amin' ny manodidina ny tena .

3.3.1.3 - Ny tokony hatao aminy :

Samy **manavaka ny olombelona amin' ny voary hafa** na ny **AINA** na ny **FANAHY**. Noho izany , raha mila tohanana sy arovana ary tandremana ny **aina** , dia mba tahaka izany koa ny **fanahy** .

Ny **FANAHY** àry dia :

- mila omena sakafo tahaka ny vatana sy ny saina (tsy inona izany fa ny fahendrena),
- aravana mba tsy hania (amin' ny alalan' ny fanomezan- kasina azy),
- mila tandremana tsy ho very hasina (amin' ny alalan' ny fampiasana azy hatrany amin' izay atao).

Amin' ny Malagasy, tsy **olona velona** ny olona iray raha tsy **eo ny AINY** sy ny **SAINY** ary ny **FANAHINY**. Samy fanomezan' Andriamanitra izy rehetra ireo, fa ny tena ahafahan' ny olona maneho hetsika na manatontosa asa iray dia noho ny fiasan' ny fanahy ao anatin'ny .

Ny fahatsapan' ny Ntaolo izany no nahaloha- bava azy hoe : « **Avadiho im- pito ny lela vao miteny** », sy ny hoe : « **Alao ambony, alao ambany : diniho ny any an-tsikinana vao miady varotra** ».

3.3.2- Ny marina , ny rariny , ny hitsiny :

Voasoritra mazava ao amin' ny fandaharam– pianarana , fa ny mpianatra , aorian' ny fahavitany ity lohahevitra ity , dia afaka mandrindra ny fihetsiny sy ny fahalalana azony amin' ny soatoavin' ny fiarahamonina misy azy sy ny fifandraisany amin' ny mpiara-belona aminy . Marihiny kosa anefa ny tokony hahafantaran' ny mpianatra ny lalan- tsaina mampifandray ny toe-javatra sy ny antony ary ny vokany. Koa , miainga avy amin' ity asa ity ihany koa no ahazoana manao sinton- kevitra ny amin' ireo tsangan- kevitra ireo .

3.3.2. 1 - Ny fiheverana ny amin' ny marina / rariny / hitsiny :

Tsara hatrany ny miainga amin' ireo ohabolana mandrakitra ireo voanten'ny ireo raha haneho ny fiheveran' ny Malagasy momba azy isika . Ny Ntaolo àry dia nilaza fa “ **Ny marina tsy mba maty** ”, sy “**Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra**” ary “**Ny hitsiny tsy aritra , ny rariny tsy enti – mandefitra**”.

Ny ohabolana toy ireny, tahaka ny tamin' ny AINA, no ahazoana manatsoaka ny fomba fiheverana ireo tsangan- kevitra telo ireo . Ny MARINA àry izany dia tsy inona fa ny fomba entina milaza zavatra na hevitra mifanaraka amin' ny tena izy, ilay mifanohitra

amin' ny lainga sy ny diso . Ny RARINY kosa indray dia ny fahaizana mametraka ny tsirairay, araka ny hasina ananany, amin' ny toerana tokony hisy azy. Ary, ny HITSINY dia ilay sori- dalana na fitsipi- piainana izay tsy maintsy arahin' ny rehetra mba tsy ho meloka .

Samy mitaky fahaizana mandanjalanja ny fanarahana azy ireo, izany hoe : ny olona manam- panahy ihany no afa- mandala ireo tsangan- kevitra ireo .

3.3.2.2 - Ny antony ampijoroana azy ireo :

Samy manana ny fomba nentina nandrindrana ny fiainam- piarahamoniny ny faritra tsirairay avy. Izany no nataony dia mba **hampirindra sy hampisosa ny fiarahamianany ao** . Koa , raha tsy **mifampitsimbina** ny ainy ireo mpiara- monina ireo dia mety ho fitiavan- tena no hanjaka ; ary raha tsy ao aminy ilay fanahy **mahay mitsinjo lavitra** dia mety ho samy hanao izay saim- pantany ny rehetra . Amin' izay dia ho feno fitaka ny ety an- tany, tsy hisy intsony ny fifanajana sy fifanomezan – boninahitra , ary tsy ho voahaja intsony na ny zo na ny hasin' ny tsirairay.

Ny fahatsapan' ny Ntaolo izany no nahatonga azy niteny hoe: “Ananam- be mampivadika aina ohatra ny harena nalain- tamin- kery ”, sy ny hoe : “Ny ditra mahafaty, ny kiry mahavery ” ary ny hoe : “ Izay manondro lala- mahitsy, mamindra aina ”.

Ilana fifampitsimbina sy fifangorahana ary fifandefarana hatrany izany ny fiainana , fa tsy izay hevitra rehetra masaka ao an- tsaina kanefa manakorontana ny fitsipi- piarahamonina akory dia tanterahana avokoa .

3.3.2.3 - Ny vokatry ny fandalàna ireo tsangan- kevitra ireo :

Azo ampifandraisina sy ampifanarahana tsara amin' ireo zana- dohateny isan- dohahevitra nanaovana fampiharana avy amin' ity asa fikarohana ity, io zana- dohateny farany io .

Tsy afaka ny hampivoatra sy hampandroso ny fiainany ny olona iray raha tsy **mitoetra eo anivon' ny fiarahamonina izy**. Na dia velona sy miriaria ihany koa aza izy dia tsy misy dikany raha tsy **tafiditra ho olom- piarahamonina** . Ao anaty fiarahamonina ao anefa dia **misy fitsipi- pifehezana sy rindran- damina** , ka raha tsy hainy ny manaja sy manaraka izany dia tsy maintsy omen' ny mpiara- monina aminy tsiny sady hiharan' ny fanamelohana izy.

Koa , raha **tiany ny hiaina am- piadanana sy am- pilaminana** dia **tsy tokony hataony tsinontsinona ny fisian' ny fanahy ao anatin' izay mibaiko ny vatany hanatontosa ireo hetsika na hevitra izay novolavolain' ny sainy** .

Ny fahafantaran' ireo razantsika izany no nahatonga azy hiteny hoe : “ Ny hafatesana tsy heloka, ny havelomana tsy hitsiny ”, sy ny hoe: “ Ny omby matin' ny tavin' ny hazo matin' ny hitsiny, fa ny olona matin' ny heviny ” ary ny hoe: “ Tsongoy fon- tena , tsongoy fon' olona: maharary ny tena , maharary ny olona ”.

Tsy misy ohatra ny fanaovana zavatra ara- drariny sy ny fanajana ny lalam- pihariana tena izy ary ny fampanjakana ny fahamarinana ihany izany no ahazoa-

manatsara hatrany ny fiainana sy ahafaha- mandray anjara feno eo amin' ny fampandrosoana ny faritra misy ny tena .

Efa niaraha- nahafantatra tao amin' ny fizarana voalohany fa ny ohabolana dia mirakitra fanoharana miainga avy amin' ny fandinihana ny toetry ny zavatra manodidina ny fiarahamonina Ntaolo . Koa , raha ny fampiasana ny ohabolana ahitana ny fahaizan' ny Malagasy mitsimbina ny ainy no atao indray mijery, dia hita fa ny hetsika rehetra ataon' ny olona iray ao anaty fiarahamonina ao dia mifono izany fitandroany ny ainy izany avokoa . Tsapany tokoa mantsy fa manana ny hasiny ny tenany sy ny mpiara- monina aminy, ka tsy misy tsara ohatra ny mifanaja sy mifankatia ary mifamonjy . Izany fomba fiheverana teo amin' ny Ntaolo izany no nahavelona hatrany ny FIHAVANANA MALAGASY ary niteraka ny firindrana sy ny fandrosoan' ny fiainam- piarahamonina .

FEHIN - KEVITRA ANKAPOBENY

Ity asa fikarohana ity dia niompana indrindra tamin' ny fanadihadiana ireo ohabolana avy eto Imerina izay mifono sy mitory ny fahaizan' ny Malagasy mitsimbina ny ainy . Izany fomba fisainan' ny Ntaolo izany dia sady nisy akony teo amin' ny isam- batan' olona , no mbola nitera- bokatsoa ihany koa teo amin' ny fiarahamonina izay nisy azy.

Ao amin' ny fizarana voalohany ao amin' ity asa fikarohana ity àry no nanoritsoritana fohifohy sy nanasongadinana ny amin' ny faritr ' Imerina , ka hatreo amin' ny nahavory an' Imerina ho enin-toko no namaritana azy. Navohitra avy eo ireo mety ho antom- piforonan' ny ohabolany, ka na izy niankina tamin' ireo tantara nisy, na nisy fitoviam- pijery amin' ny avy any ivelany, na ihany koa niainga tamin' ireo zavatra hitany manodidina azy sy iainany.

Nanaraka izany, na dia efa maro aza ireo mpandinika sy ireo rakibolana izay nandroso ny famaritany ny amin' ity ohabolana ity, dia mbola nezahina ihany ny nanamboatra azy ireny ka nahazoana sy nahafahana namaritra azy amin' ny maha lahabolana azy sy izy mirakitra hevitra . Tsy nijanona teo anefa ny fampahalalana an' ity karazan- dahabolana ity, fa nasongadina ihany koa ny anjara asa sy anjara toerany teo amin' ny fiarahamonina . Tsy vitan' izany fa mbola navahana tsara mihitsy ny momba azy io mihoatra amin' ireo karazan- dahabolana hafa .

Ary farany, nidirana lalindalina kokoa ny amin' ity ohabolana ity, ka naseho sy napoitra tamin' izany ny fisehon' ny ohabolana sy ny zava- kendreny. Tsy nohadinoina velively na nodian- tsy hita anefa ny lafiny kanto hita ao anatiny amin' ny maha literatiora tontosaina am- bava azy.

Ao amin' ny fizarana faharoa indray, dia naompana tanteraka tamin' ny fanehoana ny fankafizan' ny Ntaolo ny miaina , tarafina amin' ireo ohabolana merina , ny asa famahavahana . Nasongadina voalohany indrindra tamin' izany àry ny fomba fiheveran' ny Malagasy ny amin' ity AINA ity. Hita avy amin' ireo ohabolana merina nanaovana ny fanadihadiana teto fa saro - pady dia saro- pady izy io , sady mbola nindramina avy amin'

Ilay Nahary ihany koa ary tsy natao haharitra mandrakizay .

Izany fomba fiheverana izany no nanefy ny toetran' ny olona tsirairay avy, ka nahatonga azy ho malina hatrany tamin' izay rehetra nataony. Nahasaro- piaro ny tompony ihany koa ity AINA ity, ka nahatonga azy nitsinjo hatrany izay hiafarany .

Tsy ny toetrany ihany no novolavolain' io fiheverana ny amin' ny aina io, fa tao dia tao ihany koa ny fomba fanaony andavanandro . Nataony àry izay hampateza ny ainy, ka ny tenany aloha no notsimbininy voalohany, avy eo vao ny hafa manodidina azy . Ary, rehefa tsapany fa tsy haharitra izy io, dia nitadiavany hevitra ny hamindrana azy any amin' ireo izay ho taranany .

Ao amin' ny fizarana fahatelo farany kosa no nanasongadinana ny vokatra nentin' ny fahaizan' ny Ntaolo nitsimbina ny ainy izany, teo amin' ny fiainam- piarahamoniny . Tsapan' ny Ntaolo fa tsy misy mahavita tena ny olona tsirairay avy, ka tsy maintsy miaramonina amin' ny hafa . Mitaky fahaiza- miaina anefa izany ka ny hitany fa tsara indrindra dia ny famantarana ny zon' ny tena sy ny an' ny hafa , ary ny fanomezana ny hasina sahaza ny tsirairay .

Mbola anisan' ny sehatra nahatarafana ny fahaizan' ny Ntaolo nitsimbina ny ainy , amin' ny alalan' ireo fombam- pitenenana , ny fampandehanany tsy misy sakantsakana ny fiainam- piarahamoniny . Tsinjo izany teo amin' ny fahaizany mifampikasoka amin' ny hafa , sy ny fandraisany anjara feno amin' ny fampivoarana io fiarahamonina misy azy io, ary ny fanehoany fa tsy misy afa- tsy ny fiaraha- misalahy amin' ny asa iray ihany no antoky ny fahombiazana .

Ao amin' ny toko farany amin' ity fizarana ity no nanehoana ny lanjan' ity asa fikarohana ity eo amin' ny fampianarana ny zana- taranja RIBA . Betsaka tokoa ireo lohahevitra voasoritra ao amin' ny fandaharam- pianarana no misy ifandraisany na misy ifampiankinany amin' izay famahavahana natao tato . Azo atao tsara mihitsy, araka izany, ny mampiasa sy mikirakira ity asa fikarohana ity ho toy ny fitaovana hoenti- manomana tari- desona iray . Tsy nasiana fanavahana , noho izany, ireo taona telo izay tsy maintsy lalovan' ny mpianatra aty amin' ny Ambaratonga Faharoa ; fa nandraisana santionan-dohateny isan- dohahevitra avokoa na ny kilasy faharoa , na ny kilasy voalohany, indrindra indrindra ny kilasy famaranana .

BOKY NANOVOZAN- KEVITRA

ANDRIAMALALA(E.D)&RALAISAHOLIMANANA(L.G) , Ny harem- pirenena ,
Imprimerie d' Ouvrages Educatifs , Tananarive ,54 takila , (1976)

ANDRIAMIFIDY, “ Riba taloha teto Imerina ”, in Mpanolo- tsaina, lah.21

ANDRIANARAHINJAKA (L.X.M) , Le système littéraire betsileo , Librairie
Ambozontany , Fianarantsoa , 993 pages, (1983)

CALLET [R.P.], Tantaran' ny Andriana I , Imprimerie Nationale , Antananarivo,(1981)

DAMA- NTSOA , La technique de la conception de la vie chez les Malgaches révélée
par leurs proverbes , Imprimerie Masoandro , Antananarivo,(1953)

DOMENICHINI (R.B.), Du ohabolana au hainteny , Thèse de doctorat en Théologie
morale,(1977)

DICTIONNAIRE PETIT LAROUSSE , Edition mise à jour, (2003)

DICTIONNAIRE PETIT ROBERT , La Presse de l' Imprimerie FIRMIN- DIDOT, Paris-
Mesnil-Ivry, 9è Edition , (1972)

GRIAULE (G.C.), “Pourquoi l' ethnolinguistique ”, in Langage et Cultures Africaines ,
Edition Maspéro, Paris, (1977)

LALA-RAKOTOSON RAOLISON (J.A) , Lovako T 10 , Editions Ambozontany,
Analamahitsy-Antananarivo, (2000)

MOLET(L.) , La conception malgache du monde de surnaturel et de l'homme en
Imerina , Tome 2, Edition Harmattan , Paris

NAVONE (G.) , Ny atao no miverina , Librairie Ambozontany, Fianarantsoa , 228 paages , (1977).

RABEMOLALY (F.) & RAVALITERA (N.J) , Fary mamy T 12 , Edisaona Salohy Trano Printy Loterana, Antananarivo, 278takila, (1974)

RAVELOMANANA (H.) & RABENILAINA (R.B) , “ Ny takahôtsy eo anivon' ny karazan-dahateny Bara ”, in « Tahiry sy Remby » , lah.30

RAHAJA , « Ambioka », Desambra 2000

RAHAJARIZAFY (A.P) [R.P.], Hanitra nentin- drazana , Librairie Ambozontany, Fianarantsoa, 175 takila , (1970)

RAHAJARIZAFY (A.P.) [R.P.], Filôzôfia malagasy , Librairie Ambozontany , Fianarantsoa ,155 takila, (1970)

Ny ohabolana malagasy , Librairie Ambozontany, Fianarantsoa, 175 takila, (1970)

RAJAONA (A.) , “ Antsahadinta : Essai sur l'histoire d'une region d'Imerina à l'époque d' Andrianampoinimerina ”, Mémoire de CAPEN , filière H.G.

RAJEMISA-RAOLISON (R) , Rakibolana malagasy, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa , 1061 takila,(1985)

Fomba amam- piheverana malagasy, Librairie Mixte, Antananarivo , 5è Edition , 162 takila,(1972)

RAMAROLAHY, Rakitry ny elan' ny Ntaolo Malagasy , Imprimerie Catholique Antananarivo, 362 takila,(1972).

RAMAROSON (L.) , Ohabolana sy fomba fiteny , Mission Catholique, Fianarantsoa, 96 takila, (1962)

Teto anivon' ny riaka , Mission Catholique, Fianarantsoa,(1971)

RANDRIAMIADANARIVO, Sekolin' ny Ntaolo, Imprimerie Volamahitsy, Antananarivo, 44 takila, (1955)

VEYRIERES (P.) [R.P.], Le livre de la sagesse malgache, Edition Maritimes et d' autres. Mer, Paris , 663 pages, (1967)

TAHIRIN - KEVITRA NIFANTENANA NY OHABOLANA MERINA

Bulletin de l' Académie Malagasy (B.A.M) , Proverbes et Croyances malgaches, Proverbes et Expressions Hova, (1964)

COUSINS, Ohabolan' ny Ntaolo, Edition Trano Famoaham- boky Protestanta , Imarivolanitra , Tananarive, 176 takila, (1963)

DAHLE , Anganon' ny Ntaolo, Imprimerie Luthérienne, Tananarive, 6è Edition, 296 takila, (1956)

HOULDER (J.A), Ohabolana ou Proverbes malgaches, Trano Printy Loterana, 216

pages, (1960)

Mémoire de l' académie Malagasy (M.A.M.) , Exemples et Proverbes des Anciens , (1972)

RAKOTOSON (Ph), Ohabolana tantsiraka, Imprimerie Luthérienne, Tananarive, 105 pages, (1964)

RATSIMBAZAFY (L.), Ohabolana vaovao , Fahendrena nentin- drazana fahagola , Imprimerie Luthérienne, Tananarive,16 takila, (1969)

RAZAKARISOA(F.R.G), Ohabolana malagasy taloha sy ankehitriny , Imprimerie Sp. Malalaso , 3è Edition ,16 takila, (1970)

RINARASOA(E.), Ohabolana malagasy , Librairie Mixte, Imprimerie d' ouvrages Educatifs, Ankatso- Tananarive, (1956)

FAMINTINANA AMIN' NY TENY « FIRANTSAY »

Le présent travail de recherche met en exergue que la région de l'Imerina, à l'instar des autres régions, dispose d' une spécificité, surtout dans les rapports relationnels, communicatifs et éducatifs. Les anciens (ou les sages) ont en effet une pratique langagière intéressante tel que le proverbe qui témoigne à la fois de leur capacité d' observation du milieu environnemental et renferme intrinsèquement un mode de pensée et de réflexion de l'individu ou du groupe utilisateur.

L'étude de la pratique langagière d' une région, en l' occurrence le proverbe, détermine la place qu' il occupe et exprime son caractère indissociable de sa société d'origine. De ces proverbes, les anciens ont puisé les idées orientant leur conduite et préservant leur personne car ils ont pris conscience de l' importance de la vie chez l'homme.

Les anciens (ou les sages) ont leur propre philosophie de la vie, considérée comme sacrée, éphémère et limitée. L' attention est portée sur les activités ou les comportements afin de ne gêner personne, ni se blesser, ni s'autodétruire. Cet effort de préservation , chez les anciens (ou les sages), découle de leur connaissance de la douceur de la vie, de leur désir de longévité, de leur prise de conscience de la dignité de tout être humain ainsi que de leur volonté à faire régner l' ordre et à harmoniser la vie en société.

FAMINTINANA AMIN' NY TENY « ANGILISY »

This research shows that the Imerina Region has its own specificity like the other regions, especially in the way of interacting, communicating and educating themselves.

Its is amazing how the old people (the wise men) use their speeches like proverbs which contain parables from observing their surrounding and also englobe ways of thinking that people or group of people use them.

By meditating the proverbs on that region, we can see that they can not only put them in their proper places but also we can see that they can not be separated from the society where they were born..

It is from the proverbs that old people could get ideas on how to conduct their lives and to protect themselves because they know that life is very precious to human beings.

Old people had their way of defining “life” which they think is sacred, easy to lose and has a limit, so that they have always tried not to do any harm to others or injure themselves or destroying their lives.

The effort preserved by old people is due to the fact that it is the sweetest thing to have life and to live longer, the value that everyone has and their effort to harmonize life in the society.

ANARANA : RANDRIANASOLONIAINA

FANAMPINY : Radonirina

ADIRESY : Lot II AB 5 Ter Andrononobe – Ankadikely.

Antananarivo 103.(Tel. 032 42 110 25)



LOHATENY: “Ny fomba fitsimbinana ny aina tarafina amin'ireo ohabolana merina”

FAMINTINANA

Ity asa fikarohanana ity dia maneho fa manana ny mampiavaka azy tahaka ny faritra hafa rehetra ny faritr'Imerina , indrindra eo amin'ny fomba enti-mifandray sy mifanerasera ary mifanabe. Mahaliana tokoa mantsy ny fampiasan'ny Ntaolo ireo fombam-pitenenany, toy ny ohabolana, izay sady mirakitra fanoharana avy amin'ny fahaizany mandinika ny tontolo manodidina azy, no mifono ihany koa ny fomba fisainana amam-piheverana ananan'ireo olona na vondrona olona mpampiasa azy.

Ny fandinihana ny lahabolan'ny faritra iray izany, toy ny ohabolana, dia sady fametrahana azy amin'izay toerana sahaza azy no fanehoana ihany koa ny tsy fahafahany misaraka amin'ny fiarahamonina nipoirany. Avy amin'ireny ohabolana ireny tokoa mantsy no nahazoan'ny Ntaolo nisinton-kevitra mba hitondrany ny fiainany sy hitsimbinany ny tenany, satria tsapany fa zava-tsarobidy amintsika olombelona ny aina .

Nanana ny fiheverany ny amin'ity aina ity izany ny Ntaolo , izay noraisiny toy ny zava-tsaropady , mora afoy ary manam-petra ; ka

ISAN'NY SARY: Tsy misy

ISAN'NY TAKILA:220

TENY MANAN- DANJA: Aina, ohabolana, lahabolana, fombam-pitenenana, fomba

fisainana amam- piheverana, fomba amam- panao, rafi- pisainana, andavanandrom-
piainana, fiainanm-piarahamonina, fitsimbinana.